

**UNIVERSITE D'ANTANANARIVO
ECOLE NORMALE SUPERIEURE**

**DEPARTEMENT DE FORMATION INITIALE
C.E.R. LANGUE ET LETTRES MALGACHES**

**MEMOIRE POUR L'OBTENTION DU
CERTIFICAT D'APTITUDE PEDAGOGIQUE DE L'ECOLE NORMALE**

**NY FOMBA FILAZAN-JAVATRA AO
AMIN'NY ADIN-KIRA GASY NIFANAOVAN'NY
TARIKA RAMILISON-FENOARIVO SY
NY TARIKA RANARISON-ANDOHAVARY**

Présenté par Voahanginirina RAZANOELINA

Directeur de recherche : Angelot RAKOTOARISON
Maître de conférences

ANTANANARIVO

2005

**UNIVERSITE D'ANTANANARIVO
ECOLE NORMALE SUPERIEURE**

**DEPARTEMENT DE FORMATION INITIALE
C.E.R. LANGUE ET LETTRES MALGACHES**

**MEMOIRE POUR L'OBTENTION DU
CERTIFICAT D'APTITUDE PEDAGOGIQUE DE L'ECOLE NORMALE**

**NY FOMBA FILAZAN-JAVATRA AO
AMIN'NY ADIN-KIRA GASY NIFANAOVAN'NY
TARIKA RAMILISON-FENOARIVO SY
NY TARIKA RANARISON-ANDOHAVARY**

Présenté par Voahanginirina RAZANOELINA

Directeur de recherche : Angelot RAKOTOARISON
Maître de conférences

ANTANANARIVO

Date de soutenance : 15 Décembre 2005

TENY FISAORANA

Ny voa no tsara, ny kolokolo no tsara rindra, ny asa no tomombana dia tsy noho ny ezaka nataonay samirery. Ka atao ahoana no hangina manoloana ity fahasoavana mitosaka ?

Lohalaharana amin'izany ilay nahary,tompon'ny fandaharana, izay namafy hery sy fahasalamana nentina nanatontosa izao izao.Voninahitra anie ho azy irery ihany.

Toloranay fisaorana mitafotafo Andriamatoa RAKOTO RAVALONTSALAMA nanaiky ho filoha mpitarika ny fitsarana izao asanay izao. Na dia eo aza ny adidy aman'andraikitra isan-karazany izay iantsorohanao dia noraisinao tamim-pitiavana izahay. Koa ho lava velona anie ianao hifanantitra amin'ny zanaka aman-jafy, ho mamy tian'ny soa ary hangidy ho lavitra ny ratsy.

Ankasitrahinay manokana koa Ramatoa RAHARIMANGA Fidele izay mpitsara ity asanay ity.Isaoranay ianao satria tsy vao izao asa izao no nahatsapanay ny fandavan-tenanao, fa indrindra nandritra ny dimy taona nifaneraserana tato an-tsekoly. Azo notohanana ny asanay noho ny fanitsiana sy torohevitra mahomby avy aminao. Koa Andriamanitra tompon'ny tsara anie tsy hamela anao ho diso anjara eo amin'ny androm-piainanao.

Fa ny tsy afakay dia ny fitiavana feno fanoloran-tena nasehon'Andriamatoa RAKOTOARISON Angelot izay nitarika anay , nanao ny tan-tsoroka rehetra nandritra ny asa manontolo:tsy nitarain-tana-miempaka, tsy nitandro hasasarana fa nanao izay hampahomby anay. Koa saotra mihoa-tsisiny ary dera mihoa-patra no atolotray anao. Sitraka hoenti-matory ka hovaliana raha mahatsiaro.

Sanatria tsy atao tahom-boanjo ka ny nahitana no ahifika, fa isaoranay ny sekoly manontolo, ny mpampianatra rehetra, indrindra ireo ato amin'ny sampana Teny Malagasy, izay nanabe, nanitsy, nanoro,nitarika...nandritra ny dimy taona ngarangidina. Hahita fifaliana sy fahombiazana hatrany anie ianareo amin'ny asa ambony sy be voninahitra izay iandraiketanareo.

Ankasitrahina etoana ireo nanampy tamin'ny fanangonana akora: Andriamatoa RANDRIANASOLO Raymond, tompon'andraikitry ny fandaharana HIRA GASY ao amin'ny fampielezam-peom-pirenena, ireo tarika roa tonta izay tarihin'ny filohany avy : RAMILISON sy RATELOSON.

Fa tsy azo hadinoina ny namana sy tapaka, ny fianakaviana manontolo, ny ray aman-dreny, izay nanampy ara-kevitra sy ara-pitaovana. Singanina manokana eto ny vady aman-janako izay niara-niaina ny tebiteby sy ny fanahiana isan-karazany nandritra ny fotoana lava nanatanterahana ity asa ity. Mampanantena anareo aho fa hitondra voka-tsoa eo amin'ny fiainantsika ny fahavitan'izao asa fikarohana izao.

Sitraka sy telina ny fanohanana, Tompoko, koa izay tsy voavalin'ny tenanay dia hovalian'ny Tompon'ny aina.

RAZANOELINA Voahanginirina Marie Angeline

FANONDROAN-TAKILA

Lohateny	takila
TENY FAMPIDIRANA	1
 FIZARANA I : FILAZALAZANA ANKAPOBENY	
MOMBA NY HIRA GASY	8
1.1. FAMARITANA NY HIRA GASY.....	10
1.1.1. Ny tantara tsangana sy ny hira gasy.....	10
1.1.1.1. Ny vontoaity.....	10
1.1.1.2. Ny toerana sy ny fotoana anatontosana azy.....	11
1.1.1.3. Ny fanatontosana azy.....	13
1.1.2. Ny tononkalo sy ny hira gasy.....	16
1.1.2.1. Ny famoronana	16
1.1.2.2. Ny toetra ankapobeny ananany.....	18
1.1.3. Ny hira gasy sy ny lahabolana hafa.....	22
1.1.3.1. Ny fomba famaritana lahateny.....	23
1.1.3.2. Famaritana ny kabary.....	25
1.1.3.3. Famaritana ny tononkira.....	27
1.2. NY HIRA GASY : ZAVA-KANTO MIVOATRA.....	29
1.2.1. Ny fomba anehoana ny kanto.....	30
1.2.1.1. Ny fampiasana ny feo.....	30
1.2.1.2. Ny fampiasana ny endrika isehoana.....	33
1.2.1.3. Ny dihy.....	35
1.2.2. Ny fivoaran'ny endriny.....	37
1.2.2.1. Ny anarana sy ny tarika mpiangaly azy.....	37
1.2.2.2. Ny fivoaran'ny fitaovana.....	39
1.2.2.3. Ny fivoaran'ny rafitry ny hira gasy.....	40
1.2.3. Ny fivoaran'ny vontoaity.....	42
1.2.3.1. Ny sehatra nivelarany.....	43
1.2.3.2. Ny anjara asany.....	43
1.2.3.3. Ny lohahevitra ventesiny.....	44
1.3. NY ADIN-KIRA GASY NOHADIHADINA.....	46
1.3.1. Ankapobeny momba ny adin-kira gasy.....	46
1.3.1.1. Ny fisehon'ny fanamiana.....	47
1.3.1.2. Ny fandresen-dahatry ny vehivavy.....	49
1.3.1.3. Ny fandresen-dahatry ny lehilahy.....	49
1.3.2. Ny tarika roa nifanandrina.....	50
1.3.2.1. Ny tarika RAMILISON-Fenoarivo.....	52
1.3.2.2. Ny tarika RANARISON-Andohavary.....	53
1.3.3. Ny toetoetran'ny hira nifaninanana.....	56
1.3.3.1. Ny endrika ivelany.....	56
1.3.3.2. Ny vontoaity-kiran'ny tarika RANARISON.....	59
1.3.3.3. Ny vontoaity-kiran'ny tarika RAMILISON.....	62
 FIZARANA FAHAROA : NY FOMBA FILAZAN-JAVATRA	
NANANGANANA NY FAMPIDIRANA SY NY FAMARANANA	67
2.1. NY VONTOATIN'NY FAMPIDIRANA SY NY FAMARANANA.....	68
2.1.1. Ny firafitry ny teny fampidirana.....	69
	69

2.1.1.1. Ny kabary vakisehatra.....	69
2.1.1.2. Ny lohahira.....	70
2.1.2. Ny firafitry ny famaranana.....	70
2.1.2.1. Ny vako-drazana.....	70
2.1.2.2. Ny zana-kira.....	70
2.2. NY FOMBA FILAZAN-JAVATRA NANANGANANA NY	
FAMPIDIRANA.....	71
2.2.1. Ny fomba filazan-javatra ao amin'ny kabary vakisehatra.....	71
2.2.1.1. Ny ao amin'ny sasin-teny.....	72
2.2.1.2. Ny fomba famaliana ny fampirisihana.....	74
2.2.1.3. Ny fanomezan-toky ataon'ny mpikabary.....	77
2.2.2. Ny fomba filazan-javatra nananganana ny lohahira.....	82
2.2.2.1. Ny fialan-tsiny.....	82
2.2.2.2. Ny fanajana ny mpihaino.....	85
2.2.2.3. Ny fanehoana ny hiram-bavaka.....	88
2.3. NY FOMBA FILAZAN-JAVATRA NANANGANANA NY	
FAMARANANA.....	92
2.3.1. Ny fomba filazan-javatra ao amin'ny vako-drazana.....	93
2.3.1.1. Ny fitantarana sehomb-piainana.....	93
2.3.1.2. Ny torohevitra hanatsarana ny fiarahamonina.....	96
2.3.1.3. Ny fanehoana ny maha-Malagasy.....	98
2.3.2. Ny fomba filazan-javatra nanahoana ny zana-kira.....	103
2.3.2.1. Ny fomba filazan-javatra ao amin'ny tenin-dRamatoa....	105
2.3.2.2. Ny fomba filazan-javatra ao amin'ny tenin-dRangahy....	110
2.3.2.3. Ny fomba filazan-javatra nananganana ny mahatsikaiky	116
 FIZARANA FAHATELO : NY FOMBA FILAZAN-JAVATRA	
NANANGANANA NY VATAN'NY HIRA GASY	
3.1. NY FOMBA FILAZAN-JAVATRA AO AMIN'NY KARAZAN-	
DAHATENY NAMELOMANA NY HIRA GASY.....	126
3.1.1. Ny fomba filazan-javatra ao amin'ny lahateny manoritsoritra....	127
3.1.1.1. Ny fanoritsoritana toerana.....	127
3.1.1.2. Ny fanoritsoritana toetra.....	133
3.1.1.3. Ny fanoritsoritana hetsika.....	135
3.1.2. Ny fomba filazan-javatra nananganana ny lahateny mitantara....	138
3.1.2.1. Ny fiantombohan'ny fitantarana.....	139
3.1.2.2. Ny famaranana ny fitantarana.....	141
3.1.2.3. Ny toe-javatra manelanelana ao amin'ny fitantarana.....	
3.2. NY FOMBA FILAZAN-JAVATRA NAMELOMANA NY ADIN-	
KIRA GASY.....	153
3.2.1. Ny fomba filazan-javatra nananganana ny fifampihantsiana.....	155
3.2.1.1. Filalaovana amin'ny fanovana endri-javatra.....	155
3.2.1.2. Filalaovana amin'ny fanoharana.....	157
3.2.2. Ny fomba filazan-javatra nananganana ny fanentanana ny	
mpijery.....	158
3.2.2.1. Filalaovana amin'ny « interrogation oratoire ».....	159
3.2.2.2. Filalaovana amin'ny « suspension ».....	160
3.3. NY FOMBA FILAZAN-JAVATRA NANEHOANA NY LAFIN-	
JAVATRA MAMPALAHELO.....	162
3.3.1. Ny fomba filazan-javatra nanahoana ireo vato misakana tsy	

miankina amin'ny olombelona.....	162
3.3.1.1. Filalaovana amin'ny « personnification ».....	163
3.3.1.2. Filalaovana amin'ny tamberin-drafi-pehezan-teny.....	165
3.3.2. Ny fomba filazan-javatra nanehoana ireo vato misakana avy amin'ny ataon'ny olona.....	167
3.3.2.1. Filalaovana amin'ny « antithèse ».....	167
3.3.2.2. Filalaovana amin'ny « amplification ».....	169
3.4. NY FOMBA FILAZAN-JAVATRA NANDOKOANA NY LAFINY MAMPIERITRERITRA.....	171
3.4.1. Ny fomba filazan-javatra nananganana ny lohateny.....	172
3.4.1.1. Ny lohatenin-kira gasin'ny tarika RANARISON.....	172
3.4.1.2. Ny lohatenin-kira gasin'ny tarika RAMILISON.....	172
3.4.2. Ny fomba filazan-javatra nanehoana ny lafiny fihariana.....	173
3.4.3. Ny fomba filazan-javatra nanehoana ny lafiny fiarahamonina.....	175
3.4.4. Ny fomba filazan-javatra nanehoana ny fitiavana ny ray aman- dreny.....	177
TENY FAMARANANA.....	181
LOHARANO NANOVOZAN-KEVITRA.....	186

FANONDROANA FAFANA

Fafana 1 : Tahan'ny mpamorona amin'ny hira gasy.....	17
Fafana 2 : Ny faritra misy ny mpihira gasy eto Antananarivo.....	39
Fafana 3 : Ny rafitry ny hira gasy an-tsehatra.....	41
Fafana 4 : Ny fomba filazan-javatra ao amin'ny fampidirana sy famaranana	122
Fafana 5 : Ny fomba filazan-javatra nanehoana ny lahateny mamelona ny hira gasy.....	152
Fafana 6 : Ny fomba filazan-javatra ao amin'ny vatan'ny hira gasy.....	180
Fafana 7 : Ny sokajin'ny anoharana ao amin'ny fanovana endri-javatra.....	184

FANONDROANA SARY SY KISARY

Kisary 1 : Ny toeran'ny sehatra sy ny kianja	12
Kisary 2 : Ny filahatry ny mpanao hira gasy eny an-kianja	14
Sary 1 : Ny filohan'ny tarika RAMILISON-Fenoarivo	51
Sary 2 : Ny filohan'ny tarika RANARISON-Andohavary	55
Sary 3 : Ny fanatontosana ny zana-kira	103
Sary 4 : Ny fanatontosana ny renihira	154

FANAFOHEZAN-TENY

And : Andininy
Andl : andalana
HG₁ : Hira gasin'ny tarika RANARISON
HG₂ : Hira gasin'ny tarika RAMILISON
KV : Kabary vakisehatra
KV₁ : Kabary vakisehatra nataon' ny tarika RANARISON
KV₂ : Kabary vakisehatra nataon' ny tarik RAMILISON
LH : Lohahira
RH : Renihira
VD : Vako-drazana
ZK : Zana-kira

TENY FAMPIDIRANA

Ao amin'ny taona fahadimy, famaranana ny fianarana ato amin'ny E.N.S., dia manao asa fikarohana ny mpianatra mba hahazoana ny mari-pahaizana CAPEN. Samy manana ny safidiny ny mpianatra araka ny zana-taranja tiany sy manavanana azy. Sampam-pahalalana efatra no azo iasana amin'izany : ny literatiora, ny riba, ny haiteny ary ny haifampianarana. Ny fandalinana ny fomba filazan-javatra, izay ao amin'ny haiteny, no niantefan'ny safidinay. Hovahavahana ato amin'izao teny fampidirana izao àry ny mombamomba ity asa fikarohana ataonay ity : ny lohahevitra hohadihadina, ny anton'ny safidy, ny tanjona tiana hotratrarina, ny olana sy vahaolana tamin'ny fanatanterahana ny asa, ny fomba fandinika nampiasaina, ny fetran'ny asa ary ny drafitra nitondrana azy.

0.1. NY LOHAHEVITRA HOHADIHADINA

Ny zava-kanto vita amin'ny teny no itrandrahana ny fomba filazan-javatra. Roa karazana izy ireny araka ny endriky ny teny ampiasainy. Ao ny literatiora an-tsoratra, toy ny tononkalo, ny tantara foronina, ny sombin-tantara. Ao koa ny lahabolana tahaka ny hain-teny, ny kabary, ny ohabolana, ny angano. Ato amin'ity farany ity no nofidinay hiasana, ka ny hira gasy no akora hodinihina. Iza no lohateny nomenay ny asa fikarohana : « *Ny fomba filazan-javatra ao amin'ny adin-kira gasy nifanaovan'ny tarika RAMILISON – Fenoarivo sy ny tarika RANARISON – Andohavary* ».

0.2. NY ANTON'NY SAFIDY

Tsy kisendrasendra no nahatonga anay hisafidy io lohahevitra io. Lafin-javatra efatra no iorenan'izany araka izao fanazavana manaraka izao.

➤ ny lanjan'ny fomba filazan-javatra

Hoy ny ohabolana : « *ny marina mitavozavoza tsy mahaleo ny lainga tsara lahatra* ». Midika izany fa ilaina tokoa ny fahaiza-maneho hevitra, satria ampy hanova ny fandraisan'ny olona izay voalaza ny tsy fahafehezana ny fomba filazana azy.

Ny fahatsapana izany lanjan'ny fomba filazan-javatra na « stylistique » izany no anisan'ny nanosika anay handalina azy.

Ankoatra izay, mitaky fahaiza-maneho hevitra ny asa fampianarana nanofanantena satria iray amin'ireo zana-taranja ao amin'ny fandaharam-pianarana izany, indrindra ao amin'ny ambaratonga faharoa. Raisinay ho fanatevenana ny fikarohana efa nataon'ireo teo alohany ity asa ity amin'izay lafiny izay.

➤ **Ny hira gasy**

Hatramin'ny fahakely izahay no efa nijery hira gasy tao amin'ny Kianja Mitafo Isotry ¹. Ny fihetsika sy ny dihy no tsaroana ho tena nahasarika tamin'izany. Taty aoriana, rehefa nianatra tato amin'ny E.N.S. dia voatendry hanao famelabelaran-kevitra momba ny hira gasy tao amin'ny taona voalohany. Tamin'izany no nahatsapana fa zava-kanto nahaliana tokoa ny hira gasy, indrindra eo amin'ny fomba fanehoany hafatra, ka mahatonga ny mpijery hihoraka sy hitehaka. Nihanitombo hatrany ny fahalalana ny momba azy, ka tsy nisalasala izahay ny handalina azy misimisy kokoa, indrindra fa tsy mbola nisy nandinika ny fomba filazan-javatra ao aminy, araka ny fahafantaranay azy ².

➤ **Ny tarika RAMILISON sy RANARISON**

Tsy tongatonga ho azy koa ny fisafidianana ny tarika roa nifanandrina. Tsy zovina amin'ny mpankafy ity karazam-bakoka ity ireo anarana ireo. Samy tarika malaza ao amin'ny fikambanan'ny mpanao hira gasy misy azy izy ary mitana ny laharana voalohany eo amin'ny fisehoana an-tsehatra. Mihoatra ny 150 ny fiakarany kianja vitany ao anatin'ny taona iray, araka ny fanadihadiana nataonay. Matetika no ampifanandrinin'ny mpikarakara lanonana izy roa tonta noho ny fahaizany sy ny lazany.

Haseho ao amin'ny toko fahatelo amin'ny fizarana voalohany fa samy zanaky ny efa mangotraka tokoa izy roa tonta, ka tsy matahotra ny hangorovitsika. Izany lazany

¹ Hira Gasin-dRAMALA koa no niantsoana azy satria RaMALANJAONA no tompon'ilay toerana misy ny kianja. Nikatona izy io hatramin'ny taona 1992.

² Anisan'ny nandalina ny hira gasy amin'ny maha-lahabolana azy RAFILIPO, ao amin'ny asa fikarohana nomeny ny lohateny : **Ny hira gasy, ny tantarany, ny atao hoe tarika mpanao hira gasy, ireo karazana hiaraha hita taratra ao aminy**, MEMOIRE DE CAPEN, Antananarivo, ENS, 1988

sy fahaizany izany no nahatonga anay hirona amin'ny fandraisana ny adin-kira gasy nataony ho akora dinihina amin'ity asa fikarohana ity, mba hahafahana mampisongadina ny tena maha-kanto ny hira gasy, araka ny fankafizan'ny olona azy.

➤ **Ny fidirana faharoa**

Marihina fa mety indroa miditra ny tarika roa tonta manditra ny fifanandrinany. Izany indrindra no niseho tamin'ity adin-kira gasy ity. Tsy ny fifandonana manontolo anefa no nofidinay hofakafakaina fa ny fidirana faharoa ihany noho ireto antony ireto. Amin'ny toe-javatra toy izao dia azo lazaina fa mbola mifampitsapa fotsiny ny andaniny sy ny ankilany amin'ny fidirana voalohany. Ao amin'ny fidirana faharoa izy vao tena mampiseho ny fahaizany. Eo mantsy no tsontsori-mamba isarahana, ka izay resy eo dia resy tokoa, satria tsy misy anarenana ny fahavoazana intsony.

Tsikaritrany ihany koa fa amin'io fidirana faharoa io no tena isehoan'ny famoronana eo no ho eo amin'ny kabary. Amin'ny fidirana voalohany mantsy dia teny tsara lahatra efa nomanina mialoha no atolotry ny mpikabary. Kanto ireny kanefa tsy ahitana soritra ny famokarana rindran-teny miainga amin'ny zava-misy eo no ho eo izay taratry ny fahafehezana ny teny. Eto no ahitana ny saina matselaka afaka mamantatra ny famelezana nataon'ny andaniny sy mamaly izany avy hatrany, mba hahazoana ny tehaka sy ny hoby avy amin'ny mpijery.

0.3. NY TANJONA

Azo fintinina ho roa ny tanjona nezahinay hotratrarina amin'izao asa fikarohana izao. Ao aloha ny fanoritsoritana ireo lafin-javatra mahakanto ny hira gasy eo amin'ny fomba filazan-javatra. Hasongadina amin'izany ireo karazan-tsarin-teny fampiasan'ny mpiventy sy ny mpikabary mba hahazoana ny fankafizan'ny mpanatrika. Misy ny fomba filazan-javatra iraisany amin'ny karazan-dahateny hafa amin'ny maha-lahabolana azy. Ao koa anefa ireo mampiavaka azy.

Tsy azo hadinoina ihany koa fa ny asa fikarohana vokarin'ny mpianatra ato amin'ny E.N.S. dia tsy azo sarahina amin'ny fampianarana. Natao hanampy ny mpianatra sy ny mpampianatra mantsy izy ireny. Nokendrena ho tahirin-kevitra azo

ampiasaina eo amin'ny tontolon'ny fanabeazana koa izany ny karazan'asa toy itony. Izay no anjara biriky entinay manabe voho ny fahalalana ny zava-kanto malagasy sy ny fikirakirana azy eo amin'ny lafiny fomba filazan-javatra

0.4. NY OLANA SY NY VAHAOLANA

Tsy nandeha tsy voizina toa lakan-jejo anefa ny fanatanterahana ny asa. Nisy ny vato misakana tsy maintsy nalana, tao koa ny olana tsy maintsy novahana. Sehatra telo no nitrangan'izany.

➤ Teo amin'ny fanangonana ny vondron'ambara

Horonam-peo na horonan-tsary maneho adin-kira gasy no fitaovana enti-manangana ny vondron'ambara. Noho ny fahafuhezan'ny fotoana hanomanana ny asa anefa, dia tsy afaka niandry ny main-tany, fotoana fisian'ny fampisehoana, izahay vao handray feo. Koa nanatona an-dRANDRIANASOLO Raymond, tompon'andraikitry ny fandaharana « NY HIRA GASY » ao amin'ny Fampielezam-peom-pirenena (R.N.M.) sady filohan'ny FI.MPI.MA.MAD.³ teo aloha sy RAMILISON na Dadafara, filohan'ny LT PRODUCTION, izay mikarakara ny fandraisam-peo ny hira gasy eto Madagasikara ary mandrakitra izany ao anaty horonam-peo. Izy ireo no nanome anay horonam-peo misy hira gasy. Maromaro ny horonam-peo novidina mba hahafahana mifantina izay afa-mamaly ny hetahetanay: sady malaza ny tarika nifanandrina tao anaty fampisehoana iray no mazava ny teny ambarany ary .

➤ Teo amin'ny fandikana an-tsoratra ny horonam-peo

Rehefa fantatra ny tarika sy ny hira handrafitra ny vondron'ambara, dia raharaha hafa indray ny fandikana azy an-tsoratra satria :

- be loatra ny teny tsy mazava, indrindra eo amin'ny faladian-kira izay fiantombohan'ny hira gasy.
- tsy voatonona tsara ny fehezan-teny sasany satria hiraina ka tsy azo izay tiany hambara.
- be loatra ny horakoraka ka misy ampahan-kira izay tsy heno mihitsy vokatr'izany.

Ary satria hira gasy roa mifamaly no tsy maintsy adika, dia fotoana maharitra sy fifantohana tanteraka no notakin'ny fandikana azy an-tsoratra. Voatery nanatona ny

³ Fivondronan'ny Mpihira Malagasy eto Madagasikara, iray amin'ny fikambanana ivondronan'ny mpanao hira gasy.

tarika tompon-kira mihitsy izahay, mba hanampy amin'ny fanazavana ny tsy azo ary hanitsy ny teny diso dika.

➤ **Teo amin'ny fanatonana ireo tarika**

Ny ankabeazan'ny mpihira gasy dia mpamboly sy mpiompy, ka tsy misy mipetraka aty an-drenivohitra fa lavidavitra daholo. Voatery mitady azy ireo teny ambanivohitra misy azy teny izahay. Ankoatra ny fahasarotan'ny fitaterana dia nanampy trotraka ny toetr'andro, satria tao anatin'ny vanim-potoanan'ny fahavaratra no tsy maintsy natomboka ny asa.

➤ **Teo amin'ny fitadiavana tahirin-kevitra**

Toa tsy mahasarika ny mpivaro-boky loatra ny boky teôrika mikasika ny lahabolana ; noho izany, tsy hita firy tao amin'ny lisitra voatahiry any amin'ny tranomboky izy ireny. Ho vahaolana dia izao no nataonay :

- Fanatonana ireo filohan'ny fikambanan'ny mpihira gasy. Nanampy anay teo amin'ny filazalazana ankapobeny ny hira gasy izy ireny. Isan'izany RALAIARIMANANA Hermann Daniela, filohan'ny tarika Behenjy Gara, sady filohan'ny MPI.GA.MI. (Mpihira gasy Mivondrona) no filohan'ny SE.I.MPA.MA.MI. (Sendika Ivondronan'ny Mpanakanto Malagasy Miray). Teo koa RAMILISON Fenoarivo izay filohan'ny FI.MPI.MA.MAD. ankehitriny sy RAHOLDINA RANAIVO, mpikabary sady mpanoratra no filohan'ny Fikambanana Mpandala ny Maha-Malagasy (FI.MPA.MA.MA.).
- Nirotsaka an-tsehatra, nijery hira gasy koa izahay. Tsy maintsy voafehy mantsy ny akora hodinihina mba tsy hanaovana amboetra eo amin'ny fomba filazan-javatra. Ireny no nohararaotina nihaonana sy nifanakalozan-kevitra tamin'ny tarika samihafa. Nisy ny fampisehoan-kira gasy teto andrenivohitra fa misy koa ny nivoaka ny renivohitra.

0.5. NY FOMBA FANDINIKA NAMPIASAINA

Ny asa fikarohana toy izao dia tokony hanaraka fomba fijery mazava sy hentitra satria sady manafy toetra siantifika azy izany no arofanina mba tsy hivaona ny asa. Maro ireo haitsikera azo ampiarina eo amin'ny fandinihana fomba filazan-javatra.

Koa satria fanoritsoritana ireo lafiny mahakanto ny hira gasy no kendrena, dia ny haitsikera « *stylique decriptive* » no heverinay fa mifanaraka amin'ny asa fikarohana ataonay, ka nofidinay hitondrana azy. Koa indreto misy mpandinika nanoritra boky ahitana io haitsikera io :

- CRESSOT (M) *Le style et ses techniques*, PUF , Paris, 1989
- COHEN (J) *Structure du langage poétique*, Flammarion, Paris, 1966
- MAROUZEAU (J) *Précis d'analyse stylistique*, Paris, 1940
- GUIRAUD (P) et KUENTZ (P) *La stylistique Lecture*, Klincksieck, Paris, 1970

0.6. NY FETRAN'NY ASA

Koa satria haitsikera miompana amin'ny fanoritsoritana no nampiasaina, izay mametraka avy hatrany ny lahabolana ho kanto, dia tsy asain-teny ny endri-javatra hafa ivelan'izany mety ho taratra ao amin'ny hira gasy.

Ankoatra izay, ny fomba filazan-javatra hita ao amin'ny vondron'ambara ihany no hohadihadina noho ny fahateran'ny fotoana sy ny olana samihafa voalaza tetsy aloha. Vokatr'izany, mety misy ampiasaina any an-kafa nefa tsy voaresaka. Na izany aza, heverina fa ahitana ny fomba filazan-javatra fototra fampiasa amin'ny hira gasy ity asa atolotray ity.

0.7. NY DRAFITRA NARAHINA

Ny toko telo, hono, no mahamasaka ny nahandro. Nozarainay telo koa ny vatan'ny famelabelarana. Fanoritsoritana amin'ny ankapobeny ny manodidina ny hira gasy no anombohana azy. Natao izany satria heverinay fa hanahirana ihany ny fahazoana ny lanjan'ireo sarin-teny samihafa, raha tsy mazava tsara ny tontolo ivelany. Nozaraina ho roa ny fandinihana ny fomba filazan-javatra, vontootin'ny asa. Natambatra ho fizarana iray izay mikasika ny fampidirana sy ny famaranana, satria tahaka ny fahitana amin'ny ankabeazan'ny lahateny, misy ifandraisany mandrakariva

ny tari-dresaka sy ny teny famaranana. Natao indray mijery koa ny renihira sy ny kabary manelanelana isan-tokony, na dia azo noraisina tsirairay aza, satria ireo no mandrafitra ny vatan'ny hira gasy sy ny fampisehoana.

FIZARANA VOALOHANY

FILAZALAZANA ANKAPOBENY

MOMBA NY HIRA GASY

Ny fomba filazan-javatra ao amin'ny adin-kira gasy nifanaovan'ny tarika roa no iompanan'ity santa-pikarohana ataonay ity. Ny fomba nentin'ny tarika roa nifanandrina naneho ny hafatra nampitainy tamin'ny mpijery azy izany no hodinihina. Mialoha ny hirosoana amin'izany anefa, dia heverinay fa ilaina ny manoritsoritra

amin'ny ankapobeny ny hira gasy andaniny ary ny tarika roa izay nampifanatrehina ankilany. Antony roa no nahatonga anay hanao izany.

Ao aloha ny fahatsapana fa hanampy betsaka amin'ny fanakarana ny lanjan'ireo sarin-teny ampiasaina ao amin'ny kabary sy ny tononkira ny fahafantarana ny mombamomba ny hira gasy sy ny fanatontosana azy. Amin'ny maha-fampisehoana antsehatra azy tokoa mantsy, dia manana ny fepetra amam-pitsipika mifehy ny filalaovana azy ny hira gasy : ny fitafiana isaloran'ny mpiangaly azy, ny fihetsika atao eny ambony sehatra, ny lahateny samihafa arindran'ny mpikabary, ny karazan-kira sy ny fomba ikaloana azy. Ireny mitambatra no miteraka ny kanto ao aminy. Koa heverinay fa sarotra ho an'izay tsy mahalala ny antony anaovana ireny ny hankafy ny hatsarany.

Etsy ankilany, ambaran'i SAINTE BEUVE fa sarotra ny mitsara asa soratra iray raha tsy fantatra ny mpanoratra azy, satria arakaraka ny hazo ny voany ⁴. Izany hoe, tsy ho tomombana ny fahazoana ny hafatra tian'ny mpanoratra hampitaina raha tsy ampifandraisina amin'ny toetra amam-piainan'izy mpamorona ny vokatry ny asany. Misy tokoa ny lafiny azo ilazana fa dindon'ny fiainan-dRABEARIVELO ny tononkalo mivetso alahelo sy fahafatesana nosoratany. Noho izany, tokony hohadihadina ny momba ny tarika roa nampifaninanina, satria izy ireo no loharano niteraka ny ony, afo niavian'ny setroka. Araka ny fantatra mantsy dia tsy olona tokana no namokatra ny hira gasy lalaoviny an-tsehatra fa ny « kompania » iray manontolo.

Toy izao àry no itondranay ity fanoritsoritana ny hira gasy sy ny mpiangaly azy ity. Ezahina hofaritana aloha ity lahabolana ity amin'ny maha-zava-kanto vita amin'ny teny azy. Ary satria velona sy miaina izy, dia hojerena manaraka izany ny lalana nodiaviny teo am-pamakivakiana ny taon-jato nifandimby. Ny famahavahana ny adin-kira gasy nifanandrinan'ny tarika roa nofinidy kosa no entina mamarana ity fizarana voalohany ity.

⁴Taterin'i A. CHASSANG sy Ch. SENNIGER, *Les textes littéraires généraux*, col. H.U., Paris 1958, tak 459 : « ... il est difficile de la (œuvre littéraire) juger indépendamment de la connaissance de l'homme, et je dirais volontiers, tel arbre, tel fruit ».

1.1. FAMARITANA NY HIRA GASY

« Kabary, dihy, hira arahim-pihetsehana ataon'ny olona maromaro iray tarika eny an-kalamanjana » no amaritan-dRAJEMISA ny hira gasy ⁵. Sampanan-dalana ihaonan'ny karazan-java-kanto telo izany izy :

- ny kabary izay « isehoan'ny fahaiza-mifantina teny sy ohabolana » ⁶ ;
- ny dihy izay itarafana ny hatsaran'ny fihetsika milanto sy mirindra ;
- ny hira izay ankafizana ny fahaiza-miventy ny tononkira amin'ny feo manga.

Ny olon-tsotra, ny tantsaha no tena mpijery hira gasy. Voamarikay fa tsy voasarika firy ny tanoran'ny tanan-dehibe. Angamba tsy mazava ao an-tsainy ny fifamatoran'ny singan-javatra mandrafitra, ka tsy hitany loatra izay andraisana azy : Toa tantara an-tsehatra nefa tsy mitovy amin'ny **Sangy mahery** ⁷ ; toa rindran-kira koa kanefa sady tapatapahina lahateny no laroana dihy. Fanazavana izany fifaningoran-javatra izany no hatao ato amin'ity toko voalohany ity, ka hampilaharina amin'ny tantara tsangana, ny tononkalo ary ny lahabolana hafa ny hira gasy.

1.1.1. Ny tantara tsangana sy ny hira gasy

Hira tsangana ihany koa no anarana iantsoan'ny **Firaketana** ny hira gasy. Azo lazaina araka izany fa misy ifandraisany amin'ny tantara tsangana tokoa izy : samy « tantara » no fototra iorenany ary samy lalaovina an-tsehatra eo anatrehan'ny mpijery izy rehefa avy nianarana nandritra ny fotoana maharitra. Na eo aza anefa ireo toetra iombonany ireo, dia misy lafin-javatra telo tsikaritrany fa tena mampiavaka azy : ny votoatiny, ny toerana sy ny fotoana anatanterahana azy ary ny fomba fiseho an-tsehatra.

1.1.1.1. Ny votoatiny

Rehefa manolotra ny renihira ny mpikabary amin'ny hira gasy, ambarany fa « tantara » vaovao no arosany ho an'ny mpijery. « Tantara » ihany koa no lalaovin'ny mpisehatra amin'ny tantara tsangana. Tsy mitovy anefa ny zavatra raketin'izany teny izany rehefa halalinina.

⁵ R. RAJEMISA RAOLISON, **Rakibolana malagasy**, Fianarantsoa, 1995, tak 434.

⁶ RAVELOJAONA, *Firaketana ny fiteny sy ny zavatra malagasy*, Novembre 1959, tak 6.

⁷ Rodlish, **Sangy mahery**, FoFiPA, 1988.

Sombin-tantaram-piainan'olona, tena nisy na noforonina, no velomina amin'ny tantara tsangana. Ny fitiavan-dRasedinirina an'i Bakoly Ranivoaly no vontootin'ny **Sangy Mahery** : tia an'i Bakoly Rasedy, kanefa ny fon-dRazazavavy efa natolony an-dRasela. Hany heriny, nampangina ny fitiavany sy nanao izay hahatanteraka ny fanambadian'ity olona tiany ho fahasambarany. Nataony sorona hatramin'ny ainy any amin'ny fiafaran'ny tantara. Tena tantara misy mpandray anjara no resahina ao amin'ny tantara tsangana.

Hafa noho izany no hita ao amin'ny hira gasy. Tsy fitantarana sombim-piainana no ataon'ny mpiventy ao anatin'ny renihira fa famelabelarana lohahevitra iray ⁸. « *Aza maika ny ho eo amin'ny toerana fa andraso ny rariny* » no lohahevitra novoaboasan'ny zaza navelan'i DADANIBARY-Ambatoantrano fony izy nihaona indray maka tamin'ny tariky RAMILISON- Fenoarivo. Nohazavainy tamin'ny ohatra maro tao fa manana ny fotoana isehoany avokoa ny zava-drehetra, ka tokony hahandry tantana fa tsy ho maimaika fotsiny :

*« Fa eritrereto ireo zazavavy vao 15 taona ô
Dia efa zaza no ampinonoina ô
Maikamaika ery ny ho eo amin'ny toerana
Fa tsy miandry ny rariny ô
Tsy mandinika ny hizerana »*

Hita araka izany fa samy hafa tanteraka ny votoatin'ny tantara tsangana sy ny hira gasy.

1.1.1.2. Ny toerana sy ny fotoana anatontosana azy

Samy manana ny toerana sy ny fotoana anaovana azy ny fialam-boly rehetra. Azo anavahana ny tantara tsangana sy ny hira gasy koa izany.

a) Ny toerana


Amin'ny tantara tsangana, dia tontolo ivelan'ny tontolo marina misy ny mpijery ny sehatra. Noforonin'ny mpandrindra an-tsehatra tamin'ny alalan'ny ravaka sy

⁸ P.A. RANAIVOARSON, *Ny hiragasy*, Edisiôna Md Paoly, Antananarivo, 2000, tak 18 : « *Ny famelabelarana an-kira ny lohahevitra no ataon'ny mpihiragasy hoe tantara* »

hazavana izy io mba hanomezana aina sy hahakanto ny tantara⁹ : tamin'ny fampisehoana voalohany ny **Sangy mahery**, dia i Vohitrarivo, tanàna manamorona ny vava tanin'ny Sakalava no teo anatrehan'ny mpijery¹⁰. Ary mba hitovian'ny toe-javatra hitan'ny mpijery rehetra, dia eny anoloana ny sehatra ary mifanatrika ny andaniny sy ny ankilany.

Tontolo iray kosa no misy ny mpiventy sy ny mpijery amin'ny hira gasy ary eo afovoany no misy ny kianja izay miendrika faribolana. Tsy maintsy mifanotrona sy mifanentana mantsy ny roa tonta mba hahatomombana ny fampisehoana : mampiseho fahaizana ny tarika roa mba hahazoana tehaka, ary ny hoby sy akora azony kosa no mampirisika azy hioitra araka izay tratrany. Tsy maintsy boribory io kianja io satria izay no sarin'ny fahafenoana amin'ny Malagasy : « fenomanana » no iantsoany ny volana feno tanteraka ny hazavany.

Indro aseho amin'ny kisary ny fipetraky ny sehatra sy ny kianja raha mitaha amin'ny toerana misy ny mpijery.



Kisary 1 : Ny toeran'ny sehatra sy ny kianja

Tsy mitovy koa ny toerana ananganana ny sehatra. Tokony hirindra amin'ny tontolon'ny tantara ny zava-miseho eo an-tsehatra amin'ny tantara tsangana : matromatroka ny hazavana raha alina ny andro ary mazava be ny sehatra raha antoandro. Sarotra ny manatanteraka izany raha tsy ao anaty trano.

⁹ Ch. ANTONETTI, *Notes sur la mise en scène*, ed. Vautrain, Paris, 1950.

¹⁰ Rodlish, op. cit., tak 6.

« Tantara » ventesina kosa ny hira gasy ka tsy mila fikarakarana manokana ny kianja. Ny hany takiny dia toerana malalaka ahafahan'ny mpijery manodidina ny mpiventy. Izay no mahatonga ny hira gasy tontosaina eny ankalamanjana matetika.

b) Ny fotoana

Mampiavaka ny tantara tsangana sy ny hira gasy koa ny fotoana mety hampisehoana azy sy ny faharetany.

Sady fialam-boly ny tantara tsangana no ataon'ny fikambanana samihafa fitadiavam-bola. Noho izany, tsy hentitra ny famaritana ny fotoana ampisehoana azy fa miankina amin'ny mpikarakara sy ny fahavononan'ny tropy. Amin'ny ankapobeny, dia ny faran'ny herinandro na amin'ny andro tsy fiasana no anaovana azy ary manodidina ny faran'ny volana. Azo lazaina fa mandavan-taona ny fampisehoana tantara tsangana.

Voafetra ho amin'ny main-tany kosa no ahitana ny hira gasy amin'ny ankapobeny. Antony roa mifampiankina no mahatonga izany. Voalohany, tantsaha ny mpanao hira gasy ary fambolena no foto-pivelomany. Noho izany, amin'ny ririnina izy vao afaka manao zavatra hafa toy ny hira gasy. Faharoa, eo amin'io vanim-potoana io koa no anatanterahana ireo lanonana akana mpihira gasy : ny famadihana, ny tsenabe. Marihina anefa fa asaina hafanain'ny mpanao hira gasy koa ankehitriny ireo fanentanana samihafa, toy ny fitokanana zava-bita, ny ady atao amin'ny SIDA, ny fampandaniana kandida amin'ny fifidianana.

Eo amin'ny faharetany indray, ora roa na telo no takin'ny fampisehoana iray amin'ny tantara tsangana satria piesy iray ihany no lalaovin'ny tropy iray. Izany hoe adim-pamantarandro vitsy no lanin'ny mpijery.

Fifaninanana kosa no atrehina amin'ny hira gasy. Tarika roa no mifanandrina ary mifandimby miditra indroa na intelo avy izy ireo. Hira iray maharitra ora roa eo ho eo no ataony isaky ny miakatra an-kianja. Raha atao ny kajy, dia maharitra andro iray manontolo izany ny adin-kira gasy iray, ka mivonona handany ny tontolo androny izay mikasa hanatrika izany hatramin'ny farany.

1.1.1.3. Ny fanatontosana azy

Samy lalaovina eny an-tsehatra ireo zava-kanto ireo. Tsy mitovy anefa ny fiakarana an-tsehatra sy ny fomba filalao azy.

a) Ny fiakarana an-tsehatra


Omena aina eny an-tsehatra, hoy isika, ny « théâtre », ka izay ny olona manana anjara amin'izany ihany no miakatra an-tsehatra amin'ny seho iray : Ratovo sy Ilezoma ihany no mpisehatra ao amin'ny Seho I – Fizarana I amin'ny **Sangy mahery** ¹¹. Any amin'ny seho farany matetika vao miakatra avokoa ny mpandray anjara rehetra satria hanao hira rodobe ho famaranana ny tantara. Izany no mitranga ao amin'ny Seho XII – Fizarana III : « *Mivoaka daholo ny olona rehetra. Ratovo mandry amin'ny seza betain-dRasela sy Randrenja ary Ilezoma (...). Ramira manarina an-dRanivo (...). Ravalohery sy Rasela eo ivohon-dRatovo* » ¹². Hita araka izany fa miankina amin'ny fizotran'ny tantara ny fiakarana an-tsehatra.

Tsy miara-miditra ihany koa ny mpilalao amin'ny hira gasy, kanefa tsy manomboka ny fampisehoana raha tsy ambony kianja ny rehetra. Mpiara-miventy mantsy izy ireo fa tsy mpisehatra ary tsy miala eo raha tsy vita tanteraka ny fampisehoana. Manao faribolana manatrika ny mpijery araka ny asehon'ny kisary :

1: filoha - 2,3,4 : mpitendry lokanga - 5: mpively langoroana

6,7:mpikabary

△ lahy



○ vavy

Kisary 2 : Ny filahatry ny mpanao hira gasy eny an-kianja

¹¹ Rodlish, op. cit., tak 7 : « *Raha vao misokatra ny efitra lamba amin'ny teatra dia Ratovo sy Ilezoma no hita eo* ».

¹² Rodlish, op. cit., tak 62.

b) Ny fomba filalao

Rehefa manome aina ny tantara ny mpisehatra, dia maneho ny toetra, ny teny ary ny fihetsiky ny olona tantaraina. Misy hatrany toromarika mikasika ny toetra amampihetsika tokony hataon'ny mpandray anjara miaraka amin'ny teny tokony holazainy. Izaon'ny voasoratra ao amin'ny Seho VI – Fizarana I amin'ny **Sangy mahery** :

- RATOVO : (*manifikifika ny lohany, ontsa dia ontsa no fijery azy, manindry ny fony amin'ny tanany havia*) ENY RY BAKOLY. MITOVY FATRA AMIN'NY AIKO NY FITIAVAKO ANAO. NEFA FITIA TSY MIVALY KA TSY MAINTSY HAMPANGINIKO ! HANGINA AHO ! ENY HANGINA MANDRAKIZAY ! (*Mipetraka moramora, maka mosara, mamaoka ny hatsembohany amin'ny tavany dia miondrika. Ny sakaizany roa lahy onena azy ka mitanondrika koa*)¹³.

Amin'ny hira gasy indray, tsy voatery hiditra ao anatin'ny olona tantaraina ny mpiventy satria mpitantara fotsiny. Ary na misy aza toetra sy fihetsika asehony, dia azo lazaina fa manampy amin'ny fahazoana ny tantara no tena anaovany azy¹⁴. Tsara homarihina ihany anefa fa tsy mijanona eo amin'ny toerana nijoroany ny mpiventy fa mifindra hatrany araka ny fihodin'ny famantaranandro. Antony roa no mahatonga izany : izay no zotra arahin'ny fisesin'ny andro ao amin'ny fanandroana malagasy, ka heveriny fa tokony hohajaina rehefa mihodina eny an-kianja ; faharoa, miova hatrany ny mpijery atrehin'ny mpiventy amin'izany, ka afaka mankafy ny talentan'ny mpanakanto eo amin'ny fihirana sy ny fihetsika ny tsirairay¹⁵.

Fehiny

Nampilaharina tamin'ny tantara tsangana ny hira gasy tao amin'ny zana-pizarana voalohany iny satria samy tantara lalaovina eny an-tsehatra no fototra iorenany. « Théâtre populaire » rahateo no amaritan'i J.I. RAMIANDRASOA ny hira

¹³ Rodlish, op. cit., tak 20

¹⁴ D. Mauro, op. cit., tak 358 : « ces récits intégrant des personnages qui agissent dans une structure narrative dans laquelle ils ne sont pas systématiquement interprétés ».

¹⁵ D. MAURO, op. cit., tak 21 : « la troupe est disposée en un cercle qui tourne sur lui-même afin que chaque spectateur puisse apprécier l'expression et le jeu de chacun des acteurs »

gasy¹⁶. Nisongadina tamin'izany fa tsy mitovy velively ny fomba fanatanterahana azy : tantara velomin'ny mpisehatra ny teatra raha tantara tanisain'ny mpiventy ny hira gasy. Miako any amin'ny toerana ilalaovana azy izany : tontolo nofinofy hafa, amin'izay misy ny mpijery, namboarin'ny mpandrindra an-tsehatra no ivoaran'ny mpisehatra ; tontolo tokana ary tena misy kosa no iombonan'ny mpanatrika sy ny mpiventy amin'ny hira gasy. Ary na ny fotoana ampisehoana azy aza samy hafa : ny main-tany no ahitana adin-kira gasy, raha tsy voafetra ny fampisehoana tantara tsangana. Mba manao ahoana kosa àry ny fifandraisan'ity vakomanitra ity amin'ny poezia ?

1.1.2. Ny tononkalo sy ny hira gasy

Raha ny tononkira no ifotorana, dia azo ampitahaina ny hira gasy sy ny tononkalo eo amin'ny lafiny endrika. Samy ahitana ny toetra mamaritra ny poezia izy ireo : ny fampiasana manokana ny teny amin'ny filalaovana amin'ny feo sy ny fingingona ary ny sarin-teny ho fanehoana fihetseham-po sy hevitra¹⁷. Voamarika ihany koa fa mitovitovy ny fomba nandrafetana azy satria samy misy andalana mitambatra ho andininy ary miady rima ny andalana sasatsasany araka izao aroso izao :

Mademôsely Razy

Tsara ka maha-te ho tia

Nify tsara vita nanahary

Nofaranana tamin'ny vatovary¹⁸

Na eo aza izany fifandraisana araka endrika izany, tsikaritra ihany koa ny fiavahany eo amin' ny famoronana azy sy ny toetra ankapobeny ananany.

1.1.2.1. Ny famoronana

Novolavolain'ny saina avy amin'ny aingam-panahy ny zava-kanto vita amin'ny teny. Mitovy hevitra ny maro fa hery avy any ivelan'ny tenany no nanosika azy hamorona. Samy manana ny anarana omeny io hery io ny tsirairay. « Muse » no

¹⁶ J.I. RAMIANDRASOA, Dramaturgie du théâtre classique malgache, Thèse de doctorat de 3^e Cycle.

¹⁷ *Dictionnaire Larousse*, Paris, 1983, tak 778 : « Art d'évoquer et de suggérer les sensations, les émotions, les idées par un emploi particulier de la langue qui joue sur les sonorités, les rythmes, les images ».

¹⁸ RANARISON, Andohavary, *Nandositra ny olombelona fa tratra ihany*,

niantsoan'ny Grika azy ; « tromba » no ilazan-dRanoë azy ; fanomezana avy amin'Andriamanitra kosa no ambaran'ny mpamorona-kiran'ny tarika RAVELOSON avy any Arivonimamo fa nahaizany nandrafitra tononkira. Eo amin'ny mpamorona sy ny fotoana amoronana no tsy itovian'ny tononkalo sy ny hira gasy.

a) Ny mpamorona

Olon-tokana amin'ny ankapobeny no namorona ny ankamaroan'ny asa soratra, na tononkalo izany na lahatsoratra tsotra : diam-penin-dRado ny **Dinitra**, **Sedra** ary **Zo** ; E.D. ANDRIAMALALA kosa nanoratra ny **Fofombadiko**, ny **Hetraketraka**. Mazàna no mampiasa solon'anarana izy ireo amin'izany : ANDRIAMANANTENA Georges no Rado, RANDRIAMANANJARA Edmond no Randja Zanamihoatra. Nandia fianarana avokoa ireo mpanoratra notanisaina ireo satria fepetra fototra amin'ny famoronana tononkalo ny fahaiza-mandrakitra ambony takelaka ny eritreritra amam-betsovetso.

Olona maro kosa no mandray anjara amin'ny famoronan-tononkira iray amin'ny hira gasy. Marina fa manana mpamorona-kira iray na roa ny tarika tsirairay, kanefa tolo-kevitra ihany izay novolavolainy. Rehefa voarafitr'ilay mpamorona mantsy ny hira, dia ampianariny ny tarika manontolo. Eo no manitsy azy araka izay heverina fa mahatsara azy ny mpikambana rehetra. Marihina koa fa tsy voatery hahay taratasy ny mpamorona-kira amin'ny hira gasy. Nambaran-dRALAIARIMANANA Daniella Herman, filohan'ny Sendikan'ny Mpihiragasy eto Madagasikara, aza fa tsy mahay manoratra mihitsy ny ankamaroan'izy ireny kanefa ny tononkira voarafiny no tena mahasarika ny mpijery. Toy izao ny tahan'ny mpamorona raha ny fianarana vita no ifotorana :

Sokajy	Isan-jatony
Ireo tsy niditra an-tsekoly	80
Ireo nanao ny ambaratonga voalohany	18
Ireo nanao ny ambaratonga faharoa	2

Fafana 1 : Tahan'ny mpamorona amin'ny hira gasy

b) Ny fotoana amoronana

Tsy anton'asa ny fanoratana tononkalo amin'ny ankapobeny. Tsy mahakosoka ny anarana maha-mpanoratra ny tsy faharafetana asa soratra mandritra ny fotoana maharitra. Noho izany, tsy manana isa enjehina isan'andro na isam-bolana ny mpanoratra. Ankoatra izay, malalaka ihany koa izy eo amin'ny famoronana ary afaka manao izany amin'izay fotoana ahatongavan'ny hery mpanentana azy, na lohataona izany na fararano.

Azo lazaina ho anton'asa ho an'ny tarika kosa ny fanaovana hira gasy satria ny fanaovana fampisehoana no mamaritra ny fisiany. Maty ho azy ny tarika tsy miakatra an-kianja. Noho izany, tsy maintsy manana hira vaovao roa na telo isan-taona izy : ireo no hatao maso vao haseho ny mpijery satria tsy azo ventesina intsony ny tamin'ny taondasa ¹⁹. Midika izany fa tsy maintsy maharaitra hira roa isan-taona ny tarika iray fara fahakeliny.

Voalaza ihany koa anefa fa voafetra ho amin'ny main-tany ny fotoana anaovana fampisehoana. Noho izany, alohan'izay no tsy maintsy amoronana sy ianarana hira. Izany hoe, amin'ny fotoana ikarakarana ny fambolena, foto-piveloman'ny tantsaha tahaka azy, no anatanterahana ny asa famoronana ary eny an-tsaha mazàna no anaovana izany. Voatery hamorona hira roa isan-taona izany ny tarika iray, ka manomboka eo amin'ny lohataona hatramin'ny fararano no tsy maintsy anaovana izany.

Anisan'ny manavaka ny tononkalo sy ny tononkiran-kira gasy tokoa izany ny famoronana azy. Asan'olon-tokana, mitaky fahaizan-taratasy nefa azo atao mandavan-taona tsy misy faneriterena izany amin'ny asa soratra. Tsy maintsy ifanakonana izany amin'ny tarika mpanao hira gasy, na dia tsy ilana fahaizana manokana aza, satria sady antoky ny fahaveloman'ny tarika no voafaritra mazava ny fotoana anaovana azy. Hita soritra eo amin'ny toetra ankapobeny koa izany tsy fitoviana izany.

1.1.2.2. Ny toetra ankapobeny ananany

Na samy zava-kanto vita amin'ny teny tafiditra ao anatin'ny poezia aza ny tononkalo sy ny hira gasy, dia tsapa fa misy iavahany ihany eo amin'ny toetra

¹⁹ Dinika nifanaovana tamin'i D.H. RALAIARIAMANANA, tamin'ny 21-02-05

ankapobeny ananany. Lafiny telo no heverinay fa mavesa-danja indrindra amin'izany : ny fanatontosana azy sy ny endriky ny lohateny ary ny tanjona kendrena aminy.

a) Ny fanatontosana azy

Tafiditra ao anatin'ny literatiora an-tsoratra ny tononkalo. Noho izany, natao hovakina izy. Mazava loatra fa tsy afaka hahalala izay hafatra raketiny sy hankafy ny hakantony raha tsy olona mahay mamaky. Hoy indrindra i Randja Zanamihoatra manambara izany : « *Na toinona na toinona heverina ho fiezinezin'ny talentan'ny Poeta, dia tapany ihany : ny talentan'ny mpamaky no manovona azy ho erany. Ampy hampivaona zavatra betsaka ny tsy fahaiza-mamaky : manova ny endri-tsary aman-kevi-teny* » ²⁰. Mila fahaiza-mamaky izany ny tononkalo, fahaizana manonona ny feo adikan'ny soratra, fahaizana manakatra ny hevitra raketin'ny teny izay matetika lalina ka tsy mora azo.

Natao hohenoina kosa ny hira gasy ary tafiditra ao anatin'ny lahabolana. Alahatry ny maro ho isan'ny literatiora am-bava izy amin'izay. Hita fa tsy voatery ho izay nandingana ny tokonan-tsekoly ihany no afaka mijery azy fa ny olon-drehetra amin'ny ankapobeny. Efa nambara tany amin'ny fiandohan'ity fizarana ity fa olon-tsotra tsy nahavita fianarana firy no tena mpankafy hira gasy. Toetra iombonan'ny lahabolana rehetra izay tsy fitakiana fepetra ara-pahaizana izay, ka mahatonga ny fiantsoana azy ho literatioram-bahoaka.

b) Ny endriky ny lohateny

Amin'ny gazety no tena misongadina ny anjara asan'ny lohateny. Natao hamaritry sy hamintina ny votoatin'ilay lahatsoratra izy. Nokendrena mba hisarika ny olona ihany koa izy, ka niangalian'ny mpamorona fatratra ny fandrafetana azy. Entam-barotra koa mantsy ny gazety ka tsy maintsy sarihina hividy azy ny olona. Anisan'ny paika fanao amin'izany ny fampiasana teny manaitra atao amin'ny sora-baventy. Ao amin'ny **Gazetiko**, ohatra, dia lohateny fotsiny no eo amin'ny takila voalohany, ary ity ny iray amin'ireo lehibe indrindra amin'izy ireny ²¹ : « **Hotsaraina amin'ny asany ireo minisitra** ». Manaitra sy manintona izany satria tsy fahita eto amintsika izany minisitra

²⁰ Randja Zanamihoatra, **Vainafo tononkira**, Ambozontany-Fianarantsoa, 1969, tak 6.

²¹ **Gazetiko**, laharana 1750, tamin'ny alatsinainy 19-01-04.

mandalo fitsarana izany, raha tsy hoe niova ny fitondrana. Heverina ho tsy maty manota mantsy izy ireo satria olona akaiky ny Filoham-pirenena.

Eo amin'ny sehatry ny literatiora, dia **Dinitra** no lohateny nomen-dRado ny boky mirakitra ny amboaran-tononkalo navoakany voalohany tamin'ny taona 1972 ; ny tononkalo tsirairay ao koa dia manana ny azy, toy ny *Isaky* (tak 10), *Ve* (tak 107), *Aiza* (tak 112). « *Ny fiovan'ny fiainana no mampanitatra ny olona ary ny fanitaran'ny olona no mampiova ny fiainana* », « **Nandositra ny olombelona fa tratra ihany** » ary « *Ampiasao ny pôlitika fa rehefa mitady tsy maintsy mahita* » kosa no lohatenin'ny hiran'ny tarika isany RAZAFINDRAMANGA Berthine – Ambohimanjaka (taona 1990), RANARISON ary RAMILISON Besigara izay dinihina eto. Azo lazaina fa manintona izy ireo satria toa niniana notakonana ny ampahany amin'izany tiana holazaina, hany ka voasarika ny mpamaky na ny mpihaino hameno ny banga : Nahoana no mivoa-dinitra i Rado ? *Isaky* ny inona no tiany holazaina ? Ahoana izany *mandositra nefa tratra ihany* izany ? Eo amin'ny lafiny endrika kosa dia misongadina ny tsy fitoviana.

Fohy ny lohatenin-tononkalo amin'ny ankapobeny. Indraindray aza dia teny tokana toa tsy milaza inona firy toy ny ohatra etsy ambony. Izay indrindra anefa no tena manintona ny mpamaky. Hoy indrindra i Randja Zanamihoatra : « *Tsy ny manontolo amin'ny soratra anefa no manan-kery hahatohina ny olombelona fa zava-bitsivitsy ihany, mety ho teny kely tsy ampoipoizina akory aza* »²². Manaitra azy ilay singan-teny hafahafa, ka liana izy hameno izay kely fantany amin'ny famakiana ny lahatsoratra manontolo. Minitra vitsy rahateo no takin'izany ka dia miroso avy hatrany izy.

Tsy fotoana fohy kosa no ilain'ny fihainoana hira gasy fa ora iray sy sasany fara fahakeliny. Koa raha tsy mahaliana ny mpijery, izany hoe, tsy azony an'eritreritra ny zavatra ho reny, tsy handany andro hanatrika ny fampisehoana izy. Tsy maintsy voafintin'ny mpamorona ao anatin'ny lohateny izany ny votoatin'ny tantara, tahaka ny hita ao amin'ny gazety. Izany no heverinay fa mahalava azy.

d) Ny tanjona kendrena aminy

« *Hitsikitsika, hono, tsy mandihy foana fa ao raha* ». Marina izany satria misy hatrany ny zava-kinendry amin'izay atao rehetra. Hampahalala vaovao no tanjon'ny

²² Randja Zanamihoatra, op. cit., tak 5

mpanao gazety raha mandrafitra lahatsoratra izy. Hisaotra ny olona tonga nanotrana tamin'ny havoriana kosa no andraisan'ny solontenan'ny fianakaviana fitenenana amin'ny fiafaran'ny lanonana. Mba manana izay antony hanoratany sy handrafetany tononkira koa ny mpanoratra sy ny tarika mpanao hira gasy.

Roa karazana ny soratra amin-dRanja Zanamihotra : ny « teraky ny fo » sy ny « teraky ny saina » ²³. Iretsy voalohany dia manentohento fihetseham-po : ny alahelo nateraky ny setrasetram-piainana samihafa no tanisain-dRABEARIVELO ao amin'ny tononkalony *Ny alalelon'ny olombelona*. Manetsiketsika ny saina kosa ireto farany : mitarika azy handinika izay miseho any ankoatra ny fasana i Randja Zanamihotra ao amin'ny *Adala ve ny hendry ?* ²⁴.

Miraika any amin'ny « teraky ny fo » ny ankamaroan'ny tononkalo. Anehoana fihetseham-po manoloana olona, na zavatra, na toe-javatra mitranga mantsy izy ireny, ka izany no mahabetsaka ny sarin-teny ampiasaina ao anatin'ny. Manamarina izany i P. CLAUDEL raha milaza fa mampahafantatra antsika ny tontolo amin'ny alalan'ny fihetseham-po ny poezia ²⁵.

Mirona kokoa any amin'ny « teraky ny saina » kosa ny tononkiran'ny hira gasy, hany ka somary matsatso sy makafoka. Ny zava-mitranga eo amin'ny fiainana andavanandro no tantarain'ny mpiventy amin'ny mpijery. Tsy azo lavina fa misy fihetseham-po misisika ihany amin'izany, kanefa ny tena tanjony dia ny hampieritreritra ny olona, ny hitarika azy handini-tena ary indrindra indrindra ny hanohina azy mba hisintona anatra avy amin'izay voalaza. Fitaovam-panabeazana enti-manitsy ny toetra amam-pihetsiky ny mpiara-belona izany ny hira gasy. Izany no heverinay fa mahatonga ny mpitondra fanjakana hampiasa azy amin'ny fanentanana ataony.

Hita tamin'ny fanadihadiana ny toetra ankapobeny ananany teo fa miavaka ihany ny tononkalo sy ny hira gasy. Eo amin'ny fanatontosana azy aloha, natao hovakina ilay voalohany, raha natao hohenoana ity faharoa. Tsy mitovy koa ny endriky ny lohateny noho ny fahasamihafan'ny paika enti-manintona. Ary ny tanjona indray, dia mikendry ny hanohina ny fo ny tononkalo, saingy natao hanetsiketsika ny saina kosa ny hira gasy.

²³ Randja Zanamihotra, op. cit., tak 6

²⁴ Randja Zanamihotra, op. cit., tak 89.

²⁵ P. CLAUDEL, *Réflexions sur la poésie*, Ed. Gallimard, 1963 : « la poésie nous fait connaître le monde au moyen de nos sentiments »

Fehiny

Samy zava-kanto vita amin'ny teny ny tononkalo sy ny hira gasy, raha ny tononkira no iaingana. Na misy aza ny fitovitoviany eo amin'ny endrika ivelany, toy ny rima sy ny andalana mitambatra ho andininy, dia tsapa kosa fa tontolo roa samihafa no ivoarany. Tontolon'ny avara-pianarana tofoky ny kajy hentitra takin'ny fandrosoana no ivelaran'ny tononkalo : mampangetana ny fiainana ka mila fihetseham-po hanamandina ny fo. Tontolon'ny tantsaha sy ny olon-tsotra voatery matrika ny adim-piainana kosa no isandran'ny hira gasy : paika mahomby hoenti-mamaha ny olana ao amin'ny fiaraha-monina no katsahina. Ambaran-dRAMILISON Besigara fa « *fameloma-maso ny hira nentim-paharazana eto anivon'Imerina no andraikitra ny hira gasy. Na izany aza, ny votoatin'ny tononkira dia fananganana fiaraha-monina anjakan'ny fifankatiavana, ny fihavanana, ny firaisan-kina. Fanentanana ny rehetra hiara-miasa ho fampandrosoana ny firenena no tanjona* »²⁶.

1.1.3. Ny hira gasy sy ny lahabolana

Hatreto dia nampitahaina tamin'ny karazan'asa soratra roa ny hira gasy. Nahafahana nanatsoaka ny toetra mampiavaka ny hira gasy hatrany ireo fampitahana ireo. Ato amin'ity zana-pizarana ity kosa dia alahatra ho anisan'ny lahabolana indray izy. Mahazatra ny maro tokoa ny mametraka azy ao anatin'ny literatiora am-bava, satria natao hohenoina izy, izany hoe tontosaina am-bava. Hatraiza ny fahamarinan'ny maha-lahabolana azy ?

Araka ny fiheveran'i R. FINNEGAN²⁷, dia dingana telo no tsy maintsy lalovana amin'ny fanaovana lahateny iray : ny famoronana, ny fanatontosana ary ny fampitana. Azo faritana ho am-bava ny lahateny iray, raha am-bava avokoa no anatanterahana ireo dingana ireo. Ezahina hampiharina amin'ny hira gasy izany ireo fepetra ireo mba hahazoana mamaritra ny fetra maha-lahabolana azy. Ary satria zavatra roa miavaka tsara samy ampiasana ny teny ao amin'ny hira gasy, ny kabary sy ny tononkira, dia

²⁶ MAURO, op. cit., tak 315 : « *Le hira gasy a pour fonction de perpétuer le chant traditionnel malgache des Hautes Terres. Mais les textes ont surtout pour but de créer une société où règne l'amitié, le fihavanana, l'amour, la solidarité. Le but est de susciter l'effort de tous dans le travail pour le progrès de la nation* ».

²⁷ R. FINNEGAN, *Oral poetry*, « its nature, significance, and social context », Cambridge University Press, London, 1977.

hosarahina ny fandinihana azy. Fa mialoha izany, dia heverinay fa mety ny hamahavahana ny fomba famaritana lahateny araka ny fahitan'i R. FINNEGAN azy.

1.1.3.1. Ny fomba famaritana lahateny

Matetika no alahatry ny maro ho literatiora am-bava ny lahateny rehetra natao hohenoina ary literatiora an-tsoratra ny asa soratra natao hovakina. Mametraka olana ihany izany fanasokajiana izany satria manalasala toa vozon'akoho ny zavatra sasany : lahabolana ve ny kabarin'ny Filoham-pirenena tamin'ny lanonam-panjakana samihafa ? Ary lahatsoratra ve izay voarakitra ao amin'ny boky ***Anganon'ny ntaolo*** nangonin'ny R.P. DAHLE ? Manoloana izany indrindra no nandrosoan'i R. FINNEGAN ity fomba famaritana ity : am-bava ny lahabolana iray, raha am-bava avokoa ny famoronana, ny fanatontosana ary ny fampitana azy.

a) Ny famoronana

Ny fomba namolavolana ny zavatra holazaina no antsoina hoe : famoronana. Lazaina fa an-tsoratra no nanaovana an'io dingana io, raha toa ka nomanina an-tsoratra na nosoratana mihitsy ilay lahateny, izay vao ventesina eo anoloan'ny mpanatrika. Ny kabary ataon'ny manam-pahefana amin'ny vanim-potoana miavaka, toy ny Fetim-pirenena, no santionany amin'izany.

Am-bava kosa ny famoronana, raha an-kandrina no nanaovana azy. Anisan'izany ny lahateny famangiana manjo satria tsy omanina loatra izy ireny, fa eny an-dalana mihazo ny toerana anefana ny adidy no mieritreritra izay holazainy ny mpitondra tenin'ny mpamangy. Mitaky hakingan-tsaina amin'ny mpamorona izany, satria an'eritreritra no ikarohana sy andaminana ny teny holazaina.

b) Ny fanatontosana

Rehefa voavolavola ny lahateny, dia ambara eo anatrehan'ny mpanatrika. Izy no antsoina hoe fanatontosana. Mitovy avokoa ny lahateny rehetra amin'io dingana io satria samy am-bava no anatanterahana azy, na noforonina an-tsoratra izy na novolavolaina an-kandrina. Ny fanomezana lanja ny fanatontosana no mahatonga ny olona hametraka ao anaty sokajy iray ny lahateny vakina sy ny kabary an-kandrina.

Tsara ny manamarika fa tsy voatery hiavaka hatrany ny famoronana sy ny fanatontosana amin'ny lahabolana rehetra. Amin'ny sôva sy ny tôkatôka, ohatra, dia mifanosona ireo dingana ireo : sady mamorona izy no manatontosa. Sady mitory ny fananan'ny mpisôva tahirin-kevitra ao an-tsainy izany no maneho ny fahafehezany ny teny amoahana azy. Izay no mampirehareha azy amin'ny hoe :

Korana ambony vato manalina andro,

Vôlana an-talan-dôha tsy mety lany.

Ireny lahateny ireny no faritan'i R. FUNNEGAN ho tena lahabolana ary azo ampidirina ao anatin'ny literatiora am-bava.

d) Ny fampitana

Tsy natao hohenoan'ny olona indray mihira ihany ny lahabolana, fa tokony hifandovan'ny taranaka mifandimby. Izay famindrana izay no antsoina hoe : fampitana. Mety ho am-bava na an-tsoratra no anatanterahana izany. Talohan'ny nahatongavan'ny soratra, dia tamin'ny takariva amorom-patana no nifampitan'ny renibe sy ny zafikeliny am-bava ny anganon'Ikotofetsy sy Imahaka. Rehefa noraketin'ny R.P. DAHLE an-tsoratra izy taty afara, dia ny boky *Ny anganon'ny ntaolo* indray no fitaovana andraisan'ny taranaka mifandimby azy.

Hita araka ny fanazavana eo ambony fa miova araka ny fivoaran'ny haitao ny fampitana. Manahirana ihany izany ny fampiharana ity fepetra ity amin'izao vaninandro iainantsika izao, satria saika efa voarakitra an-tsoratra ny ankamaroan'ny lahabolana vao ampitaina am-bava any an-kafa. Nosinganin'i R. FUNNEGAN tamin'izany ny « ballades » angilisy izay efa vita boky vao nampitaina am-bava tany Amerika. Marihina koa fa mety hifanitsaka ny fanatontosana sy ny fampitana : rehefa mitantara angano amin'ny zafikeliny eo ilay renibe, dia sady manatontosa izy no mampita. Noho izany, tsy azo itokiana loatra io fepetra io, araka ny filazan'i R. FUNNEGAN.

Nohazavaina teo àry ireo fepetra entin'i R. FUNNEGAN mamaritra ny lahateny iray. Raha ampiharina amin'ny hira gasy izany, dia hita miavaka tsara ny dingana roa voalohany. Manjavozavo kosa ny fampitana noho ireto antony manaraka ireto. Voalohany, toa tsy natao hampitaina amin'ny taranaka mifandimby ny tononkira iray, satria mandritra ny taona namoronana azy ihany no azon'ny tarika aseho an-kianja izy. Manamarina izany ny tsy maintsy amoronan'ny tarika hira vaovao roa isan-taona. Faharoa, raha heverina misy fampitana ihany amin'ny hira gasy, dia azo lazaina fa

mifanosona amin'ny fanatontosana io dingana io, ka tsy tokony hodinihina intsony. Araka izany, dia navelanay ny fanadihadina ny fampitana.

1.1.3.2. Famaritana ny kabary

« *Teny lavalava voalahatra sy voarindra atao eo imason'ny olona tafavory* » no amaritan-dRAJEMISA RAOLISON ny kabary ²⁸. Saika misy fitenenana toy izany ny ankamaroan'ny havoriana, na an-kasoavana izany na an-karatsiana. Ary anisan'ny mampiavaka ny hira gasy ny fisian'ny kabary ao anatin'ny. Karazany roa no hita ao : ny kabary vakisehatra sy ny kabary manelanelana.

a) Ny kabary vakisehatra

Araka ny anarany, io lahateny voalohany io no entina manamarika ny tena fiantombohan'ny fampisehoana hira iray. Marihina anefa fa tsy mitovy ny ventin-kevitra raketiny isaky ny fidirana, raha indroa miakatra an-kianja ny tarika. Fialan-tsiny, fangatahan-dalana sy fisaorana ny mpanatrika ary fiderana an'Andriamanitra no votoatiny amin'ny fidirana voalohany ²⁹ ; mety hisy indraindray fanomezam-boninahitra ny manam-pahefana isan'ambaratonga.

Famaliana ny antsoantso sy ny fampirisihana nataon'ny mpijery amin'ny fiakarana eny an-kianja kosa no fonosiny amin'ny fidirana faharoa. Toa izao ny sombin-kabary nataon-dRAKOTOVAO, avy ao amin'ny tarika RANARISON – Andohavary :

« *Raha miala RAMILISON – Fenoarivo, miditra Andohavary Tariky RANARISON. Mihoraka ianareo Tsiroanomandidy miteny manambara manao hoe : « tandremo Ranarison fa mafy be ilay teo ». (...) Ka izao ihany no teniko aminareo ry Ingahy ireto a ! Izay manao an-kambo izahay roa tonta androany, na Andohavary na i Fenoarivo izany, aza misy matin-kena-maso ianareo : hano fa hena, toraho fa lavo. Vola no miala, aza manaiky (...) »* ³⁰.

Miako any amin'ireo dingana telo enti-mamaritra ny lahateny izany tsy fitoviana izany. Noho izany, tsy maintsy dinihina tsirairay izy ireo.

²⁸ R. RAJEMISA RAOLISON, op. cit., tak 467.

²⁹ Marihina fa fidirana faharoa tamin'ny adin-kira gasy no akora iaingana, ka tsy ahitana kabary vakisehatra voalohany. Nalainay tao amin'ny bokin'i A. RANAIVOARISON io fanazavana io.

³⁰ V.A. tak 1.

➤ Ny kabary vakisehatra voalohany

Io lahateny io no voalohan-dresaka ataon'ny tarika amin'ny mpijery, ka tsy maintsy iangaliana sy ampalesina fatratra mba tsy haharesy tondro maso azy. « *Lahateny tsara, namboarin'olo-mahay izay efa nataony tsy anjery tsara* » no filazan'ny **Firaketana** azy ³¹. Tsapa araka izany fa tsy teo am-piakarana an-tsehatra no namoronana ny kabary vakisehatra. Efa nomanina mialoha ary nianarana tsara tany amin'ny tana niaviany tany ilay izy mba ho tadidy. Tsy voalaza eto kosa nefa azo vinavinaina ihany fa am-bava izany fanomanana izany, satria tsy fomban'ny olon-tsotra loatra ny mandrafitra an-tsoratra ny kabary hataony.

Eo ambony kianja vao tontosaina ny kabary vakisehatra. Tsy vaky teny toy ny fanaon'ny manam-pahefana no ataon'ny mpandaha-teny fa fitanisana misosa arahim-pihetsehana maty paika, toa tsianjery atao eo anoloan'ny mpanadina. Azo lazaina izany fa mifanalavitra ihany ny fotoana namoronana sy ny fotoana anatontosana satria mety ho andro maromaro, na volana mihitsy aza no manelanelana azy.

➤ Ny kabary vakisehatra faharoa

Tsy voalohan-dresaka amin'ny mpijery intsony ny kabary vakisehatra faharoa, na dia fanombohana ny fampisehoana faharoa aza. Efa tafiditra tanteraka ao anatin'ny fifaninanana ny tarika roa tonta, ka tsy maintsy asiana setriny ny tsindrom-paingotra nataon'ny andaniny, indrindra indrindra ny horakoraky ny mpijery. Sarotra amin'ny mpikabary ny haminany izay hataon'ny tarika nodimbiasany sy ny hetahetan'ny mpanatrika haterak'izany. Noho izany, tsy afaka hanomana ny teny hambarany izy amin'ny ankapobeny.

Vokatr'izany, eo am-piakarana an-tsehatra, na fotoana fohy taholan'izay, ilay mpikabary vao nisaintsaina izay hataony, izany hoe sady foroniny no tontosainy ny lahateniny. Azo lazaina izany fa mifanosona ny famoronana sy ny fanatontosana satria tsy hay faritana ny elanelany.

Hita araka izany fa tsy mitovy tokoa ny kabary vakisehatra amin'ny fidirana voalohany sy faharoa eo amin'ny famoronana sy ny fanatontosana.

³¹ RAVELOJAONA, op. cit., tak 223

b) Ny kabary manelanelana

Eny an-tenantenan'ny renihira kosa no ahitana ny kabary manelanelana. Fitantarana toe-javatra hitany na angano mifandray amin'ny votoatin-kira no ataon'ny mpikabary amin'izany ary faranany amin'ny fitsofan-drano na anatra foana ny lahateniny. Toy izao ny lahateny nataon'ny mpikabarin-dRAMILISON :

« Manara-maso aho eto, mijery anareo manodidina ireo. Saika ny androatokonareo dia tanora zazalahy sy zazavavy avokoa. Misaotra anareo ny tenanay fa efa tena tia hira gasy ianareo amin'izao fotoana izao. Saingy ny mampalahelo any amin'ny sasantsasany any a ! Kabarina fokontany no ataon-dry zalahy dia ianareo tanora no enjehiny. Ahoana hoy izy ? Manondrana ny ankizivavy ankehitriny e ! (...) Manondrana hono isika tovolahy. (...) Ka hoy aho hoe :

(...)

Mba mieritrereta ny mety rehetra

Sao dia maty izy vao mody mitsetra.

(...) »

Lahateny tsotra ny tapany voalohany amin'io kabary io, ary ny tapany faharoa kosa miady rima. Noforonina teo no ho eo ny ampahany voalohany noho ireto antony ireto : tsy azon'ny mpikabary vinaniana izay hitranga mandritra ny fampisehoana.

Amin'ny tapany faharoa indray, dia sarotra ny hino fa ho vita rafitra ao anaty fotoana fohy mihitsy ilay hafatra miady rima mahatratra andalana 23. Tsy maintsy novolavolaina mialoha sy natao tsianjery io.

Raha fintinina izay voalaza mikasika ny kabary hita ao amin'ny hira gasy, dia azo lazaina fa samy tontosaina am-bava ireo karazany telo nodinihina. Eo amin'ny famoronana no isian'ny fiavahana. Heverinay anefa fa tsy ampy hanavahana azy ho sokajy roa io tsy fitoviana io, satria samy angona voatahiry ao an-tsaina izay fohazin'ny mpandaha-teny eo an-tsehatra izy ireo.

1.1.3.3. Ny famaritana ny tononkira

Voalaza tao amin'ny andininy 1.1.2.1. fa misy dingana roa ny famoronana ny tononkira amin'ny hira gasy : volavolain'ny mpamoron-kira any aloha ny tononkira, ka

rehefa vita dia ampianariny ny tarika iray manontolo. Eo no isian'ny fanitsiana isan-karazany izay antsoinay hoe dingana faharoa amin'ny famoronana. Tsy mitovy ny fisehon'ireo dingana roa ireo.

Maharitraritra kokoa ilay voalohany raha mitaha amin'ilay faharoa : mifantina izay lohahevitra mety hahasrika ny mpijery ilay mpamorona, vao mandrafitra tantara milafika amin'izany. An-kandrina no anaovana ny ankamaroan'ny hira satria tsy mandia tokonan-tsekoly ny 80 isan-jaton'ny mpamoron-kiran'ny tarika. Azo faritana ho fanantenana ny madilana kosa ny dingana faharoa : rehefa tsapan'ny tarika fa manahirana ny mandray ny tononkira, dia atao ny fanamboarana ; mety ho votsa ny fomba filazan-javatra ka ilana fanatsarana. Eo am-pianarana ny hira no anaovana ny fanitsiana, ka izany no ilazanay fa fohy kokoa io dingana io sady an-kandrina mandrakariva.

Rehefa masaka tsara ny hira, dia manao famerenena tsindraindray ny tarika mandra-piavin'ny fotoana hiakarana eny an-kianja. Eo mantsy no anatontosana azy ambava eo anatrehan'ny mpijery marobe, amin'ny maha-hira natao hohenoina azy. Ny mpikambana rehetra ao amin'ny tarika, ankoatra ny mpitendry zava-maneno, no indray miventy azy. Volana roa na telo aorian'ny fianarana azy no isehoan'izany amin'ny ankapobeny.

Fehiny

Rehefa nampiharina àry ny famaritana arosan'i R. FUNNEGAN, dia azo ambara fa mahatanteraka ny fepetra maha-literatiora am-bava azy ny hira gasy. Na ny tononkira na ny kabary dia samy novolavolaina an-kandrina fa tsy nosoratana amin'ny ankapobeny. Mbola am-bava ihany koa no anatontosana azy eo anoloan'ny mpijery. Tsy lavina fa efa misy famoronana ny tononkira an-tsoratra, kanefa heverinay fa fomba enti-mirakitra azy fotsiny ny soratra. Tafa an-tsoratra ifanaovan'ny poeta amin'ny mpamaky izay tsy eo anatrehany ny tononkalo. Resaka ifanaovana mivantana amin'ny mpijery kosa no volavolain'ny mpamoron-kira, ka ho fitadidiana ihany no anaovany azy an-tsoratra.

Fehin'ny toko voalohany

Nezahina nofaritana tamin'ity toko voalohany ity ny hira gasy. Fampitahana azy amin'ireo karazan'asa narafitra tamin'ny teny azo ampifandraisina aminy no paika nampiasaina. Ny fampilaharana azy tamin'ny tantara tsangana àry no nahafahana namaritra azy amin'ny maha-fampisehoana azy. Tantara antsaina fa tsy omena aina no fototra iorenany. Hira rodobe laroana kabary no endrika isehoany. Eny ankalamanjana ary amin'ny main-tany no anatanterahana azy.

Ny fampitahana ny tononkirany tamin'ny tononkalo indray no nahalalana ny fomba nandrafetana azy. Nomena endrika mirindra izany tononkira izany ary natao indrindra hanetsiketsika ny sain'ny mpijery amin'ny fiatrehana ny fiainana. Tsy mitaky fari-pahalalana ny famoronana azy, fa hentitra kosa ny fepetra arahin'ny tarika : hira vaovao roa isan-taona no tsy maintsy vitany.

Ary rehefa nampiharina tamin'ny hira gasy ny fomba famaritana lahateny naroson'i R. FUNNEGAN, dia hita fa mahafeno ny fepetra maha-lahabolana, izany hoe ao anatin'ny literatiora am-bava, tokoa izy. An-kandrina fa tsy an-tsoratra no namoronana ny hira sy ny kabary. Am-bava ihany koa ny fanatontosana azy. Marihina anefa fa mifanalavitra amin'ny ankapobeny ireo dingana roa ireo, fa tsy mba mifanosona tahaka ny hita any amin'ny sôva sy ny tôkatôka.

Azo lazaina izany fa hafatra narafitra tamin'ny teny ary ampitaina am-bava amin'ny fomba mahafinaritra no raketin'ny hira gasy. Izany no anisan'ny nahatonga ny mpitondra nifandimby hampiasa azy ho fanentanana ny vahoaka. Manamarina izany indrindra ny fivoarany eo amin'ny lafiny fotoana izay iompanan'ny famakafakana ao amin'ny toko faharoa.

1.2. NY HIRA GASY : ZAVA-KANTO MIVOATRA

Ny lafiny mifandray amin'ny teny ao anatin'ny hira gasy no tena nodinihina hatreto. Azo sintonina avy amin'izany fa olona mahafolaka ny fampisana ny teny na ny mpamoron-kira na ny mpikabary. Ampahany amin'ny maha-kanto ny hira gasy ihany anefa izany. Tsy tanisaina fotsiny mantsy izy ireny eny an-kianja, fa angolaina amin'ny feo manga, hazavaina amin'ny fihetsika ary haingoina amin'ny feon-java-maneno. Eo vao tena feno ny maha-zava-kanto azy satria tafaharo ao ny mahasoana sy ny mahafinaritra, ny toro hevitra mahaliana sy ny ala voly mpamelona aina.

Sakafon-tsaina azo anatsarana ny fiainana no entin'ny kabary sy ny tononkira. Tsy diso anjara koa ny maso eo am-pijerena ny loko marevaky ny fitafiana, ny fihetsika milanto ary ny dihy. Afa-diana koa ny sofina eo am-pankafizana ny fampiaraham-peo ataon'ny olona sy ny zava-maneno. Tsy tongatonga ho azy anefa izany fa tao dia tao ny ezaky ny mpanakanto hanome fahafaham-po ny vahoaka izay miandrindra zava-baovao avy any aminy. Izany finiavana izany no nampivoatra ny fampitaha fanaon'ny tanora tamin'ny andro diabolana ho hira gasy mahavory vahoaka. Io fivoaran'ny hira gasy io indrindra no fototry fanadihadiana ato amin'ny toko faharoa.

Horesahina amin'izany ny dingana efa nolalovany teo amin'ny lafiny endrika. Hojerena ihany koa ny fiovana niseho teo amin'ny votoatiny. Fa mialoha izany, dia heverinay fa tsara ny hamahavahana ny fomba anehoana ny kanto ao amin'ny hira gasy.

1.2.1. Ny fomba anehoana ny kanto ao amin'ny hira gasy

Zava-kanto ny hira gasy ary manamarina izany ny firohotry ny olona hijery azy rehefa velona ny dobok'amponga fanairana. Tonga hiala voly izy ary antenainy fa hivimbina ny mahafinaritra ho azy ny tarika roa tonta. Fahafinaretana telo sosona no andrasany amin'izany araka ny efa natsidika teo aloha : fahafinaretan'ny sofina amin'ny alalan'ny feo, fahafinaretan'ny maso avy amin'ny loko sy ny fihetsika ary ny dihy,

28

fahafinaretan'ny saina amin'ny alalan'ny teny tsara rindra. Hodinihina any amin'ny fizarana faharoa sy fahatelo ny mikasika ity farany ity, fa ny hojerena mifanesy eto dia ny fomba anehoana ny kanto ao amin'ireo ambaratonga roa voalohany.

1.2.1.1. Ny fampiasana ny feo

Iray amin'ireo singan-javatra mahatanteraka ny kanto ao amin'ny hira gasy ny feo. Izay ren'ny sofina, ankoatra ny teny, no antsoina amin'izany eto. Azo zaraina ho karazany roa izy : ny feon'ny mpihira sy ny feon-java-maneno. Mifameno ireo karazam-peo ireo eo amin'ny famolavolana ny mahafinaritra. Rehefa mandeha ny renihira, ohatra, dia miato ny dobok'amponga fa ny feon-dokanga sy ny kapoka sisin'amponga ihany no manaraka ny mpihira. Amin'izay, misongadina ny feon'ny mpiventy ary azo tsara ny hafatra ampitainy. Amin'ny dihin-dehilahy kosa dia miato ny hira sy ny lokanga fa ny « pisto » sy ny kilarinety ary ny amponga no mamparedona ny

feon-kira andihizana. Na eo aza izany fifamenoana izany, dia hodinihina mitokantokana ihany anefa izy ireo mba hampisongadina ny toetrany sy ny fiasany avy.

a) ny feon'ny mpihira

Lafin-javatra telo no tsara homarihina mikasika ny feon'ny mpihira gasy : ny toetra ankapoben'ny feony, ny karazam-peo ataony ary ny fivoaran'ny feony mandritra ny hira iray.

Iaraha-mahalala fa tsy misy fitaovana fanamafisam-peo eny amin'ny kianjan-kira gasy, kanefa eny ankalamanjana no tsy maintsy ihirana. Noho izany, ny fananana feo avo sy mafy no toetra voalohany tokony hananan'izay te ho mpihira gasy, na ho mpikabary izy, na ho mpihira. Anisan'ny mampiavaka an-dRAZAFIARISOA Perline ao amin'ny tarika RAMILISON-Fenoarivo izay toetra izay. Saron'ny tabataba ateraky ny fivezivezen'ny olona ny feo raha iva sy malefaka. Ankoatra izay, tokony hateza koa izy, izany hoe tsy mora farina, satria ora roa fara fahakeliny no ihirana ao anatin'ny andro iray. Ary raha malaza ny tarika, mety hifanesisesy ny fampisehoana ao anatin'ny volana roa na telo. Ka raha mora kasoka ny feon'ny mpihira, angamba holavina ny maromaro amin'ny tolotra asa.

Fantatra ihany koa fa afaka mihira avokoa ny olona rehetra, fa izay manga feo ihany no mety hahasarika ny mpihaino. Toetra iray iombonan'ny mpanao hira gasy

29

amin'ny mpihira hafa izay. Fa ambonin'izay, tokony hahay mampiara-peo koa izy ireo satria tsy hiran'olon-tokana ny hira gasy fa rodobe ifarimbonan'olona maro, lahy sy vavy. Noho izany, tsy maintsy tsinjaraina ny feo mba hisian'ny kanto amin'ny fifamenoan'ny feo, tahaka ny fahita any amin'ny amboaram-peo. Voamarika tamin'ireo fampisehoana natrehinay fa mizara ho efatra ny feon'ny mpihira gasy : ahitana lehilahy sy vehivavy ao amin'ny feo voalohany sy faharoa, ary mitsinjara ho feo fahatelo sy fahefatra kosa ny lehilahy ambiny.

Ahitana fivoarana koa ny feo rehefa mihira ny tarika iray. Ambany sady miadana ny feo amin'ny fiantombohan'ny faladian-kira izay fiandohan'ny hira. Ngonongononina ny tonony ka mila tsy ho fantatra izay lazainy. Matetika no malaina hihaino azy ny mpijery noho ny fitarazony. Izany anefa no tsy maintsy anombohana ny hira satria mbola zarina, hafanaina ny feo vao mahatanty ora iray tsy miato³². « *Ho*

³² P.R. RANAIVOARSON, op. cit., tak 14

tankina vetivety ny feo, raha tsy atomboka amin'ny faladian-kira », hoy D. RALAIARIMANANA. Miova miandalana ho mafy sy mailamalaika ny feo amin'ny fiafaran'ny faladian-kira ³³. Any amin'ny renihira vao tena mampiseho ny heriny sy ny fahaizany ny mpihira.

b) ny feon-java-maneno

Tsy mandeha irery ny hira sy ny dihy fa arahina feon-java-maneno. Hafahafa ny mandihy tsy amin'amponga, hoy ny fitenenana. Hodinihina eto àry ny karazan-java-maneno lalaovin'ny tarika sy ny fomba fampiasa azy eny an-kianja.

Fitaovana tsy mila herin'aratra no ampiasain'ny tarika satria tsy misy an'izany eny an-kianja. Telo karazana izy ireo. Ao aloha ny velezina, toy ny ampongabe sy ny langoroana. Ao koa ny didiana, dia ny lokanga izany. Ary farany, misy koa ny tsofina, sahala amin'ny bingona na pisto sy ny kilarinety. Ny fananany feo ambony no nifidianana azy ireo. Ny feony ambany loatra, ohatra, no anajanonana ny valiha, na dia tsapa aza ny hakanton'ny feony ³⁴. Tsy hita koa ny sodina satria ahina hampihen-danja ny hira gasy : zava-manenon'ny sarambabem-bahoaka mantsy izy ³⁵.

Feon-java-maneno no anombohana ny fampisehoana. Toy izao ny fizotran'izany sasim-panombohana izany araka ny fanazavan'i P.A. RANAIVOARSON azy ³⁶ : « *Miditra an-tsehatra miaraka amin'ny amponga sy ny langoroana ny lehilahy roa ary manao asa amponga manambara fa manomboka ny hira gasy. (...) Mandritra izany dia miditra ireo mpitendry lokanga sy ireo lehilahy mpihira. Ampiarahin'izy ireo ny asan-dokanga antsoina hoe sasin-dokanga sy ny asa amponga arahin-tehaka na lamakon'ireo lehilahy. (...) Mifarana amin'ny asa amponga ity tapany ity ho fanamarihana ny fanombohan'ny kabary fanokafana* ».

Mandritra ny kabary vakisehatra, dia dobok'amponga sy tehaka no asetrin'ny mpilalao ny lamakom-pihobian'ny mpijery. Aorian'izay vao miditra ny vehivavy ary asa amponga sy lokanga ary tehaka no andraisana azy. Manomboka eo amin'ny faladian-kira ka hatrany amin'ny zana-kira farany, dia manaingo ny hira hatrany ny feon-java-maneno eo an-kianja. Tsy dobohina ny amponga amin'izany fa ny sisiny no

³³ Satrana koa no iantsoana an'io tapany mailamalaka io araka ny filazan'i P.R. RANAIVOARSON.

³⁴ P.A. RANAIVOARSON, op. cit., tak 47 : « *Sady miaiky ny maha-kanto ny feom-baliha ireo mpamoron-kira toa an-dRANAIVOSON Jean Louis avy amin'ny tarika Ambohi-manjaka no mahatsapa ny tsy ahazoana mampiasa ny valiha amin'ny hira gasy, noho izy ambany feo loatra* ».

³⁵ P.A. RANAIVOARSON, op. cit., tak 46.

³⁶ P.A. RANAIVOARSON, op. cit., tak 10.

kapohina. Eo am-pifaranan'ny fizarana izy vao velezina ho fanamarihana izany fiafarana izany.

Miditra an-tsehatra ny bingona sy ny kilarinety rehefa hanomboka ny dihy. Miato ny lokanga fa ireo zava-maneno vahiny sy ny amponga no manentana ny mpandihy. Miara-mandray anjara amin'ny vako-drazana famaranana avokoa ny rehetra, ka ny mpitendry maneho ny talentany amin'ny zava-maneno, ny mpihira kosa sady mampidera ny feo mangany no mitehaka na mandihy.

Ny fiaraha-mientan'ny mpihira sy ny mpitendry zava-maneno no miantoka ny fahafinaretan'ny sofina. Tsy mifamono ny feo avoakany fa mifameno tsara mba hisongadinan'ny kanto tiana haseho araka ny fizotran'ny fampisehoana. Marihina fa feon-kira no entina mamaritra ny fizaran'ny hira na andininy. Eo indrindra ny mpihira no mifindra toerana kely mba hiovan'ny mpijery atrehina.

1.2.1.2. Ny fampiasana ny endrika isehoana

Tsy diso anjara amin'ny ala liana atolotry ny hira gasy ny maso. « Hijery hira gasy » mantsy no anton-dian'ny olona manatrika ny fampisehoana. Zavatra telo no misarika ny maso amin'izany : ny fitafiana sy haingon'ny mpilalao, ny fihetsika ataony ary ny dihy. Hodinina mitokana ny dihy noho ny toerana miavaka tanany ao anatin'ny fampisehoana. Ireto roa voalohany izany no antsoinay hoe : endrika isehoana. Tsy mifameno mivantana sahala amin'ny hita mikasika ny feo ny fanamiana sy ny fihetsika, fa samy manana ny anjarany eo amin'ny fanehoana ny mahafinaritra. Izany no mahamety ny handiniana azy tsirairay.

a) Ny fanamian'ny mpilalao

Anisan'ny fomba iray anomezana hasina ny tena ny fitafiana anaovana. Fantatry ny mpanao hira gasy izany, ka nisahiranany tsy nataony ambin-javatra ny fanamiana.

Iombonan'ny tarika mpanao hira gasy rehetra ny fanamian'ny lehilahy : pataloha matro-doko ny ambany ; karazan-kapaoty mena hatreny an-dohalika ny ambony : manga ny lohatanany sy ny vozony ary misy « galona » eny an-tsorony ³⁷. Amin'ny

³⁷ D. MAURO, op. cit., tak 63 : « Les hommes portaient un ensemble deux pièces formé d'une chemise longue unie, descendant jusqu'à la taille, le pantalon étant de même couleur ».

tarika sasany, toa an-dRANARISON-Andohavary, dia manga ny ambonin'akanjon'ny filoha sy ny ankizilahy mpandihy.

Akanjo tohitenany midoroboka manarona kitrokely no anaovan'ny vehivavy³⁸. Eo amin'ny lokony sy ny didiny no mampiavaka ny tarika tsirairay. Samy misafidy izay loko marevaka tiany ny tarika, fa ny mavokely, ny maitso tanora ary mena no be mpifidy. Tsotra ny didin'akanjon'ny tarika madinika, ary niangaliana fatratra kosa ny an'ny vaventy : nofidina manokana na ny ravin-damba na ny didiny ho an'ny tarika RAMILISON Besigara-Fenoarivo, araka ny ahitana azy ao amin'ny sary.

Samy mitafy lamba fotsy ny mpilalao rehetra : misy lafiny kely misoratsoratra ny an'ny lehilahy ary manify sady maivana ny an'ny vehivavy. Kavina sy nify volamena no haingon'ny vehivavy sasany. Satroka ahibano be sofina misy fehiny mainty kosa no anaovan'ny lehilahy. Tsy manao kiraro ny rehetra. Antony maro no anazavany izany : misy milaza fa fanehoana ny maha-tantsaha azy ; ao ny miteny fa manelingelina ireny amin'ny dihy.

Ny fanamian'ny lehilahy no azo lazaina fa manavaka ny mpanao hira gasy amin'ny mpanakanto hafa. Ny an'ny vehivavy kosa no mamaritra ny maha-izy azy ny tarika, satria io no manavaka ny tsirairay. Heverinay fa ny loko mena sy fotsy misongadina eny an-tsehatra dia taratry ny fiandrianana fahiny teto Imerina satria hany loko hita tamin'ny saina teto Imerina, nanomboka tamin-dRadama I ka hatramin-dRanavalona III³⁹.

b) Ny fihetsika

Tafiditra ao anatin'ny fitaovana enti-mampita hafatra ny fihetsika. Azo ampitana hafatra tokoa ny fampiasana ny vatana. Maneho fihetseham-po, ohatra, ny fihetsiky ny molotra : mitsiky ny olona rehefa faly, manalava molotra kosa izy raha tezitra. Miankina amin'ny fahazarana sy ny fomba fisainan'ny mpiara-belona ny fampiasana azy : rehefa mandalo ny faty, dia miala satroka ny Malagasy ho fanajana azy ; mitehaka kosa ny Italiana ho fankasitrahana ny zava-bitan'ilay nodimandry teo amin'ny fiarahamonina. Matetika no miara-dalana amin'ny teny ny fihetsika fa tsy ampiasaina irery. Eo

³⁸ D. MAURO, op. cit., tak 62 : « *Les robes cachent les formes des artistes tout en les relevant subtilement lors des danses les plus rythmées* ».

³⁹ RAJEMISA RAOLISON, op. cit., fonony : « *Ny saina fotsy atao hoe Mahazotany dia lokon'ny sampy Kelimalaza. Ny mena, Mahazotany, kosa dia lokon'ny sampy Manjakatsiroa sy Fantaka. Natambatry Radama I ho saina iray ihany izy roa ireo* ».

indrindra no tsy maintsy itandremana mba tsy hifangarika amin'ny teny ambara ny hafatra ampitain'ny fihetsika. Ary ny fifanarahan'ireo no miteraka ny kanto.

Tsapan'ny mpanao hira gasy izany lanjan'ny fihetsika izany, ka vao miakatra antsehatra fotsiny ny vehivavy, dia efa manao izay hambaboana ny mpijery amin'ny fihetsehana samihafa : « *ireto andriambavilanitra tsara haingo dia mihetsiketsika moramora ary miangolangola am-pitsikiana manoloana ny vahoaka* » ⁴⁰. Lanonankafaliana no atao ary fanomezana fahafaham-po ny mpijery no tanjona, ka tsy maintsy arindra hanaraka an'izany ny fihetsika : famindra mailamailaka, endrika miramirana, fiangolangolana.

Rehefa eny an-kianja indray, tsy mijajirika toa miaramila manao jery atrika ny mpihira gasy, fa manao fihetsehana araka ny hira ventesiny. Entina manazava sy manamafy ny tian'ny tononkira hambara eto ny fihetsika. Indraindray mety hampihomehy fotsiny koa izy. Miasa avokoa ny loha, ny tongotra, ny vatana iray manontolo. Ny tanana mikapakapa miankavia sy miankavanana, tahaka ireny mpitory teny malaza ireny, no tena mahavariana.

Ezaka fanehoana ny kanto ao anatin'ny fihazonana ny maha-Malagasy no hita soritra amin'ny endrika ivelany isehoan'ny mpanao hira gasy.

1.2.1.3. Ny dihy

Ny dihy no azo lazaina fa fahafinaretan'ny maso tsy misy fangarony. Rehefa hiroso amin'io dingana io maintsy ny tarika, dia ambaran'ny mpikabary fa efa nahazo ny azy ny sofina tamin'ny hira, ka anjaran'ny maso indray izao. Araka ny tenin'i MALHERBE notaterin-dRAJAONA Siméon, « *ny dihy dia tsy natao hampita antony hafa afa-tsy ny fitiavana ny hatsaran'ny fihetsiky ny tongony sy ny fipetrany* » ⁴¹. Dingana roa ao amin'ny hira gasy no ahitana dihy : ny vakodrazana sy ny dihy.

a) Ao amin'ny dihy

Tsy ahitana afa-tsy dihy ity fizarana ity. Lehilahy roa ihany no mandray anjara amin'izany. Ankizilahy zanaky ny mpikambana ihany matetika izy ireo. Hakingana sy

⁴⁰ RANAIVOARSON, op. cit., tak 11.

⁴¹ S. RAJAONA, *Takelaka notsongaina I*, 1969, Ambozontany-Fianarantsoa, tak 157.

tanjaka no tena asehony amin'izany. Maro ny hetsika ataony. Santionany ihany no hotanisaina eto : manao vela-tanana na dihy soroka eo am-panaovana tongo-dovia, manao fihetsika mirindra ampiasana ny loha, ny tanana ary ny tongotra ⁴². Indraindray, ny dihy maoderina fanaon'ny tanora no folahiny ka asehony ny mpijery. Mitora-jofo ny kianja rehefa sendra ny tena mahay azy.

b) Ao amin'ny vako-drazana

Fizarana farany amin'ny fampisehoana ny vako-drazana. Azo raisina ho fandronana ny zavatra hita ity dingana ity. Dihy miaraka amin'ny hira no atao ao. Samy mandray anjara amin'izany ny mpihira rehetra. Dihy mahazatra anehoana hakingana, toy ny tsipisandry, ny latsi-tanana, ny dihy soroka no tena fanao. Tsy samy maka ho azy toy ny mahazatra amin'ny dihy malagasy ⁴³ anefa izy ireo, fa mandrindra ny fihetsiny. Fivoarana nateraky ny fahitana ny dihy mirindra fahita ankehitriny izany.

Sehatra iray ahafahana mamelo-maso ny dihy nentim-paharazana ny hira gasy ⁴⁴. Tsy mianina amin'izany anefa ny mpilalao fa miezaka mampivelatra azy amin'ny fandraisana sy famolahana ny dihy vahiny.

Fehiny

Nasongadina tamin'iny zana-pizarana iny ny fomba anehoana ny kanto amin'ny hira gasy ivelan'ny fampiasana ny teny. Hita tamin'izany àry fa ny feon'ny mpihira sy ny an'ny zava-maneno no miantoka ny fahafinaretan'ny sofina. Ny fahaiza-mandrindra ny fiarahany no tena miteraka ny kanto.

Ny fanamiana sy ny fihetsika andaniny ary ny dihy ankilany, ireo indray no natao hahafinaritra ny mason'ny mpijery. Sady haingon'ny fampisehoana iretsy voalohany no mamaritra ny anjara toeran'ny tarika eo anivon'ny samy mpanao hira gasy sy ny mpanakanto hafa. Fanehoana hakingana sy tanjaka amin'ny fampiasam-batana kosa ny dihy. Fameloma-maso ny vakoka nentim-paharazana no kendren'ny

⁴² RANAIVOARSON, op. cit., tak 82 : « *Averin'ny mpandihy an'eritreritra amin'ny fihetsiny sy ny fifampihantsiany ady an-tsary ireny fomba amam-pihetsiky ny ombalahy miady ireny* »

⁴³ Fanehoana fihetseham-po ny dihy amin'ny Malagasy ka samy manao izay ivoahan'ny azy ny tsirairay.

⁴⁴ Araka ny filazan'ny ***Firaketana***, isan'ny karazan-dihy malagasy mifanindran-dalana amin'ny dihin'ny ntaolo ny hira gasy (tak 224)

mpilalao amin'izany. Tsikaritra eny koa anefa ny fiezahana hivoatra amin'ny famolahana ny hetsika vahiny.

1.2.2. Ny fivoaran'ny endrika isehoan'ny hira gasy

Iray amin'ireo vakoka nahasedra ny fotoana ny hira gasy. Tsy voafaritra mazava ny fiandohany araka ny filazan'IMBE Jacob ⁴⁵. Ambaran'ny sasany fa tamin'ny andron-dRalambo (1575-1610) no efa niforonan'ny hira gasy, ka ny fampitaha izay karazam-pifaninan-kira sy dihy fanaon'ny ankizy teto Imerina no loharano nipoirany ⁴⁶. Mitovitovy amin'izany ihany ny filazan'i D. MAURO azy : fifaninanan-kira sy dihy nokarakarain'ny mpiray tanàna no niandohany tany amin'ny taon-jato XV ⁴⁷. Tamin'ny andron'Andrianampoinimerina no voalaza fa nivoaran'ny fampitaha ho hira gasy. Efa ho taon-jato telo izany no nodiaviny ary tsy nitsaha-nivoatra ny endriny nandritra izany. Singanina amin'ireny fiovana ireny ny anarany sy ny tarika mpiangaly azy, ny fitaovana nampiasaina ary ny firafiny.

1.2.2.1. Ny anarana sy ny tarika mpiangaly azy

Iray amin'ireo mety hiova araka ny fivoaran'ny zavatra iray ny anarany : Analamanga no niantsoana an'Antananarivo fahiny ary Imboasalama no anaran'Andrianampoinimerina talohan'ny nahavoriany an'Imerina. Nandalo izany koa ny hira gasy sy ny tarika mpiangaly azy.

a) Ny anarany

Fampitaha no be mpilaza fa niavian'ny hira gasy ⁴⁸. « *Lalaon-jazavavy mifanao andininy, amin'ny samy iray tanàna na vohitra roa mifanakaiky* » ny fampitaha : « *mifidy zazavavy iray tsara tarehy, kinga sy mailaka, mahay mandihy, tsara feo avy ny andaniny. Ampihaingoina sy ravahana ilay voafidy ary afenina ka eo amin'ny fotoana itahana vao aseho. Manampy sy manamboatra eo koa ny ray aman-dreny sy ny mpiray*

⁴⁵ IMBE Jacob, « *Ny lahateny nentim-paharazana malagasy* », in **Hiratra I**, STLRM, taona 1979, tak 103

⁴⁶ RANAIVOARSON, op. cit., tak 79.

⁴⁷ D. MAURO, tak. 266 : « *Le hira gasy est né au début du XV^e siècle. Tout a commencé par des concours de chansons et de danses organisés dans leurs villages par des agriculteurs et des éleveurs de zébus* ».

⁴⁸ RAINITOVVO, **Antananarivo fehizay**, 1928, tak 77.

tanàna »⁴⁹. Misy ifandraisany betsaka tokoa ny hira gasy sy ny fampitaha, raha ny fomba entina maneho ny kanto no ifotorana⁵⁰.

Tamin'ny andron'Andrianampoinimerina, dia nanjary nisy tarika mpihira sy mpitendry zava-maneno manaraka mpandihy. Nalaza indrindra tamin'izany i Tsingory. Novana ho **hira tsangana** ny anaran'ny fampisehoana rehefa nasain'ny mpanjaka nitsangana ny mpihira. Nisy tarika toy izany nampakariny tao an-dapa. Ireny no nentiny namory vahoaka rehefa hikabary izy. **Mpiantsa** na **mpihiran'ny andriana** no niantsoana azy ireny⁵¹.

Nisy fotoana nanovana anarana azy ho **mpilalao**. Niteraka fifangaroana tamin'ny menamason-dRadama II anefa izany anarana izany. Teo no nanomezana azy ny anarana hoe **mpihira gasy** izay raikitra mandraka ankehitriny. Avy amin'izany no nisintonana ny anaran'ny fampisehoana hoe **hira gasy**, mifanohitra amin'ny hira vazaha sy kristianina nampidirin'ny vazaha sy ny misionera teto amintsika.

b) Ny tarika mpanao hira gasy

Filohan-tarika mpihiran'ny andriana telo no nalaza indrindra teto Imerina tamin'ny andron-dRadama I : Rainisahoby avy any Antapihivola, Kotorangahy avy any Ambodifiakarana ary Telosanga avy any Mandridrano. Izy telo mirahalaha ireo no voalaza fa namolavola ny firafitra fototry ny hira gasy⁵².

Nisy tarika telo hafa niforona rehefa nahazo ny fampianaran'ireo olona ireo: RAKOTONANAHARY-Ambohimamory, RAINITAVY Betsinjaka-Fenoarivo ary ny tarika iray avy any Amboasary⁵³. Nalaza koa taty aoriana ny tarik'IBIBY, ny tarik'IBATRY, ny tarik'RAIVO RAMIANOKA ary ny tarika RAZAFIMAHEFA⁵⁴.

⁴⁹ RAVELOJAONA, op. cit., tak 242

⁵⁰ Ambaran-dRATSIMANDRESY ao amin'ny *Redynamisation des pratiques culturelles malgaches : étude des problèmes techniques de la dimension chorégraphiques du hira gasy et du vako-drazana*, mémoire de CAPEN, EN3 1988, fa ampongavola izay lalao ivelezana amponga, ihirana ary andihizana eo am-piandrasana ny fitrangan'ny volana no niaviany.

⁵¹ D. MAURO, op. cit., tak 262 : « A cette époque, Tsingory dansait tandis que des chanteurs qui étaient assis, jouaient des tambours et des violons. Un jour, le roi a demandé que les chants aient lieu debout – le hira mitsangana est né. Les artistes s'appelaient alors les mpihiran'ny andriana »

⁵² D. MAURO, op. cit., tak 262 : « En ce temps-là il y avait trois artistes talentueux : Rainisahoby qui venait d'Antapihivato, Kotorangahy qui venait d'Ambodifiakarana et Telosanga qui venait de Mandridrano. Ces trois hommes ont créé la forme évoluée de l'art hira gasy ».

⁵³ D. MAURO, op. cit., tak 262 : « Ils ont enseigné à trois troupes : Rakotonanahary d'Ambohimamory, Rainitavy Betsinjaka de Fenoarivo et la troupe d'Amboasary ».

⁵⁴ *Firaketana*, tak 223

Araka ny fanisana nataon'ny FI.MPA.MA.MAD. (Fikambanan'ny Mpihira Malagasy eto Madagasigara) dia 107 no isan'ny tarika. Faritany telo no ahitana azy : Antananarivo, Fianarantsoa, Mahajanga. Toy izao no fitsinjarany ato amin'ny faritanin'Antananarivo :

Fivondronana	Commune na fokontany
Antananarivo Atsimondrano	Fenoarivo, Ambohimanjaka
Arivonimamo	Andohavary, Ampahimanga
Andramasina	Behenjy Gara
Ambatofotsy	Ambohimandroso
Antanifotsy	Ambohibary

Fafana 2 : Ny faritra misy ny mpihira gasy eto Antananarivo

Lalaon'ankizy vavy nandraisan'ny ray aman-dreny sy ny mpiray tanàna anjara no heverina fa nipoiran'ny hira gasy. Lasa lalao namalifaliana andriana izy tamin'ny taonjato XIX. Nanjary fialam-bolim-bahoaka indray izy hatramin'ny fanjanahan-tany.

1.2.2.2. Ny fivoaran'ny fitaovana

Ny fitafiana sy ny haingo ary ny zava-maneno anarahana ny hira sy ny dihy no antsoina hoe : fitaovana eto. Niova araka ny fivoaran'ny hira gasy koa ireny.

a) Ny fanamiana

Tamin'ny fampitaha, dia nampanaovina akanjo fitondra mianjaika ary noravahana tamin'ny voninkazo sy firavaka samihafa ilay tovovavy nampifaninanina. Teo izany no niainga ny fampihaingoana fatratra ny vehivavy mpihira gasy. Tsy nahazoana fanazavana ny akanjon'ny mpanao hira tsangana. Azo inoana anefa fa tsy maintsy niavaka ny fitafian'ny vehivavy.

Tamin'ny andron-dRadama I vao tena niavaka ny fitafian'ny mpihiran'ny andriana. Ny fanamian'ny miaramila no nalain'ny lehilahy tahaka ary mbola voatana mandraka ankehitriny ny galona eny an-tsoroka. Nampivoatra ny azy koa ny vehivavy,

ka ny fitafian'ny mpanjakavavy no nataony filamatra ⁵⁵ : akanjo lava manarona kitrokely somary midoroboka. Hatreo dia ny lokon'akanjo sisa no tena niovaova.

Hatramin'ny taona 1972, dia mena na manga na volom-parasy ny lokon'ny ambonin'akanjon'ny lehilahy ary lamba zandiana kosa no nataon'ny vehivavy akanjo. Ankehitriny kosa, mena ny an'ny lehilahy ary tokam-bolo saingy miloko marevaka kosa ny an'ny vehivavy.

b) Ny zava-maneno

Tany am-piandohana, fony mbola « nipetraka » ny mpihira, dia amponga fandrotrarana sy lokanga hisatra no nanarahina ny hira sy ny dihy ⁵⁶. Amponga vilany, lokanga voatavo kosa no nolalaovin'ny mpanao hira tsangana hatramin'ny andron'Andrianampoinimerina ⁵⁷.

Voasariky ny endri-pandrosoana nentin'ny vahiny Radama I ka nasainy nosoloana avokoa ireo zava-maneno nentim-paharazana ireo. Ireo fitaovana vaovao nohafarany avy any Erôpa no nasainy nampiasaina, ankoatra ny ampongabe : ny langoroana, ny lokanga ⁵⁸.

Ankehitriny, efa mampiasa zava-maneno tsofina, toy ny bingona sy ny kilarinety koa ny mpihira gasy mba hamparedona ny feon-kira, indrindra ny tarika matanjaka.

Nandray anjara betsaka tamin'ny fampivoarana ny fitaovana ampiasain'ny hira gasy Radama I. Hatramin'ny androny no naha-zafindraony ity vakoka ity.

1.2.2.3. Ny fivoaran'ny rafitry ny hira gasy

Niara-nivoatra tamin'ny anarany sy ny fitaovana nampiasainy koa ny rafitry ny hira gasy. Nandalo dingana maro izany fiovana izany kanefa azo fintinina ho vanimpotoana roa amin'ny ankapobeny.

⁵⁵ D. MAURO, op. cit., tak 262-263 : « *Le roi Radama I contribua à l'évolution du style vestimentaire : les costumes des hommes se sont inspiré des uniformes des officiers de l'armée royale. (...) Les femmes ont progressivement adopté des robes reproduisant celles portées par les reines* ».

⁵⁶ D. MAURO, op. cit., tak 262 : « *les chanteurs jouaient des tambours fandrotrarana, des violons hisatra* »

⁵⁷ RANAIVOARSON, op. cit., tak 80.

⁵⁸ RANAIVOARSON, op. cit., tak 46.

a) ny rafiny tamin'ny fanjakan'andriana

Hira sy dihy no nifaninanana tamin'ny fampitaha ary nifandimby nampiseho ny talentany ny andaniny sy ny ankilany. Nohatevenina tamin'ny kabary izany tamin'ny andron'Andrianampoinimerina. Voalaza mantsy fa nanao kabary izy alohan'ny hamalifalian'ny mpihira'ny andriana ny vahoaka ⁵⁹. Notazonina tao amin'ny rafitra fototry ny hira gasy io lahateny io. Nisy fizarana telo miavaka tsara ny fampisehoana nanomboka hatreo : ny kabary, ny hira ary ny dihy.

b) ny rafitra ankehitriny

Nohatsaraina hatrany io rafitra io. Hatramin'ny taona 1947, no nisian'ny famaritana hentitra ireo dingana ao anatin'ny fizarana telo mandrafitra ny fampisehoana iray ⁶⁰. Indro fintinana ao anaty fafana ny rafitry ny hira gasy ankehitriny.

Fizarana	Dingana
FAMPIDIRANA	Sasim-panombohana
	Kabary vakisehatra
	Fidiran'ny vehivavy
	Faladian-kira
VATAN'NY HIRA GASY	Renihira
	Zana-kira na sôlô ⁶¹
	Kabary manelanelana
FAMARANANA	Dihin-dehilahy
	Vako-drazana

Fafana 3 : Ny rafitry ny hira gasy an-tsehatra

⁵⁹ D. MAURO, op. cit., tak 262 : « *Quand la foule était nombreuse, avant que le peuple ne savoure les chants et les danses, Andrianampoinimerina parlait* ».

⁶⁰ Fizarana dimy no ambaran-dRANAIVOARSON : fanokafan-tsehatra, famelabelarana ny lohateny na tantara izay tapatapahin'ny zana-kira, dihin-dehilahy ary vako-drazana. Nofintininay ho telo ireo.

⁶¹ RANAIVOARSON, op. cit., tak 21 : « *Ho an'ny mpihira gasy, ny sôlô dia ataon'olo-marô miandahy miambavy, roa fara fahakeliny. (...) Mazàna tsy misy ifandraisany amin'ny renihira ny hevitra fonosin'ny zana-kira* ».

Hatramin'ny taona 1990, dia nesorina tao amin'ny vatan'ny hira gasy ny zana-kira ary natambatra amin'ny vako-drazana ao amin'ny famaranana. Matetika anefa dia ny iray amin'ireo ihany no ataon'ny tarika. Ao amin'ity adin-kira gasy hadihadina ity izao dia zana-kira no nataon'ny tarika RANARISON-Andohavary ary vako-drazana kosa no nasehon'ny tarika RAMILISON-Fenoarivo.

Fehiny

Hita tamin'iny zana-pizarana iny fa tsy nitsaha-nivoatra ny endrika nisehoan'ny hira gasy. Raha fampitaha no heverina fa niaingany, dia niova anarana intelo izy vao niafara tamin'ny hira gasy. Nifandovana toy ny fahita eo amin'ny asa ny fanaovana azy, na fara faharatsiny olona avy ao amin'ny tarika iray no mamorona iray hafa vaovao.

Nohatsaraina koa ny fitaovana : hatrany amin'ny fampitaha, ohatra, no efa nihaingo fatratra ny vehivavy ary nolovaina tamin'ny andriambavy ny fitafiana lava midoroboka ; nohavaozina ny amponga sy lokanga ary nohatevenina tamin'ny « pisito » sy ny kilarinety.

Nihamatototra koa ny rafitry ny hira gasy : hira sy dihy fotsiny tany amin'ny fampitaha ; nampidirana kabary tamin'ny taon-jato XIX ; nandalanina tamin'ny dingana samihafa indray ny fizarana taty aoriana. Zava-kanto nivoatra tokoa ny hira gasy teo amin'ny endriny. Tsy latsak'izany koa anefa izy teo amin'ny votoatiny.

1.2.3. Ny fivoaran'ny votoatin'ny hira gasy

Amin'ny maha-fampisehoana azy aloha dia fialam-bolim-bahoaka ny fampitaha, loharano nipoiran'ny hira gasy. Hita tamin'ny fivoaran'ny endrika nisehoany teo anefa fa nirotsaka tamin'ny fanatsarana azy ny mpitondra fanjakana. Tsy maimaim-poana ny fanavaozana fa nisy antony ara-teti-pitondrana nilany azy tao. Nitombo izany ny anjara asany sy ny sehatra nivelarany.

Tsy afa-misaraka amin'izany fivoarana izany koa ny fiovan'ny lohahevitra velabelarina ao anatin'ny tantara. Efa nambara tany aloha fa ny zava-misy eo amin'ny fiainana andavanandro no anovozan'ny mpamoron-kira ny aingam-panahiny. Mazava araka izany fa manaraka izany onja izany ny votoatin'ny hira.

Ireo lafin-javatra telo mikasika ny votoatin'ny hira gasy ireo no anompanana ny fanadihadiana ato amin'ity zana-pizarana ity.

1.2.3.1. Ny sehatra nivelarany

Teo anivon'ny tanàna na vohitra roa nifanakaiky no nanatanterahana ny fampitaha. Sady mpandray anjara no mpijery ny mpiray tanàna tamin'izany. Azo lazaina fa adin'ombalahin'ny mpianakavy no natrehina, ka na hobina aza ny mpandresy, ny resy kosa tsy akoraina.

Tsy teo amin'ny tanàna niaviany intsony no nanehoan'ny mpihiran'ny andriana ny talentany fa tao anatin'ny fanjakana iray manontolo. Nampiasain'ny mpanjaka tamin'ireo zava-dehibe nitranga teo amin'ny fanjakana izy ireo : fandraisam-bahiny tao an-dapa, fanosorana mpanjaka, santa-bary ⁶².

Nitohy hatrany io fiaraha-miasan'ny mpanao hira gasy sy mpitondra fanjakana io, ka hatramin'ny fanjanahan-tany no mankaty dia nahahenika ny firenena iray manontolo ny asany. Araka ny filazan-dRakotozafy, zandrin-dRamiadamahefa mpanorina ny tarik'Ambohimanjaka, dia fototra niorenan'ny tarika mihitsy ny rafi-panjakana fahazanatany ⁶³. Ary tamin'ny repoblika faharoa, dia niely eran'ny faritany enina ny asan'ny hira gasy ⁶⁴.

Tsy nitsaha-nitatra izany ny sehatra nivalaran'ny hira gasy ary efa nisy aza fotoana niondranany tany ampitan-dranomasina ho fampahafantarana an'i Gasikara.

1.2.3.2. Ny anjara asany

Natao hanome fahafiretana aloha ny hira gasy amin'ny maha-fialam-boly azy. Amin'izay lafiny izay no nampiasana azy ho fanafanana lanonana samihafa : famadihana ho an'ny saramben'olona, fandraisam-bahiny tao an- dapa hatramin'ny fanjakan'andriana.

Nampiasain'ny mpitondra ho famoriam-bahoaka koa izy hatramin'ny andron'Andrianampoinimerina. Manintona olona io fampisehoana io ka rehefa misy hafatra tian'ny mpitondra hampitaina amin'ny vahoaka, dia maka mpihira gasy roa

⁶² D. MAURO, op. cit., tak 266 : « *Dès lors, l'opéra paysan rythme les grands événements de la vie : audience au palais, couronnements, famadihana, fête de la moisson* ».

⁶³ RANAIVOARSON, op. cit., tak 95.

⁶⁴ D. MAURO, op. cit., tak 266 : « *Depuis la révolution socialiste et la malgachisation des années 1972-1975, le hira gasy a vu son impact s'étendre à tous les provinces* ».

tonta izy ary vory ho azy eo ny olona ⁶⁵. Endrika isehoan'izany ankehitriny ny fiantsoana tarika amin'ny fampielezan-kevitra ataon'ny mpilatsaka hofidina.

Ankoatra izay, fitaovam-panabeazana ihany koa ny hira gasy. « *Fampitam-pampianarana sy fananarana ho an'ny vahoaka ny hira gasy* », hoy Rakotomandimby, filohan'ny tarik'Ambatoharananabe ⁶⁶. Karazan-tsekoly ny sehatra ary ireo lafin-javatra mpitranga eo amin'ny fiainana no votoatim-pahalalana ampitaina. Fitaovam-pitsaboana aza no amaritan'i D. MAURO azy ⁶⁷.

Manala voly ny endriky ny hira gasy ary vatsy ho an'ny saina kosa ny votoatiny. Izany no ampiasana azy ankehitriny amin'ny fanentanana, toy ny ady amin'ny SIDA.

1.2.3.3. Ny lohahevitra ventesiny

Niovaova araka ny vanim-potoana nolalovany ny lohahevitra niompanan'ny tononkira araka ny fanadihadiana nataon-dRANAIVOARSON ⁶⁸. Hira fanandratan-tsampy sy ny razana no nahazo vahana tamin'ny andron-dRanavalona I izay nanenjika ny fivavahana kristianina. Tamin'ny taona 1947, dia ny firaisan-kina, ny faniriam-piadanana sy fandriampahalemana noho ny tahotra ny mpanjanaka ary koa ny fibebahana no niompanan'ny votoatin-kira gasy.

Hatramin'ny taona 1960 kosa no nandraisan'ny mpihira gasy anjara an-kira tamin'ny toe-draharaham-pirenena rehetra, toy ny mpanakanto hafa : ny fahazoana ny fahaleovantena, ny raharahan'ny taona 1972, ny fanagasiana, ny tolom-piavotana tamin'ny Repoblika Faharoa, ny fahaterahan'ny Repoblika Fahatelo ⁶⁹.

Ankoatra ireo, nisy koa ny iraka manokana nampanaovin'ny Fanjakana azy toy ny fanentanana ny olona hiaro ny tontolo iainana, na ny ady amin'ny areti-mifindra azo avy amin'ny firaisana, araka ny filazan'ny filohan'ny SE.MPI.MAD.

⁶⁵ RANAIVOARSON, op. cit., tak 79 : « Tsapan'ny mpanjaka ny fankafizan'ny vahoaka ny fampitaha ka noraisiny sy nampiasainy ho fanangonam-bahoaka amin'ny andro anaovany kabary ».

⁶⁶ RANAIVOARSON, op. cit., tak 71.

⁶⁷ D. MAURO, op. cit., tak 360 : « *Le hira gasy est aussi thérapie en ce sens qu'il exprime, dédramatise et contribue à la résolution symbolique de conflits individuels et collectifs majeurs* ».

⁶⁸ RANAIVOARSON, op. cit., tak 80-98

⁶⁹ D. MAURO, op. cit., tak 263 : « *Depuis 1960, les artistes ont participé à toutes les évolutions historiques de la société : l'accession à l'indépendance en 1960, la révolution de 1972, la malgachisation, la R.D.M. et le projet socialiste de 1975, la 3^e république* ».

Tsy mahagaga izany fivoarana izany satria ny zava-misy no ampahafantarina sy antsain'ny mpihira gasy amin'ny vahoaka. Teo koa ny fanohanan'ny mpitondra ny tarika sasany hampiely ny safidy pôlitika noraisiny ⁷⁰.

Fehiny

Nisongadina tamin'iny zana-pizarana iny fa mifamatotra tanteraka amin'ny fivoaran'ny zava-misy ao amin'ny fiarahamonina ny vontoatin'ny hira gasy. Sehatra telo no efa nivelarany : ny vohitra mifanila, Imerina sy ny faritra nifandray taminy, i Madagasikara manontolo.

Anjara asa roa nifanosona no notanany hatrany am-piandohana : ny fanomezana fahafinaretana sy famoriam-bahoaka. Taty aoriana, nampiasain'ny mpitondra ho fitaovam-panabeazana koa izy.

Ary satria ny fiarahamonina no namokatra, dia ny zava-misy ao ihany koa no iompanan'ny vontoatiny. Azo atsangana avy amin'izany ny tantaran'ny hevitra voiziny.

Fehin'ny toko faharoa

Naseho tao amin'iny toko iny ny fomba anehoana ny kanto amin'ny hira gasy sy ny fivoarany. Hita tamin'izany àry fa vavahadin-tsaina roa no afa-diana amin'ny fanatrehana an'io fampisehoana io : ny sofina amin'ny alalan'ny feo, ny maso amin'ny alalan'ny loko sy ny fihetsika ary ny dihy.

Ny fivoaran'ny endriky ny hira gasy no nahalalana fa notovonana miandalana ny endrika fototra niorenan'ny fampitaha. Nisy ny fiovana teo amin'ny anarana sy ny tarika mpiangaly azy. Nohatsaraina koa ny fitaovana toy ny fitafiana sy ny zava-maneno andaniny ary ny rafitry ny fampisehoana ankilany.

Tsy ny endrika ihany no nivoatra fa ny vontoatiny koa. Lafin-javatra telo no nahitana izany. Teo aloha ny fisandrahaky ny sehatra nivelarany : niainga tamin'ny tanàna kely ary nipaka tany amin'ny firenena. Teo koa ny fitatry ny anjara asany : fialam-boly aloha dia nanjary fitaovam-panabezana. Lohahevitra maro arakaraka ny vanim-potoana no ampitainy amin'izany.

⁷⁰RANAIVOARSON, op. cit., tak 97.

Izay no fivoaran'ity zava-kanto ity raha fintinina. Fa entina mamarana ity fanoritsoritana ankapobeny ity ny fanazavana ny adin-kira gasy nohadihadina.

1.3. NY ADIN-KIRA GASY NOHADIHADINA

Adin-kira gasy no iantsoana ny fampisehoana iray satria tarika roa no ampifanandrinina amin'izao fotoana izao. Manamarina izany ny filazan'i D. MAURO fa nivoatra ny fampisehoana, ka tarika roa no mifandimby miaka-tsehatra, ifampihantsy sy mifampidera ny talentany ⁷¹. Heverinay fa hanamora ny fanadihadiana ny fomba filazan-javatra ao amin'ny tononkira sy ny kabary ny fahafantarana ny toe-javatra manodidina.

Ilaina ny mahalala ny fizotran'ny fifaninana satria iatrehana an'izany no antony namoronan'ny tarika ny hira sy ny lahateny hoventesiny. Misy fitsipi-dalao ifanarahan'ny mpilalao sy ny mpijery ao, ka mety hampivaona ny fanakaran-kevitra ny tsy fahalalana ny andraikitra tanan'ny andaniny sy ny ankilany.

Koa satria ny hazo no mamaritra ny voany ary arakara-tarehy voa-javatra, dia tsara ihany koa ny mamantatra ny momba ny tarika nampifaninanina. Tsy azo sarahina amin'izay namorona azy tokoa mantsy ny asa iray satria ny tontolo manodidina azy, ny zava-nitranga taminy no loharano niteraka an'ireny.

Farany, ny fomba filazan-javatra ao amin'ny adin-kira gasy no votoatin'ity asa fikarohana ity. Noho izany, tsy maintsy hofintinina koa ny toetoetran'ny hira nasehon'ny roa tonta, mialoha ny hirosoana amin'izany. Ireo lafin-javatra telo ireo izany no hovahavahana mifanesy eto.

1.3.1. Ankapobeny momba ny adin-kira gasy

Araka ny fitateran-dRANAIVOARSON azy, dia ampitahain'ny mpihira gasy amin'ny adim-panorona, ny ady baolina kitra na baolina lavalava ary amin'ny sarin'adin'ny miaramila ny fampisehoana iray ⁷². Midika izany fa manana ny fitsipika mifehy azy toy ny fifaninanana rehetra ny hira gasy.

⁷¹ D. MAURO, op. cit., tak 266 : « *Les spectacles ont évolué, deux troupes jouent en alternance, se lançant des défis artistiques et rivalisant de talent* »

⁷² RANAIVOARISON, op. cit., tak 59-65.

Efa fantatra tamin'ny fanazavana ny fizotran'ny adin-kira gasy amin'ny maha-fampisehoana azy. Aompana amin'ny lafiny maha-fifaninanana kosa ny fanadihadiana atao eto : ny lalàna mamaritra ny adin-kira gasy, ny anjara asan'ny vehivavy sy ny lehilahy amin'ny fampandresena ny tarika.

1.3.1.1.Ny fisehon'ny fifaninanana

Tamin'ny fampitaha, dia tovovavy roa avy amin'ny andaniny sy ny ankilany no mpifaninana ary ny mpiray tanàna tonga nanatrika teo no mpitsara. Ny hoby sy tehaka no mariky ny fahombiazana ary samy nanana andraikitra tamin'izany ny mpifaninana sy ny mpanatrika. Mbola izay ihany no fototry ny adin-kira gasy amin'ny ankapobeny.

a) Ny fitsipi-dalao

Tsy mifankaiza firy amin'izay nitranga tamin'ny fampitaha ny fisehon'ny fifaninanana amin'ny hira gasy. Ny tarika roa tonta no mpifanandrina ary ny mpijery no mitsara. Lafin-javatra maro no itarafan'ny mpitsara ny fahaizan'ny mpifaninana.

Eo aloha ny endrika ivelany isehoany, indrindra ho an'ny vehivavy : ny tarehy, ny bika, ny fitafiana sy ny haingo iravahana. Faharoa, mariky ny tanjaky ny tarika ny fitaovana ka tsy tokony hatao ambin-javatra. Manaraka izany, itsarana azy koa ny feony sy ny fahaizany mihira. Ary farany, anombanana azy koa ny fihetsika sy ny hakingany eo am-pandihizana. Ambonin'ireo, mason-tsivana koa ny fahaizan'ny mpikabary mandahateny sy manentana ny olona.

Ny horakoraka, ny esom-pandavana ary indrindra indrindra ny tehaka no anehoan'ny mpijery ny fankasitrahany na koa ny tsy fankatoavany ⁷³.

b) Ny andraikitry ny mpifaninana

Fanomezana fahafaham-po ny mpijery mba hanomezany tehaka sy hoby no ataon'ny mpilalao. Izay rahateo no miantoka ny lazany sy ny fakana azy ho any antoeran-kafa amin'ny manaraka.

⁷³ D.MAURO, op. cit., tak 56 : « *L'applaudimètre est le mode de mesure permettant de déterminer la troupe victorieuses durant la compétition* ».

Tsy maintsy tontosainy an-tsakany sy an-davany araka izay andrasan'ny olona aloha ny fampisehoana. Izany no ahatsapana fa niezaka hanome ny tsara indrindra izy, fa tsy nandany andro azy amin-javatra tsy dia manahoana. Mitory izany fahavononana izany ity sombin-kiran'ny tarika RASAMIMANANA-Andohavary ity :

« *Ny feo mangan'izy efa-bavy dia miramirana toy ny anjomara*

Indreo kosa ny be sy ny maro, dia mipoa-droa ny militirezy

*Ka ny dianay re tsy azon-tsapona anio »*⁷⁴

Tsy maintsy hainy koa ny manentana ny mpijery handray anjara amin'ny fampisehoana. Mety ho fampirisihana ny olona haneho ny heviny izany. Mety ho fanebahana ny ankilany izany mba hampihoraka azy. Ohatra, ny eson-teny nifanaovan-dRasamimanana sy Randrianasolo : « *Raha lasa ny kisoa, hisolo kisoa ; raha lasa ny alika, hisolo alika* », « *Ny alika samy manana, ny kisoa samy manana* ». Mahafinaritra ny vahoaka ireny satria ahatsapany fa tsy mifampitsitsy ny roa tonta. Indraindray, manarama tovolahy hitarika ny lamako mihitsy ny tarika iray rehefa sendra varimbariana na matoritory ny mpijery.

d) Ny andraikitry ny mpijery

Tsy miankina amin'ny mpilalao irery anefa ny fahatomombanan'ny fampisehoana. Manana anjara amin'izany koa ny mpijery : ny fampiadiana hira gasy.

Amin'ny maha-mpitsara azy, dia tokony haneho ny heviny manoloana ny zava-bitan'ny mpihira gasy izy : mitehaka sy mihoby raha mety ny ataony ho fankaherezana azy hanohy araka izany ; mihorakoraka na mandà indray izy raha somary mivalana ny hira mba hanitsian'ny mpilalao tena⁷⁵. Ny malala-tanana aza manipy vola mihitsy raha tojo ny zavatra ilainy.

Ankoatra izay, tokony hampirisika ny mpilalao koa izy mba tsy hanaovany rainazy. Raha vao miaka-tsehatra ny tarika faharoa matetika, dia ampitandremin'ny mpijery amin'ny fanasohasoana ny tarika nodimbiasany : « *Nafanafana ilay teo fa tandremo an !* ». Mety tsy marina akory izany, fa fomba hanentanana azy hanolotra ny tsara any aminy fotsiny.

⁷⁴ RANAIVOARSON, op. cit., tak 65

⁷⁵ D. MAURO, op. cit., tak 56 : « *Le public exprime sa réception de l'œuvre par plusieurs biais : les applaudissements témoignent d'un encouragement... Lorsqu'un artiste chante faux, le public l'interpelle par une interjection modulée « ha ha a ! » en signe de négation* ».

Lalao itsaran'ny mpijery ny tarika mpifaninana amin'ny alalan'ny tehaka ny hira gasy, ankoatra ny maha-fialam-boly azy. Miara-miasa ho an'ny fahombiazan'ny hira gasy izany ny mpilalao sy ny mpijery ary samy afa-po raha nizotra araka ny tokony ho izy ny fifaninanana.

1.3.1.2. Ny fandresen-dahatry ny vehivavy

Manana anjara asa lehibe amin'ny fahombiazan'ny fampisehoana ny vehivavy. Toy ny tamin'ny fampitaha mantsy dia izy no fototry ny fampisehoana.

Amin'ny maha-ravaky ny kianja azy, dia kojakoja ny fatratra ny bika aman'endrin'ny alohan'ny hisehoany : toa zana-javatra izy amin'ireto fitafiana sy firavaka isalorany ⁷⁶. Amin'ny fomba miavaka no iakarany an-kianja mba hampisongadina ny hamevany : vita ny sasim-panombohana vao miditra izy, izany hoe, efa vory sy milamina ny olona ka afaka hankafy azy. Mailamailaka sady mitsikitsiky izy amin'izany ka revo avy hatrany ny mpijery ⁷⁷.

Rehefa eny an-tsehatra indray, miavaka indrindra ao anatin'ny maro ny feom-behivavy iray, manga sady avo. Io no « kintan'ny tarika » ary samy manana ny azy ny tsirairay : Razafiarisoa Perline ho an-dRAMILISON ary Manana Paquerette ho an-dRANARISON. Inian'ny vehivavy alantolanto sy angolaina ny fihetsika rehefa mihira na mandihy, mba hotsiriritin'ny tovovavy azy ary koa mba handrendrika ny tovolahy. Izany no anisan'ny antony mahatonga ny tarika hiezaka hatrany handray tovovavy tsara tarehy : sady haingo no solofo dimbin'ny ala.

1.3.1.3. Ny fandresen-dahatry ny lehilahy

Manana ny andraikiny koa ny lehilahy na dia tsy misongadina ohatra ny an-dry zareo andriambavilanitra aza izany. Ny tiana hosoritana manokana dia ny mpikabary sy ny mpandihy.

Iaraha-mahalala fa ny marina mitavozavoza tsy mahaleo ny lainga tsara lahatra. Noho izany, iankinan'ny fahombiazan'ny tarika ny fahaizan'ny mpikabary mandaha-

⁷⁶ D. MAURO, op. cit., tak 55 : « Elles sont ornées, parées, maquillées, habillées de leurs longues robes lumineuses »

⁷⁷ D. MAURO, op. cit., tak 56 : « Le public in ter pelle les plus jolies chanteuses ».

teny. Ao anatin'ny fotoana fohy no tsy maintsy aminan'ny hetahetan'ny mpijery ary eo no ho eo koa no tsy maintsy anomezany fahafaham-po azy : mbetika singoriny amin'ny teny malefaka ny fon'ny mpijery mba ho ontsa ; indraindray akariny ny feo rehefa te hampanaiky ny heviny izy. Dia mihorika amin'ny fahaizany eo ny mpijery.

Tanjaka sy hakingana kosa no entin'ny mpandihy roalahy mampiloa-bolana ny mpanatrika. Mahavariana ny fampidirany ireo karazan-dalao nentim-paharazana toy ny diamanga, ny moraingy, ny tolona ao anatin'ny dihy. Mahazendana ny maro koa ny famolahany ireo haiady vahiny ho tonga dihy mivady amin'ny feon-kira malagasy. Toa mitombo ny fahafinaretan'ny mpijery rehefa ny ankizy lahy, zanaky ny mpikambana, no manatanteraka azy.

Fehiny

Fifaninanana ifanotronan'ny mpilalao sy ny mpijery ny adin-kira gasy. Tsotra ny fitsipika : manao izay hampitehaka ny vahoaka ny mpihira gasy ary ny mpanatrika kosa mandrisika ny andaniny hiezaka hatrany.


Samy manao izay hahafa-po ny mpijery ny mpilalao rehetra. Miavaka indrindra amin'ny maro ny vehivavy izay kitro ifaharan'ny ravaka sy ny hira, ny mpikabary amin'ny maha-loharanon'ny fanentanana ary ny mpandihy sy ny fihetsika mahazendana ataony. Ireo no heverinay fa tena miantoka ny fahazoana tehaka sy ny fandresena.

Izay no fanoritsoritana fohy ny adin-kira gasy. Ny filazalazana momba ny tarika nifanandrina indray izao no irosoana.

1.3.2. Ny tarika roa nifanandrina

Adin-kira gasy nifandonan'ny samy ngeza no nakana ny akora nokirakiraina tamin'izao asa izao. Tsy fitia te hanindrahindra na hanasohaso no amaritanay azy ireo ho sangany amin'ny mpanao hira gasy fa filazana fotsiny ny zava-misy. Tsenabe mantsy no nihaonana. Zava-dehibe amin'ny tantsaha izany ka tsy tarika madinika no alaina hanafana azy. Ankoatra izay, renivohitry ny fivondronana no mihetsika ka tsy afaka handraraka ilo mby an-doha amin'ny raharaha tsotsotra.

Nandritra ny tsenabe « Aingam-pivoarana » natao tany Tsiroanomandidy tamin'ny 23 mey 1996 no nifanatrehan'ireto tarika ireto. Mitana anjara toerana lehibe ara-toekarena ato amin'ny faritanin'Antananarivo ny faritr'i Bongolava, raha tsy hilaza



Sary 1 : Ny filohan'ny tarika RAMILISON - Fenoarivo

afa-tsy ny fambolena sy ny fiompiana omby isika. Noho izany, tsy mendrika ny hanafana ny lanonana raha tsy tarika malaza. Hohamarinintsika amin'ny famakafakana ny momba ny tarika roa tonta izany tombantombana izany. Aompana amin'ny lafin-javatra telo ny fandinihana : fampahafantarana ny tarika amin'ny ankapobeny, ny amin'ny mpamoron-kira ary ny mpikabary.

1.3.2.1. Ny tarika RAMILISON-Fenoarivo

Tanàna kely etsy andrefan'Antananarivo i Fenoarivo. Anisan'ny ahafantarana azy ny foibe fampielezana onjam-peo, ny toeram-pitsaboana areti-mifindra, toeram-piofanana ao Benasandratra ary ny hira gasy. Iray amin'ireny ny tarika RAMILISON izay hofakafakaina eto ⁷⁸.

a) Ankapobeny momba ny tarika

Talenta ifandovana ny fanaovana hira gasy. Raha zohina ny tantara, dia Rainitavy Betsinjaka, iray amin'ireo tarika niforona faharoa no nipoiran'ity tarika ity. Ramilison, antsoina koa hoe Dadamily na i Besigara, no filoha sady mpanorina azy. Anadahin-drenin'i Sahondrafinina Reniny izy ary tompon'andraikitra tao amin'ny tarika SAHONDRAFININA Reniny sy Zanany.

Rehefa nitombo isa ny mpikambana sy ny taranaka, dia nangata-tsodrano hanangana tarika ho azy izy tamin'ny taona 1986. Amin'izao fotoana izao, 28 ny mpikambana ao amin'ny tarika RAMILISON-Fenoarivo : 21 ny lehilahy ary 7 ny vehivavy. Filoha amperinasan'ny FI.MPA.MA.MAD. Ingahy Ramilison ankehitriny.

b) Ny mpamoron-kirany

Azo lazaina fa raharham-pianakaviana ary ampiasana ny soratra ny famoronan-kira ao any tarika RAMILISON. Nanomboka tamin'ny taona 1986 nitsanganan'ny tarika ka hatramin'ny taona 1993 dia Ramilison, filohan'ny tarika no namorona ny hira : dia an-tongotra no akany aingam-panahy, ka mety ho lasa lavitra izy amin'izany. Rehefa tafaverina izy, vao mandika azy an-tsoratra.

⁷⁸ Ny dinika nifanaovana tamin'ny tarika RAMILISON-Fenoarivo tao Isotry tamin'ny 14-01-05 no loharanon-kevitra.

Ny zanany telo mirahalahy indray no nandimby azy hatramin'ny taona 1993 : ifarimbonana indray ny famoronan-kira eto, ka Ranaivoarison Félix no mandrafitra ny tapany voalohany ary Ramiliarison Zézé Alain na Rafalison Joachim no mamita azy. An-tsoratra no anatanterahana azy. Nambaran'izy telo mirahalahy ireto fa tsy teraka ny vetsovetso raha tsy somary falifaly izy.

d) Ny mpikabarin'ny

Nanana mpikabary malaza ny tarika tany am-piandohany. Rakotomanana no anarany. Namoy ny ainy tamin'ny lozam-piarakodia nihatra tamin'ny tarika izy io ⁷⁹, ary Ramilison na Ranaivoarison Félix zanany no misolo azy ankehitriny. Nambarany tamin'ny dinika nifanaovana fa miankina amin'izay zava-mitranga eny an-kianja ihany no itondrany ny lahateniny. Voaporofa eto izany fa eo no ho eo no amoronana ny kabary vakisehatra faharoa sy ny kabary manelanelana.

Izay no tsara ho fantatra momba ny tarika RAMILISON-Fenoarivo. Zanaky ny efa mangotraka tokoa ka tsy matahotra ny hangorovitsika. Manahoana kosa ny mikasika ny mpifanandrana aminy ?

1.3.2.2. Ny tarika RANARISON-Andohavary

Tanàna iray ao Amparafarantany-Amboanana, fivondronan'Arivonimamo Andohavary. Voalazan-dRanaivoarison fa pretra italianina no nanampy tamin'ny fanorenana tarika roa tao Andohavary ⁸⁰. Avy amin'ny iray tamin'izany no nisehoan'ny tarika RANARISON ⁸¹.

a) Ankapobeny momba ny tarika

Nivoaka avy amin'ny tarika RASAMIMANANA-Andohavary ity tarika ity. RANARISON no filoha nanorina azy. Rehefa nijanona tsy hihira intsony izy tamin'ny taona 2000, dia Rasanjison antsoina hoe Rainitelo na Rateloson no natsangan'ny

⁷⁹ Jereo Vondron'ambara, HG2, and 30

⁸⁰ RANAIVOARSON, op. cit., tak 97.

⁸¹ Ny dinika nifanaovana tamin-dRasanjison tao Isotry tamin'ny 09-01-05 no nahazoana ny fanazavana.

mpikambana ho filoha. Zanaky Rasamison, mpamoron-kiran'ny tarika RAMILISON-Andohavary izy. Tarika RAINITELO na RATELOSON no anarana nentiny hatreo ⁸². Anisan'ny sangany ao amin'ny SE.MPI.MA tarihin-dRALAIARIMANANA Daniela Herman io tarika io.

b) Ny mpamoron-kirany

Rateloson, filohan'ny tarika, no mpamoron-kira. Vao dimy taona dia efa nandihy tao amin'ny tarika RAMILISON-Andohavary nisy an-drainy. Tao no nikolokoloany ny talentany nandritra ny 14 taona. Nifindra tao amin'ny tarika RANARISON izay zaza navelan-dRasamimanana izy tato aoriana ary nomena azy ny andraikitra hamoron-kira. « Fitiavana tsy misy fetra » hira voalohany noforoniny.

Tsy nandia tokonan-tsekoly Rateloson. Lova sady talenta ny hira gasy aminy : fahasoavana nomen' amin'Andriamanitra an-drainy ny fahaiza-mamorona ary niampita tany aminy, ka nokoloiny. Mitokana irery amin'ny toerana mangina mba hanalavirana ny sorisory no lazainy fa fepetra mampifoha ny aingam-panahiny. Mazava loatra fa an-kandrina no amoronany hira ary ny vadiny Rabebimalala no asainy mandrakitra azy an-tsoratra alohan'ny hampianarana azy amin'ny mpikambana.

d) Ny mpikabariny

Rakotomanana antsoina hoe Rakotovao no mpikabarin'ny tarika. Vao efa-taona izy dia efa nankafy hira gasy. Mihaino tsara ary mamerina ny kabarin'ny hafa no paika nentiny nianatra nandaha-teny. Feno 30 taona izy no nahatsapa ny fahamatorany amin'ny fandaharan-teny ary nanomboka nirotsaka an-tsehatra. An-kandrina ihany koa ny famoronana satria ny fihetsiky ny mpijery sy ny teny nataon'ny ankilany no entiny mandavorary ny kabariny. Ny fanaovana hatsikana ao anaty kabary no anisan'ny mampiavaka azy :

« Hoy aho aminareo rehetra : Mafy anie tsy mihoatra ny vato, fa rehefa tratran'ny gilina mipatitaka ⁸³, [...] fara fahoriana tsy misy ohatra ny maty vady fa raha manary lavenona, tsy maintsy mipai-tanana ihany » (V.A., KV1, tak 1).

⁸² Tamin'ny taona 1996 no nisian'ny adin-kira gasy, ka izany no tsy nanovanay ny anarany.

⁸³ Gilina : vy maranitra fipaihana vato



Sary 2 : Ny filohan'ny tarika RANARISON - Andohavary

Fehiny

Tsy diso ny tombantombana fa tena angady mondry sy reniakoho ny tarika roa tonta ka izay mananda no resy, samy zanaky ny mpanefy ka tsy mifampidera taim-by. Ary raha ny tantara no zohina, dia efa nifampitana hatrany amin'ny ray aman-dreniny izy ireo satria samy sangany. Tsy maty vonoina eo amin'ny tantaran'ny hira gasy ny fifandonan'ny tarika SAHONDRAFININA-Fenoarivo sy ny tarika RASAMIMANANA Andohavary, ka nifanebahan-dRandrianasolo sy Rasamimanana. Ifandovana tokoa ny talenta, ka tsy mahagaga raha afaka mifanandrina ny zaza navelany. Hira roa no nifampitsapany teto : « *Nandositra ny olombelona fa tratra ihany* » ho an-dRANARISON ary « *Ampiasao ny pôlitika fa rehefa mitady tsy maintsy mahita* » ho an-dRAMILISON. Ndeha hojerena ny toetoetran'ireo.

1.3.3. Ny toetoetran'ny hira nifaninanana

Lafy roa no mamaritra ny lahatsoratra sy ny lahateny : ny endrika ivelany izay nanehoan'ny mpamorona ny asany ary ny votoatiny izay ventin-kafatra tiany hampitaina. Aompana amin'ireo ny fandinihana atao eto, ka ny hira no tena ifotorana satria ny kabary mitovitovy amin'ny efa voalaza tany aloha ihany. Ny fijerena ny endrika isehoan'ny hira no anombohana azy. Marihina fa ny lafin-javatra ankoatra ny fomba filazan-javatra no asian-teny ary tsy sarahina ny hira roa satria iombonany ny toetra. Aorian'izay no hofakafakaina tsirairay ny votoatiny, satria samy manana ny azy ny hira araka ny namaritan'ny lohateny azy.

1.3.3.1. Ny endrika ivelany

Lafin-javatra telo no heverinay fa misongadina indrindra eo amin'ity endrika ivelany ity : ny fiteny tarafina avy amin'ny voambolana, ny rima ary fingadona.

a) Ny fiteny ampiasaina

Tsy ahitana fiteny miaingitra ao amin'ny tononkira roa. Fiteny andavanandro ihany no ampiasain'ny mpiventy. Sady ahazoan'ny mpijery avy hatrany ny tiany holazaina izany no mampifanakaiky ny andaniny sy ny ankilany.

Singanina amin'izany ny fampiasana fitenin-jatovo :

« *Eninjato izao ny botakely*
Atin-kena izao no tsakin'ady
Sao dia lazain'irony ho mafy ady »

Voambolana fampiasan'ny tanora ny *botakely* « toaka ao anaty tavoahangy miaty 33 santilitatra », ny *tsakin'ady* « sakafo hanina miaraka amin'ny toaka », ny *mafy ady* « sahirana eo amin'ny fiainana, mahantra ».

Hita ao koa ny voambolana vahiny :

« *Raha mitady handeha omeo coup de frein*
Aza omena frappe fa volosy raha tratra »

« Fijanonana tampoka » sy « fananarana » no fonosin'ny voambolana *coup de frein* sy *frappe*. Manaitra kokoa ny fampiasana teny vahiny eto.

Farany, ahitana ohabolana sy oha-pitenenana ihany koa ao :

« *Aza atosika re ny ondry botry*
fa tsy fantatra izay hanao kambana »
« *Raha milaza baka mahay manohana*
Izay tropy tsy azo idirana »

Mirakitra ny haren-tsaina malagasy ireny ohabolana amam-pitenenana ireny ka ampiasain'ny mpihira gasy indrindra amin'ny fananarana ataony.

b) Ny rima

Fitovian'ny feo manomboka eo amin'ny zana-peo farany mitondra tsindrim-peo ny rima ⁸⁴. Ahitana izany ihany ao amin'ny tononkira roa ⁸⁵. Rehefa misy izy, dia rima mifanjohy manana endrika [aa, bb] araka ireto ohatra ireto.

« *Toa menatra ny vava ô raha toa ka hilaza*
Tanora maitso volo ô no sady mbola zaza
Zanaka amam-para izahay ô tsy mendrika hiteny
Aminareo havan-tiana ô sady ray aman-dreny »

⁸⁴ MAZALEYRAT, *Éléments de métrique française*, Ed. Armand Colin, Paris, 1974 : « Homophonie de la dernière voyelle accentuée ainsi que des phonèmes qui suivent »

⁸⁵ Misy ampahany miady rima koa ny kabary manelanelana nataon-dRamilison.

Feno ny rima eto satria mitovy avokoa ny feo mamarana ny andalana hatreo amin'ny zana-peo mitondra tsindry.

« *Miezaha, mampiasa pôlitika*
Rehefa mitady ianao dia hahita »

Tsy feno kosa izy amin'ireto andalana roa ireto satria tsy mitovy ny renifeo ao aorian'ny zana-peo mitondra tsindry.

Manampy ny mpiventy amin'ny fitadidiana ny tononkira ny rima, ankoatra ny anjara asany amin'ny fanehoana ny kanto.

d) Ny fingandona

Tsy mitovy halava ny andininy sy ny andalana ao amin'ny tononkira. Azo lazaina fa malala-drafitra izy izany. Vokatr'izany, tsy mitovy fa miovaova ny fingadona araka ny asehon'ity andininy ity :

u u ! u/ u u ! u/ u u ! u / u ! u u
« Io tsy fananana io mahazaka maniraka e
u u ! u/ u u ! u/ u u ! u/ u u ! u u
Raha tsy misy eto an-toerana dia any amoron-tsiraka e
u ! u/ u ! u/ u ! u/ u u ! u
Rehefa lasa any dia aza mitomany
u ! u/ u ! u/ u ! u/ u ! u
Fa voro-manidina hafarana ho any
u ! u/ u ! u/ u ! u/ u ! u
Ravoromailala misidina iry e
u ! u/ u ! u / u ! u/ u ! e
Hafarako ianao ka avia aty e
u ! u/ u ! u/ u ! u/ u ! u
Raha hitanao kely ilay havako any e
u ! u/ u ! u/ u ! u/ u ! u
Mampamangy any fa izaho eto ihany a
u u ! u
Olon-tiako
u u ! u
Nofidiko
u u ! u
Tena tiako
u u ! u
Tsy ariako »

Vanin'andalana roa no hita ao amin'io andininy io : ny iray [u u ! u], vanin-danto malagasy nomena anarana hoe « taralila »; ny faharoa kosa [u ! u] antsoina hoe « ralila » na « amphibraque ». Ampifandimbiasin'ny mpamorona ampiasaina izy ireo. Hita soritra ao amin'ny andalana 7 sy 8 ny fanaovana amboetra noho ny fanenjehana rima. Marihina anefa fa voaarina ny lesoka toy ireny rehefa hiraina ny tononkira.

Voaporofa amin'ity famakafakana ny endrika ivelan'ny tononkira fa fialambolim-bahoaka miezaka hivoatra tokoa ny hira gasy : fiteny andavanandro, fingadona mahazatra ihany no ampiasaina fa nosisihana teny vahiny sy rima.

1.3.3.2. Ny vontootin-kiran'ny tarika RANARISON

Telo karazana ny hira ao amin'ny hira gasy. Ny renihira sy ny zana-kira no asian-teny eto satria ny faladian-kira na lohan-kira saika mitovitovy ihany.

a) Ny renihira

Nandositra ny olombelona fa tratra ihany no lohatenin'ny renihira. Ny fahasahiranana'ny olombelona manoloana ny hasarotry ny fiainana no velabelarin'ny mpiventy amin'izany. Azo lazaina fa matroka ihany ny fahitany ny zava-misy satria toa mandamoka avokoa ny ezaka ataon-dRaolombelona ny fiainany. Tsy misy afa-bela amin'izany na ny manana na ny malahelo, na ny lehibe na ny kely :

« Sahiran-tsaina ny olona ô !

Fa henjana ny tolona

Miala nefa tsy afaka

Vao mihamahantra ny taranaka »

Vato misakana maro no manembantsembana ny androny. Ao ny toe-javatra tsy miankina aminy toy ny fepetra maha-olombelona sy ny loza voajanahary :

➤ ny fahanterana :

« Aiza e ! ity Rafahatanorana

Aiza e ! toa aloka miserana

Handositra an-dRafahanterana fa tratra ihany »

➤ Ny fahafatesana :

*« Tsy misy tsy ho kamboty ny olon-drehetra
Fa mbola miandry « tour »manam-petra » V.A. tak*

➤ Ny havandra :

*« Ny havandra no tena tsy favy
Tsofina tamin'ny lavenona
Vao mainka niraraka ihany » V.A. tak*

Ao koa ireo olana nateraky ny tsy fahaiza-miaina toy :

➤ Ny fitiavan-tena :

*« Izany tokoa rehefa tsy manana e !
Maro ny mpanenjika, dia mpihavana
Iray tampo aza ô, manendrikendrika »*

➤ Ny fitiavam-bola tafahoatra :

*« Tanimbary be tsy taka-basy
Natakalo vola taratasy »*

➤ Ny rendrarendram-piainana :

*« Vita soratra sy mariazy
Tsy maharitra fa rava ho azy
Rangahy lasa mamonjy « bal »
Ramatoa manenjika lamaody »*

➤ Ny fihemoran'ny firenena :

*« Nosikely manana tantara
Ankehitriny anefa mamarara
Mba mandroso ihany anefa mihemotra »*

Tsy mandroso vaha olana mazava ny mpiventy. Toa te hampieritreritra ny olona fa mandalo sy tsy azo ianteherana ity tany ity ka tokony hitandrina fatratra :

*« Aza dia mirehareha fa fandalovana ny tany
Izay mahery tsy maody amin'ny fiainana e !*

Jereo fa fohy ny andro iainana »

b) Ny zana-kira

Zana-kira no namaranan'ny tarika RANARISON ny anjarany. Adin'ny mpivady efa samy nahazo taona izay hiafara amin'ny fisarahana no velomina an-kira .

Niaro ny tokantranony tsy ho rava Ramatoa Razafindramanana, ka nananatra am-badiny tsy ho voafitaky ny bodokely iarahany :

*« Dienty mbola tsy may re ny trano, Ndriamanatoanina
Aza ny loza tsy hita hatrizay no harangaranina
Raozimarina anie ka vola ihany no tena tadiaviny »*

Tongotra mby an-dakana anefa ny an-dRangahy, ka dia noroahiny Ramatoa vadiny mba hidiran'ity sakaizany :

*« Lasa mandeha, fa ratsy tarehy, mandreraka be
Joueur tsy lany match re ianao Razafindramanana »*

Nandao ny tokantranony tamin'alahelo Ramatoa rehefa avy niantso today :

*« Raha todim-pitia manodiava anao anie Randria ô
[...] Andeha hody aho hamonjy fodiana re
Ny aty itondram-pahoriana »*

Tantara tsangana fohy no nolalaovin'ny mpikambana roa, lahy sy vavy, tao amin'ny « sôlô ». Azo lazaina ho mifandray ihany ny karazan-kira roa satria lafiny iray amin'ireo olana voalaza tao amin'ny renihira no novelabelarina tato amin'ny zana-kira. Eny antsefatsefaky ny hira no andrenesana ireo fanentanana ny mpijery hihoby azy :

*« Moa ve tsy marina be a !
Izany teny izany, Rabe a !
Toa tsy mahatehaka ise a !
Mbola mandinika ve ô ! »*

Tsy hadinony koa ny fangatahan-tsodrano amin'ny mpijery toy ny fanao, rehefa avy nitso-drano azy :

*« Indro atolotray ny tsio-drano
Ka mahatantesa ny kilonga
Koa tongava taiza
Masina ianao Andriamanitra ô*

*Ho aminareo ny hasin'ny razana
Hanome anareo hasoavana
Ry fokonolona sy mpiray tanindrazana »
« Izay aloha no vita, ry hava-malalanay
Tsofy rano aho e ! fa ho any an-tanananay »*

1.3.3.3. Ny vontootin-kiran'ny tarika RAMILISON

Raha ny renihira no ifotorana, dia azo lazaina fa setrin'ny lohahevitra novelabelarin'ny tarika RANARISON tokoa no naroson-dry zareo avy any Fenoarivo. Ary na ny vako-drazana no nataony aza dia toa mamaly ny fisarahana teo aloha koa.

a) Ny renihira

Raha tsy nahita izay lalan-kivoahana ny olombelona tao amin'ny **Nandositra ny olombelona fa tratra ihany**, dia paika enti-miatrika ny fiainana no atolotry ny tarika RAMILISON amin'ny **Ampiasao ny pôlitika fa rehefa mitady tsy maintsy mahita**. Toro lalana mba hahombiazana manoloana ny fahasarotan'ny fiainana no lohahevitra novelabelariny. Tsy maintsy tafita rehefa manana tetik'ady mahomby :

*« Amin'izao fotoana, fantatrao
Sarotra izao fiainana izao
Miezaha, mampiasa pôlitika,
Rehefa mitady ianao, dia hahita »*

Lafin-javatra telo no fanalahidin'ny fahombiazana : ny vintana, ny ezaka ary ny pôlitika. Ny tsy manana an'ireo tsy hotafavoaka mihitsy :

*« Matoa anie ny sasany mpanankarena ka tafita
Ao ny androny, ny ezaka sady mampiasa pôlitika
Tsy mifidy karama fa izay misy vola dia ataony
Fa ny kamo kosa tsy manan-katao, mahonena
Tsy mba mitady fa miandry mahazo eny an-tsena »*

Ohatra anohanany ny heviny ny filana ravin'ahitra any an-tany lavitra sy ny asa madinika an-tselika any amin'ny faritra samihafa :

*« Mbola hafa ny fihetsik'ireo havantsika betsileo a
An-taonany maro nandao ny tanànanany mihitsy ireo a »*

*« Ireo mpitarika posiposy koa jereo
Indrindra ny any Antsirabe
Mihazakaza-dava mitady ireo « kilina » eran'ny arabe »
« Adiny fito lava izao
Manakalo no ady eo : raha tsy vola dia vary »*

Abaribariny ao koa ny elenelana manasaraka ny manana sy ny tsy manana :

*« Raha tafaraka anie izy ireny
Eny an-tsena dia hitanareo
Mifanalavitra tsisy ohatra izany
Toy ny lanitra sy ny eto an-tany »*

Entaniny manokana koa ny tantsaha tahaka azy mba hahabe ny vokatra :

*« Fa ny zezika anie, Rangahy
dia ilaintsika tantsaha
Raha tany be zezika anie
Mahavokatra be dia be »*

Hita ao koa ny anatanatra mikasika ny tetika tsy mahomby :

- ny ray aman-dreny mianga-janaka :
*« Aza atosika re ny ondry botry
fa tsy fantara izay hanao kambana »*
- ny tanora tsy mahazaka tokantrano :
*« Atero izy e, rehefa tsy tiana
Ho any amin'ny ray aman-dreniny fa aza ampijalina »*
- ny mpivavaka lany andro amin'ny endrika ivelany isehoana :
*« Izay vita, hoy aho, no tsaraina
Fa tsy ny akanjo anaovana e »*

Fanentanana ny olona tsy ho kivy amin'ny fitadiavana, na dia sarotra aza ny fiainana no novelabelarin'ny tarika RAMILISON ao amin'ny renihira. Miverimberina matetika ao anaty tononkira ao ny fampahafantarana ny tarika sy ny fahaizany mba hisarihana ny mpijery hitehaka :

*« Fa anio Fenoarivo Besigara
Dia tena ho fantatrao mazava tsara
Ny midoka tena tsy fanao
Henoy ny tononkira dia ho hitanao »*

Fitsofan-drano ny mpijery no mamarana ny renihira :

*« Tsara tso-dranon-dRamily besigara
Hanambina antsika rehetra izay rehetra voalaza teo »*

b) Ny vako-drazana

Vako-drazana no nentiny nanakatona ny anjara fisehoany. ***Mpivady tsy tafasaraka*** no lohateny nomeny azy. Sombin-kira madinika telo natambatra no anombohany azy :

- ny fikorontanan'ny mpivady no ambaran'ny hiran'i Tiana
*« Miala tsiny aho, Madama, raha nampiantso anao...
Na mpitsabo, na mazia, niala maina ô ! »*
- ny fivoaran'ny toe-draharaha no noraisina tao amin'ny hiran'ny tarika Rémi :
*« Ny talata, hifoha alarobia...
Indro nifanaraka indray ny mpivady »*
- ny hafalian-dralehilahy noho ny fiverenan'ny vadiny no asehon'ny hiran'i Erick
Manana :
*« Iny i Jacqueline, Mama,
Jacqueline, Mama »*

Ny fifandraisan'ny rafozana sy ny vinato no ambarany ao amin'ny andininy telo farany. Ny hiran'i Bodo manentana amin'ny fanaovana ny marina no ambaran'ny andininy fahatelo :

*« Hazavaiko ny resaka...
Mandry ve ny salanitra »*

Fananarana ny tovolahy mba hanam-paharetana sy tsy handray tondro teny no raketin'ny andininy fahefatra sy fahadimy :

*« [...] Tsy miady ny anjaran'olona ianao
Fa miady ny anjaranao, maharetaô ! [...]
Ny anatr'i Pasitera sy Mômpera no aza hadino
Nandray tondro teny ianao ka voa [...] »*

Misongadina eto ny fahaizan'ny mpamorona mampifandray ny hiran'ny hafa mba hanaovana zava-baovao.

Fehiny

Azo lazaina fa mitovitovy ihany ny endrika ivelany isehoan'ny hiran'ny tarika roa tonta. Eo amin'ny votoatiny no ahitana fahasamihafana, satria toa mifamaly hatrany ny renihira sy ny zana-kira na vako-drazana. Raha olombelona safotry ny adim-piainana no lohahevitra novelabelarin'Andohavary, dia vaha olana enti-miatrika an'izany no nasetrin'i Fenoarivo azy ; « fanambadiana rava » no noventesin'ny zana-kiran-dRANARISON, ary « mpivady nahay nifandamina » kosa noraketin'ny vako-drazan-dRAMILISON. Voaporofa eto izany adin-kira gasy tokoa no nifanaovan'ny roa tonta.

Fehin'ny toko fahatelo

Novahavahana tao amin'iny toko fahatelo iny àry ny adin-kira gasy izay iorenan'ny fanadihadiana. Nohazavaina tamin'izany aloha ny fizotran'ny fifaninanana sy ny andraikitra ny mpilalao ho fampandresena ny tarika misy azy, ary ny anjara asan'ny mpijery mba hampahomby ny fampisehoana.

Nolazalazaina taorian'izay ny momba ny tarika roa nifandona : RANARISON-Andohavary sy RAMILISON-Fenoarivo. Fantatra tamin'izany fa samy nandova anaran-dray soa izy ireo ary samy sangany ao amin'ny fikambanan'ny mpihira gasy misy azy. Diamondra sy vatosoa tokoa ka samy manana ny endrika ho azy.

Taratra amin'ny tononkirany izany fahaizana sy finjavana handresy izany. Tsy dia ahitana fahasamihafana firy eo amin'ny endrika ivelany isehoany, satria toetra iombonana iny. Eo amin'ny votoatiny no tena nisongadinan'ny fifaninanana satria toa nifamaly hatrany ny renihira sy ny zana-kira na vako-drazana.

FEHIN'NY FIZARANA VOALOHANY

Ny isavasana ny raviny, hono, no ahitana ny fotony. Azo lazaina fa sava ravina ihany tokoa no natao tato amin'ity fizarana voalohany ity mba hahafahana mamantatra ny hodidina mamaritra ny akora nokirakiraina. Manampy eo amin'ny fahazoana ny fomba filazan-javatra izay fototry ny asa mantsy ny fahalalana izany.

Famaritana ny hira gasy amin'ny maha-zava-kanto vita amin'ny teny azy no nanombohana ny fandinihana. Karazan-tantara tsangana hiraina ary laroana dihy izy amin'ny maha-fampisehoana an-tsehatra azy. Tafiditra ao anatin'ny poezia kosa izy raha ny tononkira sy ny kabary no ifotorana. Ary azo alahatra ao anatin'ny literatiora am-bava raha ny famoronana sy ny fanatontosana azy no jerena.

Ny famakafakana ny fivoarany no nahafantarana fa ny fampitaha izay fialam-bolim-bahoaka no niandohan'ny hira gasy : fifaninana hatsaran-tarehy sy hira ary dihy no fototra iorenany. Nohatsaraina ny endriny sy ny votoatiny ka nampiasain'ny mpitondra nifandimby ho fandraisam-bahiny sy famoriam-bahoaka izy hatramin'ny andron'Andrianampoinimerina. Ankehitriny, lasa fitaovam-panentanana koa izy ankoatra ny maha-fialam-boly azy.

Amin'ny maha-fifaninanana ny fampisehoana dia manana ny fitsipika mifehy azy ny hira gasy. Mifanotrona amin'izany mpilalao sy ny mpijery. Amin'izao asa izao, dia fifandonan'ny andrarezina roa no hofakafakaina : RANARISON-Andohavary sy RAMILISON-Fenoarivo. Afa-diana tokoa ny vahoaka satria tsy nifampitsitsy tokoa ny roa tonta.

FIZARANA FAHAROA

NY FOMBA FILAZAN-JAVATRA

NANANGANANA NY

FAMPIDIRANA SY NY FAMARANANA

Ny hira gasy no akora kirakiraina amin'ity asa fikarohana ity, ary ny fomba filazan-javatra nentina nanangana azy, amin'ny maha-zava-kanto azy, no ezahina asongadina. Koa tsara ny mamaritra eto am-piandohana ny « stylistique », izay sehatra ivelaran'izany, mba tsy hampivaona ny asa. Fanadihadiana ny fomba filazan-javatra ampiasain'ny mpanoratra eo amin'ny fanehoana ny kanto ny « stylistique », ary anisan'izany ny filalaovana amin'ny sarin-teny ⁸⁶. Raha ny fampisehoana an-tsehatra no raisina, dia fitambaran-drafitra maro no manome ny kanto ao amin'ny hira gasy: ny fitafiana, ny feon-kira, ny dihy. Izay lafiny iasan'ny teny, toy ny kabary sy ny hira, ihany anefa no hodinihina, satria ao ihany no ahitana ny sarin-teny.

Voalaza tao amin'ny fanoritsoritana ny hira gasy fa misy fizarana maro ao amin'ny fampisehoana iray. Azo natao angamba ny nijery tsirairay ny fomba filazan-javatra ao anatin'izy ireny. Nofintininay ho telo anefa izy ireo : ny fampidirana, ny vatany ary ny famaranana. Amin'ny maha-fampisehoana azy tokoa mantsy dia noheverinay fa azo aravona toy izany ny anjara fiakarana an-tsehatry ny tarika iray. Manamora ny fanjohian-kevitra rahateo izany. Ary ato amin'ity fizarana faharoa ity no hamakafakana ny fomba filazan-javatra ao amin'ny fampidirana sy ny famaranana, izay toy ny « alfa » sy « ômega » miara-dalana hatrany, satria mamaritra ny fiandohana sy ny fiafarana : ny voalohany nisarihana ny mpihaino ho liana ary ny faharoa nanantitraterana ny hafatra izay vatsy hoentiny mody mandra-pigadon'ny fampisehoana manaraka indray.

Ary satria samy manana ny anjara asany ao amin'ny fampisehoana ireo fizarana ireo, dia hojerena tsirairay ny fomba filazan-javatra nentina nanangana azy. Mialoha izany anefa, heverinay fa ilaina ny anazavana izay voarakitry ny antsoinay hoe « fampidirana » sy « famaranana ».

2.1. NY VONTOATIN'NY FAMPIDIRANA SY FAMARANANA

Efa nambara teo fa tsy tafiditra ao amin'ny firafitry ny hira gasy ireo fizarana ireo.

Ninianay noforonina izy ireo mba tsy hampiparitaka loatra ny hevitra. Iaraha-

mahalala mantsy fa ny renihira, izay antsoin'ny mpanao hira gasy hoe « tantara », no

mirakitra ny vontoa-tin'ny fampisehoana. Io no nomenay anarana hoe « vatany ». Ny

teo alohany izany no ataonay hoe « fampidirana », ary ny tao aorinany kosa no

⁸⁶ S. RAJAONA op cit tak 16

« famaranana ». Natao koa izao fandaminana vaovao izao mba hanatsotra ny famakafakana. Ho sarotra tokoa ny fandinihana raha ny fanapatapahana mahazatra no nitondrana azy : tsy misongadina firy ny fifandraisan'ireo singa samihafa, hany mety hanahirana ny fanakarana ny lanjan'ny sarin-teny. Hosoritsoritana mifanesy eto àry ny fampidirana sy ny famaranana.

2.1.1. Ny firafitry ny fampidirana

Raha ny lafiny voakasiky ny teny ihany no jerena, dia singa roa no mialoha ny vatan'ny hira gasy : ny kabary vakisehatra sy n lohahira. Hohazavaina fohy eto ny anjara asany ao amin'ny fampidirana.

2.1.1.1. Ny kabary vakisehatra

Lahateny mitovy amin'ny fanombohan-dresaka fanao amin'ny kabary no raketiny, araka ny voalazan-dRANAIVOARSON P. André ⁸⁷ : « *Mangata-dalana hiteny izy, [...] avy eo ny fialan-tsiny. Manaraka izany dia manao vavaka fangataham-pitahiana amin'Andriamanitra sy ny razana ny mpikabary no sady midera ny Tompo Zanahary. Mifarana amin'ny fiarahabana ny vahoaka mijery ny kabary vakisehatra* ». Azo lazaina fa famakian-tsehatra tokoa ity kabary voalohany ity, ka izany no manamarina fa ampahany ao amin'ny fampidirana, saingy miseho amin'ny endrika lahateny.

2.1.1.2. Ny lohahira

Hira kaloina miadana sady mora ny lohahira na faladian-kira. « *Izay voalazan'ny mpikabary nandritra ny kabary vakisehatra no averin'ny mpihira gasy an-kira mandritra ity fizarana ity : fangatahan-dalana, fialan-tsiny, fangatahan-tsodrano, fiarahabana ny vahoaka mpijery* » ⁸⁸. Mbola famakian-tsehatra ihany ity, saingy miseho amin'ny endrika hira.

⁸⁷ P.A. RANAIVOARSON, op cit, tak 10-11.

⁸⁸ P.A. RANAIVOARSON, op cit, tak 12-13.

Raha aravona ireo voalaza ireo, dia sasin-teny fanombohan-dresaka tokoa ny kabary vakisehatra sy ny lohahira, ka azo atambatra tsara ho fampidirana amin'ny anjara fampisehoana ataon'ny tarika iray.

2.1.2. Ny firafitry ny famaranana

Fizarana roa antsoina hoe « vako-drazana » sy/na « zana-kira » no ao aorian'ny renin-kira. Ny vako-drazana no tena famaranana ny fampisehoana taloha, fa zana-pizarana manapatapaka ny renin-kira ny zana-kira. Ankehitriny kosa, mitovy laharana izy ireo, izany hoe, ny iray aminy no entin' ny tarika iray mamarana ny anjarany.

2.1.2.1. Ny vako-drazana

Karazan-kira arahin-dihy amam-pihetsiketsehana ntaolo ifarimbonan'olona valo ka hatramin'ny roa ambin'ny folo ny vako-drazana ⁸⁹. Fampisehoana mahaleo tena izy, saingy naiditry ny mpihira gasy ho anisan'ny rafitra mamorona ny hira gasy. Eo amin'ny vontoatiny, dia ny fihavanana, ny firaisan-kina, ny fahaiza-mitondra tena no ventesina ao anatiny. Mety ho voatanisa ao koa ny trangan-javatra iainan'ny tarika : ny zava-nahatra taminy, ny fanoloana mpitarika. Tsy hadino ny fangatahan-tsodrano amin'ny mpijery sy ny fanaovam-beloma satria hisaraka.

2.1.2.2. Ny zana-kira

Hira ventesin'olona roa na telo ny zana-kira. Karazan-tantara tsangana hiraina izy ity ary natao hisintonana anatra amam-pitsipi-pitondran-tena. Ireto no ambaran-dRANAIVOARSON fa vontoatin'izany tantara izany : ny manjo ireo kamboty sy ireo vehivavy momba, ireo ankizy narian-drany aman-dreniny, ireo ray aman-dreny nandosiran'ny zanany, ireo mahantra esoin'ny mpiara-monina ⁹⁰. Tafiditra ao koa indraindray ny hafatra napetraky ny filohan-tarika nodimandry. Ary satria hifandao ny tarika sy ny mpijery, dia misy hatrany ny fangatahan-tsodrano amin'ny mpanatrika rehefa avy nitso-drano azy.

⁸⁹ P.A. RANAIVOARISON, op cit, tak 26.

⁹⁰ P.A. RANAIVOARISON, op cit, tak 21.

Izay raha hazavaina ny antony nahatonga anay tsy hanaraka ny fizarazaran'ny fampisehoana amin'ny fandinihana ny fomba filazan-javatra. Heverinay fa manara-penitra kokoa ny famakafakana sady mampisongadina ny fifandraisan'ny hira gasy amin'ny karazan-java-kanto iray mitovitovy endrika aminy, toy ny tantara tsangana. Afaka miroso amin'ny tena ventin-dresaka amin'izay isika, ka ny fomba filazan-javatra nentina nanangana ny fampidirana no anombohana azy.

2.2. NY FOMBA FILAZAN-JAVATRA NANANGANANA NY FAMPIDIRANA

Fantatry ny mpihira gasy fa ny renin-kira no tena andrasan'ny mpijery. Mba hahatonga lafatra ny fifanatrehan'ny andaniny sy ny ankilany amin'izany, dia tsy maintsy mivonona sy manomana ny mpihaino ny tarika. Noho izany, tsy azo anaovana rainazy ny fampidirana, satria miankina amin'izay ny mety ho fahombiazana, na sanatria ny fahavoazana.

Ny imasoan'ny mpiventy voalohany izany dia ny fampidirana ny mpihaino ao amin'ny tontolon'ny hira gasy, tontolo izay anantenany ny mahaso, indrindra fa ny mahafinaritra avy amin'ny mpanakanto. Ho an'i CRESSOT maintsy, dia fomba mahomby isarihana ny mpihaino hiombon-kevitra sy hiandany amin'ny tena ny kanto aroso azy ⁹¹. Tsy maintsy ezahiny izay hampifantoka azy ireo amin'izay ataony satria miankina amin'io fifantohana io ny fahatakarana ny hafatra sy ny fahafinaretana ⁹². Manomboka eo am-panombohan'ny fampisehoana izany ny filalaovana amin'ny fomba filazan-javatra.

Ny kabary vakisehatra sy ny faladian-kira na lohan-kira no natambatra ho fampidirana. Samy hafa ny endriny satria ny voalohany lahateny, fa ny faharoa kosa hira. Tsy mitovy koa ny fomba filazan-javatra nentina nanangana azy, ka izany no andinihana azy tsirairay. Ny kabary vakisehatra no anombohana azy.

2. 2. 1. Ny fomba filazan-javatra ao amin'ny kabary vakisehatra

Tolona ambony vatolampy maharitra ora roa eo ho eo no atrehin'ny tarika roa, ka izay ratsy fihazona mety ho vaky loha. Tsy maintsy maneho ny talentany avy hatrany

⁹¹ M. CRESSOT, *Le style et ses techniques*, PUF, Paris, p 3 : « *L'esthétique qu'y fait rentrer (le locuteur) n'est en définitive qu'un moyen de gagner plus sûrement l'adhésion de (l'auditeur)* ».

⁹² D. MACAULAY, *Comment ça marche*, Ed Larousse, Bordeaux, 1989, p 358 : « *La compréhension et le plaisir, ce sont le produit de l'attention* ».

izany ny mpikabary, mba hahatsapan'ny mpihaino sahady ny fahaizan'ny tarika misy azy. Hoy indrindra i J. SUBERVILLE : « *Tsy maintsy mandresy avy hatrany ny mpandaha-teny, na dia ora iray na roa aza no faharetan'ny ady izay ivoahany ho mpandresy na resy* » ⁹³. Am-bava rahateo ny fifanandrinana, ka eo no ho eo ny fiantefan'ny hafatra any amin'ny mpihaino. Eo no ho eo koa ny valiny, izay miseho amin'ny endrika tehaka na akora, noho ny fifanatrehana'ny roa tonta.

Dingana telo no tsapa fa narahin'ny mpikabarin'ny tarika roa tonta tamin'izao adin-kira gasy izao : ny sasin-teny, ny famaliana ny fampirisihana ary ny fanomezantoky. Manao ahoana àry ny fomba nandrafetany ireo dingana ireo ?

2. 2. 1. 1. *Ny ao amin'ny sasin-teny*

Miezaka mambabo ny fo aman-tsain'ny mpihaino ny mpiventy ao amin'ny sasin-teny : omeny fahafinaretana ny maso sy ny sofina ⁹⁴. Ny filalaovana amin'ny fomba filazan-javatra no hahatanteraka izany. Lafin-javatra roa no asongadin'ny mpiventy : ny fanairana ny mpihaino sy ny fanolorana ireo tarika mpifanandrina.

a) Ny fomba filazan-javatra fanairana ny mpihaino

Mampiasa « parallélisme » ny mpiventy hoentina manaitra ireo mpihaino. Toy izao no anehoan'ny tarika RANARISON izany ao amin'ny KV1 andal 1 – 4 :

<i>Ny kankafotra</i>	//	<i>Ny matory andro</i>	//	<i>Izahay roa tonta</i>	//	<i>Ianareo vahoaka</i>
<i>no</i>		<i>no</i>		<i>no</i>		<i>no</i>
<i>manan'anaka</i>	//	<i>ratsian-tory</i>	//	<i>rafitra hira gasy</i>	//	<i>mitsanga-mitoetra</i>

Ny fisian'ny olana eo amin'ny fiainan'ny tsirairay no foto-kevitra iorenan'ny « parallélisme ». Fehezan-teny mifamaly rafitra, mitovy vahana, mandravon-kevitra no hita eto. Ny fifamalian-drafitra no mandoko ny fihetseham-po mifanohina eo amin'ny

⁹³ J. SUBERVILLE, *Théorie de l'art et des genres littéraires*, Les éditions de l'école, Paris, 1948 p 3000 : « *L'orateur doit gagner immédiatement la partie, il livre un combat d'une heure ou deux dont il sort vainqueur ou vaincu* ».

⁹⁴ J. SUBERVILLE, op cit, p 399 : « *L'orateur doit atteindre non seulement les esprits et les cœurs, mais encore les oreilles et les yeux* »


mpihaino sy ny mpiventy. Ny vahana mitovy kosa no maneho ny fitovian'ny faniriana hahita hira gasy tena tsara ao amin'ny roa tonta.

Sarin-teny samihafa no nentin'ny mpiventy nanangana ity « parallélisme » ity. Milalao amin'ny « polyptote » na tamberin-pototeny izy amin'ny fifamaliana roa voalohany, ao amin'ny hoe « *Ny matory andro no ratsian-tory* ». Ny « polyptote » « tory » no manaitra ireo mpihaino izay mbola varimbariana. Ary ny « oxymore » « *mitsanga-mitoetra* » ao amin'ny fifamaliana faharoa no mandoko ny fihetsehampon'ny mpihaino : ny olona teren-javatra, tsy mahatombin-tsiraka no lazaina amin'io fifamaritana teny roa mifanohitra io ; toy izany koa no mahazo ireo mpihaino izay efa sasa-miandry ny fiantombohan'ny hira gasy. Manan-kery hampitebiteby ny mpihaino mantsy ny firafitry ny fehezan-teny⁹⁵.

Ankoatra izany, milalao amin'ny fanalavana fitenenana arahina fomba fanononana haingana koa ny mpiventy. Tsy ampiasana mpampiankina izany ary tsy misy fiatoana. Fandresen-dahatra ampahibemaso ny fanalavana fitenenana. Manome endrika ny hira gasy ary mahatonga ireny fomba fiteny ireny ho eo am-bavan'ny mpihaino izany.

b) Fomba entina manolotra ireo tarika mpifanandrina

Rehefa avy notairina tamin'ny fehezan-teny tsara rafitra ny mpihaino dia atolotry ny mpiventy amin'izay ireo tarika mpifanandrina. Mbola « parallélisme » ihany no entiny maneho izany ao amin'ny KV2 andal 1 -2 :

<i>Miala ireo havanay</i>		<i>Miditra izahay</i>
<i>avy any Andohavary</i>		<i>Fenoarivo</i>
<i>tarika RANARISON</i>		<i>tropy RAMILISON</i>

Fehezan-teny roa mifamaly rafitra, mitovy vahana, mifanipa-kevitra no hita eto. Ny maha-fifaninanana ny hira gasy no asehon'ny fifamalian-drafitra ary ny maha-samy tarika malaza ny roa tonta no asongadin'ny vahana mitovy. Ny hevitra mifanipaka « *miala* » sy « *miditra* » kosa dia mitoro ny fieboeboan'ny tarika RAMILISON : eo amin'ny sehatra pôlitika, ohatra, dia miala ny olona tsy nahomby ary izay miditra

⁹⁵ J. MAROUZEAU, *Précis de stylistique française*, Masson et compagnie, Paris, 1969, p19 : « L'ordre des mots est aussi un élément du style ».

mandimby azy kosa izay heverina fa hitondra voka-tsoa. Manamafy izany ny tsy fitoviana eo amin'ny « *tarika* » sy ny « *tropy* » : amin'ny fiheveran'ny olona voazanaka ara-tsaina, dia ambony kokoa ny zavatra tondroin'ny teny vahiny (*tropy*) noho izay faritan'ny teny malagasy (*tarika*). Mifintina ny filazan-javatra nefa mafonja ny hevitra sy ny fihetseham-po. Ny fanehoan-kevitra amin'ny alalan'ny sarin-teny no mampisongadina izany ⁹⁶ .

Mampiasa « *métonymie* » koa ny mpikabary eto : « *Andohavary* » sy « *Fenoarivo* ». Isehoan'ny toerana onenana misolo toerana ny mponina ao aminy io fanovana anarana io ⁹⁷ . Voafintina amin'ity filazan-javatra ity avokoa ny fiaviana, ny tarika nipoirana, ny laza, ny talenta manokana ananan'ny tarika. Milaza zavatra betsaka amin'ny mpihaino ireo teny ireo, hany tsy mitaky fanazavana fa babo noho ny hakanton'ny filazan-javatra.

Hita eto ny ny fahaizan'ny mpiventy mandaha-teny : hevitra amam-pihetseham-po maro no voafintina amin'ny alalan'ny sarin-teny « *parallélisme* » sy ny « *métonymie* ». Azo antoka fa ho voasarika ny mpihaino.

2. 2. 1. 2. Ny fomba famaliana ny fampirisihana

Lafin-javatra roa no aseho ato amin'ity andininy ity. Ny tapany voalohany no itanisana ireo teny fanarabiana nataon'ny mpihaino. Ny tsy fanekena ho resy kosa no aseho ao amin'ny tapany faharoa.

a) Ireo teny fanarabiana

Fomba iray haningorana ny fon'ny mpihaino ny famaliana ny teniny. Sady fanajana azy izany no fanatsarana ny fifandraisana aminy. Tsy lazain'ny mpiventy mivantana izany. Tamberin-pehezan-teny isaky ny andalana faharoa no lalaoviny amin'izany ao amin'ny KV1 andal 7 – 13 :

Mihoraka ianareo Tsiroanomandidy

Miteny manambara manao hoe :

Tandrema Ranarison fa mafy be ilay teo

⁹⁶ J.J. ROUSSEAU, **La nouvelle Héloïse**, 11^{ème} partie, Edition Flammarion, Tome I, p 234 : « on a besoin d'expression figurée pour se faire entendre ».

⁹⁷ J. SUBERVILLE, op cit, p 197 : « *La métonymie prend (...), le contenant pour le contenu* ».

Faharoa

Miteny manambara manao hoe :

Hafa ny famindrany androany

Fahatelo

Miteny manambara manao hoe :

Fara-fahoriana ianareo androany raha manao an-tsirambina

Tamberim-pehezan-teny « *Miteny manambara manao hoe* » no maneho ny fandavana ny kabary tsy valiana ao amin'ny hira gasy. Koa omen-danja eto ny fandraisana anjaran'ny mpihaino : ampirisihina izy hazoto hampiady hira gasy hatramin'ny farany.

Vao mainka manentana sy mampitsiry fankafizana ny filalaovana amin'ny « allitération » [m]. Ny tamberim-peo mantsy dia entina mandoko ny fiombonana fihetseham-po sy manome lanja ny hafatra tiana hampitaina ⁹⁸. Ny filazan-javatra toy itony no mampitehaka ny mpihaino. Sarin-teny isan-karazany no nananganan'ny mpiventy ny fitanisana nataony.

- Fanovana anarana laroana « hyperbole » ao amin'ny andal 1 :

« Ianareo Tsiroanomandidy »

Tsy ny vahoakan'i Tsiroanomandidy iray manontolo akory no tonga mijery hira gasy fa ny ampahany. Izany laza masaka izany eto no entina maneho ny mpihaino fa mpankafia hira gasy izy ireo, ka tokony hazoto hampiady hira gasy. Ary ho fandokafana azy kosa ny fanovana anarana iantsoana ny mponina amin'ny faritra onenany, satria manan-daza tokoa raha i Tsiroanomandidy.

- Fanovana endri-javatra laroana « hyperbole » ao amin'ny andl 9 :

« Tandremo RANARISON fa mafy be ilay teo »

Natafy ny oharina « tarika RAMILISON », soloan'ny hoe « *ilay teo* », ny toetran'ny anoharana « *mafy* ». Ny vato no mafy ka tsy voazongozona sy tsy laitra

⁹⁸ P. GUIRAUD et P. KUENTZ, op cit, p 115 : « *Les répétitions des sons (...) augmentent la cohérence et la spécificité du message* ».

potehina. Toy izany koa ny tarika RAMILISON. Koa mandoko ny fahasahian'ny tarika RANARISON hisetra izany tarika tena mahay izany ny fanovana endri-javatra. Nolaroana hyperbole « mafy be » ny filazan-javatra entina manantitra izany fahasahiana izany.

Intelo nilalao tamin'ny « hyperbole » ny mpiventy tao amin'ity tapany voalohany ity. Fandresen-dahatra ny mpihaino hatoky fa tena hiady ny hira gasy atreniny no kendren'izany.

b) Ny tsy fanekena ho resy

Avy nitanisa ireo teny fanarabiana nataon'ny mpihaino ny mpiventy dia niditra amin'ny famaliana azy ireny. Fiteny vary raraka laroana « parallélisme » no nampiasaina ao amin'ny KV1 andal 17 – 24 :

<i>Mafy e</i>	<i>Lava tenda</i>	<i>Tsara famindra</i>	<i>Fara fahoriana</i>
<i>tsy mihoatra</i>	<i>tsy mihoatra</i>	<i>tsy mihoatra</i>	<i>tsy misy ohatra</i>
<i>ny vato</i>	<i>ny vano</i>	<i>ny akoho</i>	<i>ny maty vady</i>
<i>fa raha</i>	<i>fa raha</i>	<i>fa raha</i>	<i>fa raha</i>
<i>azon'ny gilina</i>	<i>azon'ny fanala</i>	<i>azon'ny sahafa</i>	<i>manary lavenona</i>
<i>mipatitaka</i>	<i>mikainkona</i>	<i>mibolisatra</i>	<i>mitehaka ny tanana</i>

Fehezan-teny valo, mifamaly rafitra, mitovy vahana, mandravon-kevitra izay tononina tsy an-kiato no ampiasain'ny mpikabary. Mitory ny fahavononana hiatrika fifaninanana sady manome endrika ny hira gasy ny « parallélisme ».

Miharihary eto koa ny fiezahana sy ny fahaizan'ny mpiventy milalao amin'ny teny. Teny mamaritra toetra no manomboka ny fehezan-teny tsirairay : « *mafy // lava tenda // tsara famindra // fara fahoriana* // ». Teny manondro fihetsika kosa no mamarana azy : « *mipatitaka // mikainkona // mibolisatra // mitehaka* ». Miteraka rindra eo amin'ny teny sy fingadona eo amin'ny fehezan-teny izany ka mahafinaritra ny mpihaino ⁹⁹.

⁹⁹ J. SUBERVILLE, op cit, p157 : « *Le rythme résulte à la fois de l'harmonie des mots et de la mesure de la phrase* ».

Ny hamantatra izay mahatonga ny fahalianana ao amin'ny firafitry ny hafatra moa no ifotoran'izao asa izao ¹⁰⁰. Mety ho ny endrika ivelany izany, araka ny nampiasaina teo aloha ; ato amin'ny manaraka kosa dia ny hevitra indray no isarihana. Milalao amin'ny « antithèse » laroana « fanovana endri-javatra » ny mpikabary isaky ny fehezan-teny manorina ny fifamalian-drafitra. Ampifanatrehina ny zaka anankiroa afaka mifamotika sy mifanimba : *ny vato sy ny gilina, ny vano sy ny fanala, ny akoho sy ny sahafa*. Ny fieboeboana ho tarika tena mahay no asongadin'ny « antithèse » eto.

Dia ampitovina amin'ny « *vato, vano, akoho* » ny tarika ifanandrinana (RAMILISON) ary oharina amin'ny « *gilina, fanala, sahafa* » ny tarika eo an-tsehatra izay misy ny tena (RANARISON). Fanovana endri-javatra indroa miantoana izany no hita isaky ny fehezan-teny. Mandoko ny fizahozahoana ho fara tampony eo amin'ny fahaizana hira gasy ireo sarin-teny ireo. Mitory ny fahaizan'ny mpikabary izany satria mifintina ny filazan-javatra, nefa ny hevitra sy ny fihetseham-po dia misisika vetivety ao amin'ny mpihaino.

Rehefa avy noresena lahatra àry ny mpihaino fa tarika malaza no tafahaona, dia aroso amin'izay ny fanomezan-toky.

2. 2. 1. 3. Ny fanomezan-toky ataon'ny mpikabary

Dingana roa no anatanterahana izany. Ao aloha ny fampanginana ny mpijery mba hahafahany mandre tsara izay holazaina. Ao aorian'izay vao aroso ny tena famomezan-toky fa hafana ny lanonana.

a) Ny fomba fampanginana ny mpijery

Tsy fampiatoana ny tabataba fotsiny no kendrena amin'ny fampanginana ny mpijery, fa ny fisarihana azy ho liana amin'ny zava-miseho eo an-kianja. Mety ho variana mantsy ny olona, ka tsy maintsy taitairina hatrany ny mpihaino. « Epiphonème » ampiasain'ny mpikabary amin'izany ao amin'ny KV1 andl 25 :

« *Ka izao ihany no teniko aminareo rehetra androany* ».

¹⁰⁰ P. GUIRAUD et P. KUENTZ, op cit, p 92 : « *La tâche de l'analyse du style sera donc d'identifier ce qui, dans la structure du message, leur est pertinent.* »

Mamintina izay voalaza teo aloha io fehezan-teny io sady manantitra fa marina tsy azo lavina ary tena vokatry ny fo izany. Nolaroana « suspension » amin’ny hoe « *ka izao ihany* » ny filazan-javatra. Ka zovy no tsy hiherika na tsy hanongilan-tsofina raha sendra izany teny izany? Sarin-teny mampiandry ny mpihaino amin’izay mety ho tohin’ny resaka ny « suspension ». Fampiasa matetika amin’ny lahabolana izy io satria miteraka fifantohana ao amin’izay itenenana azy ¹⁰¹.

Rehefa tafafoha ny mpihaino ka tafatsiry ao anatiny ny fahalianana, dia asesin’ny mpikabary amin’izay ny teny fitaomana azy hifantoka amin’izay hambara aminy sy hampilamina ny manodidina. Toy izao no anehoan’ny tarika RAMILISON izany ao amin’ny KV2 andl 5 – 9 :

Ny maso no aoka hijery
Ny sofina no aoka hihaino
Ny eritreritra no aoka handinika
Raha mikapokapoka ny lamba ampirimo
Raha mitomany ny ankizy ividiano gilasy

« *Ny teny tsara fantina no azo anaovana literatiora* » hoy RAJAONA S ¹⁰². Izany no hita eto amin’io « parallélisme » io. Fehezan-teny mifamaly rafitra, mitovy vahana, mitovy hevitra no entina mampangina ireo mpihaino. Nolaroana « synecdoque » izay isehoan’ny ampahany « maso », « sofina », « eritreritra » entina milaza ny manontolo « mpihaino » ny filazan-javatra. Mitory ny fahafenoan’ny tombontsoa ho azo izany satria ho afa-diana ny taovam-pandrenesana ary hahazo vatsy hodininidinihina ny saina.


Miverina intelo ny kian-teny mandidy miangavy « aoka ». Manome endrika ny filazan-javatra izany satria manome lanja ny mpihaino amin’ny fampandraisana anjara azy amin’ny fahatomombanan’ny fampisehoana : miankina amin’ny fanginany ny fahombiazana amin’ny lafiny iray.

Mitohy hatrany ny fitaomana ny mpihaino hifantoka amin’izay hitranga eo antsehatra. Raha ny mpihaino tsirairay no nivantan’ny resaka teo, ny manodidina azy indray no itodihan’ny mpikabary ato amin’ny KV2 andl 8 – 9 :

¹⁰¹ D. MACAULAY, op cit, p 215 : « *La suspension attire l’attention* »

¹⁰² S. RAJAONA op cit, tak 213.

Raha mikapokapoka
Ny lamba
Ampirimo »



Raha mitomany
ny ankizy
hividianao gilasy

Fehezan-teny roa, mifamaly rafitra, mitovy vahana, mandravon-kevitra no hita eto. Ny vahana mitovy no maneho ny fitovian'ny fahasorenan'ny mpiventy sy ny mpihaino raha misy mikotaba. Nofidina manokana ny « harmonie imitative » /p/ ao amin'ny hoe « *mikapokopaka, ampirimo.* » sy ny feo misioka /z/ sy /s/ ao amin'ny « *ankizy, gilasy* » mba hanamafisana izany angolan-kevitra izany. Hita fa niangaliana manokana tokoa ireto fehezan-teny farany ireto satria miharihary ny fifanojoan'ny feo nofidina sy ny zava-misy ivelany tiana haseho. Ohatra iray manamarina ny hatsaran'ny rindra ateraky ny fampifandraisana ny fanehoan-kevitra sy ny feo io ¹⁰³.

Aorian'ny fampanginana ny mpihaino vao ataon'ny mpikabary vary vararaka ny fanomezan-toky.

b) Ny fanomezan-toky

« Epiphraise » sy « hyperbole » no entin'ny mpikabarin-dRANARISON manomboka ny fanomezan-tokiny ao amin'ny KV1 andl 29 – 31 :

Izay manao an-kambo izahay roa tonta androany
Na Andohavary na i Fenoarivo izany
Aza misy matin-kena imaso ianareo

Manana ny lanjany ny fitenenana, satria mamatotra izay miteny izy ary izay miteny ihany no singorin'izay nambarany, ka tokony hanatanteraka ny voalaza. Tsy voafatotr'izany kosa anefa izay tsy nandray fitenenana. Tsy izany no miseho fa RAKOTOVAO (mpikabarin-dRANARISON) no miteny sy mijoro ho mpiantoka ny tarika roa tonta. Azo lazaina fa be famaritry ihany ny mpikabary eto, satria ahoana no ahafahany mitompo fa hanaiky izay lazainy ny tarika RAMILISON ? Ny fihetseham-po mibosesika maika hambabo ny mpihaino no mahatonga izany, ka miteraka ny

¹⁰³ J. SUBERVILLE, op cit tak 174 : « *Voilà une merveille d'harmonie claire grâce aux combinaisons des sons et expressions des idées* ».

« épiphraise » na famahavahana zana-kevitra « *izahay roa tonta* », izay mbola anterina amin’ny hoe « *Na Andohavary na i Fenoarivo* ». Mandoko ny fahavononan’ny tarika hanao hira gasy tena tsara sy mahafa-po ny mpihaino izany.

Entina manamafy izany fihetseham-po izany dia nipoitra ny « hyperbole » « *matin-kena-maso* ». Io fitambaran-teny telo [maty + henatra + maso] io no anondroana toetran’olona manatanteraka zavatra tsy an-tsitra-po, noho ny tahotra na noho ny henatra ¹⁰⁴. Mitory ny fahasahian’ny tarika hisetra ny fanebahana ataon’ny mpihaino izany.

Manaitra ihany ny firafitr’ity fanomezan-toky ity : fehezan-teny lava no eny ampanombohana ary fohy ny eny am-pamaranana. Mety haneho hakanto miavaka mantsy ny andininy, ny fizarana iray ao amin’ny lahabolana ¹⁰⁵. Toy izany indrindra no hita eto : mampisongadina ny hakanton’ny hira gasy ny filalaovana amin’ny halavan’ny fehezan-teny :

Izao ihany no teniko aminareo androany
Ianareo eto Tsiroanomandidy a !
Olona niala vola tsirairay teo am-bavahady ianareo
.....
.....
Hano fa hena
Toraho fa lavo
Vola no niala
Aza manaiky

Ny filalaovana amin’ny halavan’ny fitenenana dia entina mamalifaly sy mikendry ny hampihoraka ny mpihaino. Tsy natao hanampy eo amin’ny fanehoan-kevitra fotsiny ny filazan-javatra toy itony, fa indrindra entina mampisy feon-kira ny fitenenana noho ny figoboka sy ny fingadona eo amin’ny fanononana azy ¹⁰⁶. Mampiharihary ny talentan’ny mpiventy izany fisian-drindram-peo izany. Azo aseho an-kisary toy izao izany :

¹⁰⁴ RAVELOJAONA, op cit, litera H

¹⁰⁵ W. BUSSE, *Bulletin des jeunes Romanistes*, Déc 1964, in *La stylistique lecture*, p 118 : « ... Mais aussi des passages, chapitre ou bien l’œuvre d’art verbal entière qui peuvent relever une signification esthétique ».

¹⁰⁶ C. PEYROUTET, *Style et rhétorique*, Ed Nathan, Paris, 1998, p 56 : « L’harmonie fondée sur la répartition équilibrée des sons, participe au rythme et au mouvement du texte dont elle est la mélodie ».

! u u ! u
Hano fa hena
! u u ! u
T(o)raho fa lavo
! u u ! u
Vola no miala
! u u ! u
Aza manaiky

Ny ngadona « trochée » [⊥ u] sy ny « amphibraque » [u ⊥ u] no hita isaky ny fehezan-teny. Ankoatra ny hevitra izay mora tadidy, dia mampientanentana ny mpihaino sy ny fehezan-teny mitovy fmgadona.

Hita teo àry fa dingana telo no narahin'ny mpikabary tamin'ny fanehoana ny kabary vakisehatra. Ny fanairana ny mpihaino sy ny fanolorana ireo tarika no misongadina ao amin'ny sasin-teny. Fitanisana ireo teny fampirisihana nataon'ny mpihaino sy filazana ny tsy fanekena ho resy kosa no hita ao amin'ny famaliana ireo teny nataon'ny mpihaino. Ary farany ny fampanginana ny mpihaino sy ny fanomezan-toky no aseho ao amin'ny dingana fahatelo sady farany.

Fomba filazan-javatra samihafa no nolalaovin'ny mpikabary tao, ary voalohany amin'ireny ny sarin-teny izay isan'ny mahamendrika sy kanto ny hira gasy. Tao amin'ny sasin-teny sy ny famaliana ny tenin'ny mpihaino, dia ny « parallélisme » no tena nibahan-toerana. Dimy ny isany. Mikendry ny hanaitra ny saina sy hambabo ny fon'ny mpihaino hiditra ao amin'ny tontolon'ny hira gasy mantsy ny mpikabary eto. Noho izany, ny sarin-teny miorina amin'ny fisian'ny rafitra mifamaly no mandaitra indrindra. Tao amin'ny fanomezan-toky indray dia ny sarin-teny mandresy lahatra no nolalaovin'ny mpikabary : ny « hyperbole » sy ny « épiphrase » miisa telo avy. Nolaroana fehezan-teny lava sy fohy ravahan'ny rindram-peo izany, ka vao mainka babo ny mpihaino.

Izany fiezahana rehetra izany dia mampiharihary fa mitaky talenta sy fahaiza-mamolavola teny kanto ny hira gasy. Tsy ao amin'ny kabary ihany no isehoan'izany fa eo amin'ny famoronan-kira ihany koa.

2.2.2. Ny fomba filazan-javatra nananganana ny lohahira

Filalaovana amin'ny rafitry ny kabary malagasy no mampiavaka ity fizarana ity. « *Tsy mitsako alohan'ny vazana* » ary « *tsy mialoha andriana toa tehina* » mantsy ny Malagasy, fa manao azafady sy miala tsiny, rehefa hiteny imasom-bahoaka. Sady fangatahan-dalana izany no fanajana ny mpihaino izay irariany hitso-drano azy. Mino ny fisian'ny hery tsy hita maso mitantana ny fiainana ihany koa ny Malagasy, ka vavaka sy fanomezana hasina no endrika isehoany amin'ny ankapobeny.

Hita ao amin'ny lohahira avokoa ireo singan-javatra mandrafitra ny kabary malagasy. Ka ny fomba filazan-javatra nentin'ny mpiventy maneho ireo no ezahina hovahavahana ato amin'ity zana-pizarana ity. Ny fialan-tsiny no anombohana izany.

2. 2. 2. 1. Ny fialan-tsiny

Lafin-javatra roa no asehon'ny mpiventy amin'ity fizarana ity : ny maha-zava-dehibe ny fialan-tsiny sy ny fanehoana ny fiavian'ny tsiny.

a) Ny maha-zava-dehibe ny fialan-tsiny

Ny fitenenana ihany no ahafahana miala tsiny ary manana ny fomba filazan-javatra entina miala tsiny ny mpiventy. Ny filalaovana amin'ny tamberin-javatra no fomba filazan-javatra mateti-piseho. Tsy amin'ny hira gasy ihany no ahitana izany, fa ny lahateny misy fialan-tsiny toy ny kabary. Toy izao àry no ilalaovan'ny mpiventy ny « anaphore » sy ny « inclusion » :

LH1 and 1 andl 1 : *Miala tsiny, miala fondro*

78

LH1 and 2 andl 16 – 17 : *Miala tsiny indrindra*

Miala fondro izahay fa hiresaka

Entina manantitra ny maha-zava-dehibe ny fialan-tsiny ny « anaphore » « *miala...* ». Loza sy fahavoazana mantsy no mety haterany ka tsy maintsy alàna. Koa ato amin'ny hira gasy dia fisorohana izay mety ho fahadisoana eo amin'ny kabary na hira na dihy na fitafy ny fialan-tsiny.

Manamafy izany lafin-javatra rehetra izany ny amerenana eny am-param-pamelabelarana ny teny nenti-nanomboka, izay niteraka ny « inclusion ». Alentika ao an-tsain'ny mpihaino amin'ny alalan'ny tamberin-javatra (anaphore, inclusion) fa tsy

fanahy iniana akory ny fahadisoana, araka ny fitenenana hoy : « *mandia tany ka mety ho solafaka, miloloha lanitra ka mety ho lena* ». Zary fanerena an-kolaka ny mpihaino mba tsy hikorontana amin'izay mety ho fisehoan-javatra izy eto.

Mipoipoitra etsy sy eroa ao amin'ny lohahira ny « épanode » « *tsiny* ». Indraindray lazaina fa toetra, mbetika tondroina ho fihetsika. Santionany amin'izany ity voalaza ao amin'ny LH2 and 1 andl 15 – 16 ity :

Satria mantsy anie, hono, ny tsiny taloha

Toa maiva-mavesatra, tsy hita izay anaovana azy.

Ny filalaovana amin'ny « épanode » « *tsiny* » dia mandoko ny toe-tsaina sy ny fomba fiainan'ny mpihira gasy, izay mino ny herin'ny *tsiny*. Mipoitra vokatr'izany ny « oxymore » « *maiva-mavesatra* ». Teny roa mifamaritra nefa mifanipa-kevitra, maneho ny fihetseham-pon'ny mpiventy izay misalasala sy matahotra manoloana ny atao hoe « *tsiny* », zavatra tsy hita maso, tsy hay fantarina, tsy hita hohazavaina.

Tondroina ho zavatra tsapan'ny fandrenesana dimy koa ny *tsiny*. Ny fanovana endri-javatra azo avy amin'ny fampitoviana ny oharina sy ny anoharana no mandoko izany ao amin'ny LH1 and 2 andl 13 :

Fa tsipak'ombalahy ny tsiny

Ampitovina amin'ny « *tsipak'ombalahy* » ny oharina « *tsiny* ». Fihetsika mahery vaika ataon'ny omby masiaka ka mandratra ary mety hamono izay sendra azy no tondroin'io teny io. Fomba entina mandresy lahatra ny mpihaino, hitaomana azy mba hino ny herin'ny *tsiny* ny « fanovana endrin-javatra » eto. Omena endrika hita maso ny zavatra tsy hita maso¹⁰⁷, mba hahatsapan'ny mpihaino ny fahamarinan'izay nolazaina.

Fahita ao amin'ny kabary malagasy koa ny filalaovana amin'ny ohabolana. Mampiasa izany koa ny mpiventy miaraka amin'ny « ellipse » izay sarin-teny anajanonana teny sasany andrasana, raha ny hevitra tian-kambara sy ny rafitry ny fehezan-teny no jerena¹⁰⁸. Hampitombo lanja ny anatra tiana hampitaina no antony.

Fa tsipak'ombalahy ny tsiny ô

Mahavoa mahafaty

¹⁰⁷ S. SUBERVILLE, op cit, p 191 : « (*La métaphore*) Elle passe de l'abstrait au concret ».

¹⁰⁸ S. RAJAONA op cit, tak 44.

Ny nandrasana dia ny hoe « *Tsipak'ombalahy ny ana-dray aman-dreny, mahavoa mahafaty, tsy mahavoa mahafanina* » ¹⁰⁹. Fandresena lahatra haingana ny mpihaino anefa no kendrena, ka ny voka-dratsy tena mahery vaika no napoitra. Mampiseho ny fahaizan'ny mpiventy mamorona zava-kanto vita amin'ny teny ny fampifanarahana ny zavatra tiana hambara (tsiny) amin'ny ohabolana (ana-dray aman-dreny). Kanto ny filazan-javatra ary mora raisina ny anatra vokatr'izany.

b) ny fanehoana ny fiavian'ny tsiny

Manindry ny mpiventy loatra ny fahitana ny toetra amam-piainan'ny tanora ankehitriny. Manjaka mantsy ny tsy fanajana ray aman-dreny izay anisan'ny mety hahazoan-tsiny. Toy izao no anehoan'ny tarika RAMILISON izany ao amin'ny LH2 and 1 andl 20-25 :

Tandremo lehiretsy, tsy atao toy ny tahom-boanjo

Ka ny nahitana indray no akifikifika e !

Sao dia tomady sy tsara tarehy Ranabavy a!

Ka ny ray aman-dreny no anaovana eson-teny

Sao dia mizesita be vola ianao, Ranadahy

Raha mangataka i Dada, totohondry no avaly azy

Fanoharana no ampiasain'ny mpiventy amin'ny hoe « *tsy atao toy ny tahom-boanjo* » : rehefa voaoty mantsy ny voany teo aminy, dia ariana ny tahom-boanjo satria tsy misy ilàna azy intsony. Toy izany koa no anaovan'ny sasany ny ray aman-dreny. Ny fanoharana izany eto dia mandoko ny alahelon'ny mpiventy manoloana ny fanadinoan'ny zanaka ireny ray aman-dreny ireny.

Manamafy izany fihetseham-po tiana hamaka any amin'ny mpihaino izany, ny « anaphore » « *Sao dia ...* » miverina indroa sy ny « antithèse » « *Raha mangataka i Dada totohondry no avaly azy* ». Toe-javatra tena mifangarika amin'ny foto-pisainana malagasy no asongadin'ny « antithèse » : « *angady nananana* » sy « *vy nahitana* » ny ray aman-dreny, ka valim-babena no mendrika azy fa tsy vono.

Rehefa avy miala tsiny ny mpiventy dia miroso amin'ny fangatahan-tso-drano.

¹⁰⁹ Estine RINARASOA, *Ohabolana Malagasy*, Librairie Mixte, imprimerie d'Ouvrage Educatif, Ankatso, Antananarivo, tak 1972, tak 83.

2. 2. 2. 2. Ny fangatahan-tso-drano

« Ny tso-drano zava-mahery », hoy ny fitenenana, ary izany no antony angatahan'ny mpiventy azy. Mialoha izany anefa, abaribariny fa mendrika izany izy, satria mahay manaja ny mpihaino ary mahay manetry tena koa.

a) Ny fanajana ny mpihaino

Fomba isarihana ny fon'ny mpihaino hankafy ny tarika ny fanajana azy. Ka ny fanaovana azafady no fomba anatanterahana izany ao amin'ny LH2 and 1 :

Manao azafady izahay, ry Dada

Manao azafady izahay, ry Mama

Isan'izany ry zoky sy ry zandry

Manatrika anay manoloana

Fototra mampisy ny hira gasy ny mpihaino ka mendrika hohajaina. Ny « anaphore » « *Manao azafady* » no manantitra izany. Avy amin'ny teny hoe « fady » mantsy ny « azafady » izay midika malalaka hoe « Aoka tsy ho fady ny miteny mialoha anareo ». Fady ny miteny alohan'ny zokiolona teo amin'ny ntaolo, raha tsy misy antony lehibe izay manafoana azy. Raisin'ny mpiventy ho ray aman-dreny sy zoky ny mpihaino ka anaovany « azafady »¹¹⁰. Koa maneho fanajana ny itenenana eto ny « anaphore » : sady tsy sahy miteny alohany ny mpiventy no mangata-dalana vao miloabava satria voatery.

Vao mainka manamafy izany tebo-kevitra (fanajana) izany ny « gradation » asehon'ny teny « *ry dada < ry mama < ry zoky < ry zandry* ». Mandoko ny fisian'ny rafitra an-tanan-tohatra ao amin'ny fiarahamonina malagasy ny fitanisana manao ambaratonga toy izao. Taratra avy amin'izany fomba fitenenana izany ny maharaharam-pianakaviana ny hira gasy. Koa raha sanatria misy ny korontana na fifandirana eny an-kianja, dia miditra an-tsehatra ireo zokiolona handamina.

¹¹⁰ H.RAHOLDINA R., *Ny Fikabariako*, SME Ankorondrano, Antananarivo, tak 90

Noho ny fipololotran'ny fihetseham-pon'ny mpiventy te hifandray akaiky amin'ny mpihaino, dia nipoitra ny « hyperbate » « *Manatrika anay manoloana* ». Raha ny hevitra sy ny rafitra mantsy, dia efa feno ny hoe : « *Manatrika anay* ». Mbola notohiziny amin'ny « *manoloana* » ny fehezan-teniny. Fomba entina maneho fanajana feno ny « hyperbate » eto.

Vokatr'izany fanajana feno izany, dia teraka ny fanovana endri-javatra ao amin'ny LH1 andl 1 andl 7 :

Fa ianareo izao no masoandro lohataona

Ampitovina amin'ny anoharana « *masoandro lohataona* » ny oharina « mpihaino ». Rehefa lohataona mantsy ny masoandro dia maharitra ny fotoana isehoany eny amin'ny lanitra. Tombontsoa maro no entin'izany ho an'ny olombelona : mahazo hafanana sy fahafinaretana izy noho ny fahatsaran'ny andro ary afaka miasa mandritra ny fotoana maharitra. Loharanon-tsoa izany ny masoandro lohataona ary toy izany koa ny mpihaino, amin'ny maha-mpamelona ny fampisehoan-kira gasy azy.

Koa mitory ny fanirian'ny mpiventy hahazo tso-drano avy amin'ny mpihaino ny fanovana endri-javatra azo avy amin'ny fampitoviana ny oharina sy ny anoharana hita eto. Tsapa avy amin'ny safidy eo amin'ny anoharana ny fiezahan'ny mpiventy hanome fahafinaretana ny mpihaino ¹¹¹. Fanomezam-boninahitra ny mpihaino, izany no nisongadina teo ; ny fanetren-tenan'ny mpiventy indray no izany.manaraka.

b) Ny fomba fanetren-tenan'ny mpiventy

Fanovan-javatra roa sosona no lalaovin'ny mpiventy ho fanehoana izany ao amin'ny LH1 :

Satria maitso volo no miteny

Ao aloha ny « métonymie » « *maitso volo* » izay isehoan'ny toetra maningana misolo toerana ny tompony « mpihira gasy ». Lokon'ny hatanorana ny maitso, izany

¹¹¹ F. RAMUZ, *Taille de l'homme*, Edition Bernard Grasset, 1933, p 38 : « *Par la métaphore, [le locuteur] lui permet de faire rayonner des beautés d'en prolonger la jouissance chez [l'auditeur]* ».

hoe, maneho ny sokajin-taonan'ireo mpiventy ny filazan-javatra. Izany indrindra no mahatonga ny fanetren-tena manoloana ireo mpihaino, izay heverina ho olon-dehibe manan-kaja. « *Manan-joky mantsy afaka olan-teny* ». Noho izany, tsy tokony hiteny mialoha azy ireo ny mpiventy, izay zandriny ara-taona sy ara-traikefa.

Fanovana endri-javatra kosa no faharoa amin'io « *maitso volo* » io ihany. Eto indray dia entina miaro tena ny sarin-teny, raha sendra misy fahadisoana eo ampanaovana hira gasy. Koa ny toetran'ny zava-boary tanora, tsy mbola tomombana arabatana sy tsy mbola ampy fahamatorana ara-tsaina, no natafy ny oharina « mpihira gasy ». Amin'izay, mihamihena ny lanjan'ny fanomezan-tsiny raha mitranga ny tsy fetezan-javatra.

Nohamafisina amin'ny « hyperbole » izany fanetren-tena izany ao amin'ny LH2 and 2 :


Miondrika amin'ny tany sy mangata-dalana

Ny teny « *miondrika* » mantsy dia efa ampy ara-kevitra satria mifono ny singan-kevitra « amin'ny tany » io teny io. Natovana azy anefa ny laza masaka « *amin-tany* » izay mitovy filavoana lefona mihitsy. Mampiontana ny mpihaino ny fomba filazan-javatra toy izany ka mahatonga azy hitehaka.

Aorian'ny fanajana sy fanetren-tena vao mangata-tso-drano ny mpiventy.

d) ny fangatahan-tso-drano

Marony endrika isehoan'ny fangatahan-tso-drano ao amin'ny hira gasy. Santionany amin'ireny ity aseho ity :

<i>ô ry dada ô ry neny ô</i> <i>Tsofy rano izahay fa zanakareo</i>		<i>ô ry zoky sy ry zandry</i> <i>Tsofy rano izahay fa hilaza tantara</i>
---	---	---

Tena niangalian'ny mpiventy ity rafitra mifamaly ity : fehezan-teny mitovy vahana mandravon-kevitra no ampiasainy. Aravona ho toy ny an'ny fianakaviana iray ny fifandraisana eo amin'ny mpihaino sy mpiventy, mba hahatomombana ny fampisehoana.

Nolaroana fomba filazan-javatra am-bava /ô/, maneho ny fiangaviana ireo mpihaino hanaiky hanome tso-drano ny « parallélisme ». Koa na tsy mamaly mivantana aza iretsy farany, dia tehaka no asetriny izany ho mari-panekena.

Anterin'ny mpiventy eo am-pamaranana ny fangatahana ataony ny maha-zava-dehibe ny tso-drano. « Antithèse » no anehoany izany :

<i>Ny tso-drano</i>		<i>Ny tsiny kosa</i>
<i>dia fijoroana</i>		<i>dia fandravana</i>
<i>razoky ô</i>		<i>hoy ny ntaolo</i>
<i>tena tsara</i>		<i>tsy tsara</i>

Ampifanatrehina ny lafin-javatra roa mifangarika, hoentina maneho ny fisian-javatra mifamahofaho eo amin'ny fiainana : ny ratsy sy ny tsara. Ny hitandreman'ny mpihaino eo amin'izay fomba itondrany ny fiainany no kendren'ity filazan-javatra ity.

Ny fomba ilazan-javatra rehetra tamin'ity andininy ity dia mampisongadina ny maha-fototry ny fampisehoan-kira gasy ny mpihaino. Amin'ny maha-lahabolana am-bava azy mantsy, tsy tanteraka ny hira gasy raha tsy eo ny mpihaino. Nomen'ny mpiventy anjara toerana lehibe tamin'izany ny sarin-teny, toy ny « anaphore », ny « hyperbole », ny « hyperbate » ary ny « antithèse ». Mitory ny finiavana hanome endrika manintona ny zavatra tsotra mpiseho andavanandro ny fampiasana azy ireny ¹¹².

Toy ny amin'ny kabary rehetra, miara-dalana hatrany ny fanajana ny mpihaino sy ny fitodihana amin'ireo hery tsy hita inoana fa mandrindra ny fiainana.

2. 2. 2. 3. *Ny fanehoana ny hiram-bavaka*

Vontoatin-kevitra roa no ampilaharina ao amin'ny hiram-bavaka : ny fiderana an'Andriamanitra andaniny ary ny fahalemen'ny olombelona ankilany. Tsy mitovy ny fomba filazan-javatra nandokoan'ny mpiventy izany.

¹¹² BIET, BRIGHELLI, RISPAIL, *Littérature 2*, Collection littérature. Edition Magnard, Paris, 1989, p 136 : « Des lors on appellera figure du discours tous les procédés volontaires visant à donner forme à cette platitude. »

a) Ny fiderana an' Andriamanitra

Fanaon'ny kristianina ny maka teny avy ao amin'ny baiboly ho fanehoana ny finoana sy ho fiderana an' Andriamanitra. Manao toy izany koa ny mpiventy ao amin'ny lohan-kira, araka ny ahitana azy ao amin'ny LH2 and 3 ¹¹³ :

*Araka ny teninao anie ry Tompo
Voasoratra manao hoe :
Raha misy roa na telo aza anie
Ka mahatsiaro itony anarako
Tsarovy fa tsy manary anie aho
Eo afovoany foana.*

Fandresen-dahatra ny mpihaino mba hino fa manatrika ny lanonana Andriamanitra no hevitra ilafihan'ny filazan-javatra eto. Manamafy izany ny « litote » « *aza anie* » : toa manamaivana ny fampiasana an'io kian-teny, kanefa vao mainka mba hampavesa-danja ny hevitra .

Ny « anacoluthie » kosa no entin'ny mpiventy misaotra an' Andriamanitra noho ny asa vitany rehetra ao amin'ny LH1 and 3 :

*Isaoranay ianao ry Tomponay
Ary koa tsy nahafoy anay*

Raha ny ara-pitsipika, tokony ho mpampiankina milaza voka-javatra « fa » na « satria » no eo amin'ny toeran'ny mpampitohy « *ary* ». Raha mpampiankina no ampiasaina, dia maivana ihany ny fisaorana satria ateraky ny tsy fahafoizany fotsiny. Rehefa mpampitohy no raisina, dia samy mahaleo tena ny fehezan-teny roa ary mitombo lanja noho izany ny fisaorana satria malalaka sady maro ny antony nahatonga azy.

¹¹³ MATIO, 18 : 20 : « *Fa na aiza na aiza ijoroan'ny roa na telo amin'ny anarako dia eo afovoany aho* » .

Milalao amin'ny mpisolo tena ihany koa ny mpiventy. Miverimberina ao amin'ny andininy ny mpisolo tena « laharana voalohany, olona tokana » « *aho,-ko* ». Miteraka « épanode » ny fipoipoitrany etsy sy eroa ao amin'ny hiram-bavaka. Manamafy ny fatokian'ny mpiventy tanteraka an'Andriamanitra izany eto : ny tsirairay no miantoka ny fahamarinan'ny zavatra lazainy amin'ny fampiasany ny mpisolo tena laharana voalohany tokana, fa tsy misy miafina ao an-damosin'ny fitambaram-be izay tondroin'ny « izahay ». Izay fatokiana izay angamba no nahatonga azy ho sahy hananatra sy hampianatra.

Mitory ny fahamboniana sy ny fahalehibeazan'Andriamanitra ny fisaorana azy, nefa koa mampitsidika sahady ny fahalemen'ny olombelona izay hovahavahana ao amin'ny andininy manaraka.

b) Ny fahalemen'ny olombelona

Teo amin'ny tapany voalohany dia mitodika amin'Andriamanitra ny mpiventy. Amin'ity manaraka ity indray dia mitalaho amin'i Maria, renin'i Jesoa Kristy izy ¹¹⁴. « Syllepse » no entiny maneho izany ao amin'ny :

Tolory tanana aho Maria ô

Sarin-teny iray, tsy miverina, nefa misy heviny roa ny « syllepse » ¹¹⁵. Arabakiteny, fifandraisan'ny tanana no hevitra raketin'ny fanoloran-tanana ; ara-panovana endri-javatra kosa, dia maneho fangataham-panampiana hoentina mamakivaky ny fiainana izy.

Nohamafisin'ny mpiventy amin'ny “*métalepse*” indroa miantoana izany fiankinany amin'ny hery ivelan'ny tena izany :

Tsy sahy ny handeha irery

Mihorohoro ny fanahy

Tsy novantanina ny filazan-javatra : ny vokatra « *tsy sahy mandeha irery* » sy « *mihorohoro ny fanahy* » no entina maneho ny antony « tahotra ». Fanatonana

¹¹⁴ GIUSTINO, BETHA 2, *Hasina Vaovao*, Edition Ambozontany, Analamahitsy, Antananarivo 2000

¹¹⁵ S. RAJAONA, op cit, tak 116.

an'Andriamanitra no angolan-kevitra tiana hananan'ny mpihaino. Mampitombo lanja izany ny filazan-javatra ampiasaina eto satria iainana ary tsapa mivantana ny vokatra noho ny antony.

Marihina fa ny hiram-bavaka nataon'ny tarika RANARISON ihany no maneho ity fahalemen'ny olombelona ity ao amin'ny vondron'ambara. Raisina ho tranga maningana izany ny fomba filazan-javatra hita tamin'izany. Soritana koa fa fizarana iray mampiontana ny mpihaino ny fotoanan'ny hiram-bavaka. Miombom-po amin'ny fiderana sy fitalahoana amin'Andriamanitra izy ireo satria tehaka lava reny no miseho aorian'izany.

Hita taratra tamin'ny fomba filazan-javatra nananganana ity fampidirana ity ny talentan'ny mpiventy teo amin'ny fambaboana ny mpihaino amin'ny teny tsara fantina. Tsy voafaritra loatra mantsy ny sokajin'ny mpamaky amin'ny literatiora an-tsoratra, ka ny hevitra no omena lanja bebe kokoa. Amin'ny hira gasy kosa, manatrika eo ny mpihaino. Noho izany, afaka milalao sy manova ny fomba filazan-javatra ampiasainy araka ny zava-misy manoloana azy ny mpiventy. Izany hoe mitovy hasina tanteraka ny vontoa tany sy ny fomba filaza. Voaporofa eto fa tsy ny heviny ihany no manome lanja ny teny fa ny fahaiza-mandrindra ny toerany koa ¹¹⁶. Isan'ny mampiavaka ny lahabolana izany ka mahatonga ny fahalianana eo amin'ny mpihaino.

Kabary vakisehatra sy lohan-kira no nanompanana ny fandinihana ny fomba filazan-javatra tato amin'ity toko ity. Sarin-teny samihafa no nananganana azy ireo. Ny « parallélisme » sy ny « hyperbole » no nibahan-toerana tao amin'ny kabary vakisehatra ary ny tamberin-javatra sy ny fanovan-javatra kosa no mateti-piseho tao amin'ny lohahira. Hofintinina miaraka ao anaty fafana izy ireny rehefa voavahavaha ny fomba filazan-javatra ny famaranana izay irosoana manaraka.

¹¹⁶ BIET, BRIGHELLI, RISPAIL, op. cit. tak 136 : « *La boue du langage est modelée en un objet doublement signifiant : par sa matière informative et par sa mise en place (esthétique)* ».

2. 3. NY FOMBA FILAZAN-JAVATRA NANANGANANA NY FAMARANANA

Amin'ny ankapobeny , ny famaranana no anasongadinana ny hevitra sy ny lafin-javatra novahavahana tao amin'ny famelabelarana. Ny toe-javatra tiany hohamarinina tamin'ny nandrafetany ny tantara no antitranterin'ny mpanoratra ao amin'ny tantara

foronina sy ny tantara tsangana : ny tsy fahafahan'ny fitiavana sy ny fanambadiana miara-dalana no asehon'ny fisarahan'i Lala sy i Lisy ao amin'ny Fofombadiko nosoratan'i E.D.ANDRIAMALALA. Ny teny filamatra isarihana ny olona hividy sy hampiasa ny entana atolony no amehazan'ny mpamorona doka varotra ny asa novokarin'ny. Anatra kosa no asongadinan'ny mpiventy hira gasy ao amin'ny famaranana. Iraisany amin'ny lahabolana am-bava toy ny angano izany, ary toa mitory fa tsy fialam-boly fotsiny ny hira gasy fa natao hisintonana anatra ihany koa.

Raha ny zava-misy ankehitriny, dia ny vako-drazana na ny zana-kira no entina mamarana ny fampisehoana hira gasy. Voalaza tany aloha fa samy hafa ireo fizarana roa ireo. Noho izany, tokony tsy hitovy koa ny fomba filazan-javatra ampiasaina ao aminy, ka hodinihina tsirairay izany ny fomba nentina nanangana azy ireo. Ny momba ny vako-drazana no anombohana azy.

2. 3. 1. Ny fomba filazan-javatra ao amin'ny vako-drazana

Ny vako-drazana no ahatsapan'ny mpijery hira gasy fa « *farany vao misy ventiny* » ny fampisehoana. Miara-mifarimbona manome fahafinaretana ny mpihaino avokoa mantsy ny lafin-javatra rehetra eo an-tsehatra : ny dihy mirindra, ny fihetsiky ny mpihira, ny feon-java-maneno maredona, ny fihetsiky ny mpihira, ny feon-java-maneno maredona, ny vontootin'ny hira, fa indrindra ny fanehoan-kevitra. Samy maneho hakanton'ny hira gasy avokoa. Miavaka amin'ny fizarana samihafa tao anefa ny vako-drazana satria azo lazaina fa ny vatsin-tsaina entina mody no mavesa-danja ao aminy.

Tamin'ity adin-kira gasy ity, dia ny tarika RAMILISON-Fenoarivo no nitondra vako-drazana. Lafin-javatra telo no narosony tao : fitantarana sehom-piainana, fanomezana torohevitra hanatsarana ny fiainana ary fanehoana ny maha-malagasy. Hodihina mifanesy eto ny fomba nananganany an'iireo.

2. 3. 1. 1. Ny fitantarana sehom-piainana iray

Fikorontanan'ny tokantrano iray vokatry ny toetra ratsin-dRamatoa no trangam-piainana notantaraina tao. ***Mpivady tsy tafasaraka*** no lohateniny. Mikendry ny hampisaintsaina ny mpihaino manoloana ireny toetra ireny ny mpiventy. Heverina ho maivana mantsy izy ireny ka toa tsy mahataitra ny maro. Ny fahaizan'ny mpiventy maneho azy no mahasarika ny mpihaino amin'izany.

« Epiphonème » no entin'ny mpiventy manomboka ny vako-drazana ao amin'ny And 1 andl 1 :

Miala tsiny aho, Madama

Fehezan-teny mamintina ny famelabelarana hatao io ¹¹⁷. Entina mampahalala ny fototry ny tantara izy. Tsapan'ny mpihaino amin'io filaza io fa olona roa no miresaka. Rangahy no miteny, tondroin'ny mpisolo tena « aho ». Ramatoa no iresahana, tondroin'ny hoe « *madama* ». Tsy dia mahazatra loatra eo amin'ny mpivady ny fizotran'ny resaka : ny fialan-tsinin-dRangahy, ny fiantsoany am-badiny hoe « *madama* ». Manaitra ny mpihaino ka mahatonga azy hanontany tena hoe : « mpivady miady sa mifananihany ? ». Mazava araka izany fa manery ny mpihaino hiandry izay ho tohin'ny resaka ny « épiphonème ».

Filalaovana amin'ny « Interrogation oratoire » no andokoan'ny mpiventy ny vontootin'ny resaka ifanaovan'izy mivady ao amin'ny Andal 3-7 :

Inona mihitsy ramatoa no mahazo anao

No dia petsam-bava ohatra an'izao ?

.....

Fa maninona mihitsy ho aho i Neny ?

Fanontaniana mampandray anjara ny mpihaino, hamisavisa ny valiny indray no ampiasaina eto. Mety hisy hamaly hoe : « angamba toetra efa hatrany ampahariana io » ; ny sasany indray hanontany hoe : « Sao dia tsy tiany ireo manodidina azy ». Samy manana ny fomba handraisany ny hevitra mantsy ny mpihaino tsirairay ¹¹⁸.

Somary ampahan-javatra ihany no asehon'ny mpiventy amin'ity fitantarana ity. Ny fomba filazan-javatra lalaovina anefa dia efa ampy hampiainana ny mpihaino ny zavatra tian-kambara. Anisan'ny filalaovana amin'ny « gradation » amin'ny hoe : « *tabataba < miady lava < gidragidra* ». Mitory ny fitomboana miandalana eo amin'ny

¹¹⁷ S.RAJAONA op cit, tak 50.

¹¹⁸ J. MAROUZEAU, op cit, p 91 : « *Le sens du mot est une résultante instable qui demande dans chaque cas une interprétation* ».

disadisa ao amin' ity tokantrano ity sy ny fahafantaran'ny mpihaino izany ity sarinteny ity.

Rehefa tsy nisy fiovana ny toetran-dRamatoa, dia niroso tamin'ny fakana fanapahan-kevitra ny mpivady. « Parallélisme » anehoana izany ao amin'ny And 2 andl 1-6 :

<i>Ny talata hifoha alarobia</i>	//	<i>Ny zoma hifoha asabotsy</i>
<i>Voazara daholo na sotre na lovia</i>		Ø
<i>Fa hisaraka hono fa handeha Ramatoa</i>		<i>Tapaka ny hevitra fa tsy handeha Rafotsy</i>

Maneho ho toy ny eo ambany mason'ny mpihaino ny toe-javatra mitranga ny « parallélisme » : Ny rafitra mifamaly no mitory ny fihetsika sy ny fifamalian'izy mivady. Ny vahana mihena no manambara ny fihenana ny hatezerana. Ary ny fifanipahan-kevitra no maneho ny lalànan'ny firaisa-monina : ny « isavorovoroan-kilantoana » ¹¹⁹.

Fanovana endri-javatra no amaranan'ny mpiventy ny fitantarana. Mandoko ny fihetseham-pon-drangahy, ny hafaliany, izany satria tsy tafasaraka izy mivady. Ao amin'ny And 2 andl 11 no misy izany :

Tondraka ny hafaliako

Ny toetran'ny rano, izay mihoatra ny fitoerana raha diso be loatra, no atafy ny oharina « ilay miteny ». Fanovana endri-javatra azo avy amin'ny fanafiana toetran'ny anoharana ny oharina no hita eto. Mifintina ny filazan-javatra nefa ny fihetseham-po dia hita ho mampisy fahafinaretana ao amin'ny mpihaino. Tsy miharihary izany fa misoko mangina ka mahakanto ny hira gasy.

Ny fifantenana vontootin-javatra sy ny safidy eo amin'ny fanehoana azy no mampiavaka ity zana-toko ity. Ampahan-java-misy eo amin'ny fiarahamonina ihany no naseho. Nefa tsapan'ny mpihaino ny anatra raketiny. Ny fahaizan'ny mpiventy milalao amin'ny fomba filazan-javatra no ahatarana izany zava-kendrena izany. Ny sarinteny

¹¹⁹ RAMAROLAHY, op cit, tak 27

mandoko fihetseham-po no mateti-piseho, toy ny « Interrogation oratoire », ny « gradation », ny fanovana endri-javatra.

2. 3. 1. 2. *Ny torohevitra hanatsarana ny fiarahamonina*

Ny fomba filazan-javatra nanehoana ny fifandraisan'ny olona samihafa ao anaty fianakaviana no asongadina amin'ity toko ity. Voaresaka ao ny an'ny mpivady ary koa ny an'ny rafozana sy ny vinanto.

Ao amin'ny And 4 andl 1 – 4 :

<i>Zalahy ô raha sendra tia vady ianao</i>	<i>zalahy ô, misao-bady tanora ianao</i>
<i>Dia aza mamilafila</i>	<i>tatazan-dRamiamila</i>

Ny fifampitondran'ny mpivady no foto-kevitra ny « parallélisme ». Fehezan-teny mifamaly rafitra, mitovy vahana, mifanipa-kevitra no mamorona azy. Ny fifamalian-drafitra dia maneho fa ny fifamalian'ny fitiavana no mampateza ny tokantrano.

Ny endrika ivelany no tena nifantohan'ny mpiventy, ka toa tsy misongadina firy ny fifanoheran-kevitra. Teraka avy amin'izany ny filalaovana amin'ny feo /m/ sy ny /l/ ao amin'ny hoe : « *mamilafila* » sy ny « *miaramila* ». Entina mampitovy vahana sy mampiaina ny mpihaino eo amin'ny fihaonana ny toro-hevitra. Miteraka rindra mantsy ny filalaovana amin'ny feo ka mahatonga fahafinaretana ¹²⁰.

Nolaroana fanovana endri-javatra io filazan-javatra io ao amin'ny hoe : « *tatazan-dramiamila* ». Noheverina ho toy ny baolina ny vady ka atsipy na atoraka amin'izay ityavana azy. Noho izany, misy fanovana endri-javatra azo avy amin'ny fanafiana ny toetran'ny anoharana ny oharina eto. Fampisaintsainana ny mpihaino hahay hifampitondra no kendrena ny filazan-javatra.

Kendren'ny mpiventy mba hahazo anatra tandrify azy avy ny mpihaino. Mitodika amin'ny rafozana sy ny vinanto izy ao amin'ny And 5 andl 1 – 6 :

¹²⁰C. PEYROUTET op cit, p 56 : « Les répétitions de sons contribuent aux effets de rythme ».

*Zalahy ô ! matoa miady lava anie
Ny rafozana sy ny vinanto
Zalahy ô ! vy hono tsy mikiran-drery
Rehefa misy manolo-bato
Mampiady ny vavan'ny ao avaratra
Sy ny vavan'ny ao atsimo*

Fomba fijery enti-milaza anton-javatra ny hoe « vy tsy mikitran-drery » « Métaphore » no mandrafitra azy. Ampitovina amin'ny anoharana « vy » ny oharina « rafozana sy vinanto ». Tsy maneno ny vy raha tsy misy vy hafa miady aminy. Toy izany koa ny rafozana sy ny vinanto : izay nataon'ny andaniny sy ny ankilany na ny fandrahan'ny hafa no mahatonga ny korontana. Koa mandoko ny fiavian'ny tsy fifanarahana eo amin'ny rafozana sy vinanto ny filazan-javatra.

Mbola manamafy izany fiavian'ny adin'ny rafozana sy ny vinanto izany ny fanovana anarana « vava ». Ny fari-batana no misolo toerana ny asany « resaka ». Mandoko ny faharatsian'ny fihainoana ny resaky ny fiarahamonina ny « métonymie » eto. Hita koa ny hiezahan'ny mpiventy mifantina ny teny. Ny teny hoe « vava » mantsy dia manana sanda ratsy raha mitaha amin'ny resaka, toy ny hita amin'ny hoe « mahay vava », « be vava », « petsam-bava ». Ny mba hahatsapan'ny mpihaino ny amin'ny tsy tokony hihainoana vavan'olona no anton'ny safidy eto. Manome endrika hafa kely ny hira gasy izany.

Eo am-pamaranana ny fanomezana torohevitra no nipoitra ny « épiphore ». Sady manampy eo amin'ny fahazoana no mikolo ny fitadidiana ny famerimberenana ireny anatra ireny ¹²¹. Toy izao no anehoan'ny mpiventy izany ao amin'ny And 5 andl 7 – 13 :

*Ry mpihaino ô
Ny anatr'i Pasitera sy môpera no aza hadino
Nandray tondro teny ianao ka voa
Tsy tia rafozam-bavy anie ka voa
Dia ny vady andefimandry no ariana
Nandray tondro teny ianao ka voa*

¹²¹ C. PEYROUTET op cit, p 92 : « La répétition participe à faciliter la perception de message ».

Tamberin'andian-teny am-paran'andalan-kevitra mifanesy « *Nandray tondro teny ianao ka voa* » no nampiasain'ny mpiventy. Entina manantitra ny tsy tokony hinoana ny resaky ny mpampiady.

Nolaroana « *métonymie* » « *tondro teny* » miampy « *ellipse* » « *voa* » ny filazan-javatra. Nohalefahina ny filaza mba tsy handratra ny olona anarina. Ka ny antony « *tondro teny* » no nentina naneho ny vokany « *resaka mampiady* ».

Niniana tsy naseho koa ny fameno mpanao ao amin'ny hoe « *voa* », mba tsy hanana endrika fanesoana na fanabantiana. Henjana loatra mantsy raha feno io fehezan-kevitra iankinana io, ka mety tsy handray izay torohevitra omena akory ny mpihaino. Mifintina ny filazan-javatra ka mamela ny mpihaino handini-tena irery ny amin'izay fomba itondrana ny tenany.

Torohevitra ho an'ny mpivady, ho an'ny rafozana sy vinanto no nasongadin'ny filazan-javatra tamin'ny famahavahana teo. Ny « *parallélisme* » no maneho ny tokony hikelokeloa ny fitiavana mba hampateza ny tokantrano. Ny « *epiphore* » sy ny « *métonymie* » kosa no enti-mandoko ny faharatsian'ny mihaino ny vavan'olona. Niangalian'ny mpiventy tokoa ny fomba fananarana, na teo amin'ny hevitra, na teo amin'ny teny nenti-nilaza azy. Mba ho dia ny filalaovana amin'ireo sarin-teny teo aloha ireo no mahomby indrindra amin'ny fampitana ny hafatra : sady voarain'ny mpihaino tsy misy ankanavaka izy ireny no manome hasina azy.

2. 3. 1. 3. Ny fanehoana ny maha-Malagasy

Voambolana, fomba fiteny, ohabolana tena malagasy no entina mandrafitra ny vako-drazana. Sady amohazana ny kolon-tsaina malagasy izany no isarihana ny sain'ny mpihaino handini-tena manoloana ny fiovam-piainana ankehitriny. Lafin-javatra telo no anehoan'ny mpiventy ny maha-Malagasy : ny fanambadiana, ny marina, ny anjara.

a) Ny amin'ny fanambadiana

Tsy mankasitraka ny fisaraham-panambadiana ny mpiventy. Fehezan-teny mifamaly rafitra, mitovy vahana, mandravon-kevitra no anehoany izany ao amin'ny And 2 andl 4 – 9 :

<i>Ny zoma hifoha asabotsy</i>		<i>Ny asabotsy hifoha alahady</i>
<i>Tapaka ny hevitra fa tsy handeha Rafotsy</i>		<i>Indreo nifanaraka ny mpivady</i>
<i>Fa mijaly ny ankizy raha tezain-drenikely</i>		<i>Velon-kira rangahy ka niteny</i>

Ny fiovan-kevi-dRamatoa ny amin'ny tsy isarahan'izy mivady no foto-kevitra ny « parallélisme ». Milalao amin'ny fotoana ihany koa ny mpiventy hoenti-maneho ny fizotran'ny fiainana andavanandron'ny mpivady. Teraka avy amin'izany ny « périphrase », satria ny « *zoma hifoha asabotsy* » sy ny « *asabotsy hifoha alahady* » dia azo fintinina hoe « *zoma alina* » sy « *asabotsy alina* ». Saingy tsy voalaza tsara ny hevitra sy ny fihetseham-po, raha tsy nohalavaina amin'ny « périphrase » ny filazan-javatra : ny fitrangan-javatra fotsiny no tondroin'ny fotoana mifintina ; ny fiovan'ny toe-draharaha kosa no asongadin'ny fotoana nohalavaina, satria toa miara-miova amin'ny andro ny toe-javatra.

Ny fotoana isian'ny fifanarahana eo amin'ny mpivady kosa no asongadin'ny « périphrase » eo amin'ny laniny faharoa amin'ny fifamaliana. mantsy dia azo fintinina hoe na « alahady maraina ».

Hita tokoa ny talentan'ny mpiventy eo amin'ny famoronana indrindra ny filalaovana amin'ny singan-javatra farany izay madinika, toy ny anaran'ny andro. Ireny singa ireny mantsy no miteraka ny aingam-panahin'ny mpiventy ¹²².

b) Ny amin'ny fiheverana ny marina

Mahatsapa ny mpiventy fa manjaka ny tsy fahamarinana ao amin'ny fiarahamonina. Ny « parallélisme » no entiny mampisongadina izany ao amin'ny And 3 andl 2 – 8 :

<i>Efa maro sy betsaka</i>		<i>Nefa maro sy betsaka</i>
<i>Efa fantatra hatramin'ny ela</i>		<i>Ireo tsy mahay mipetraka</i>
<i>Fa Malagasy dia manao ny marina</i>		<i>Ny vinanto sy ny rafozana dia samy tsy</i>
<i>manao ny marina</i>		
<i>O manao ny marina</i>		Ø

¹²² P. GUIRAUD & P. KENTZ, op cit, p 22 : « On a beau parlé d'inspiration dans la création artistique la plus spontanée en apparence ».

Andalana mampisaintsaina , ahitana fehezan-teny mifamaly rafitra, mihena vahana, mifanipa-kevitra ireo. Mandoko ny alahelon'ny mpiventy noho ny tsy fandalan'ny olona intsony ny marina ny « parallélisme » : ny fifamaliana « *Efa // nefa* », miampy ny kianteny milaza fandavana « *tsy* » no maneho ny fifanoheran-kevitra. Ny « anaphore » « *Efa* » miverina indroa eo amin'ny laniny voalohany amin'ny fifamaliana dia entina mandresy lahatra ny mpihaino fa manana ny lanjany tokoa ny fahamarinana teo amin'ny Malagasy. Vokatr'izany, mipongatra ny fahatsiarovana, ka ny « anadipose » « *manao ny marina* » no mandoko izany.

Mbola nohamafisin'ny « interrogation oratoire » izany maha-zava-dehibe ny marina izany ao amin'ny And 3 andl 9 – 11 :

Aiza moa no tafarina ?

Diso ve ny tenin-drazana manao hoe

Ny marina tsy maty ?

Ny fanontaniana eto dia mandetika ao an-tsain'ny mpihaino fa vokatry ny tsy fahamarinana ny fahantran'ny firenena. Asesy izy ireo mba handresena lahatra haingana ny mpihaino.

Nampiasain'ny mpiventy koa ny fomba fitenin'ny andriana hoe :

« *Mandry ve ny salanitra ?* »

« Mandry ô » ny valiny andrasana, satria tamin'izany fotoana izany ampy ny sakafo, nilamina ny tany, mbola niadana ny vahoaka. Ny mifanohitra amin'izany kosa no hita ankehitriny. Noho izany, « antiphrase » no hita eto satria enti-maneso ny mpitondra ary enti-mampieritreritra ny mpihaino ilay fanontaniana ¹²³. An-kolaka ny filazan-javatra nefa tsapan'ny mpihaino ny fisiany. Ankoatra ny fanehoana ny hevitra mantsy dia mandoko ny fihetseham-po ihany koa ny filazan-javatra ¹²⁴.

¹²³ S. RAJAONA op cit, tak 39.

¹²⁴ E. STANKIEWICZ, *Problème du langage émotif*, Mouton, 1964, p 239 : « chaque mot pratiquement peut être doté de connotations émotives s'il est placé dans la situation sociale ».

d) *Ny fiheverana ny amin'ny anjara*

Eo amin'ny sehatry ny fanambadiana no ampiasain'ny mpiventy ny teny hoe « Anjara ». Ka fehezan-teny mivany enina mifamaly rafitra, mandravon-kevitra no mampisongadina izany ao amin'ny And 4 andl 5 – 10 :

<i>Tsy miady ny anjaran'olona ianao</i>	<i>Na lavitra na akaiky anie</i>
<i>Fa miady ny anjaranao, mahareta ô</i>	<i>Dia any ny tia anao, mahareta ô</i>
<i>Andraso fa mbola ho avy</i>	<i>Tsy misy very tandrify</i>

« Parallélisme » no entina manantitrantitra amin'ny mpihaino ny amin'ny fisian'ny anjara. Ka ny rafitra mifamaly sy ny vahana mitovy no maneho ny fitovian'ny olon-drehetra eo amin'ny fananana ny anjarany avy.

« Epiphonème » no mamarana ny laniny tsirairay amin'ny fifamaliana : « *Andraso fa mbola ho avy* » sy ny « *tsy misy very tandrify* ». Mamintina ny famahavahana natao teo aloha io sady entina mankahery ireo izay tsy mbola tojo ny anjara fanambadiany. Manamafy ilay fomba fiheverana hoe « vody sobika aza manan-tandrify ».

Niniana tsy nasiana fameno ny teny « *mahareta* » ka niteraka ny « ellipse ». Entina maneho amin'ny mpihaino io sarin-teny io fa mahasahana lafin-javatra maro ny anjara ka tokony hanantena ny fivadihan'ny rasa hatrany izy amin'izay zava-mihatra aminy. Mety hanontany tena mantsy ny mpihaino hoe : « miaritra inona ? ». Ny valiny andrasana amin'ny fiteny andavanandro dia : « Mahareta amin'ny fanilikilihana sy ny fanenjehan'ny fiaraha-monina fa mbola ho avy ny fotoana hiavian'ny anjaranao ».

Raha ny hevitra no dinihina dia tsy mifandray velively ny andian-teny roa « *Na lavitra na akaiky anie* » sy ny fehezan-teny « *Dia any ny tia anao* ». Misy « incohérence » na tsy fikaonan-kevitra eto. Ny andrasana mantsy dia ny andian-teny mitanisa fotoana « na ho ela no ho haingana ». Saingy ny « polysyndète » izay sarin-teny mitanisa toerana « na lavitra na akaiky », no nasolo azy. Fomba entina mampitombo ny fanantenan'ireo miandry ny anjarany izany. Ny toerana mantsy dia zavatra hita maso sy azo tsapain-tanana ka maharesy lahatra kokoa. Mifanohitra amin'izany kosa ny fotoana izay tsy tsapa loatra ny fisiany ka miteraka fisalasalana. Izany hoe « metalepse » isehoan'ny toerana misolo fotoana no hita eto.

Mbola manamafy ny fiheverana ny fisian'ny anjara koa ny filalaovana amin'ny zana-teny. « *Tsy Fa* » ao amin'ny hoe :

Tsy miady ny anjaran'olona ianao

Fa miady ny anjaranao

Fanalefahana filazan-javatra mba tsy handratra ny mpihaino no nampiasaina io zana-teny io. Ny nandrasana mantsy dia ny mpanampy milaza mandidy « *Aza* » izay maneho baiko. Nolaroana tamberin'andianteny « *miady ny anjara* » io filazan-javatra io ka vao mainka mibaribary ny anatra tian-kampitaina. Hita tokoa ny fiezahan'ny mpiventy hamolaka ny teny mba hahakanto ny hira gasy ¹²⁵.

Fehiny

Samy natao hanome anatra ho an'ny mpihaino avokoa ireo lafin-javatra telo novahavahana teo. Fomba filazan-javatra samihafa no nolalaovin'ny mpiventy, mba hanome endrika hafa kely ny anatra sy mba hahamora ny fandraisan'ny mpihaino azy. Teo amin'ny fitantarana sehomb-piainana iray, dia ny sarin-teny manindrona ny saina toy ny « *Interrogation oratoire* » sy ny « *gradation* » no nipoitra. Mampisaintsaina ny mpihaino tsirairay avy manoloana ny fitondran-tena hita ao amin'ny fiarahamonina ireny. Mateti-pitranga loatra ireny olana ireny ary manakorontana zavatra maro ka tian'ny mpiventy ho tsapan'ny mpijery izany ary hosorohina amin'ireo anatra arosomy.

Teo amin'ny fanehoana torohevitra dia nahitana fanovana anarana toy ny « *métonymie* ». Nentina nanamaivana ny filazan-javatra io sarin-teny io mba tsy handratra ny mpihaino, ka ho mora voaray ny torohevitra. Tao koa ny « *épiphore* » izay nampibaribariana ny antony nahatonga ny fiarahamonina hikorontana. Vokatr'izany, dia nipoitra ny « *métaphore* » izay nentiny nandoko ny hakiviany manoloana ny tsy fahaizamiara-miaina.

Teo amin'ny fanehoana ny maha-Malagasy dia tamberin-javatra no nampiasain'ny mpiventy. Ny famerimberenana tamin'ny alalan'ny « *parallélisme* » sy ny « *anaphore* » mantsy dia isan'ny fomba mahomby handentehana ny anatra ao

¹²⁵ C. BALLY, *Traité de stylistique*, in *La stylistique – lecture*, op cit, p 22 : « (le locuteur) emploie la langue d'une intention esthétique ».

amin'ny mpihaino. Sady manome endrika ny filazan-javatra no manome fahafinaretana ny sofina noho ny rindram-peo avoakan'ny tamberina.

Izay raha fintinina ny fomba filazan-javatra nentin'ny tarika RAMILISON nananganana ny vako-drazana izay namaranany ny anjara fampisehoana nataony. Hiroso amin'ny fomba nentin'ny tarika RAMILISON nandrafitra ny zana-kirany indray isika amin'ny toko manaraka.

2. 3. 2. ny fomba filazan-javatra nanehoana ny zana-kira

Tsiahivina fa zana-kira no nentin'ny tarika RAMILISON-Andohavary ny anjarany fa tsy vako-drazana. Fiventesana hira mirakitra tantara no ataony amin'izany. Fantatra fa fitantarana tsotra, tsy misy mpandray anjara no fahita ao amin'ny hira gasy : taterina ny tantara fa tsy velomina amin'ny ankapobeny ¹²⁶. Fa ato amin'ny zana-kira kosa, dia mahavantana ny mpiventy ny mampiasa resaka ifamaliana. Isan'ny maha-kanto sy mampiavaka ny zana-kira izany. Ataon'ny mpiventy ho toy ny manatri-maso ny fisehon'ny zava-misy tantaraina mantsy ny mpihaino, satria manome aina bebe kokoa ny tantara ny resaka mivantana atrehina¹²⁷. Manampy amin'ny fandraisana ny vontloatiny izany ary miteraka fiombonana fihetseham-po eo amin'ny mpandray anjara sy ny mpijery.

Adin'ny mpivady no vontloatin'ny tantara : efa samy nahazoazo taona Ingahy Randrianantoanina sy Ramatoa Razafindramanana vadiny. Nikorontana anefa ny tokantrano satria nisakaiza tamin'ny bodokely Raozimaria Rangahy. Niezaka niaro ny tokantranony Ramatoa ka nananatra ny vadiny. Tsy zaka norarana anefa ny lahy, ary niafara amin'ny fisarahana ny raharaha.

Mizara roa miavaka ny anjara fitenenana ato amin'ity zana-kira ity. Ny tapany voalohany maneho ny tenin-dRazafindramanana ary ny andininy faharoa kosa mitatitra ny tenin-dRandrianantoanina. Vetsom-pamoizana ataon-dRamatoa no tena mamarana ny zana-kira. Ny fomba filazan-javatra nananganana ireo fizarana roa ireo no hovahavahana ato amin'ity zana-toko ity. Hojerena amin'izany ny fomba nandokoana ny vontloatiny sy nanehoana ny mahatsikaiky.

¹²⁶ GOLDENSTEIN, *Pour lire le roman*, Ed. de Boeck J. Duculot », Paris, Gemblour 2è ed, 1983, p 38 : « ce qui se passe nous est relaté par la parole du narrateur ».

¹²⁷ GOLDENSTEIN, op cit, p28 : « Les choses se disent et se font sous nos yeux (...) Nous découvrons les paroles, les citations, les pensées, les caractères grâce au dialogue ».



Sary 3 : Ny fanatontosana ny zana-kira

2. 3. 2. 1. *Ny fomba filazan-javatra ao amin'ny tenin-dRamatoa*

Lafin-javatra roa no asongadin'ny mpiventy ao amin'ny tenin-dRamatoa Razafindramanana : ny fanebahana an'Ingahy Randrianantoanina vadiny, andaniny ary ny fanehoana ny fihetseham-pony manoloana ny trangan-javatra, ankilany.

a) Ny fanebahana an'Ingahy Randrianantoanina

Teny sy fomba fiteny mivantambatana sy mitratrevatreva avy hatrany no miseho eo am-panombohana ny resaka ao amin'ny And 1 andl 1 – 8 :

Randrianantoanina a !

Asa odiana fanina

Lahiantitra tsisy dikany itony

Ohatra ny olona mandrongony

Anti-maola mandreraka

Tsy mba mahalala menatra

Misakaiza ianareo sy Raozimaria

Mpiasa vavin-dRabefarihy

Ady no aseho. Noho izany, fomba filaza mifanahaka amin'izany no hita. Manamarina ny tenin-dRanja Zanamihaotra hoe : « Ny kanto dia fifanarahan'ny fitsipika ao amin'ny zavatra atao » ¹²⁸. Sarin-teny isan-karazany no nentina nandrafitra io fomba fiteny mivantambantana io.

Ao aloha ny « épanode » « *antitra* » izay miseho amin'ny toerana tsy voafetra, entina mandoko ny hatezerana sy ny hatairana nahazo an-dRamatoa.

Eo koa ny « syllepse » « *aza odiana fanina* » izay mampiharihary ny fahafantaran-dRamatoa ny zavatra nafenina : tsy mbola novantanina anefa izany fa natao an-kolaka amin'io andian-teny io. Hevitra roa no azo andraisana azy : ara-bakiteny izy dia maneho ny fihetsika mitsirepirepy iniana atao. Fa ny hevitra arapanovana endri-javatra kosa dia mandoko ny fihetsika ataon-dRandrianantoanina,

¹²⁸ RANDJA ZANAMIHOATRA, in *Lovako* , T10, ed Ambozontany, Antananarivo, 2000, tak 59.

miezaka manafina ny fisian'ilay sakaiza. Marihina noho ny fivoaran'ny teny, dia lasa « argot » na fitenin-jatovo ity « *odiana fanina* » ity. Vao mainka mampitombo lanja ny angolan-kevitra sy ny fihetseham-po raketiny izany ¹²⁹, satria vehivavy lehibe efa matotra no mampiasa azy. Midika izany fa tsy voafehy intsony ny fihetseham-pony.

Nipololotra ny fihetseham-po, toy ny hatezerana sy ny henatra, ka nipoitra ny fanoharana ao amin'ny : « *ohatra ny olona mandrongony* ». Ny olona mamon'ny rongony ka tsy mahatsiaro tena na tsy mahay mandanjalanja ny tokony hataony no atao hoe « *mandrongony* ». Ampitovina amin'izany Ingahy Randrianantoanina. Entina maneho ny faharatsian'ny fananan-tsakaiza ivelan'ny tokantrano ny fanoharana eto, ary tiana ho tsapan'ny mpihaino izany.

Nolaroan'ny mpiventy « assonance » na tamberim-peo anivon-teny [o] ny filazan-javatra. Raha eo amin'ny fari-panononana, ny zana-peo [o] dia mikatona amolotra. Maneho ny fihetsiky Razafindramanana izany : sady mihidy vazana izy no mipetsompentsona tsy misy hamalian-drangahy. Miara-mandoko ny fihetseham-pondRamatoa izany eto ny feo sy ny hevitra ary mamaritra ny mahakanto ny hira gasy.

Mitohy hatrany ny fanebahana, ka nipoitra koa ny « alliance de mots » « *anti-maola* ». Ampifanatrehin'ny mpiventy ny teny roa mifangari-kevitra : milaza habetsahan-taona ny « *antitra* » ary « tsy fahampiam-piheverana » kosa no ambaran'ny « *maola* ». Ny fampiarahana ireo no entina mandoko ny tsy fahamendrehan-dRangahy : tsy tokony hanao fitondran-tena tsy mendrika intsony izy amin'izao fahanterany izao. Nohafohezin'ny « alliance de mots » ny fomba filaza, ka vao mainka mafonja ny hevitra sy ny fihetseham-po.

Miseho indray ny fanoharana. Ampitahain'ny mpiventy amin'ny vorona sy saka indray Rangahy ao amin'ny andl 21-30 :

Itony anti-dahy itony tsy misaina

Fa mora voafatotra

[...]

Saka manafin-koho

Ka amin'ny takona tena mandragotra

¹²⁹ G GINETTE, *Figures*, Ed du seuil, 1966, tak 207 : « (*La figure*) elle peut fort entrer dans l'usage sans perdre son caractère figuré ».

Tamberim-peo [t] ao amin'ny « *itony anti-dahy itony* » aloha no entina mandoko ny hatezeran-dRamatoa sy mampiseho ny fihetsiny mijadonjadona sy miketoketoka. Mahatsiaro tena ho manatrika ady mihitsy ny mpijery noho ny fahaizan'ny mpiventy milalao amin'ny feo.

Milalao amin'ny fanovana endri-javatra koa ny mpiventy ao amin'ny « *mora voafatotra* ». Ohariny amin'ny vorona azon'ny mpihaza Rangahy. Ny vorona mantsy tsy ampy fandanjalanjana sy tsy mahafehy ny tontolo misy azy. Vokatr'izany, tsy mahay miaro tena izy ka mora voafandrika. Dia toy izany koa Randrianantoanina izay tsy mahatohitra ny fakam-panahy. Fanovana endri-javatra azo avy amin'ny fanafiana toetran'ny anoharana ny oharina no hita eto. Mandoko ny fahalemen-dRangahy manoloana ny vehivavy tanora izany.

Fanovana endri-javatra azo avy amin'ny fampitoviana ny oharina sy ny anoharana kosa no hita ao amin'ny « *Saka manafin-kiho* ». Ampitovina amin'ny saka manafin-kiho Randrianantoanina. Matoa ny saka manao io fihetsika io dia misy antony ao : misy haza tiliany tsy tiany ho taitra ao, na avy nangala-pihinana ka matahotra ny tompony. Sahala amin'izany koa Rangahy : manafina ny fiarahany amin-tsakaiza, ka rehefa ao an-trano dia manao fihetsika mahafatra-po ny vady. Mandoko ny fahaizan-dRandrianantoanina mihatsaravelatsihy sy ny fahadisoam-panantenan-dRazafy ny fanovana endri-javatra eto.

« Métaphore » roa no nampiasaina tao amin'io andininy io satria mavesa-danja kokoa ny hevitra sy ny fihetseham-po noho ny fampiasana sarin-teny manova endri-javatra ¹³⁰.

Zava-misy eo amin'ny fiainana andavanandro, mahaliana ny mpihaino ny adin'ny mpivady. Raha ny vontloatiny dia tsy vaovao loatra amin'ny mpihaino. Fa ny fanehoana azy no niangaliana fatratra ka toa zavatra hafa mihitsy ity natrehina. Nentina nanatontosa izany ny filalaovana amin'ny sarin-teny, toy ny « épanode », ny « alliance de mots », ny « fanoharana » ary ny fanovana endri-javatra. Mibaribary amin'ny mpihaino ny tsy mety nataon'Ingahy Randrianantoanina noho ny talentan'ny mpiventy amin'ny filazan-javatra. Manahoana kosa ny fitanisany ny fihetseham-pon-dRamatoa vadiny manoloana izany ?

¹³⁰ J. SUBERVILLE, op cit, p 188 : « *La métaphore est plus riche de signification que l'expression directe* ».

b) Ny fihetseham-pon-dRazafindramanana.

Eny anelanelan'ny fiteny mitratrevatreva, dia misy ny fotoana isehoan'ny hambom-po. Ny « parallélisme » no mandoko izany :

<i>Na izaho antitra fa izy tanora</i>	<i>Na hikotroka na hanavandra</i>
<i>Dia ny vady tsy mahamora</i>	<i>Izy paiso fa izaho tandra</i>

Ny tsy fanekena lembenana ho latsa-danja noho ilay rafivavy no foto-kevitra ny « parallélisme » eto. Fehezan-teny mifamaly rafitra, mitovy vahana, mandravon-kevitra no hita eto. Ny rafitra mifamaly no maneho ny fahavononan-dRamatoa hifaninana amin'ny lafiny rehetra. Ny vahana mitovy na mandoko ny toe-tsainy, tsy te ho ambanin'ilay rafivavy fa mitovy fara faharatsiny.

Sarin-teny samihafa no manorina ny filazan-javatra ao. Ao aloha ny sarin-teny ahitana tsy fanaraham-pitsipika na « anacoluthie » : « *Na izaho antitra fa izy tanora* ». Ny nandrasana dia : « Na dia antitra aza aho fa izy tanora ». Ny fisoritahan-tsaina sy ny fihetseham-po misamboaravoara no lokoan'izany eto.

« Antithèse » laroana « métaphore » kosa no hita amin'ny « *Izy paiso fa izao tandra* ». Ampifanatrehin'ny mpiventy Razafindramanana lazaina fa « *tandra* » sy Raozimaria tondroina ho « *paiso* ». Mandoko fizahozahoana ho manana ny maha-izy azy ny filazan-javatra eto. Ny paiso mantsy dia hazo fihinam-boana manintona noho ny felany miloko mavokely. Mora rava anefa izany hatsaran-tarehy izany, indrindra raha

sendra havandra. Atafy an-dRaozimaria ireo toetra ireo. Entina mandoko ny hatsaram-bika aman'endrika tsy maharitra ny fanovana endri-javatra eto ¹³¹.

Etsy andaniny, ny tandra dia pentina mainty eny amin'ny hoditra. Ravaky ny endrika ihany koa izy na dia tsy marevaka toy ny vonim-paiso aza. Tsy mba miofo na miova anefa izy, fa maharitra. Nomena an-dRazafindramanana ireo toetra ireo, hoentina maneho fa itoeran'ny hatsaran-tarehy izy, na dia efa nahazo taona aza.

Mandoko ny fananan'izy roa vavy ny maha-izy azy eto ny fanovana endri-javatra indroa miantoana. Tsapa ho manan-tombo anefa Ramatoa Razafindramanana eo amin'ny lafiny fahalalana, ka izay no nampisondrotra ny hambom-pony.

¹³¹ Marihina fa anondroana olona dondrona ny paiso amin'ny fitenin-jatovo. Mitory ny toetra manodoka ananan-dRaozimaria izany : tsara tarehy fa tsy ampy saina. Mifanohitra amin'izany Razafindramanana izay manana traikefa noho ny fahanterany, araka ny fitenenana hoe : « ela nihetezana ka lava volo ».

Ankoatra ny hambom-po dia taratra amin'ny teniny ihany koa ny mbola fitiavan-dRazafindramanana ny vadiny. Ny fanovana endrin-javatra azo avy amin'ny fampitoviana ny oharina sy ny anoharana no mandoko izany amin'ny andl 23 – 24 :

*Takaitra mahazo toerana ny ditra
Ka hoentina miaritra*

Oharina amin'ny « *takaitra* » izay hita maso, ny « *ditra* » izay tsy azo tsapain-tanana. Ny takaitra mantsy dia ny fahavoazana mihatra amin'ny saina sy ny vatana, ka mety tsy ho afaka intsony. Anisan'izany ny fahajambana, ny fahalemena, ny tsy fiterahana, ny fahadalana. Omena ny ditra, izay azo ialana, mba handokoana ny fampiononan-tenan-dRamatoa Razafindramanana manoloana ny haitraitram-badiny. Fitarihana ny mpihaino mba hitandrina ny fitondran-tenany koa izany.

Ny « *périphrase* » « *hoentina miaritra* » kosa no mampibaribary ny toetrandRazafindramanana. « Mandefitra » mantsy no teny tokana mahazatra anehoana izay tiana hambara eto. Tsy mahalaza ny fihetseham-po tiana hamaka any amin'ny mpihaino io teny tokana io ka nofidin'ny mpiventy ny teny maro. Ireny teny tsy mahazatra ireny no ahafahana mamoka bebe kokoa ny fihetseham-po ¹³².

Milalao amin'ny mpisolo tena ihany koa ny mpiventy. Fony nisamboaravoara Razafindramanana, *ianareo* « laharana faharoa, milaza hamaroana » no nipoitra. Fa nony tonitony izy, dia ny laharana faharoa milaza havitsiana *ianao* na *ise* no nampiasaina ¹³³. Hain'ny mpiventy tokoa ny mampifandray ny teny ampiasaina amin'ny hevitra tian-kasongadina. Izany fifandraisan'ny teny sy ny hevitra izany no maha-kanto ny hira gasy. Marihina fa miverimberina matetika ny filalaovana amin'ny mpisolo tena ao amin'ny zana-kira satria resaka mivantana no aseho ¹³⁴.

Ankoatra ny fifampiresahana na « dialogisme » dia mizara roa miavaka tsara ny fomba filazan-javatra tamin'ity andininy voalohany ity. Teo amin'ny tapany voalohany

¹³² E. STANKIEWICZ, op cit, p 240 : « *Toute deviation de la norme peut colorer l'émotivité* »

¹³³ Manambara ny elanelana eo amin'ny fifandraisana ny mpisolo tena arakaraka ny seha-pitenenana. Eto, mifanakaiky kokoa izy mivady amin'ny *ise* sy *ianao*, raha mitaha amin'ny *ianareo*.

¹³⁴ C. MULLER, *Sur quelques scènes de Molière, essai d'un indice du style familier*, Français moderne, Paris, 1962, p 99 : « *dans le style parlé, le pronom personnel est très fréquent* »

dia ny fomba fiteny mivantambantana no niseho. Ary sarin-teny tsotra tsy dia mitaky fanakaran-kevitra no nenti-nanorina azy, tsy ny « syllepse », ny « assonance », ny « alliance de mots ». Tsapan'ny mpihaino avy amin'izany fomba filaza izany fa tena ao anatin'ny ady tokoa ny olona tantaraina. Ny olona mantsy rehefa tezitra dia tsy mahatandrina loatra ny vava avoakany. Manamafy izany ny filalaovana amin'ny fanovana endri-javatra, izay mampitovy ny oharina Randrianantoanina amin'ny anoharana *vorona* sy ny *saka* ary olona mamon'ny rongony. Liana tokoa ny mpihaino satria mandona mafy ny iresahana ny fiteny mivantambantana.

Tao amin'ny tapany faharoa dia ny fihetseham-pon-dRazafindramanana no lokoan'ny sarin-teny. Noho izany ny fomba filazan-javatra an-kolaka no tena nibahan-toerana. Isan'ireny ny fanovana endri-javatra izay nandoko ny hatezerana sy ny fiononana, ary ny « antithèse » maneho ny adim-panahy. Araka izany, niangalian'ny mpiventy fatratra ny tenin-dRazafindramanana, mba hifanaraka amin'ny hevitra tian-kambara ny fomba filaza azy. Izany fifanarahana izany indrindra no maha-kanto ny zana-kira, ka tsy afoizan'ny mpakafy hira gasy azy.

2. 3. 2. 2. Ny fomba filazan-javatra nananganana ny tenin-dRangahy

Ny valin'ireo teny fanebahana sy ny fanapahan-kevitry Randrianantoanina no asehon'ny mpiventy amin'ity andininy faharoa amin'ny zana-kira ity.

a) Ny valin'ireo teny fanebahana

Mifamaly tokoa ny resak'izy mivady. Raha « syllepse » no nanombohan-dRazafindramanana ny fanabantiany, mba « syllepse » ihany koa no amalian-dRandrianantoanina ao amin'ny And 2 Andl 2:

Fa matoa aho mihodinkodina

Ny « *mihodinkodina* » no isehoan'ny « syllepse », ka ny fihetsika ataon-dRangahy ao an-trano no asehony ara-bakiteny. Tsy sahy mifanatri-maso amin'ny vadiny, mahimahina ka mihodinkodina ny maso, ny loha, ny vatany. Ara-panovana endri-javatra indray, dia ny fitondran-tenan-dRangahy, tsy mionona amin'ny vady tokana fa misarizoro any an-kafa no tian-kambara.

Mampiharihary ny valin-teny ihany koa ny famerenana ny voan-teny, toy ny « *antitra* » izay efa nampiasain-dRamatoa :

- And 1 andl 5 : « *Anti-maola mandreraka* »
- And 2 andl 5 : « *Ny lehilahy tsy mba antitra* ».

Fanalefahana filazan-javatra mba hampafonja ny hevitra no niseho, izany hoe « *litote* » ialohavan'ny kian-teny « *mba* ». Fomba entin-dRandrianantoanina mankahery ny sainy fa mbola tanora izy.

Ny manaitra amin'ny tenin-dRandrianantoanina dia ny fomba filazany ny fanapahan-kevitra. Filazan-javatra tsy nandrasana izany satria miaiky avy hatrany ny fanamelohana izy ary tsy azo hozongozonina ny fanapahan-keviny Ny « *hyperbate* » no mampiharihary izany ao amin'ny Andl 8 – 9 :

Ary tena teneniko
Ka tsy misy afeniko

Ny « *hyperbate* » mantsy dia sarin-teny anohizana fehezan-teny izay efa tapitra satria feno ny hevitra ary mifarana ny rafitra ¹³⁵. Efa mahalaza ny fahavononana hilaza ny marina ny hoe : « *Ary tena teneniko* », nefa mbola notohizina amin'ny « *ka tsy misy afeniko* » ihany. Entina mandoko ny fahasahiana haneho ny zava-misy marina ny filazan-javatra eto.

Novalian-dRandrianantoanina amin'ny fiteny mivantambantana ihany koa Razafindramanana. « *Antithèse* » laroana « *fanovana endri-javatra* », toy ny hita ao amin'ny and 1 : « *Izy paiso fa izaho tandra* », no lalaovin'ny mpiventy ao amin'ny And 2 andl 10 -11 :

Zava-baovao Raozimaria
Fa ianao dia friperia

Ampifanatrehin'ny « *antithèse* » Raozimaria izay lazaina hoe « *zava-baovao* » sy Razafindramanana ambara ho « *friperia* ». Fitafiana efa nisy nampiasa ny « *friperia* » ary maneho ny fahanterana. Ary ny zava-baovao kosa ilazana ny fitaovana tsy mbola

¹³⁵ S. RAJAONA, op cit, tak 61.

nisy nampiasa izany ary mitory ny fahatanorana. Ny « antihèse » izany eto dia mandoko ny fitongilanan'ny fon-dRangahy any amin'ilay sakaizany. Azo lazaina ho fomba entina mandranitra ihany koa izy, ho setrin'ny fanabantiana nataon-dRamatoa.

Fanovana endri-javatra azo avy amin'ny fampitoviana ny oharina sy ny anoharana no hita amin'ny laniny roa amin'io « antithèse » io :

Ao amin'ny laniny voalohany, oharina amin'ny « zava-baovao » i Raozimaria. Ny akanjo, ohatra, raha mbola vao, dia milamina, tsara pasoka, manome fahafinaretana ka satry foana hiakanjo azy. Toy izany koa i Raozimaria : mahafinaritra an-dRandrianantoanina izy noho ny hatsaram-bika aman'endriny sy ny fahatanorany. Mandoko ny fankafizan-dRandria ny sakaizany izany ny fanovana endri-javatra eto.

Ao amin'ny laniny faharoa, ampiovina amin'ny « friperia » Razafindramanana. Fitafiana efa avy nampasaina, miforiporitra, tsy manintona ny friperia hita eny an-tsena ¹³⁶. Omena an-dRamatoa ireo toetra ireo, satria efa mankaleo an-dRandrianantoanina ny fiarahana aminy. Noho izany, ny tsy fitiavan-dRangahy ny vadiny no lokoan'ny fanovana endri-javatra eto.

Endrika telo mifanandrify amin'ny teny nataon-dRazafindramana no anehoan'ny mpiventy ny valin-teny. Voalohany, teo amin'ny tsinjara toeran'ny fehezan-teny mifamaly : mitovy ny andalana isehoany. Faharoa, teo amin'ny voan-teny nampiasaina : ny teny nampiasaina teo aloha ihany no miverina. Fahatelo, ny sarin-teny tao amin'ny andininy 1 ihany no nolalaovina, nandokoana ny valin-teny. Io farany io no nisehoan'ny talentan'ny mpiventy, sarotra ihany ny manatanteraka izany nefa vitany tsara. Marihina fa manaraka ny fomban'ny kabary malagasy ny firafitry ny valin-teny : raisin'ny mpikabary faharoa tsirairay ny tenin'ilay nivolana talohany ary asiany setriny. Manamarina ny fifandraisana akaiky eo amin'ny hira gasy sy ny kabary izany. Inona àry no avalin-dRangahy ny mbola fitiavan-dRamatoa azy tao amin'ny andininy voalohany ?

¹³⁶ Tsy mitovy koa ny lanjany : lafo vidy ny akanjo vao noho ny friperia ary ahantona izy fa tsy aparitaka amin'ny tany toy ny lamba tonta.

b) Ny fanapahan-kevitra

Tongotra mby an-dakana ny an-dRandrianantoanina : hiroso amin'ny fisarahana izy. Narafitry ny mpiventy amin'ny « parallélisme » izany

<i>Tsy te hihaino anao</i>		<i>Jamba mahita</i>		<i>Leo ny vadibe</i>		<i>Soavaly tapa-kofehy</i>
<i>intsony</i>		<i>lalana</i>				
<i>ny sofiko</i>		<i>aho izao</i>		<i>Randrianantoanina</i>		<i>aho</i>
<i>ka</i>	//	<i>ka</i>	//	<i>ka</i>	//	<i>ka</i>
<i>hotampenako</i>		<i>tsy misy hanenenako</i>		<i>aleony mikisaka</i>		<i>miviliana sao dia voahitsaka</i>

Fehezan-teny sivy, mifamaly rafitra, mandravon-kevitra no hita eto. Ny fifamaliana roa voalohany dia mitovy vahana ary mandoko ny tsy fitiavan-dRandriamanantoanina ny vadiny. Ny fifamaliana roa farany izay mitombo vahana kosa maneho ny filàn-dRandrianantoanina tombony eo amin'ny resaka fanambadiana.

Manamafy ny fakàna fanapahan-kevitra ny « oxymore » « *jamba mahita* », izay sarin-teny ampifanatrehana ao amin'ny fehezan-teny iray, ny teny roa mifanohitra nefa samihafa sokajy ¹³⁷. Maneho ny fiheveran-dRandrianantoanina ny fiainany ho mivoatra izany.

Nipoitra avy amin'izany ny fanovana endri-javatra . Ampitovina amin'ny olona niaina naharitra tao amin'ny maizina Randrianantoanina, tsy nahita ny fiovan'ny toetr'andro, variana tamin-dRazafindramanana sy ny fomba fiainany efa nilaozan'ny fandrosoana, ka « *jamba* ». Fa rehefa nahita an-dRaozimaria dia nahazo fahafinaretana ka tsy te hiverina amin'ny fiainana teo aloha intsony. Noho izany, fanovana endri-javatra azo avy amin'ny fampitoviana ny anoharana sy ny oharina no hita eto. Mandoko ny finiavan-dRandrianantoanina hiroso amin'ny fomba fiainana vaovao.

Milalao amin'ny « anacoluthe » ihany koa ny mpiventy ao amin'ny hoe : « *miviliana* ». « Mivilia » no andrasana, satria tsy mitaky fanita-pototeny -an- ny fototeny vily. Koa ny tsy fanaraham-pitsipika eto dia sady maneho fandroahana an-dRazafindramanana, no mitory ny finiavan'ny mpiventy hanao fomba filazan-javatra

¹³⁷ P. BACRY, *Les figures de style*, Collection Sujets, éditions Belin, 1992, p 174 : « Deux mots sémantiquement opposés mais appartenant à des catégories grammaticales différentes ».

manokana ¹³⁸. Isan'ny mahakanto ny hira gasy mantsy ny fiavahan'ny fomba filaza ao aminy.

Mbola manamafy ny fahavononan-dRangahy hisaraka ny « allitération » na tamberim-peo an-doham-boan-teny mifanesy :

Aoka itsy ny fananako

Fa Raozimaira indray no mandidy

Sy mamoha sy manidy.

Renifeo amolotra [m] miverina intelo no ampibaribariana ny fihetsiky Randrianantoanina, mitrerontreona mampitandrina an-dRazafy. Raha ny fizotran'ny toe-draharaha mantsy dia tsy mbola ao an-trano Raozimaria, izany hoe, tokony ho amin'ny filazam-potoana ho avy ny fehezan-teny : « handidy sy hamoha sy hanidy ». Noho ny fanomezana endrika kanto ny filazan-javatra no nampiasana ny « ankehitriny » izay miteraka ny « allitération ». Manampy ny mpihaino eo amin'ny fahazoana ny hevitra ihany koa mantsy ny tamberim-peo ¹³⁹.

Nipoitra ihany koa ny tsy fanaraham-pitsipika amin'ny hoe « sy *mamoha sy manidy* » mba handokoana ny tsy fananan-dRazafindramanana ampaham-pahefana ao an-tokantrano intsony. Raha ny fitsipika mantsy, dia ny mpampitohy *ary* no mialoha ny teny farany amin'ny fitanisana : « sy*ary* ... ». Ninian'ny mpiventy ny tsy fanaraham-pitsipika mba hisian'ny fihatahana ¹⁴⁰.

Nabaribarin'ny « hyperbole » fa rendrim-pitiavana tanteraka amin-dRaozimaria Randrianantoanina ao amin'ny andl 38 – 42 :

Efa ity izao ny sariny

Tena manja sy tena manitra be

¹³⁸ IVO FRANGES, op cit, p 124 : « *chaque individu a sa manière propre d'employer son idiome maternel* ».

¹³⁹ J. SUBERVILLE, op cit, p 392 : « *L'auditeur n'enregistre que les vibrations provoquées par le locuteur* »

¹⁴⁰ Ch. BRUNEAU, *Romance Philology*, Vol 5, University of California, 1951, p 45 : « *L'écart est une faute voulue* ».

Ny famaritana ny sary, izay taratasy tsy misy fofona, ho « *manitra* » dia maneho filaza tafahoatra. Entina maneho amin'ny mpihaino fa babom-pitiavana amin'ilay sakaizany tokoa Randrianantoanina. Vao mainka manamafy izany fitiavana lalim-paka izany ny fanisihana mpanampy « *tena* » miverina indroa sy ny mpamaritra « *be* ». Manana ny lanjany eo amin'ny filazan-javatra tokoa ireny zana-teny ireny satria ahatarafan'ny mpihaino ny toe-tsain'ilay miteny ¹⁴¹.

Ny « *assonance* » [e] no entin'ny mpiventy maneho ny fandroahan-dRandrianantoanina ny vadiny ao amin'ny andl 46 :

Lasa mandeha fa ratsy tarehy, mandreraka be

Miverina inefatra ny zana-peo [e] izay feo mikatona tapany maneho ny fanesoan-dRandrianantoanina an-dRazafindramanana izay tsy tiany intsony. fikatonan'ny fon-dRandrianantoanina tsy tia an-dRazafindramanana intsony. Hita tokoa ny fiezahan'ny mpiventy mampifanaraka ny feo amin'ny hafatra tiana hampitaina amin'ny mpihaino ¹⁴².

Ny fomba filazan-javatra nanehoana ny valin'ireo teny fanebahana nation-dRazafindramanana sy ny fanapahan-kevitry Randrianantoanina no novahavahana teo. Fomba filazan-javatra samihafa no nolalaovin'ny mpiventy tamin'izany. Tao ny tamberin-javatra, toy ny tamberim-peo « *assonance* » sy ny « *allitération* », nentimampiharihary ny fihetsika sy ny toe-tsain'ny mpiteny. Tao ny sarin-teny miorina amin'ny rafitra andian-teny, toy ny « *antithèse* » sy ny « *oxymore* », mandoko ny hatezerana sy ny fieboeboan'ny mpandray anjara. Ary ny sarin-teny miorina amin'ny fitsipika toy ny « *anacoluthie* » kosa no mandoko ny fisorovoroana eo amin'ny mpivady sy maneho maha-lahabolana am-bava ny hira gasy, izay matetika no fampiasa ny fomba fiteny nefa tsy fanoratra ka miteraka ny tsy fanaraham-pitsipika. Fa ny sarin-teny fanovana endri-javatra no tena mateti-pitranga, noho izy ireny ahafahana mamoka hevitra sy fihetseham-po.

Hita araka izany, fa tena niangalian'ny mpiventy ny fananganana ny zana-kira, teo amin'ny rafitra, teo amin'ny vontointy, ary indrindra teo amin'ny sarin-teny.

¹⁴¹ D. MACAULAY, op cit, p 360 : « *La modalisation exprime l'émotivité de l'orateur* ».

¹⁴² E. STANKIEWICZ, op cit, p 261 : « *Les répétitions des sons (...) augmentent la cohérence et la spécificité du message* ».

Fikendrena ny hahakanto ny hira gasy avokoa izany rehetra izany. Noho izany, tsy marina velively ny filazana fa mandeha ho azy ny famoronana zava-kanto vokatry ny fiarahamonina, toy ny hira gasy. Endrika iray isehoan'izany kanto izany ny mahatsikaiky. Hovahavahana ao amin'ny andininy manaraka ny fomba nananganana izany.

2. 2. 2. 3. Ny fomba filazan-javatra nananganana ny mahatsikaiky

Raha ny vontoatiny no jerena, dia toe-javatra mampalahelo no ventesin'ny mpihira gasy ato amin'ity zana-kira ity : adin'ny mpivady, fisaraham-panambadiana. Tsy azo lavina ny fisian'ny fihetseham-po, toy ny alahelo na fangorahana, aterak'izany any amin'ny mpihaino. Etsy andaniny anefa, fitaovam-pialam-boly sy fanomezana hafaliana mba hanadinoana vetivety ny olam-piainana andavanandro ny hira gasy. Koa eo indrindra no ilana ny talentan'ny mpiventy mba hanakona ny lafin-javatra mampalahelo amin'ny alalan'ny filazan-javatra mahatsikaiky, araka ny filazan'i S. RAJAONA hoe : « *Tsy misy manakana ny hehy tahaka ny fihetseham-po sy ny fiontanam-panahy* » ¹⁴³. Ny fomba filazan-javatra ampiasain'ny mpiventy mba hisian'ny fihomehezana indrindra no hovahavahana amin'ity andininy ity. Lafin-javatra roa no mahatonga izany araka ny fahitanay azy : ny filalaovana amin'ny ohabolana sy ny filalaovana amin'ny fanovana endri-javatra. Tamin'ny fandinihina ny vondron'ambara sy ny zava-mitranga hita teny an-tsehatra, dia ny filalaovana amin'ny fanovana endri-javatra no miteraka ny mampihomehy ao amin'ny zana-kira.

a) Ny filalaovana amin'ny ohabolana sy ny fitenenana

Marihina fa na dia teo aza ny fidiran'ny sivilizasiona tandrefana izay nanova zavatra maro, ny fampiasana ohabolana ao amin'ny literatiara malagasy dia mbola voatazona ihany. Ny ohabolana mantsy dia sady maneho ny maha-izy azy ny mpiventy no ravaky ny fitenenana. « *Ny ampahatelon'ny ohabolana malagasy dia fananarana mifono hevitra mafonja sy voalanjalanja, mora tadidina ary mandaitra tokoa eo*

¹⁴³ S. RAJAONA, op cit, tak 150.

amin'ny fiainana » ¹⁴⁴. Miombon-kevitra amin'izany ny mpiventy hira gasy. Mba hisian'ny mahatsikaiky anefa dia iniana ampifandisoana ny sehatra ampiasana azy.

a₁ Ohabolana ampiharina amin'ny tanora nefa ampiasaina amin'ny antitra

And 2 andl 7 : « *Mbola be ny tandrifiko* »

Ampahan'ohabolana notsoahana avy amin'ny hoe « *voditsobika asa manan-tandrify* » io. Fomba fiteny entina mankahery ny vehivavy tsy mbola manam-bady noho ny antony samihafa izy. Ampiharina amin'ny lehilahy lehibe, efa manam-bady, manan-janaka folo. Izany fifandisoana izany no mampihomehy ny mpihaino. Ka mahatonga azy ireo hitehaka. Araka izany, paika ahazoana tehaka ho enti-mandresy eo amin'ny adin-kira gasy ihany koa ny filazan-javatra mahatsikaiky.

Mbola mampisongadina ny mahatsikaiky ihany koa ny « *métonymie* » « *tandrify* », izay antony entina maneho ny vokany « *anjara* ». Tsy sahy milaza mivantana intsony hoe « *anjarako* » Randrianantoanina. Efa Razafindramanana mantsy no anjarany. Sady mandoko fieboeboana izany ny « *métonymie* » eto no entina mandamina ny saina fa mbola azo atao tsara ny mampaka-bady. Voatsikaritry ny mpihaino izany fanamboaran-tsaina ataon-dRandrianantoanina izany, ka hehy no asetriny azy.

a₂ Ohabolana entina manamarina ny tsy mety atao.

And 2 andl 14 : « *Zaza fito aza, hono, tsy mahafehy trano* »

« *Zaza fito tsy mahafehy trano, fa ny fanahy fito no mahafehy azy* » ¹⁴⁵ no ohabolana feno nakana ity ampahany ity. Entina manamarina ny fihetsiky Randrianantoanina izay tapa-kevitra ny hisaraka amin'ny vadiny no nifidianana azy. Mety ny tapany voalohany ; saingy mamely an-dRandrianantoanina ho tsy manampanahy ny tohiny, ka navela. Io fanapahana io no mampihomehy satria tsapa amin'izany

¹⁴⁴ J. RAKOTONIRAINY, *Ny fahendrena malagasy na Ny tsaran'ny razantsika*. Sté Imp., Antananarivo, Fév. 1988.

¹⁴⁵ I. A. HOULDER, op cit, p 157, n° 1833

fa kendan'ny vomanga nasesiky ny tanany Rangahy : ny ohabolana saika hanamarin-tena no vao mainka nandentika azy.

Ny filalaovan'ny mpiventy amin'ny « litote » « *aza, hono* » dia vao mainka mampisosoka ny fihomehezana. Nohamaivanina ny filazan-javatra mba hampiharihary ny fanamarinan-tena tsy afa-mijoro ataon-dRandrianantoanina. Aminy mantsy, aradalàna ny fitondran-tenany. Izany fiheverana miavaka amin'ny an'ny rehetra izany dia miteraka ny mahatsikaiky ihany koa.

a₃ Ohabolana novana endrika arakaraka ny vanim-potoana

And 2 andl 5 : « *Ny lehilahy tsy mba antitra* »

Avy amin'ny ohabolana hoe « *Ny lehilahy tsy mba ratsy* » no nakan'ny mpiventy io fomba fiteny io. Io ohabolana tany am-piandohana io mantsy dia nampiasaina tamin'ny fotoana mbola nisian'ny ady an-trano teo amin'ny fiarahamonina merina. Zava-dehibe tokoa ny lehilahy tamin'izany, hany ka takon'izany izay mety ho kilema ananany ¹⁴⁶. Ankehitriny, niova ny zava-misy tao amin'ny fiarahamonina, ka tsy manana ilay lanja nananany fahiny intsony ny lehilahy. Rehefa naverina sy nasiampanamboarana ilay ohabolana, dia tsy nahatakona ny fahanterana fa vao mainka nampibaribary azy aza, ny filazana hoe : « *ny lehilahy tsy mba antitra* ». Izay fifandisoana eo amin'ny vokatra nandrasana sy ny zava-misy izay no mahatsikaiky.

a₄ fitenenana miharo eso sy hanihany

Vazivazy no endrika isehoan'ilay fitenenana, nefa mbola misy fifandisoana ihany eo amin'ny fampiasana azy. Santionany amin'izany ny hita ao amin'ny andl :

jamba mahita lalana

Fomba fiteny enti-maneso ny olona tampohin-javatra. Ato amin'ny zana-kira anefa, entin-dRandrianantoanina mieboebo io fomba fiteny io, satria anehoany ny tombontsoa azony hatramin'ny nahitany tamin-dRaozimaria. Tsy izy no tokony hiteny an'io fa ny olona manaraby azy amin'ny ataony. Izany fifandisoana izany no miteraka

¹⁴⁶ RAMAROLAHY, op cit, tak 204

ny mahatsikaiky satria toa tsy tsapan-dRangahy na tsy mampaninona azy izay hevitra fanesoana raketin'ilay fitenenana.

Tsy mifanalavitra amin'izany ny voalaza ao amin'ny andl 28 :

Makà aina aloha, ry vadibe, manaova vakansy

Ny mpianatra no asaina « *maka aina* », sy « *manao vakansy* » rehefa miato ny fotoam-pianarana. Ampiharina eo amin'ny sehatry ny fanambadiana ireo voambolana ireo eto ka mampihomehy, satria misy fifangaroan-kevitra indroa miantoana ao : voalohany, tombontsoa ho an'ny mpianatra ny fialan-tsasatra, fa fatiantoka ho an'ny vady noroahaina kosa ny fisarahana ; faharoa, tsy azo ahantona dia tohizina indray toy ny fampianarana ny fanambadiana. Izany fifandisoana izany no miteraka ny mahatsikaiky.

Nolalaovin'ny mpiventy amin'ny fomba maro ny ohabolana sy ny fitenenana mba hampihomehezana ny mpijery. Ny fifandisoan'ny sehatra ampiasana azy ireny no niteraka ny mahatsikaiky. Tafiditra ao anatin'ny paika entina manangana ny mahafinaritra avokoa izany. Azo lazaina ho mampiavaka ny fomba filazan-javatra ao amin'ny hira gasy ity filalaovana amin'ny ohabolana ity, sady ahatsapana ny fahaizan'ny mpiventy milalao amin'ny hevitra sy amin'ny teny mba hahakanto ny zana-kira. Fitenenana efa misy no niaingan'ny mpiventy teo. Ato amin'ny andininy manaraka indray dia famoronana mihitsy no paika ampiasainy.

b) Ny filalaovana amin'ny fanovana endri-javatra

Ambaran'i S. RAJAONA fa « *ny fahaizana mamorona fanovana endri-javatra dia miankina amin'ny fahaizana milalao amin'ny elanelana ara-panovana endri-javatra* »¹⁴⁷. Ny elanelana eo amin'ny oharina sy ny anoharana no atao ho elanelana ara-panovana endri-javatra¹⁴⁸. Ato amin'ny hira gasy, ny elanelana lehibe eo amin'ny oharina sy ny anoharana no miteraka ny mahatsikaiky. Miankina amin'ny safidy eo amin'ny anoharana io elanelana ara-panovana endri-javatra io. Santionany eo amin'ny anoharana nofidin'ny mpiventy hananganana fanovana endri-javatra, ka niteraka ny mahatsikaiky no aseho eto.

¹⁴⁷ S. RAJAONA, op cit, tak 77.

¹⁴⁸ H. MORIER, *Dictionnaire de poétique et de rhétorique*, PUF, Paris, 1969, p 680 : « *Distance métaphorique, la plus ou moins grand différence de sens qui sépare* ».

b₁ Fitaovana madinika no fidina ho anoharana

Fitaovana madinika no anoharan'ny mpiventy olona. Ahitana izany ao amin'ny And
2 andl 24 – 25 :

Radiô lany pilina ianareo ka efa mikasoka

Fitaratra lany manja ka soloako satria efa vasoka

Ampitovina amin'ny « *radiô lany pilina* » ny oharina « Razafindramanana » izay tondroin'ny mpisolo tena « *ianareo* ». Fantatra fa rehefa ela niasana ny vatoaratra mampandeha ny radiô, dia tsy afaka mampamoaka feo mazava azy. Mikasokasoka fotsiny izy. Tsy mahatanteraka ny ilana azy intsony izany ilay radiô : fampahalalam-baovao, fahafinaretana amin'ny hira sy mozika. Toy izany koa Razafindramanana : efa antitra ka tsy afa-manome feno izay andrasan'ny vadiny aminy. Koa sady mandoko ny fihetseham-pon-dRandrianantoanina ny « *métaphore* » eto no miteraka ny mahatsikaiky. Lehibe loatra mantsy ny elanelana manasaraka ny oharina « olombelona » amin'ny anoharana « *radiô lany pilina* », ka mahatonga ny mpihaino hihomehy.

Fitaovana mamoka feo no anoharana nofidin'ny mpiventy tao amin'iny andalana iny. Fitaovana mamoka sary indray no ampitahany ao amin'ny manaraka : « *fitaratra lany manja* ». Fitaovana tsy misy ilàna azy io, satria tsy ahitana ny endrika tafina aminy intsony. Ampifanatrehina amin'izany ny oharina « Razafindramanana », olombelona. Teraka ho azy ny mahatsikaiky tafahoatra ny elanelana ara-panovana endri-javatra : tsy hita loatra izay toetra iombonan'ny fitaratra lany manja sy ny vady antitra, ankoatra ny fiheverana azy ho samy tsy misy ilana azy.

Zavatra tsy manana aina no anoharana nenti-nanangana ny fanovana endri-javatra teo, olombelona kosa indray no nofidin'ny mpiventy ato amin'ny manaraka.

b₂ mpilalao baolina kitra no noraisina ho anoharana

Ao amin' ny And 2 andl 28 no ahitana izany :

zoera tsy lany “match” re ianao Razafindramanana

Ampitovina amin'ny mpilalao baolina nanao fahadisoana lehibe na tsy mahay Razafindramanana, ka tsy mahazo miakatra kianja. Mihoa-pampana ny fampitahana ary azo lazaina ho diso toerana mihitsy aza : vehivavy lehibe efa osan'ny fiterahana sy ny famelomana zaza folo ary ny fikarakarana tokantrano no ampilaharina amin'ny tanora mbola ao anatin'ny heriny ; tsy tokony hampitovina amin'ny mpilalao tsy afa-milalao ny vady renin-janaka osa, satria ny fikojakojanya ny ankohonany ihany no nandany ny heriny. Ny filalaovana amin'ny elanelana ara-panovana endri-javatra izay lehibe loatra, sy ny toe-javatra tsy mendrika ilay iharany no miteraka ny mahatsikaiky.

b₃ fitaova-pitaterana no atao anoharana

Ao amin' ny And 2 andl 53 misy ity fampitahana ity:

Izaho izay miteny iza lazaiko anao fa merisedesy

Manaitra ny mpihaino tokoa ny fampitoviana an-dRndrianantoanina amin'ny fiarakodia « merisedesy ». Ny « merisedesy » resahina eto mantsy dia fiara lehibe sy matanjaka, mahatatitra olona maro sy entana mavesatra ary koa mahatody lalan-davitra. Randrianantoanina anefa, lehilahy lehibe efa antitra satria « *fotsy volo sy efa banga* » (andal 6 – 7). Izany filazan-javatra tafahoatra izany miteraka ny mahatsikaiky eto.

Ny fiainana andavanandron'ny sarambabem-bahoaka no ventesina ao amin'ny zana-kira ka mahaliana ny mpihaino. Mikendry ny hampieritreritra sy hampisaintsaina ny amin'ny fomba hitondrana ny fiainan-tokantrano izy amin'ireo anatratrana azo sintonina aminy. Natao hampihomehy ny mpijery ihany koa izy ny zana-kira araka ny hita teo. Niangalian'ny mpiventy fatratra ny fanehoana azy mba hisian'ny mahatsikaiky eo amin'ny fomba filazan-javatra.

Fomba fiteny mivantambantana nolaroana sarin-teny no nampiasain'ny mpiventy. Ny fiteny mivantambantana no maneho ny maha-tena izy ny vontoaity. Ary ny sarin-teny, toy ny « parallélisme » sy ny « assonance » ary ny fanovana endri-javatra, kosa no manome azy endrika kanto mety hampitokelaka ny mpihaino. Fizarana iray ilomanosan'ny mpihaino ao anatin'ny mahaso azy ny mahafinaritra ny zana-kira.

FEHIN'NY FIZARANA FAHAROA

Ny fomba filazan-javatra nentina nanangana ny fampidirana sy ny famaranana no tena nifotorana tao amin'ity fizarana faharoa ity. Nialoha izany anefa, dia nosoritsoritina ireo fizarana ireo satria tsy mifanaraka amin'ny firafitry ny hira gasy io fanapatapahana io. Ny renihira moa no vatan'ny hira gasy. Koa izay fizarana eo alohany izany no fampidirana, ary izay ao aorianany no famaranana. Eo amin'ny lafiny vontoatiny, dia famakian-tsehatra ilay voalohany ary ahitana ny kabary vakisehatra sy ny lohan-kira. Ny faharoa kosa famaranana ny fampisehoana. Vako-drazana na zana-kira no mandrafitra azy.

Teo amin'ny fandalinana ny fomba filazan-javatra indray, dia azo lazaina fa misy fahasamihafa ny fomba nenti-nanangana ny fampidirana sy ny famaranan'ny hira gasy. Raha ny fomba filazan-javatra an-kolaka mantsy no nibahan-toerana tao amin'iry voalohany, fomba filazan-javatra tsotra arahina fiteny mivantambantana kosa ny ao amin'ny faharoa. Isan'ny mibaiko izany fantina izany ny tsy fitovian'ny zava-kendrena amin'izy ireo. Ny fampidirana mantsy dia mifototra bebe kokoa amin'ny faningorana ny fon'ny mpihaino mba ho tafalatsaka ao amin'ny tontolon'ny hira gasy. Koa eny ampanombohana dia efa resena lahatra amin'ny fahaiza-mandaha-teny ny mpihaino. Ny famaranana kosa dia mirona kokoa amin'ny fanamafisana ny hevitra fonosin'ny vatan'ny hira gasy, indrindra ireo anatra sy torohevitra hanatsarana ny fiainana. Ho famintinana izany, dia indro aseho amin'ny fafana ny fomba filazan-javatra nentin'ny mpiventy nanangana ny fampidirana sy ny famaranana.

Sokajin-tsarin-teny	Karazan-tsarin-teny	Fampidirana		Famaranana	
		KV	LH	VD	ZK
FANOVAN-JAVATRA (27)	Métaphore	3	3	3	10
	Métonymie	2	1	2	1
	Métalepse	1	1		
TAMBERIN-JAVATRA (29)	Parallélisme	5	1	5	2
	Polypotote	1			
	Allitération	1			
	Harmonie imitative	1			
	Epiphrase	1			
	Anaphore		3	1	
	Inclusion		1		
	Epanode		1		1
	Epiphore			1	
	Polysyndète			1	
	Assonance	1	1		2
RAFITRA ANDIAN-TENY SY SARIN-TENY HAFA (38)	Assonance	1	1		2
	Alliance de mots				1
	Hyperbole	3	1		1
	Antithèse	1	1		1
	Interrogation Oratoire			2	
	Epiphonème	1		2	
	Périphrase			1	
	Suspension	1			
	Antiphrase			1	
	Ellipse		1	1	
	Comparaison		1		2
	Argotisme				1
	Gradation		1	1	
	Hyperbate		1		1
	Litote		1		1
	Anacoluthie		1		2
	Syllepse		1		1

Fafana 4 : Ny fomba filazan-javatra ao amin'ny fampidirana sy famaranana ny hira gasy

Raha jerena ankapobeny isan-tsokajy ireo sarin-teny nampiasaina tao amin'ny fampidirana sy ny famaranana, dia ny sarin-teny hafa sy ny rafitra andian-teny no betsaka indrindra (38) ary mifanahantsahana kosa ny fanovan-javatra (27) sy ny tamberin-javatra (29). Eo amin'ny karazany indray, ny « métaphore » no maro indrindra (19). Manaraka azy ny « parallélisme » (13). Ao aorianan'ireo ny « métonymie » (6), ny « hyperbole » (5), ny « anaphore » sy ny « assonance » (4), ny « épiphonème », ny « comparaison », ny « anacoluthie » izay samy miisa 3 avy.

Manaporofa ireo tarehimarika ireo fa ny « métaphore » sy ny « parallélisme » no voafehin'ny mpamorona indrindra, satria sady ampiasainy amin'ny fandrafetana ny fampidirana no ilainy amin'ny fananganana ny famaranana. Hita ihany koa ny maha-mpanjakan'ny sarin-teny ny fanovana endri-javatra izany.

Raha ny fizarana mandrafitra ny hira gasy indray no ifotorana, dia mitovitovy ihany ny sarin-teny nentina nanangana azy : miisa 22 ny ao amin'ny kabary vakisehatra sy ny vako-drazana, 21 ny ao amin'ny lohan-kira. Ny zana-kira no manan-karena indrindra satria ahitana sarin-teny 29. Eo amin'ny karazany isam-pizarana indray, dia ny tamberin-javatra (10) no fampiasa indrindra amin'ny kabary vakisehatra, ka ny 5 amin'ireo « parallélisme ». 6 sy 7 kosa ny fanovan-javatra (3 ny « métaphore ») sy ny sarin-teny hafa (3 ny « hyperbole »). Ny sarin-teny hafa (10) no maro indrindra ao amin'ny lohan-kira. 5 sy 6 ny fanovan-javatra (3 ny « métaphore ») sy ny tamberin-javatra (3 ny « anaphore »). Mifanahantsahana ny tamberin-javatra (5 ny « parallélisme ») sy ny sarin-teny hafa (2 avy ny « épiphonème » sy ny « interrogation oratoire ») satria 8 sy 9 ao amin'ny vako-drazana. « Métaphore » 3 sy « métonymie » 2 kosa no fanovan-javatra nampiasaina tao. Ao amin'ny zana-kira kosa, dia ny sarin-teny hafa (misy ny « comparaison » sy ny « anacoluthie » 2 avy) sy ny fanovan-javatra (10 ny « métaphore » no loha laharana, ahitana sarin-teny 12 sy 11. Ny tamberin-javatra no vitsy indrindra satria 7 monja, ka « parallélisme » ny 2 amin'ireo.

Azo sintonina avy amin'ireo fa nampiasan'ny mpiventy ny talentany avokoa ny zana-pizarana ao amin'ny hira gasy. Singanina manokana ny zana-kira no tena niangalian'ny tarika RANARISON indrindra, raha ny sarin-teny nandrafetana azy no ifotorana. Tsy ho latsa-danja noho izany ny fomba nenti-nanangana ny vatan'ny hira gasy izay vontoatin'ny fampisehoana.

FIZARANA FAHATELO

**NY FOMBA FILAZAN-JAVATRA
NANANGANANA
NY VATAN'NY HIRA GASY**

Araka ny hita tao amin'ny fizarana faharoa, nomen'ny mpiventy lanja ny fampiasana ny sarin-teny. Izany rahateo no maha-zava-kanto vita amin'ny teny ny hira gasy. Sarin-teny manaitaitra arahina fomba fiteny samihafa no nibahan-toerana tao amin'ny fampidirana. Mamaly ny zava-kendren'ny fizarana rahateo izany : mampiditra ny mpihaino ao amin'ny tontolon'ny hira gasy ¹⁴⁹. Ny sarin-teny mampisaintsaina toy ny « fanontaniana tsy mila valiny », entina mandetika anatra sy ny « fanovana endri-javatra itondrana ny mpihaino hiaina fahafinaretana, no mateti-piasa tao amin'ny famaranana. Ampahany kely amin'ny hira gasy ihany anefa ireo, fa ny vatany mbola hafa tokoa. Ny fomba filazan-javatra nentina nandrafitra izany indrindra no hovahavahana amin'ity fizarana fahatelo ity.

Hotrandrahina manokana amin'izany ny fomba filazan-javatra nentin'ny mpiventy nanangana ireo lafin-javatra manavaka na iraisan'ny hira gasy amin'ireo karazan-dahateny na lahatsoratra hafa. Ny endrika namelomana ny hira gasy, izay miompana amin'ny fisian'ny lahateny manoritsoritra sy ny mitantara, no anombohana azy. Manaraka izany, hodinihina koa ny fomba nanomezana aina ny adin-kira gasy, izay isehoan'ny fifampihantsian'ny tarika roa tonta sy ny fanentanana mpijery. Amaranana azy kosa ny famakafakana ny vontoatin-kevi-kira gasy, ka ny lafin-javatra mampalahelo sy ny mampieritreritra no ifotorana.

3.1. NY FOMBA FILAZAN-JAVATRA AO AMIN'NY KARAZAN-DAHATENY NAMELOMANA NY HIRA GASY

Fomba iray enti-mampiditra ny hevitra rehetra sy isarihana ny mpihaino ny fanehoana ny endrika namelomana ny hira gasy. Mba hahamora ny fahazoan'ny mpihaino izay ambara no mahatonga ny mpiventy hanao izany. Koa ny lahateny manoritsoritra sy ny lahateny mitantara no nampiasain'ny mpiventy hamelomana ny hira gasy. Ny fanoritsoritana mantsy dia manome fampahalalana amin'ny antsipiriany ka mampihanjanja zavatra na toe-javatra ¹⁵⁰. Ary manana ny fomba filazan-javatra enti-manangana ireo lahateny ireo ny mpiventy.

¹⁴⁹ C. PEYROUTET, op cit, p 108 : « *L'implication de l'auditeur* ».

¹⁵⁰ Richard RAKOTONJANAHARY, *Ny fandrindrana an-tsoratra ny famakafakan-kevitra kilasy Famaranana*, Mémoire de CAPEN, ENS Ampefiloha, 2003.

3.1.1. Ny fomba filazan-javatra ao amin'ny lahateny manorisoritra

Ny hira gasy dia natao hananatra sy hampianatra. Ka nofidin'ny mpiventy ny lahateny manorisoritra satria mamaly izany zava-kendrena izany. Ny fahafantarana ny zava-misy avy amin'ny fanoritsoritana ¹⁵¹ mantsy dia manainga ny mpihaino hieritreritra sy handini-tena ny amin'izay tokony hitondrana ny fiainana. Lafin-javatra telo tsipalotry ny mpiventy eo amin'ny fiainana andavanandro no soritsoritany amin'izany : ny toerana, ny toetra, ny hetsika.

3.1.1.1. Ny fanoritsoritana toerana

Samy ahitana fanoritsoritana toerana ny hira gasy anankiroa. Ny toerana mantsy dia singa maneho ny maha-marim-pototra ny zavatra ambara, ka manafaingana ny fahazoan'ny mpihaino ny toe-javatra ny fanoritsoritana ny toerana. Izay fahalalana ny zava-misy izay no manamora ny fandresen-dahatra azy hiombom-po amin'ny mpiventy ka handray ny anatra hatolony. Marihina fa toerana tena misy no soritsoritana ao amin'ny hira gasy. Ka mizara telo mazava tsara izany toerana izany ao amin'ny vatan'ny hira gasy : Ny toerana nipoirana, ny toerana ivelomana ary ny toerana iafarana.

a) Ny toerana nipoirana

Ao amin'ny sombin-tantara sy ny tantara foronina dia tsy aseho miharihary ao amin'ny lahatsoratra ny toerana nipoiran'ny mpanoratra. Ao amin'ny hira gasy kosa, ambara ary ampahafantarina ampahibemaso izany. Azo lazaina fa fanaovana doka varotra io fampahalalana ny faritra niaviana io. Mamaritra ny maha-izy azy ny tarika mantsy izy satria mirakitra ny loharano nipoirany sy ny tantarany. Fomba iray hisintonana ny mpihaino hitia sy haka ny tarika izany, indrindra raha faritra fiavian'ny mpihira gasy malaza tany aloha tany ilay toerana.

Filalaovana amin'ny « topographie » ¹⁵² no fomba filazan-javatra entin'ny mpiventy manorisoritra ny toerana nipoiran'ny tarika RANARISON : entiny any amin'ilay toerana mihitsy ny mpihaino, ka atorony tsara miainga amin'ny manontolo mankany amin'ny antsipiriany, araka ny ahitana azy ao amin'ny HG1 and 31:

¹⁵¹ DICTIONNAIRE LAROUSSE, « *décrire, c'est représenter par un développement détaillé oral et écrit.* »

¹⁵² C . JURANVILLE, *Le style enseigné par la pratique*, Larousse, Paris, 1970, p 98 : « *La topographie est la description des lieux, elle sert à peindre une ville, un pays, un édifice... un paysage* ».

*Lavitra akaiky ny tanànan'Andohavary
 Tsy hadinonay anefa fa misy an'Ingahy Ranary
 Tanindrazanay, tany mavo fa mandronono
 Tanimbarinay, tany mena fa voka-bary
 Eo Arivonimamo no sampanana mianatsimo
 Aza mihafahafa rehefa izahay no mandray vahiny*

Atao toy ny mahita maso ilay toerana ny mpihaino mba hiraiki-po aminy toy ny ny mpiventy. Koa ny halaviran'ny toerana « *lavitra akaiky* » no soritana mialoha , avy eo ny endriny « *tanimbary, tany mavo, tany mena* » ary faranana amin'ny tondro zotra « *Eo Arivonimamo no sampanana mianatsimo* » . Apetraka ho mpizaha tany ny mpihaino amin'ity filalaovana amin'ny « topographie » ity. Sady manome endrika ny hira gasy izany no misarika ny mpihaino hankafy sy hitehaka ny tarika. Sarin-teny maromaro no manorina io fomba filazan-javatra io :

a₁ Fampiasana « oxymore » ao amin'ny « *lavitra akaiky* »

Teny roa mifamaritra nefa mifanipa-kevitra ny « oxymore » ¹⁵³. Mandoko ny hanina ny tany niaviana sy ny fitiavana ny mpihaino izany eto. Ifandroritan-javatra roa ny sain'ny mpiventy : ny faniriana tsy hiala an-tanàna andaniny ary ny fanomezana fahafaham-po ny mpijery amin'ny hira gasy ankilany. Ny safidy noraisiny hifanatrika ny fampisehoana dia sady manome lanja ny mpihaino no iandrandrana hoby ihany koa, satria ny « *fitia mifamaly no mahatsara fihavanana* ». Somary efa lasa fiteny andavanandro ihany io sarin-teny io ; ny hevitra sy ny fihetseham-po fonosiny tsy niova ka mahatonga ny mpiventy mbola hampiasa azy.

¹⁵³ Patrick BACRY, op cit, p 174 : « *Deux mots sémantiquement opposés mais appartenant à des catégories grammaticales différentes* »

a₂ Filalaovana amin'ny « épanorthose » indroa mifanesy

Sarin-teny iverenana amin'izay voalaza mba hanamifasan-danja azy ny « épanorthose »¹⁵⁴. Ahitana izany ao amin'ny :

Tanindrazanay, tany mavo fa mandronono

Tanimbarinay, tany mena fa voka-bary

Fandetihana ao an-tsain'ny mpihaino ny fifikirana amin'ny tanindrazana no tanjona eto. Nolaroana « antithèse » ny filazan-javatra araka ny hita amin'ny fampifanatrehana ny « *tany mavo* » sy ny « *mandronono* », ary ny « *tany mena* » sy ny « *voka-bary* ». Maneho ny hasin'ny tanindrazana io sarin-teny io. Iaraha-mahalala fa ny tany mavo sy ny tany mena samy tsy mahavokatra : iry voalohany mitovy loko amin'ny fahantrana ary ity farany « *tsy mirehitra* », tsy ahazoana na inona na inona. Ny mifanohitra amin'izany anefa no mitranga any Andohavary, faritra niavian'ny tarika RANARISON : manana hasina, manana hery manokana io tany io, ka mahavelona azy ihany rehefa hifikirany. Mibaribary eto ny fifamenoan'ny olona sy ny tanindrazany : rehefa manajary ny tanindrazany ny olona, dia velominy. Ny fanoritsoritana ny toerana izany eto dia sady manazava ny fiheveran'ny mpiventy¹⁵⁵ no manisika toe-tsaina ao amin'ny mpihaino.

Marihina fa samy milalao amin'ny « topographie » ny mpanoratra sy ny mpiventy hira gasy. Amin'ny tantara foronina sy ny sombin-tantara dia mijanona eo amin'ny faminavinan-javatra ny fetran'ny fanoritsoritana toerana ho an'ny mpamaky. Fa amin'ny hira gasy, manery ny mpihaino hiditra na ho any amin'ilay toerana mihitsy ny fanoritsoritana ny toerana.

b) Ny toerana ivelomana

Samy manoritsoritra ny toerana iasan'ny olona mba hahafahana mivelona aradalàna, ny mpiventy roa tonta. Ilaina ny manoritsoritra ireny toerana ireny mba ho fampahalalana ny mpihaino fa betsaka ny faritra azo aleha sy hahafahana manatsara ny

¹⁵⁴ S. RAJAONA, op cit, tak 48.

¹⁵⁵ G. GENNETTE, **Figure II**, Collection points, Ed du Seuil, Paris, 1969 : « *La description c'est un ordre à la fois explicatif ...* »

fiainana eto Madagasikara. Mifamatotra amin'ny maha-fitaovam-panabeazana ny hira gasy izany fanoritsoritana toerana izany.

Filalaovana amin'ny « topographie » ihany koa no fomba filazan-javatra ampiasain'ny tarika RAMILISON, entina manoritsoritra ny toerana falehan'ny mpila ravin'ahitra. Mampiasa ny fitanisan-javatra na « énumération » izy mba hanehoana ny halaviran'ny lalana vitan'ireny mpanao varo-mandeha ireny. Hita ao amin'ny HG 2 and 6 izany :

Mbola hafa ny fihetsik'ireo havantsika betsileo.

Aman-taonany maro nandao ny tananany mihitsy ireo.

Hatramin'ny varo-damba ka hatramin'ny varo-tsatroka mafana vay .

Itetezana tany any Maevatanana hatrany Marovoay.

Ny fitanisan-javatra laroana ny mpampiankina « *hatramin'ny hatramin'ny* » sy ny mpisolo toerana « *any hatrany* » eto no lalaovina mba hampafonja ny herim-pon'ny mpanao varo-mandeha : tsy mora kivy manoloana ny fahaserotana. Koa ny filazan-javatra izany dia misarika ny mpihaino hipetraka eo amin'ny toeran'ny mpanao varo-mandeha sy hitafy ny toetrany : tokony hihoaran'ny mpihaino ny olana maro ateraky ny fitanisana ao an-tsainy, toy ny tsy fandriampahalemana eny an-dalana sy ny fitaterana ny entana. Voamarina eto ny filazan'i Eric BUYSSENS fa misy akony any amin'ny mpihaino ny fitenenana ¹⁵⁶. Maneho ny hakanton'ny hira gasy izany fifanohinana izany.

Mbola filalaovana amin'ny « topographie » ihany koa no entin'ny tarika RANARISON manoritsoritra ny toerana falehan'ny mpitatitra olona amin'ny fiarakodia ao amin'ny HG1 and 21 :

1 Tonga any Tsiroanomandidy

Mafy moa ny manenjika adidy

Isan'andro mitety tsena

Tonga any Kiranomena

5 Lasa mandeha any Toliara

Any anie no be ny dolara

Vao nandramana Antsirabe

Dia efa vaky aloha ny pine

¹⁵⁶ E. BUYSSENS, op cit , p 77 : « ... Le langage comme un moyen d'agir sur l'auditeur »

Ny fanoritsoritana toerana laroana fitanisana ny maha-izy azy ilay toerana diaentina isarihana ny sain'ny mpihaino hahafantatra ireo faritra eto Madagasikara : sady fampiderana fahaizana izany no fampianarana ihany koa. Asisiny eny antsefatsefaky ny fitanisana eny hatrany fa tsy ilaozan'olana ny fiainana. Amin'ny alalan'ny « antithèse » ialohavan'ny kian-teny mifanohitra « vao » sy « efa »¹⁵⁷ no anaovany izany ao amin'ny hoe : « *vaio nandramana Antsirabe ≠ Dia efa vaky aloha ny pine* ». Ny faniriana ho tafita an-dalana sy ny fahadisoam-panantenana no ampifanatrehin'ny mpiventy amin'ity sarin-teny ity mba hilazana fa « *tantely amam-bahona ny fiainana* », ka mifamahofaho ao ny soa sy ny ratsy¹⁵⁸.

Fomba filazan-javatra anorenana ny « topographie » ihany koa ny filalaovana amin'ny fanehoan-javatra. Fanehoan-javatra « mivelatra » no hita miverina intelo ao amin'ny « any ». Mampisongadina ny halaviran'ny lalana alehan'ny mpitatitra, ary koa mandoko ny toe-tsaina feno fahavononana ananany. Azo lazaina fa ny fihetsehampon'ny mpiventy mihitsy no abaribarin'ny filazan-javatra eto : te hampitodika ny sain'ny mpihaino mba tsy ho variana hifidy toerana hiasana izy.

Izao no amehazana ny fanoritsoritan'ny mpiventy ny toerana ivelomana. Andaniny, asongadin'ny fitanisana ny hamaroana sy ny halaviran'izy ireny ary ny olana mety hitranga eny am-pilana ravin'ahitra. Ankilany anefa, manisika toe-po sy toe-tsaina vaovao ao amin'ny mpihaino koa ny mpiventy. Tsy hadinoina mantsy fa manova sy manitsy ny literatiora¹⁵⁹, ary anisan'izany ny hira gasy.

Tsy mianina amin'ny fanoritsoritana ny toerana iriariavan'ny velona ny mpiventy fa miresaka ihany koa ny toerana misy ireo nodimandry.

d) Ny toerana iafarana

Isan'ny fomba handresen-dahatra ny mpihaino mba hifankatia ny fanoritsoritana ny toerana iafarana rahatrizay. Ahitana izany ao amin'ny renin-kiran'ny tarika RANARISON. Ny filalaovana amin'ny « topographie » ihany no ananganana azy ao amin'ny HG₁ and 6 :

¹⁵⁷ S. RAJAONA, *Structure du malgache*, Ambozontany, Fianarantsoa,

¹⁵⁸ JURANVILLE op cit, p130 « (...) son but est de faire ressortir davantage les pensées par l'opposition qui existe entre elles ».

¹⁵⁹ RANDJA RAZAMIHOATRA, op cit.

Raha miala ny trano mangasohaso
Dia hiditra ny trano tsy misy afo
Ohatra ny trano vita simà io
Trano fanangonana taolam-balo

Sarin-teny maromaro nomandrafitra ny fomba filazan-javatra ao.

d₁ Fampifanatrehana toe-javatra roa mifanipa-kevitra

Ampifanatrehin'ny mpiventy amin'ny alalan'ny « antithèse » ny toerana roa samy hafa : ny toeran'ny velona izay mahafinaritra, mamirapiratra ny hazavana faritan'ny « onomatopée » « mangasohaso » sy ny fonenan'ny maty izay maizina, mangatsiaka satria « trano tsy misy afo ». Entina mampieritreritra ny mpihaino izany : tokony hanararaotra ny fahvelomany izy ka hampirindra ny fitondran-tena amin'ny toerana meva misy azy.

d₂ Filalaovana amin'ny « euphémisme » laroana « périphrase »

Tsy nolazain'ny mpiventy mivantana io toerana iafarana io. Heverina ho zavatra saro-pady sy atahorana mantsy ny fasana. Koa mba tsy hananan'ny mpihaino fihetseham-po hafahafa, mety hanelingelina ny fifaliana dia nipoitra ny « euphémisme », sarin-teny analefahana ny fomba filazan-javatra mba tsy handratra sy hampangirifiry ilay itenenana ¹⁶⁰. Nanterina tamin'ny « périphrase » intelo miantoana « trano tsy misy afo », « trano vita simà », « trano fanangonana taolam-balo » ny fanalefahana filazan-javatra. Vao mainka manan-kery handona ny saina handini-tena izany fanalavam-pitenenana izany.

Hita tamin'ny fanoritsoritana ny toerana teo ny fiezahan'ny mpiventy hampiasa fomba filazan-javatra mihataka amin'ny mahazatra, mba hisarihana ny mpihaino hanongilan-tsofina ¹⁶¹ ary hanomezana endrika kanto ny hira gasy. Tsy ireo ihany akory no toerana namelomana ny vatan'ny hira gasy, fa izay misongadina ao amin'ny lahateny manoritsoritra no noraisina. Ny tena manan-danja amin'ireny dia ny toerana tena misy eto Madagasikara, izay azo heverina ho fepetra fototra mibaiko ny fampianarana rehetra

¹⁶⁰ S. RAJAONA op cit, tak 53

¹⁶¹ P. BACRY, op cit, p 25 : « Tout écart par rapport à la norme attire l'attention ».

ao amin'ny hira gasy. Ny filalaovana amin'ny « topographie » laroana sarin-teny samihafa no fomba filazan-javatra nanoritsoritana azy ireo. Hisarihana ny sain'ny mpihaino haminavina ny toerana ivelaran'ny fiainana sy ny trangan-javatra raketiny no tanjona amin'izany. Ankoatra ny toerana, singa namelomana ny hira gasy ihany koa ny toetran'ny olona miara-miaina ao antin'ny fiarahamonina.

3.1.1.2. Ny fanoritsoritana toetra

Amin'ny maha-zava-kanto teraky ny fiarahamonina ny hira gasy, dia mibahan-toerana ao ny fanoritsoritana ny toetran'olona na ny toetran'ny sokajin'olona mandrafitra izany fiarahamonina izany. Entina mampahalala ny mpihaino ny karazan-toetra ananan'ny olona mifanerasera ao no anton'ny fanoritsoritana. Matetika mantsy, variana amin'ny adim-piainana ny ankamaroan'ny mpihaino ka tsy mahatsapa ny toetran'ny manodidina azy. Miantoka ny fahatsaran'ny fifandraisana anefa ny fahafantarana izany, satria avy amin'izany no hamolavolana ny fitondran-tena horaisina. Hasongadina ato fa ny fahaizan'ny mpiventy maneho hevitra amin'ny fampibaribariana ireny toetra ireny no mahakanto ny hira gasy. Manana anjara toerana lehibe amin'izany ny filalaovana amin'ny sarin-teny, ka ny « antithèse » no sarin-teny mateti-piseho indrindra.

a) ny fiangaran-janaka ataon'ny ray aman-dreny

Velarin'ny mpiventy eo ambany mason'ny mpihaino ny toetran'ny ray aman-dreny izay tsy mampitovy ny fitondran-janaka ao amin'ny HG2 and 15 :

<i>Raha misy anankiray mba tafita</i>	<i>Ilay tsy manana izay mampangoraka</i>
<i>Dia lazaina fa mahitahita</i>	$\neq$ <i>Mbola kely dia tsara nahohoka</i>

Ampahafanatrehina eto ny fihetseham-pon'ny ray aman-dreny : ny fankasitrahana ny zanaka tafita ary ny fankahalana izay tsy manana.

Ao amin'ny laniny voalohany, dokafana ary ireharehana ny fananana zanaka tafita. Nipoitra avy amin'izany ny « métonymie » « *mahitahita* » izay isehoan'ny voka-javatra misolo toerana ny antony : noho ny fananam-pahaizana sy harena (antony) dia mora mahita ny fomba rehetra hamahana ny olona eo amin'ny fiainana (vokany) izy. Koa ny « métonymie » izany dia mandoko an-kolaka ny tsy fankasitrahan'ny mpiventy ny ray aman-dreny mianga-janaka toy izany.

Ao amin'ny laniny faharoa amin'ny « antithèse », ailika ny zanaka mahantra ary anenenana ny fisiany. Ny fanovana endri-javatra « *nahohoka* » no maneho izany. Ny zaza teraka alakaosy taloha no nahohoka, satria natahorana hanoto ny ray aman-dreniny. Atafy ny zanaka mahantra ireo toetra ireo. Entina mandoko ny toe-tsain'ny ray aman-dreny izay manenina amin'ny fananana ireny zanaka tsy manana ireny.

b) ny toetra tsy mahombin'ny lehilahy

Ankoatra ny ray aman-dreny, manoritsoritra ny lehilahy ihany koa ny mpiventy. « Antithèse » indimy miantoana no maneho ny fifamahofahoan'ny fitondran-tena tsy ara-dalàna maro ao amin'ny HG1 and 22

*Miala tsiny izahay, Razokibe
Tsy zazakely isika fa lehibe
Misy isika hendry mody adala
Tsy tia kijeja fa mihinam-balala
Misy ihany isika indraindray
Manana ilay toetra kely izay
Mifady fotsy nefa mihinan-dronono
Tsy tia trondro fa lasa manjona*

Ny fampifanoherana ny sokajy « *zazakely* ≠ *lehibe* » dia entina maneho ny tsy fahalalana ny tokony hatao. Ny zaza, noho izy tsy mbola vory saina, no manao fihetsika tsy voatandrina. Tsy mendrika hanao izany kosa ny olon-dehibe. Ho fampisaintsainana ny mpihaino hahafantatra ny fitondran-tena mifanandrify amin'ny taonany sy amin'ny anjara toerany no kendrena amin'ny « antithèse » eto.

Ampifanatrehin'ny mpiventy ihany koa ny zavatra tsy tiana hatao sy ny zavatra hatao. Mampibaribary ny toetra feno tsy fahamatorana ananan'ny lehilahy ny « antithèse » telo farany. Mba hanamafisana ny tsy maha-ara-dalàna izany tsy fahamatorana izany dia nolaroana « parallélisme » ny filazan-javatra, amin'ny alalan'ny filalaovana « *tsy ... fa, nefa* » :

*Tsy tia kijeja fa mihinam-balala
Mifady fotsy nefa mihinan-dronono
Tsy tia trondro fa lasa manjono.*

Raha zohina ny fizotran'ny vontoatin-kevitra ny hira gasy, dia ireo lehilahy tsy mahay mionona amin'ny vady tokana no iantefan'ny filazan-javatra.

Azo heverina ho sarin-teny manavanana ny mpiventy hira gasy ny « antithèse », satria izy no mateti-piasa ny « antithèse » ao amin'ny vatan'ny hira gasy.

Manana ny fisehoana betsaka mitaha amin'ireo karazan-tsarin-teny hafa :

1. Antithèse : 8 , métaphore 8
2. Anaphore 5, Anaphre 5
3. Interrogation oratoire 4 , Hyperbole 4
4. Amplification

Marihina fa miseho ity fomba filazan-javatra ampifanatrehana toe-javatra roa mifangarika ity, na dia eo amin'ny fiteny andavanandro aza ¹⁶². Koa aza lazaina fa mifanrimbona eo amin'ny fananganana ny hira gasy ny fiteny andavanandro sy ny fiteny mihataka. Ataon'ny mpiventy mifandimby ny filazan-javatra mahazatra sy ny manaitra ¹⁶³. Mahatonga ny hira gasy ho kanto izany, ka liana ny mpihaino ary miandry hatramin'ny fiafaran'ny fampisehoana.

3.1.1.3. Ny fanoritsoritana hetsika

Ny hetsika rehetra nataon'ny olona eo am-panatontosana ny asa fivelomana no nosoritsoritan'ny mpiventy roa tonta ao amin'ny lahateny. Ny mba hankahery ny mpihaino manoloana ny zava-tsarotra eo amin'ny fivelomana no anton'izany : entin'ny miankandrefam-baravarana ny fahasahiranana ka tsy atao mahakivy. Andokoana ny fihetseham-pon'ny mpitarika posiposy sy ny mpanao hotely ny fomba filazan-javatra amin'ity andininy ity. Tiany hananan'ny mpihaino mantsy izany.

a) Ny hetsika ataon'ny mpitarika posiposy

Famahavahana amin'ny antsipiriany ny hetsika farany kely indrindra atao na mihatra amin'ny mpitarika posiposy no asehon'ny tarika RAMILISON. Atao toy manatri-maso izany ny mpihaino mba hiombonany fo amin'ny olona tantaraina sy hampitahany ny tenany. Ao amin'ny HG2 and 22 no misy izany :

¹⁶² S. RAJAONA, op cit, tak 40.

¹⁶³ MORIER , *Dictionnaire de poésie et de Rhétorique*, P.U.F. , Paris, 1961 : « La distance qui crée la surprise ».

Ireo mpitarika posiposy koa jereo
Indrindra ny any Antsirabe
Mihazakaza-dava mitady ireo kilina eran'ny arabe
Mifarombaka sy miady voaiazera amin'ny mpitondra TAXI
Sady mampaneno an'ireo lakolosy hoe : kly, kly, aty !
Hain'andro be, hatsembohana koa
Raraka eo an-doha.

Ny ataon'ny mpiventy eto dia ny mampiavosa ny antsipiriany-javatra enti-mamahavaha ny ventin-kevitra hoe : « *Ireo mpitarika posiposy koa jereo* ». Sarin-teny maro no ilafihan'ny famahavahana « amplification » ao amin'izany :

a₁ Ny filalaovana amin'ny « gradation »

Mifanao ambaratonga miakatra ny fitanisana ny hetsika : « *mihazakaza-dava < mitady ireo kilina < mifarombaka < miady < mampaneno* ». Entina mandoko ny hamafin'ny asan'ny mpitarika posiposy ny sarin-teny.

Nolaroana filalaovana amin'ny teny vahiny nogasina « *kilina, vôiàzera* » ny filazan-javatra. Ny teny « *kilina* »¹⁶⁴ mantsy dia avy amin'ny teny frantsay « *client* » izay iantsoana ny olona ifampiraharaha eo amin'ny tontolon'ny varotra sy ny fandraharahana amin'ny ankapobeny¹⁶⁵. Ny mpitaingina posiposy no tondroina eto. Ny teny hoe « *vôiàzera* » kosa dia avy amin'ny teny frantsay hoe « *voyageur* » ilazana ny mpandeha, ny olona taterina amin'ny fiara. Mampifanakaiky ny mpiventy sy ny mpihaino, mahamora ny fahazoana izay ambara, ary mampiombona fihetseham-po ny filalaovana amin'ny teny vahiny nogasina toy ireny, satria mamaritra ny sokajin'olona nipoiran'ny roa tonta tao amin'ny fiarahamonina¹⁶⁶.

Velarin'ny mpiventy toy ny horonan-tsarimihetsika eo anoloan'ny mpihaino ny hetsiky ny mpitarika posiposy, lokoany amin'ny « *homéotélente* » na tamberim-peo anivon-teny [i], ny endriny, mihidy vazana sy mivoa-dinitra noho ny hamafin'ny asa. Ny « *kly, kly, aty* » no mampiseho izany.

¹⁶⁴ Marihina fa fitenin-jatovo io.

¹⁶⁵ LAROUSSE, *Dictionnaire de Français*, Bordas, 1997, p 75 : « *client : qui se fournit chez un commerçant, qui recourt à une banque, à un avocat, à un médecin etc ...* »

¹⁶⁶ MAROUZEAU, op cit, p 100 : « *Argotisme : L'enrichissement se fait par appel à des vocabulaires spéciaux, ernatitués à la faveur des groupements qui conditionnent la vie en société* ».

a₂ Filalaovana amin'ny « synecdoque »

Fanaovana anarana isehoan'ny ampahany misolo toerana ny manontolo : « *an-doha* ». Tsy ny loha ihany, izay ampahany, mantsy no tsemboka, fa ny tena manontolo iray. Saingy ny loha no nofidin'ny mpiventy hanehoana fa, mandritra ny asa vatana, dia lasa lavitra koa ny saina sy ny eritreritra. Noho izany, mandoko ny adin-tsaina tiana ho tsapan'ny mpihaino ny « synecdoque ».

Eo amin'ny vontoatiny, dia mampiavaka ny mpiventy hira gasy ny fanoritsoritana ny hetsika farany izay bitika indrindra, hisarihana ny mason-tsain'ny mpihaino hahatsapa ny zava-manjo ny olona tantaraina. Eo amin'ny fomba filazan-javatra dia ny fampidirana « argotisme » ao amin'ny fanoritsoritana no mampiavaka azy.

b) Ny hetsika ataon'ny mpanao hotely

Mbola « amplification » ihany no lalaovin'ny mpiventy, fa ny sarin-teny manorina azy no hafa. Ny manaitra dia ny fahaizan'ny mpiventy maneho ny pitsopitson-ketsika. Velarina ho habaka isehoany ny hetsika sy ny fotoana anatanterahana azy ao amin'ny HG 1 and 21 :

Mba jereo ny mpanao hotely
Mitandavana sy mielo
Vao maraina dia efa mifoha
Lasa indray aloha mamono akoho
Tombom-barotra no kendrena
Fatiantoka no babena

Ny ventin-kevitra hoe « Mba jereo ny mpanao hotely » no ilafihan'ny « amplification » amahavahana ny hetsika sy ny fotoana anatanterahana azy ary enti-mandoko ny tsy fiovam-piainana. Ny « amplification » izany eto dia natao handetehana toe-tsaina feno fikirizana izay ananan'ny mpanao hotely rahateo ao amin'ny mpihaino.

Nofintinina amin'ny « épiphonème » miharo « antithèse » ny famahavahana. Ampifanatrehina ny tanjona « tombom-barotra » sy ny vokatra azo « fatiantoka ». Enti-mandoko ny fahadisoam-panantenana mahazo ny mpanao hotely ny filazan-javatra.

Ny « amplification » no sarin-teny mateti-piseho tao amin'ny lahateny manoritsoritra hetsika. Amin'ny ankapobeny ny fihetseham-po no vahavahana ao amin'ny poezia sy ny tantara foronina. Fa hetsika hita maso faran'izay bitika kosa no vahavahana ao amin'ny hira gasy. Hetsika tsapa sy iainana izy ireny nefa tsy mahataitra intsony. Fa noho ny fahaizan'ny mpiventy milaza zavatra dia toa lasa zava-baovao ka manintona sy mahaliana ny mpihaino. Sady manome endrika ny hira gasy no mampisongadina ny talentan'ny mpiventy milaza zavatra.

Raha atao indray mitopy maso ny fomba filazan-javatra ao amin'ny lahateny manoritsoritra, dia hita fa paika telo no ananganana azy. Voalohany, nisy ny fanoritsoritana toerana tena misy izay nilalaovana tamin'ny « topographie ». Faharoa, tao koa ny famahavahana ny antsipirian-toetran'olona izay nampiasana « anthithèse ». Farany, nosoritsoritana koa ny hetsika ataon'ny olona eo amin'ny fiainana andavanandro izay nilalaovana tamin'ny « amplification ».

Sarin-teny 13 no nananganana ny lahateny manoritsoritra, ka ny sarin-teny tsy dia mitaky fanakaran-kevitra no mateti-piseho : « antithèse » (5), « énumération » (3), « topographie » (3). Isan'ny antony mahatonga ny safidy ny sokajin'olona iantefan'ny hafatra : mpihaino mitady fialam-boly sy efa vizana amin'ny fitadiavana andavanandro no manoloana azy, ka heverina fa tsy mety ny mbola hampiasana saina azy ireo.

3.1.2. Ny fomba filazan-javatra nananganana ny lahateny mitantara

Araka ny filazan-dRajemisa RAOLISON, ny mitantara dia ny milazalaza izay nitranga ¹⁶⁷. Koa dia milazalaza ny zava-mitranga eo amin'ny fiainana andavanandro ny mpiventy rehefa mitantara ao amin'ny hira gasy. Izany no manorina ny lahateny mitantara. Ahitana dingana telo ny lahateny mitantara : manomboka, mamarana ary manelanelana. Ankoatra ny vontointany, manana ny fomba filazan-javatra mampiavaka azy avy ireo dingana ireo.

Marihina fa manana anjara asa fandresen-dahatra ny lahateny mitantara ao amin'ny hira gasy ¹⁶⁸. Entina manohana ny maha-marim-pototra ny lohahevitra

¹⁶⁷ R. RAOLISON, *Rakibolana Malagasy*.

¹⁶⁸ J. SUBERVILLE, op cit, p 393 : « La narration est un argument logique du discours ».

hohadihadina. Noho izany, tsy vitan'ny hoe manome endrika ny hira gasy ny lahateny mitantara, fa natao isarihana ny mpihaino handini-tena manoloana ary ny zava-misy eo amin'ny fiainana hasongadina.

3.1.2.1. *ny fiantombohan'ny fitantarana*

Misy hatrany ny famakian-dresaka amin'ny fitantarana. Matetika dia ny fiteny andavanandro no ampiasain'ny mpiventy, tsy betsaka ny sarin-teny. Antony roa no mahatonga izany : sady manome aina ny fitantarana, mampiroso ny toe-javatra tian-kambara mba hahafahana mamoka fihetseham-po mivantana ny fiteny andavanandro, no manampy ny mpihaino eo amin'ny fahazoana haingana ny zavatra tantaraina. Araka izany, dia tamberin-javatra toy ny « anaphore » ary fanovan-javatra toy ny fanovana endri-javatra no mateti-piasa.

a) Filalaovana amin'ny « anaphore »

Ny famerimberenana dia sady mampiharihary ny firafitry ny hira gasy no fomba iray manery ny mpihaino handray sy hitadidy izay ambara ¹⁶⁹. Santionany amin'izany ny fitantaran'ny tarika RAMILISON ny fisian'ny sokajin'olona tsy mahazaka ny olam-piainana ao an-tokatrano ao amin'ny HG2 and 18 sy and 19 :

Misy ny tovolahy e manao tetik'ady

Raha mba manam-bola kely

[...]

Misy ny vehivavy e miseho mampitamby

Raha misy ny fifamaliana

[...]

Ny fampiasana ny « anaphore » « misy » dia entina manantitrantitra ny fahamarinan'ny foto-kevitra ny hira gasy « *Ampiasao ny pôlitika fa rehefa mitady tsy maintsy hahita* ». Ny sokajin'ny olona rehetra ao amin'ny fiarahamonina dia samy

¹⁶⁹ LEVI-STRAUSS in **Recoding a text** de SEBEOK (T.A) , New-York, 1960, p 213 : « *La répétition a pour fonction de rendre apparente la structure du chant* » .

hahazo izay tadiaviny rehefa miezaka. Koa eto dia atodiky ny mpiventy any amin'ny fiainan-tokantranon'ny tovolahy sy ny tovoavavy ny sain'ny mpihaino. Anterina ny tsy fahaiza-mandefitra mba hampisaintsaina.

Raha eo amin'ny vontloatiny, dia tsy zava-baovao loatra eo amin'ny mpihaino izany. Ny fomba filaza azy no tsy mahazatra ka miteraka fahalianana. Izany fomba filazan-javatra izany no mahakanto ny hira gasy. Sady fandresen-dahatra izany ny tamberin-javatra no fampidirana ny mpihaino ao amin'ny zavatra tantaraina.

b) Filalaovana amin'ny fanovana endri-javatra

Eo am-panombohan'ny fitantarana dia efa alentika ao an-tsain'ny mpihaino ny fihetseham-po tiana hananany araka ny hita ao amin'ny HG2 and 7 :

Io tsy fananana io mahazaka maniraka.

Atafy ny oharina « *tsy fananana* » ny toetran'ny anoharana « *maniraka* ». Heverina ho olombelona izany ny « *tsy fananana* » ka mibaiko ny olona tsirairay handeha hiasa sy hikaoka ny filàny. Fanovana endri-javatra azo avy amin'ny fanafiana toetran'ny anoharana ny oharina no hita eto. Maneho ny tsy fananan'ny olona safidy manoloana ny hasarotry ny fiainana izany ary mandoko ny fiononana ao amin'ny mpiventy ka tiana hamaka any amin'ny mpihaino.

Mbola fanovana endri-javatra ihany koa no anombohan'ny tarika RANARISON ny fitantarana ny fisondrotry ny vidim-piainana ao amin'ny HG1 and 3 :

Henjana Ranona

Raha ny marina, tsy tsapa, tsy hita ny endriky ny fiainana. Ampitahaina amin'ny hena manta be ozatra izy : tsy laitra kaikerina, tsy voatelina, tsy ahazoana fahafinaretana rehefa hanina. Fanovana endri-javatra azo avy amin'ny fanafiana ny toetran'ny anoharana ny oharina no hita eto. Mandoko ny hakivian'ny mpiventy manoloana ny fisondrotry ny vidim-piainana. Mifintina ny filazan-javatra ka manome endrika ny hira gasy. Mafonja anefa ny hevitra sy ny fihetseham-po raketiny ka mampisy lanja ny zavatra tantaraina .

Fomba filazan-javatra tsotra, tsy mitaky fanakaran-kevitra no nananganana ny fanombohan'ny lahateny mitantara. Ny tamberin-javatra « anaphore » no entina manantitrantitra ny fahamarinan'ny lohahevitry ny hira gasy. Ary ny fanovana endri-javatra kosa no mandoko ny fihetseham-pon'ny mpiventy, ka tiana hamaka any amin'ny mpihaino. Tsapa tokoa ny finjavana hanome ny kanto mba hiteraka fifaliana any amin'ny mpihaino amin'ny alalan'ny fanovana endrin-javatra ¹⁷⁰.

3.1.2.2. Ny famaranana ny fitantarana.

Raha ny fiafaram-piainan'ny mpanandray anjara fototra no hita ao amin'ny famaranana sombin-tantara, hafa kosa ny any amin'ny hira gasy. Dingana anehoan'ny mpiventy ny fihetseham-pony sy ny fiheverany ary ny anatra tiana hampitaina ny famaranana ny lahateny mitantara.

Fomba filazan-javatra roa miavaka tsara no ampiasainy : ny fomba filazan-javatra tsotra sy ny fomba filazan-javatra an-kolaka. Ampiasainy iry voalohany noho izy tsy misy elanelana firy amin'ny fiteny andavanandro, ka mahamora ny hiangonan'ny hevitra ao an-tsain'ny mpihaino. Tsy mijanona eo amin'ny fahavitan'ny hira gasy fotsiny ny hafatra fa manosika hisaintsaina any anaty izay voalaza ¹⁷¹. Amin'ny fomba filazan-javatra an-kolaka kosa no ampiasany filalaovana amin'ny ohabolana nasiana fanamboarana. Mampitombo lanja ny anatra tiana hampitaina sy mampiavaka ny hira gasy amin'ny literatiora hafa mampiasa ohabolana.

a) Filalaovana amin'ny « épiphonème »

Fehezan-teny mamintina amin'ny fomba miaingitra ny famelabelarana natao teo aloha no entina mamarana ny fitantarana ao amin'ny HG1 and 4 :

Hankaiza f'izay no anjara

Ny fisian'ny fahasamihafana ao amin'ny fiarahamonina, ny mpanan-karena sy ny mahantra, no novahavahana. Inian'ny mpiventy ajanona ny fitantarana mba hanohinana ny fon'ny mpihaino hitsetra ireo tsy manana. Io « épiphonème » io no amaranany azy. Voafintina ao avokoa ny ezaka (miasa mafy), ny vokatra (tsy

¹⁷⁰ J. SUBERVILLE, op cit, p 88 : « La métaphore est plus riche de signification que l'expression directe ».

¹⁷¹ F. RAMUZ, *Taille de l'homme*, ed Bernard Grasset, 1933, p : « Par la métaphore (le locuteur) lui permet de faire rayonner des beautés et d'en prolonger la jouissance chez (l'auditeur) ».

fahampiana) ary ny fihetseham-po (fiononana). Hamafisin'ny fanontaniana tsy mila valiny « *hankaiza* » izany fihetseham-po izany. Ny valiny andrasana dia efa ao amin'ny mpihaino, toy ny hoe « *tsy hita izay aleha* ». Koa ny fanontaniana dia manantitra ny tsy fahafahan'ny tsy manana manaoatra. Raha tsorina ity filalaovaona amin'ity sarin-teny ity dia mamintina mihitsy ny fihetseham-pon'ny mpiventy hira gasy, fa ny fibosesik'izany fihetseham-po izany no manery azy hamarana ny lahateny mitantara amin'ny « *épiphonème* ».

Hentitra kosa no namintinan'ny tarika RAMILISON ny fitantarana ny fiainan'ny mpiompy tsy mahay mitsinjo ny farany ao amin'ny HG2 and 12 :

Voadona vao mitampify

Ny fihetsiky ny mpiompy « *mizesita* » sy ny nenina mahazo azy no fintinin'ny « *épiphonème* ». Entina mampisaintsaina ny mpihaino manoloana ny tsy fahaizana mitantana ny fananana ny sarin-teny. Nohalefahina ny filazan-javatra mba tsy hampivandravandra ny fandatsana. Ka nipoitra ny fanovana endri-javatra azo avy amin'ny fanafiana ny toetran'ny anoharana ny oharina : « *Voadona* ». Heverina ho toy ny vaingan-javatra tsy manana aina ka azo ampiharana hery ny oharina takona « *mpiompy* ». Ny fiantraikan'ny hamafin'ny fahavoazana mihatra amin'ny mpiompy no lokoan'ny fanovana endri-javatra. Fomba entina mampitandrina ny mpihaino eo amin'ny fomba fihariana (*fitsitsiana*) no asongadin'ny filazan-javatra.

Maro ihany ny lahateny mitantara nofaranana amin'ny « *épiphonème* » ao amin'ny vatan'ny hira gasy ¹⁷². Matetika dia natao hampieritreritra sy hisarihana ny mpihaino hitsara sy hanitsy izay tsy mety eo amin'ny fitondrany ny fiainany ity fomba filazan-javatra ity. Milalao amin'ny ohabolana ihany koa ny mpiventy eo am-pamaranana ny fitantarana.

¹⁷² Jereo HG1 and11, HG2 and 16 , HG3 and 22.

b) Filalaovana amin'ny ohabolana

Fomba filazan-javatra mibahan-toerana ao amin'ny rafitra telon'ny hira gasy ny ohabolana. Manana ny fomba entina milalao amin'ny ohabolana ny mpiventy ato amin'ny vatan'ny hira gasy. Koa amin'ireo fomba filazan-javatra 9 nananganana ny famaranana ny lahateny mitantara, dia miisa 3 ny filalaovana amin'ny ohabolana. Nofaranan'ny tarika RANARISON tamin'ny ohabolana nasiam-panamboarana ny fitantarana, ohatra, ny fanilohana mahazo ny havan-tsy manana ao amin'ny HG1 and 4 :

Omby mahia ka tsy tian'ny namany e

Tsy tiany holelafina

Fomba fiteny nalaina tamin'ny ohabolana hoe « *Omby mahia ka tsy lelafin'ny namana* »¹⁷³. Tsy miova ny vontoatiny, fa ny endrika isehoany no nasiam-panamboarana, tamin'ny alalan'ny fanasilahana ho fehezanteny roa ary ny fanisihana andian-teny « *tsy tiana* ». Teraka eo ny « *épanorthose* », izay sarin-teny amerenana izay voalaza entina hanamafisan-kevitra¹⁷⁴. Manantitra ny halalin'ny hakivian'ny mpiventy manoloana ny elanelana lehibe manasaraka ny manana sy ny tsy manana.

Mbola nohamafisin'ny fanovana endri-javatra « *holelafina* » izany fihetseham-po izany. Tsy mba toy ny vatomamy izay ankafizina sy apetraka maharitra ao am-bava ny « *havan-tsy manana* », fa mety manorisory ny mijery azy. Ka ny fanovana endri-javatra azo avy amin'ny fanafoanana ny oharina eto dia mandoko ny alahelon'ny mpiventy vokatry ny fisian'ny toe-tsaina manilikilika ny hafa.

Mbola filalaovana amin'ny ohabolana ihany koa no ampiasain'ny tarika RAMILISON, entina mamarana ny fitantarana ny tsy fitiavan'ny ray aman-dreny sasany ny zanany mahantra ao amin'ny HG 2 and 15 :

Aza atositosika re ny ondry botry

Fa tsy fantatra izay hanao kambana

¹⁷³ HOULDER et COUSINS, op cit, lah 1481

¹⁷⁴ S. RAJAONA, supra note 93.

Raha tany am-piandohana « *Aza atosika ny ondry botry fa tsy fantatra izay hanao kambana* »¹⁷⁵. Nohamaivanina tamin'ny fanaovana verindroa « *atositosika* » ny filazan-javatra, ny firafitry ny teny mantsy dia mamaly ny firafitra manan-danja ny hevitra¹⁷⁶ ka miteraka ny « euphémisme ».

Tsy sahin'ny mpiventy ny mananatra mivantana ny ray aman-dreny satria toa tsy fomba loatra, tsy mifanaraka amin'ny kolon-tsaina malagasy. Etsy andaniny, tsy mahazatra ny toe-javatra miseho : ray aman-dreny tsy tia zanaka. Koa ankoatra ny hevitra manaitra, dia tsy mahazatra ihany koa ny fomba filazana azy. Mampibaribary ny hakanton'ny hira gasy avokoa izany.

Hita araka izany fa sady maneho ny fivoaran'ny hira gasy no mampiharihary ny talentan'ny mpiventy ny filalaovana amin'ny ohabolana. Azo heverina ho fomba filazan-javatra mampiavaka ny hira gasy io filalaovana amin'ny ohabolana io. Raha amin'ny endrika tany am-piandohana mantsy no nilalaovana azy tao amin'ny fampidirana, hafa kosa tao amin'ny famaranana.

Naseho tamin'iny andininy iny ny fomba filazan-javatra nentina namarana ny tantara. Paika roa no nampiasain'ny mpiventy : ny filalaovana amin'ny « épiphonème » sy ny filalaovana amin'ny ohabolana nasiam-panamboarana. Iry voalohany moa dia mikendry ny hampisaintsaina ny mpihaino mba hanatsarany ny fomba itondrany fiainana. Ilay faharoa kosa manolotra anatra avy hatrany, saingy amin'ny endrika miavaka mahazatra. Tsy mivaona amin'ny fenitra kinendrin'ny hira gasy ny fandrafetana ny famaranana ny fitantarana satria mikatsaka hatrany ny mahaso amin'ny vontoatiny ary ny fomba filazan-javatra. Mba manahoana kosa ny fomba filazan-javatra ao amin'ny toe-javatra manelanelana ny fitantarana ?

3.1.2.3. Ny toe-javatra manelanelana ao amin'ny fitantarana

Amin'ny fitantarana rehetra ao amin'ny vatan'ny hira gasy dia hita taratra hatrany ny fidiran'ny mpiventy amin'ny zavatra tantaraina. Voaloko amin'ny fitantarana ny fihetseham-po, ny toe-tsaina amam-piheverana, ny fijoroana ho

¹⁷⁵ RAMAROLAHY op cit, tak 80.

¹⁷⁶ MAROUZEAU, op cit, tak 15 : « *L'ordre des mots répondrait à l'ordre d'importance des idées* ».

vavolombelona ataon'ny mpiventy ¹⁷⁷ . Raha tsorina dia ny fitantarana mitanila no fomba filazan-javatra miasa ao amin'ny lahateny mitantara ¹⁷⁸ .

Fomba filaza izay heverina fa manome lanja manokana ny zavatra resahina io fitantarana mitanila io, satria maninteraka fihetseham-po sy toe-tsaina hafa ao amin'ny mpihaino. Midika izany fa tsy maintsy niangalian'ny mpiventy ny fitantarana mba hampihetsi-po avy hatrany sy handona malaky ny sain'ny mpihaino. Koa sarin-teny samihafa no nanorenana izany fitantarana mitanila izany. Lafin-javatra telo miavaka tsara no tantarain'ny mpiventy ao amin'ity dingana manelanelana ity.

a) fanehoana ny zava-misy eo amin'ny fiainana an-davanandro

Tantarain'ny mpiventy amin'ny antsipiriany ny zava-mitranga eo amin'ny fiainana andavanandro. Aseho ho tena zava-misy atrehi-maso izy ireny ary tsy ahatarafana fisalasalana. Ny anton'izany dia ny handresy lahatra haingana ny mpihaino eo amin'ny fanarahana ny hira gasy, ka handefa ny saina aman'eritreriny any amin'ny zava-misy iainany. Matetika mantsy no tsy mahatsapa ny toe-javatra manodidina azy ny mpihaino. Manome hasina ny mpiventy sy ny filazan-javatra ampiasainy izany.

Fitantarana mitanila àry no mandoko ny alahelon'ny mpiventy noho ny hamafin'ny aretina mahazo ny mpila ravina ahitra ao amin'ny HG1 and 11 :

Rehefa tonga tany ô dia izao no zava-misy :

*Tratran'ny tazo mahery vaika izy ô ka nilamaka
Tsy mba havan'i Dada ô tsy mba havan'i Neny
Izay manam-pitiavana no mangoraka sy mitsidika
Sitrany ahay ô no nialana tao an-trano
Faty no nentina niantanianana tany Imerina*

¹⁷⁷ Emile BENVENISTE, *Problèmes de linguistique générale*, 1966 : « Il (le narrateur) intervient pour juger les événements rapportés ».

¹⁷⁸ L. DOLEZEL, *Travaux linguistiques de Prague I*, Paris, Klincksieck, 1966, p 260 : « Nous appelons la narration où le narrateur intervient : Narration subjective ».

Sarin-teny maromaro no manorina ny fitantarana eto.

Ny hyperbole « *mahery vaika* » dia isarihana ny fon'ny mpihaino hitsetra ny mpila ravina ahitra. Vao mainka mampitombo ny fitserana, izay efa ao amin'ny mpihaino ny fanovana endri-javatra « *milamaka* ». Atafy ny mpila ravina ahitra, soloan'ny mpisolo tena « *izy* », ny toetran'ny zava-maniry « *milamaka* ». Ny rava-maniry mantsy rehefa milamaka, mianjera na midaboka amin'ny tany, vokatry ny rivo-mahery mihatra taminy, ohatra. Toy izany koa ny mpila ravina ahitra, tsy tafarina eo am-pandriana noho ny aretina. Koa ny fanovana endri-javatra dia mandoko ny hamafin'ny aretina mihatra amin'ny mpila ravina ahitra.

Ankoatra ny fahoriam-batana dia abaribarin'ny mpiventy ihany koa ny fahorian-tsaina. Ny « anaphore » « *tsy mba havan-... tsy mba havan'...* » no manantitrantitra ny maha-irery an-tanin'olona ny mpila ravina ahitra.

Lafin-javatra mampihetsi-po hatrany no ambaran'ny mpiventy. Vao mainka mampitombo ny alahelo ombam-pitserana ao amin'ny mpihaino ny « antithèse » :

<i>sitrany ahay</i>		<i>faty</i>
<i>no nialana</i>	$\neq$	<i>no nentina</i>
<i>tao an-trano</i>		<i>niantsinanana tany</i>

Imerina

Ampifanatrehin'ny mpiventy ny faniriana hanatsara fiainana sy ny tsy fahatanterahan'izany faniriana izany. Koa ny « antithèse » eto dia mandoko ny fisian'ny fahadisoam-panantenana eo amin'ny fiainana. Laroan'ny mpiventy filaza am-bava | ô | ka vao mainka tohina ny mpihaino.

Raha zohina ny fitantarana mitanila dia entin'ny mpiventy :

- manamarina ny lohatenin-kira gasy « *Mandositra ny olombelona fa tratra ihany* ».
- manisika toe-po sy toe-tsaina hivonona mandrakariva manoloana ny toe-javatra mety hiseho eny am-panatontosana ny asa fivelomana.

Narafitra amin'ny sarin-tany io fomba filazan-javatra io ka sady voaloko ny fihetseham-po no nomena endrika kanto ny filazan-javatra. Hita avy amin'izany ny fahaizan'ny mpiventy mifantina ny fomba filaza mba nahatratrana ny zava-kendrena ¹⁷⁹.

¹⁷⁹ H. RIFFATERRE , op cit, p 31 : « *ce qui revient à dire que la langue exprime et que le style met en valeur* ».

Mbola fitantarana mitanila ihany koa no entin'ny tarika RAMILISON maneho ny fiainan'ny mpiompy. Ny « parallélisme » laroana « anaphore » sy « antithèse » no sarin-teny mandrafitra ny fomba filazan-javatra :

<i>Vao mandatsaka</i>		<i>Vao mararirary</i>
<i>atody roa</i>		<i>ny an-doha</i>
<i>dia efa endasina avokoa</i>		<i>dia vonoy ilay vantotr'akoho</i>
		<i>hisotroana ny ron'akoho</i>

Ny tsy fahaiza-mihary no foto-kevitra ilafihan'ny « parallélisme ». Fehezan-teny mifamaly rafitra, mitombo vahana, mandravon-kevitra no endrika isehoany. Ka ny fampitomboana vahana dia maneho ny fitomboan-toetra miharatsy. Ny fifamalian-drafitra sy ny hevitra miravona dia mandoko ny fanirian'ny mpiventy mba hananan'ny mpihaino toe-tsaina mandanjalanja.

Ny « anaphore » « *Vao* » dia entin'ny mpiventy mandoko ny toe-tsain'ny mpiompy tsy manana faharetana. Ny teny « *vao* » mantsy dia maneho fisehoan-javatra tsy ela fa eo am-panombohan-javatra ¹⁸⁰. Ka ny fampifanatrehana ny fotoana ahazoambokatra tsy ela ao amin'ny « *Vao mandatsaka* » amin'ny fotoana ihinanana azy « *efa endasina* » dia sady mandoko io toetra tsy manam-paharetana io no mampisongadina fomba fiainana tsy mirindra, noho ny filalaovana amin'ny « antithèse » eto. Ny hanisika toe-tsaina mahay mihary izany no kendren'ny filazan-javatra eto.

Araka izany ny fitantarana mitanila dia sady mandoko ny fihetseham-pon'ny mpiventy, izay tiana hananan'ny mpihaino no manome endrika kanto ny hira gasy. Nezahin'ny mpiventy narafitra tamin'ny sarin-teny ka vao mainka azon'ny mpihaino ny zavatra tantaraina ary nitombo ny fahalianana hanaraka izay ho fiafarany.

¹⁸⁰ P GUIRAUD , (P) KUENTZ , op cit, p 123 : « *qualité de l'énoncé, résultat d'un choix que fait* ».

b) fananganana ny zava-mitranga tamin'ny tarika

Raha eo amin'ny vontoatiny dia mampiavaka ny hira gasy ny fisian'ny tantaran'ny tarika ao amin'ny vatany. Fomba haningorana ny mpihaino ho tia ny tarika izany. Koa matetika dia ny toe-javatra mampalahelo nihatra tao amin'ny tarika no tantaraina. Donina amin'ny fomba filaza manaitra ny mpihaino. Ny fahatairana mantsy no mahatonga azy ireo hitehaka ao amin'ny HG2 and 30 :

*Voa mafy mihitsy izahay kômpania
Satria dia nazeran'ny fiarakodia
Tao andrefan'i Miarinarivo zahay no voa
Nisy tapa-tongotra sy vaky loha
Maty teo no ho eo ary ny anankiray
Rakotomanana izay mpikabarinay.*

Ny tambin-teny roa sosona « mafy mihitsy » dia maneho ny fitanilana amin'ny fitantarana. Mandoko ny alahelo sy hakivian'ny mpiventy manoloana ny lozampiarakodia nihatra taminy. Antitranterina eto ny hamafin'ny fahavoazana mba hanisihana fangorahana ao amin'ny mpihaino. Koa rehefa mangoraka ny tarika dia mitehaka ho azy avy hatrany 181. Tsapanay izany nandritra ny firotsahana an-tsehatra.

Nolaroana fanovana endri-javatra azo avy amin'ny fanafiana toetran'ny anoharana ny oharina ny fomba filazan-javatra ao amin'ny « *nazeran'ny fiarakodia* » : ampitovina amin'ny zava-manana aina ny fiara, ka afaka manjera, mandavo olona. Mampitombo lanja ny fahavoazana izany, satria tsy tompon'andraikitra tamin'ny loza izy. Mahatonga ny mpihaino hiombona alahelo amin'ny mpiventy ny filazan-javatra.

Ny fitanisana manao ambaratonga na « gradation » no entiny maneho ny fahavoazana : « *tapa-tongotra < vaky loha < maty* ». Manamafy ny fahavoazana koa io sarin-teny io, mba hiteraka fangorahana sy fitserana eo amin'ny mpijery.

¹⁸¹ Tsy mazava ny anton'ny itehafana : ny fahaizana maneho hevitra sa ny fiombonam-po amin'ny tarika.

Tsara rafitra ny vontoahtiny sy ny fomba filaza. Fiteny andavanandro ihany no niaingana 182. Rehefa nolaroana sarin-teny toy ny fanovana endri-javatra anefa ny fomba filazan-javatra, dia tsapa ny hevitra mafonja avoakan'ny fitantarana mitanila. Manisika fihetseham-po hafa kely any amin'ny mpihaino izany. Tafapetraka amin'ny toerany ny hira gasy, dia ny maha-zava-kanto vita amin'ny teny azy. Tsy latsak'izany koa ny famolavolana ny teny ao amin'ny fitantarana ny zava-mitranga eo amin'ny firenena.

d) fanehoana ny zava-mitranga eo amin'ny firenena

Zava-misy nitranga marina, tsy noforonin'ny saina no tantarain'ny mpiventy. Ny fomba filazan-javatra mitanila no nananganana azy. Ankoatra ny fampahalalana ny zava-misy dia mikendry ny hanisika toe-po sy toe-tsaina vaovao, toy ny fanajana ny maha-malagasy, ao amin'ny mpihaino ny mpiventy. Toy izao àry ny fitantarany ny fahamaizan'ny rova ao amin'ny HG1 and 30 :

*Nirehitra sady levona ô renivohitr'Iarivo
Ny afo eny atsinanana ô mirodaroda e
Niakatra niakandrefana ô nandoro ny rova
Vahiny mitady seza ve ô no mba te hiadana ô
Nahoana no dia nodorana ô
I Manjakamiadana a !*

Mba handetehana ao amin'ny mpihaino ny maha-harena iombonana ny rova, dia ny « synecdoque » isehoan'ny manontolo « renivohitr'Iarivo » misolo toerana ny ampahany « rova » no nampiasain'ny mpiventy. Tsy ny renivohitra manontolo mantsy no may fa ny rova, izay ampahan-tandindona manavaka ny renivohitra. Tsapa ho mampafonja ny alahelon'ny mpiventy io fanovana anarana io.

Nohamafisin'ny tamberim-peo | ô | isaky ny fehezan-teny izany alahelo izany, ka hontsa ny fon'ny mpihaino mamolivolim-pangorahana. Mety ho latsa-dranomaso mihitsy aza ny mora tohina. Ny fahaizan'ny mpiventy milaza zavatra no mahatonga izany. Araka izany azo sokajiana ho isan'irony « mpamorona mpaningotra fo » irony ny

¹⁸² Ch BALLY, *Traité de Stylistique*, Klincksieck, Paris, p 17 : « La stylistique ne saurait mieux commencer que par la langue maternelle et cela sous sa forme la plus spontanée, qui est la langue parlée ».

mpiventy hira gasy, araka ny filazan'i Siméon RAJAONA hoe : « (...) *handrotsaka toa karazan'androm-pihetseham-po ao aminy (mpihaino) ka hahatonga azy ho hontsahontsa ambony ihany* »¹⁸³.

Voafintina ao ihany koa ny maha-firenena ny firenena. Tsy novantanina izany fa ny « *périphrase* » « *Renivohitr'Iarivo* », teny maro ilazana hevitra tokana «Antananarivo» renivohitr'i Madagasikara, no nanehoana azy. Fanitrikitrihan-javatra miharo alahelo lalina no lanjan'ny sarin-teny eto.

Manaitra ihany koa ny « *assonance* » na tamberim-peo anivom-boan-teny / o / ao amin'ny hoe « *mirodaroda* ». Raha ny fiteny andavanandro mantsy dia ny « *symbolisme phonique* » « *miredareda* » no andrasana. Fa noho ny firehetan'ny rova, izay toe-javatra tsy ampoizina dia mipoitra io filaza io, mba handokoana ny fahatairana sy ny tsy finoan'ny mpiventy manoloana ilay loza. Manisika ireo fihetseham-po ireo any amin'ny mpihaino ny filazan-javatra, amin'ny alalan'ny fihovitry ny teny /r/ sy ny « *assonance* » /o/ ¹⁸⁴.

Nezahin'ny mpiventy habaribary fa tsy ara-dalàna ny fandorana ny rova. Ny fanontaniana tsy mila valiny no maneho izany ao amin'ny andal 4 – 5 :

Vahiny mitady seza ve ô no mba te hiadana ô ?

Nahoana no dia nodorana ô i Manjakamiadana ?

Fanontaniana indroa misesy, mampisaintsaina sy mamelona hambom-po ao amin'ny mpihaino, mba ho tia sy hiaro ny tanindrazana manoloana ny hasomparana.

Ny filalaovana amin'ny « *synecdoque* » ampahany ilazana ny manontolo « *seza* » dia mbola mampisongadina ireo hambom-po tiana hananan'ny mpihaino ireo. Tsy ny seza ihany mantsy no tadiavin'ny vahiny fa ny harena, ny fiandrianam-pirenena, ny tany, izany hoe i Madagasikara iray manontolo. Koa ny filalaovana amin'ny « *fanontaniana tsy mila valiny* » sy ny « *synecdoque* » dia manome endrika ny filazan-javatra. Mifintina ny filaza nefa mafonja ny hevitra sy ny fihetseham-po, ka vetivety dia tafita ny hafatra.

¹⁸³ S. RAJAONA , op cit, tak 23.

¹⁸⁴ J. SUBERVILLE , op cit, p 392 : « *Le récepteur (l'auditeur) n'enregistre que les vibrations provoquées par l'émetteur (le locuteur)* ».

Hita teo fa tsy dia betsaka ny sarin-teny nananganana ny lahateny mitantara. Na izany aza, ny hevitra sy ny fomba filaza nampiasain'ny mpiventy dia efa ampy hanome fifaliana sy hitondra anatra ho an'ny mpihaino. Izany hoe, tsapa ny fiezahana teo amin'ny famolavolana ny teny mba hahakanto ny hira gasy. Lafin-javatra roa no maneho izany talentan'ny mpiventy izany : ny fisafidianana ny vontootin-kevitra hotantaraina ary ny fomba filazan-javatra dia nezahina narafitra tamin'ny sarin-teny, mba hanehoana ny hevitra sy ny fihetseham-po tiana hamaka any amin'ny mpihaino.

Raha atao indray mijery, manana ny sarin-teny nandrafetana azy ny lahateny ao amin'ny vatan'ny hira gasy. Ny lahateny manoritsoritra dia natsangana tamin'ny alalan'ny sarin-teny mampiharihary toe-javatra toy ny « amplification » sy ny « antithèse ». Ny hampisaintsaina sy ny hakan'ny mpihaino fanapahan-kevitra amin'izay itondrana ny fiainana no asongadina amin'izany. Mampiavaka ny hira gasy kosa ny fitantarana mitanila. Ny hambaboana ny mpihaino hiombom-po amin'ny olona tantaraina sy amin'ny mpiventy no kendrena. Ankoatra izany, manavanana sy mampiavaka ny mpiventy ny filalaovana amin'ny ohabolana. Omena endrika hafa amin'ny alalan'ny « épanorthose » sy ny « euphémisme » ny ohabolana, mba hampitombo lanja ny fihetseham-po sy ny anatra raketiny. Izany fanomezana endrika vaovao ny ohabolana izany dia isan'ny maneho ny fihatahan'ny filazan-javatra amin'ny mahazatra. Mahakanto ny hira gasy sady maneho ny finiavan'ny mpiventy hanana filazan-javatra manokana izany ¹⁸⁵.

Indro aseho amin'ny fafana ny fomba filazan-javatra nananganana ireo lahateny namelomana ny hira gasy ireo.

¹⁸⁵ G. GENETTE , *Figures*, Ed du Seuil, 1966, p 207 : « (...) manière de parler distinctement des autres par une modification particulière ».

lahateny isehoany	endrika na toerana isehoany	fomba filazan- javatra	sarin-teny mandrafitra azy	lanjany	
				misarika saina	mambabo fo
MANORITSORITRA	Ny toerana	topographie	- oxymore - épanorthose - énumération	X X X	
	Ny toetra	antithèse		X	X
	Ny hetsika		- gradation - Antithèse - Synecdoque - argotisme	X X X X	X
MINTATARA	Manomboka		- Anaphore - Métaphore	X X	X
	Manelanelana	Fitantarana mitanila	- hyperbole - métaphore - gradation - synecdoque - périphrase - antithèse - assonance - anaphore - Interrogation oratoire	X	X X X X X X X X X
	Mamarana	Epiphonème	- Interrogation oratoire - Métaphore		X X X
		Filalaovana amin'ny ohabolana	- épanorthose - euphémisme - métaphore		X X X

Fafana 5 : Ny fomba filazan-javatra nanehoana ny lahateny namelomana ny hira gasy

Araka ny hita amin'io fafana io dia maro kokoa ny sarin-teny hita ao amin'ny lahateny mitantara : miisa 17 izy, raha miisa 8 ny ao amin'ny lahateny manoritsoritra. Midika izany fa niangalian'ny mpiventy fatratra ny fitantarana. Mahaliana ny mpihaino kokoa mantsy ny tantara ao amin'ny renihira.

Ankoatra izany hita fa ny fisarihana ny saina no mavesa-danja ao amin'ny lahateny manoritsoritra, ary ny fambaboana ny fo no kendren'ny fitantarana. Izany rehetra izany dia manamarina fa na dia heverina ho talenta voajanahary aza ny famoronana hira gasy dia tsy maintsy miampy fiezahana sy fahaizana maneho hevitra. Ka ny filalaovana amin'ny sarin-teny no sarobidy indrindra amin'izany. Sady manome endrika kanto ny hira gasy no mampitombo ny lazan'ny tarika izany.

3.2. NY FOMBA FILAZAN-JAVATRA NAMELOMANA NY ADIN-KIRA GASY.

Fomba filazan-javatra mikendry ny fampitehafana ny mpihaino no mibahan-toerana ato amin'ity fizarana ity. Fomba maro no nampiasain'ny mpiventy amin'izany : manebaka ny tarika andaniny, mandoka ny tarika misy ilay miteny, manentana ny mpihaino. Mifandimby amin'izany ny fiteny mivantambantana ny fiteny andavanandro ary koa ny filaza an-kolaka amin'ny alalan'ny sarin-teny. Izay ahazoana ny fon'ny mpihaino ho tia ny tarika sy ho resy lahatra amin'ny fahaizan'ny mpiventy hira gasy no kendren'ireo fomba fiteny sy filazan-javatra ireo.

Ato amin'ny vatan'ny hira gasy, dia miseho amin'ny endrika roa ny adin-kira gasy : Ny fifampihantsian'ny tarika roa tonta sy ny fanentanana ny mpijery. Manana ny fomba filazan-javatra nanehoana izany ny mpiventy.



Sary 4 : Ny fanatontosana ny renihira

3.2.1. Ny fomba filazan-javatra nananganana ny fifampihantsiana

Lafin-javatra iray maha-hira gasy ny hira gasy ny fisian'ny fifampihantsiana. Miseho avy hatrany ny fiantraikan'ny filaza amin'ny alalan'ny tehaka na horaka ataon'ny mpihaino. Isan'ny mampiavaka ny lahabolana amin'ny literatiora an-tsoratra izany ¹⁸⁶. Ka ny fahaizan'ny mpiventy mifantina hevitra manaitra sy fomba fanehoana tsy mahazatra no mampitehaka ny mpihaino.

Tsapa àry, araka ny fanisana natao, fa ny filalaovana amin'ny fanovan-javatra toy ny fanovana endri-javatra sy ny fanoharana no tena hita misongadina amin'ny fifampihantsiana. Araka izany ny fomba filazan-javatra miompana amin'ny fampiasana teny iray tsy amin'ny heviny raikitra fa amin'ny hevitra hafa atafy azy ¹⁸⁷ no hita.

3.2.1.1. *Filalaovana amin'ny fanovana endri-javatra*

Fomba samihafa no nandrafetana ny fanovana endri-javatra arakaraka ny hevitra sy ny fihetseham-po izay lokoiny. Koa ao amin'ny fifampihantsiana dia ny fanovana endri-javatra azo avy amin'ny fampitoviana ny oharina sy ny anoharana no mateti-piasa. (miisa 6).

Anisan'ny nananganana ny fanovana endri-javatra ny laharam-boninahitry ny miaramila ao amin'ny HH2 and 20 :

*Ny mpihira ho aho no lietinà
Mpitendry lokanga ny serizà
Langoraona sy amponga no kapiteny
Ramilison no kôlônely*

Zavatra telo no mamorona ny fanovana endri-javatra eto :

Ny oharina = ny mpikambana ao amin'ny tarika ,
ny anoharana = ny laharam-boninahitra,
ny toetra iombonana = ny fiatrehana ady

¹⁸⁶ DUMARSAIS in M. LE GUERN, *Sémantique de la métaphore et de la métonymie*, Col. Langue et langage, Larousse, 1972, p 193 : « Figures par lesquelles ont fait prendre à un mot une signification qui n'est pas précisément la signification propre de ce mot ».

¹⁸⁷ J. SUBERVILLE, op cit, p 399 : « L'écrivain s'adresse à la masse anonyme, dispersée, désintéressée, des lecteurs, l'orateur, devant lui un public, c'est-à-dire des gens présents. ».

Ny fananan-talentan'ny mpikambana tsirairay ao amin'ny tarika no tiana hasongadina mba hilazana fa tarika kalaza no manatrika ny mpihaino. Raha ny marina, tsy ady amin'ny fitaovam-piadiana na ady misy fifampakasihan-tanana no miseho eo an-tsehatra. Nefa na izany aza, ampitovina amin'ny miaramila « liétnà, serzà, kapiteny, kôlônely », izay mifanehatra amin'ny fahavalo, ny mpihira gasy. Fomba anehoana amin'ny mpihaino izany, fa tarika feno sy efa zatra miaraka ny tarika RAMILISON ka tsy matahotra fifaninanana. Koa ny fanovana endri-javatra azo avy amin'ny fampitoviana ny oharina sy ny anoharana, dia mandoko ny fireharehan'ny tarika. Vokatr'izany, tehaka no asetrin'ny mpihaino ny teny. Ny elanelana ara-panovana endri-javatra eo amin'ny seha-kevitra misy ny oharina sy ny anoharina no mahatonga ny mpihaino hitehaka ¹⁸⁸.

Tsy mitsahatra mamorona filaza manaitra mba hampitehaka ny mpihaino ny mpiventy. Ankoatra ny laharam-boninahitry ny miaramila, dia ampiasain' ny mpiventy hananganana ny fanovan-javatra koa ny haingitraing-tsakafo ao amin'ny HG1 and 3 :

Izahay sakay kely sira

Ampitovina amin'ny « sakay kely sira » ny tarika RANARISON mba hahatsapan'ny mpihaino fa tsy mifampitsitsy ny tarika mpifanandrina. Ny fiteny fampiasan'ny olona dia « sakay kely rano ». Nohavaozina izany ka ny « rano » nosoloana « sira ». Samy fanao laron-tsakay na ny rano na ny sira. Tsy hampitombo ny hasiakan'ny sakay ny rano kely natampoka azy, satria matsatso ny rano. Mampangeroka azy kosa ny fanampiana sira kely aminy, satria mampiakatra ny heriny ny tsiron'ny sira. Manaikitra ny faritra andalovany, mety hampilatsa-dranomaso, tsy maha-te hihinana intsony ny « sakay kely sira ». Toy izany koa ny tarika RANARISON: mampitondra faisana, ary mahatonga ny tarika efa nifanandrina taminy tsy sahy hifaninana aminy intsony. Tsy fandokafan-tena no ataon'ny tarika ho fanamarinana ny maha-laharana voalohany azy ao amin'ny fikambanana MPI.GA.MI.: mifintina ny filazan-javatra nefa ny hevitra sy ny fihetseham-po dia mafonja. Mahatonga ny mpihaino hitehaka sy

¹⁸⁸ H.MORIER , supra note, n° 99.

hirorakoraka ary hanipy vola ny fahaizan'ny mpiventy milalao amin'ny fanovana endri-javatra toy izany.

Mirehareha ho maharaka ny fandrosoana sy ny zava-baovao misy ao amin'ny fiarahamonina ny mpiventy. Entiny ananganana fanovana endri-javatra ihany koa ny mpilalao sarimihetsika araka ny hita ao amin'ny HG2 and 20 :

Raha milaza izy fa Jacky San

Ramily kosa, ho' aho, no Van Damme

Ampitovina amin'ny mpilalao sarimihetsika malaza, manana fahalalana betsaka momba ny haiady ny tarika mpihira gasy : i Jacky San sy i Van Damme mantsy dia mpilalao sarimihetsika mitana ny toeran'ny mpandray anjara fototra, ka tsy mba mety resy amin'ny ady ataony fa mivoaka mpandresy hatrany. Toy izany koa ny tarika roa tonta, samy mahay mikabary sy mahay mihira, samy be mpankafy ary samy mandresy hatrany teo amin'ny adin-kira gasy izay natao. Koa lokoan'ny fanovana endri-javatra ny maha-tarika fara tampony eo amin'ny hira gasy ireto tarika ireto. Tsihivina fa filohan'ny FILMPI.MA.MAD. RAMILISON, ary ny tariny no malaza indrindra ao. Mahatonga ny mpihaino hanantena hira gasy tena tsara ny filazan-javatra.

An-kolaka no nisehoan'ny fanoharana teo, tsy naseho mantsy ny kianteny enti-manohatra. Fa ao amin'ny manaraka, dia ny mifanohitra amin'izany no niseho.

3.2.1.2. Filalaovana amin'ny fanoharana

Mampiasa fiteny andavanandro ny mpiventy enti-manangana ny fanoharana. Ny hahazoan'ny mpihaino haingana izay hambara no anton'izany. Zavatra roa mitovitovy no ampitahain'ny mpiventy ¹⁸⁹, ny mpihira gasy sy ny mpanao baolina, ao amin'ny HG2 and 20 :

Ohatra ny olona manao baolina

Maty ho azy raha tsy misy gôlina

¹⁸⁹ S. RAJAONA, op cit, tak 114.

Ny firaisan-kina sy ny fahaiza-miaraka hahazoana fandresena no asongadin'ny filazan-javatra. Ny « olona manao baolina » mantsy dia samy mitana ny anjara toerana sy ny andraikitra tandrify azy avy eny an-kianja, ary miezaka ny handresen'ny ekipany. Toy izany koa ny mpihira gasy, samy manome fahafinaretana ny mpijery tandrify azy avy mba hahazo tehaka. Ny fahazoana tehaka betsaka moa no maneho ny fandresena.

Tsara fantina ny zavatra nampitahana, mamaly ny hetahetan'ny mpihaino. Isan'ny fialam-boly tena hay sy ankafizin'ny ankamaroan'ny mpijery hira gasy mantsy ny baolina. Koa azo lazaina fa tratra ny tanjon'ny mpiventy, vokatry ny fahaizana milalao amin'ny filazan-javatra.

Ny fomba filazan-javatra miorina amin'ny fanoharana no nananganan'ny mpiventy ny fifampihantsian'ny tarika roa tonta. Misarika ny sain'ny mpihaino ho toy ny tena manatrika ady isehoana fampiasan-kery ny « fanoharana » sy ny fanovana endri-javatra. Miteraka tebiteby eo am-piandrasana izay tarika maharesy ny fomba filazan-javatra. Vokatr'izany maresaka sy mafana ny lanonana, ka tehaka sy horaka no endrika ivelany isehoan'izany fihetseham-po izany.

3.2.2. Fomba filazan-javatra nananganana ny fanentanana ny mpijery

Mety ho variana ny mpijery, ka na mahafinaritra aza ny zavatra aroso azy, tsy manome ny tehaka sy hobby andrasana aminy. Anjaran'ny mpiventy amin'izay fotoana izay ny mamoha azy. Fomba iray itarafana ny fahaizan'ny tarika ny fahafaha-manentana ny mpihaino. Ny fifanohinan'ny andaniny sy ny ankilany mantsy no mampafana ny lanonana : tahaka ny hain-teny ny fampisehoana, ka mitaky setriny ny antso. Eny anelanelan'ny fitantarana sy ny fanoritsoritan-javatra eny àry no manentana ny mpihaino ny mpiventy. Ny hanaitra sy hampirisika ny mpihaino hitehaka no anton'izany. Koa fomba filazan-javatra manaitaitra sy mampandray anjara, toy ny « Interrogation oratoire » sy ny « suspension » no ampiasain'ny mpiventy.

3.2.2.1. Filalaovana amin'ny « *interrogation oratoire* »

Matetika no mila toky amin'ny mpihaino ny mpiventy, mba hiombon-kevitra sy fihetseham-po aminy manoloana ny zavatra ambarany. Izany no ataon'ny tarika RANARISON ao amin'ny HG1 and 12 :

Moa ve tsy marina be a
Izany teny izany, Rabe a
Toa tsy mahatehaka ise a
Mbola mandinika ve ô

Fanontaniana telo misesy, tsy mamela ny mpihaino ho varimbariana no ataon'ny mpiventy mba hanentanana ny mpijery haneho ny heviny. Ny fampiasana ny kian-teny manontany « *moa ve* » mantsy dia mitaky valin-teny. Eto dia ny « Eny » no andrasana amin'ny mpijery ary horaka sy tehaka no tokony hisehoany. Somary fanerena hanaiky an-kolaka ihany ireo fanontaniana ireo, satria efa fantatry ny mpihaino fa « eny » ny valiny. Ary na azo iadin-kevitra aza izay voalaza, ho fampirisihana dia mihoby ihany ny mahay mampiady hira gasy.

Entina manamafy ny filàna toky amin'ny mpihaino fa tena marina izay nambara teo aloha, dia nampiasaina ny mpamaritra « *be* ». Teraka ny « *rédondance poétique* » izay sarin-teny ahitana famaritan-javatra manantitrantitra hevitra na koa zavatra efa voalazan'ny teny faritana ¹⁹⁰. Raha ny tokony ho izy mantsy dia efa mahalaza izay tian-kambara ny « *marina* », fa mba haharesy lahatra haingana ny mpihaino no nampiasana io fomba filazan-javatra io ¹⁹¹.

Nohalefahina amin'ny « *litote* » « *toa* » ny fanontaniana tsy mila valiny, mba hanakonana ny fanerena ny mpihaino hitehaka. Amboarina ny filaza mba hanana endrika fahalalam-pomba sy fiangaviana. Efa fantatry ny mpiventy ny fiantraikan'ny fanontaniany fa « *tehaka* ». Hita araka izany fa manana ny paik'adim-pitenenany ny mpiventy mba hahazoana haingana ny fo amam-panahin'ny mpihaino. Tsy misy afa-tsy filalaovana amin'ny sarin-teny no ahatrarany ny mpiventy izany tanjona izany, ny sarin-teny izay maneho ny hakanton'ny hira gasy.

¹⁹⁰ R. JAKOBSON, *Essais de Linguistique générale*, Trad. N. Riwet, Paris, 1963, p 176 : « *Acte de discours ou procès de l'énonciation* »

¹⁹¹ C. PEYROUTET, op cit, p 105 : « *une question à l'auditeur) qui le conduit à donner une réponse favorable au (locuteur). C'est donc un procédé de persuasion* ».

Mbola fanontaniana tsy mila valiny ihany koa no nentin'ny tarika RAMILISON nanentana ny mpihaino ao amin'ny HG2 and 13 :

Manahoana ry mpijery hira gasy ?

Nahoana isika no toa varimbariana ?

Mba valio re

Mandoko ny fahafaham-pon'ny mpiventy manoloana ny hatsaran'ny hira gasiny ny fanontaniana indroa misesy. Tiana hananan'ny mpihaino koa izany. Noho ny firongatry ny fihetseham-po dia teraka ny tsy fanarahana fitsipika : « *Manahoana, ry mpijery hira gasy ?* » Raha ny ara-pitsipika mantsy ny mpisolo manontany « *Manao ahoana* » dia arahin'ny teny manondro ny zavatra anontaniana. Ny nandrasana dia hoe « *Manao ahoana no fahitanareo ny hira gasinay, ry mpijery ?* ». Tsy ny toetran'ny mpijery no anontaniana fa ny toetran'ny hira gasy, ka ny valiny izay efa ao amin'ny mpihaino dia « *TSARA* ». Misy « *hypallage* » izany eto, sarin-teny fifamadiham-pamaritana ¹⁹². Tsapa fa tsy kisendrasendra ny tsy fanaraham-pitsipka fa maneho ny filaza manokan'ny mpiventy sy ny finiavana hihataka amin'ny mahazatra. Izany fihatahana izany dia anisan'ny maneho ny hakanton'ny hira gasy ¹⁹³.

3.2.2.2. *Filalaovana amin'ny « suspension »*

Voalaza tao amin'ny fizarana voalohany fa maharitra ny fampisehoan-kira gasy. Noho izany, ny fahaizan'ny mpiventy mitazona ny fahalianan'ny mpihaino no hahatomombana ny fampiadrian-kira gasy. Fomba iray isarihana ny mpihaino hanongilan-tsofina ny « *suspension* » ao amin'ny HG1 and 20 :

Ry mpijery hira gasy manatrika anio izao no izy a !

Eo amin'ny « *izao no izy* » no isehoan'ny « *suspension* » izay sarin-teny itazonana ny mpihaino, anaovana izay hahatsindrin-daona azy eo amin'ny hevitra hambara saingy tsy mbola lazaina ¹⁹⁴. Vao miainka manamafy izany zava-kendrena izany ny filaza am-bava, amin'ny alalan'ny fitarihana ny faran'andalana mba ho lava.

¹⁹² S . RAJAONA, op cit, tak 58.

¹⁹³ IVO FRANGES in P. GUIRAUD & KUENTZ, op cit, p 124 : « *L'écart est une faute voulue* ».

¹⁹⁴ P. BACHY, op cit, p 237 : « *La suspension consiste (...) à mettre (l'auditeur) dans l'attente impatiente de ce qu'on a annoncé mais pas encore dit* ».

Ny zana-peo /a/ eto no endrika isehoan'izany. Miditra any an-tsofin'ny mpihaino mora foana io feo io ka mamantsika hetaheta ao aminy. Ka mety hanontany mihitsy izy hoe « inona ary izany ? ».

Indraindray koa dia miharo fitalahoana ny « suspension ». Ny fingadon'ny fitenenana sy ny dobok'amponga miaraka aminy dia tsy mamela ny mpihaino ho variana na hatory am-pitoerana. Santionany amin'izany ny hita ao amin'ny HG2 and 14 :

Mba henoy ange !

Mivany telo io fehezan-teny io, ka mitsatoka ny fitenenana eo amin'ny voantenany fahatelo « *ange* ». Notsindriana mafy ny fanonona na ny zana-peo /e/ mba hanaitra sy hahatonga ny mpihaino hiandry izay ho tohin'ny resaka.

Azo lazaina fa mampiavaka ny hira gasy ny filalaovana amin'ny « suspension ». Any amin'ny tantara foronina sy ny doka varotra mantsy dia efa fantapantatra ny ho tohin'ny fanambarana. Efa voasoritra mialoha amin'ny alalan'ny fanehoana ny mpandray anjara sy ny vokatra. Fa ao amin'ny hira gasy kosa, tsy azo antsaina izay holazain'ny mpiventy . Araka izany, paika mahomby amin'ny fampanginana sy fisarihana ny mpihaino ho liana ny « suspension ».

Ny fomba filazan-javatra namelomana ny adin-kira gasy no novahavahana tamin'ity toko ity. Ny fifampihantsiana sy ny fanentanana no endrika isehoan'izany adin-kira gasy izany. Hita fa ny fomba filazan-javatra mifototra amin'ny fanoharana, toy ny fanovana endri-javatra sy ny fanoharana, no miasa ao amin'ny fifampihantsiana. Misarika ny sain'ny mpihaino tokoa io fomba filazan-javatra io, satria toy ny tena manatrika ady misy fampiasan-kery izy. Ny mba hampafana ny lanonana sy ny hametraka ny mpihaino ho mpitsara moa no anton'izany. Ny safidy eo amin'ny anoharana nananganana ny fanovana endri-javatra no maneho izany. Matetika mantsy dia ny zava-misy fanaon'ny olon-tsotra eo amin'ny fiainana andavanandro no raisina ho anoharana.

Ny fomba filaza manaitaitra toy ny « interrogation oratoire » sy ny « suspension » kosa no nananganana ny fanentanana ny mpihaino. Misarika ny saina amam-panahin'ny mpihaino hilona ao amin'ny hira gasy sy hanongilan-tsofina hiandry izay ho tohin'ny adin-kira gasy ireo filazan-javatra ireo. Koa raha ny saina no tena niantefan'ny filazan-javatra teo, ny fo kosa no tiana hobaboina amin'ny fanehoana ny lafin-javatra mampalahelo.

3.3. NY FOMBA FILAZAN-JAVATRA NANEHOANA NY LAFIN-JAVATRA MAMPALAHALO.

Mahatsapa ny mpiventy hira gasy fa tsy mety afa-bela amin'ny hasarotry ny fiainana ny ankamaroan'ny olona. Toa miezaka sy mitozo mba hahatsara ny fiainana nefa mandamoka avokoa izay atao. Ireny rehetra ireny no miteraka ny alahelo. Tsy sahin'ny olon-tsotra haboraka ireny, sao raisin'ny sasany ho fitarainan-tana-miempaka ny filazana azy. Rehefa ny hafa no manambara azy, dia tsaroana mihamaivana ny any anaty any : hay tsy ny tena irery no mijaly. Eo indrindra no idiran'ny mpiventy amin'ny fanehoana ny alahelon'ny olona.

Adidy lehibe no raisin'ny mpiventy eto. Tahaka ny hita any amin'ny famangiana manjo, dia azo adika ho fiaraha-miory amin'ny olona vangiana ny fanambarana izay mihatra amin'ny olona : manome hery ny fahatsapana fa fantatry ny olona ny zava-manjo ny tena. Tsy mijanona amin'ny fampahalalana ny mpiventy fa manaitra ny mpiara-belona koa hangoraka ny tra-boina sy hisaintsaina izay tokony hatao manoloana ny zava-mitranga. Mila fahaizana anefa izany fa tsy hivadihan'ny resaka ho fandatsana.

Rehefa natao ny fanasokajiana ireo lafin-javatra mampalahelo ao amin'ny vatan'ny hira gasy, hita fa anton-javatra roa no miteraka azy. Ao aloha ny fisian'ny vato misakana tsy miankina amin'ny olombelona, toy ny fahafatesana ; ao koa ny alahelo nateraky ny asan-dRaolombelona ihany. Ny fomba filazan-javatra nananganan'ny mpiventy izany anton-javatra miteraka ny alahelo izany no hodinihina amin'ity fizarana ity.

3.3.1. Ny fomba filazan-javatra nanehoana ireo vato misakana tsy miankina amin'ny olombelona.

Marihina fa mifamaly ny vontoatin-kira gasin'ny tarika roa tonta. Na izany aza samy miventy ny lafin-javatra mampalahelo izy ireo. Maneho ny maha-zava-kanto fanehoana fihetseham-po ny hira gasy izany. Mampiontana ny mpihaino ka manamora ny fandraisany ny anatra ny fitantarana ireny lafin-javatra mampalahelo ireny.

Raha ny tononkira no dinihina, dia azo zaraina ho sokajy roa ireo loharanon'alahelo ireo : ny fepetra maha-olombelona, toy ny fahanterana, ny fahafatesana andaniny, ary ny loza voajanahary, sahala amin'ny havandra, ny biby mpanimba voly ankilany. ary ny fahasamihafana (harena, anjara toerana, saranga).

Fomba filazan-javatra an-kolaka, toy ny « personnification », sy ny fomba filaza mananti-kevitra, toy ny « parallélisme », no mateti-piseho tamin'ny fanehoana ireo.

3.3.1.1. *Filalaovana amin'ny « personnification »*

Fomba filazan-javatra an-kolaka no entina mandoko ny fifangaroharoana fihetseham-po, toy ny fanantenana sy fahadisoam-panantenana, vokatry ny fitambesaran'ireo vato misakana voatanisa tery aloha. Koa mba hahafahana miventy ireny fepetra maha-olombelona ireny, dia nipoitra ny « personnification », izay sarinteny anomezana ny toetran'olona ny zavatra tsy hita maso ¹⁹⁵. Mandresy lahatra haingana ny mpihaino hahatsapa ny herin'ireny fepetra ireny ny filazan-javatra sady manisika toe-tsaina tsy mora kivy ao aminy. Santionany amin'izany ity ambaran'ny tarika RANARISON ity ao amin'ny HG 1 and 5 :

Handositra an-dRafahanterana fa tratra ihany

Eo amin'ny « *Rafahanterana* » no isian'ny « personnification ». Zavatra tsy azo tsapain-tanana, tsy hita maso nefa antsoina tahaka ny olombelona, ka ialohavana mpanoritra *Ra-* ny anarany. Ambonin'izay, heverina ho manan-tongotra aman-tanana, afaka mihetsika ny fahanterana ka manenjika sy misambotra. Koa mandoko ny alahelon'ny mpiventy ny « personnification » eto, alahelo vokatry ny tsy fahafahamanoatra manoloana ny fahanterana.

Vao mainka manamafy izany alahelo izany ny « antithèse » :

<i>Handositra</i>		<i>Tratra</i>
<i>an-dRafahanterana</i>	#	<i>ihany</i>

Fantatra fa miezaka mitazona ny hatanorana ny olombelona amin'ny fanaovana fanatanjahan-tena sy ny fanatsaram-bika isan-karazany. Ampifanoherina amin'izany ezaka ataon'ny olona ny vokatry azony, dia ny tsy fahombiazana. Ny « antithèse » eto izany dia mandoko ny fiononana ao amin'ny mpiventy izay tiana hanaan'ny mpihaino. Izany rahateo no maha-fampianarana miaina ny hira gasy.

¹⁹⁵J. DUBOIS, op cit, p 369 : « La personnification (...) consiste à faire d'un être abstrait purement idéal, une personne réelle ».

Fa tsy hadinoin'ny mpiventy ihany koa ny miventy ny vola amin'ny alalan'ny « personnification ». Vokatry ny fidiran'ny vola be loatra eo amin'ny fiainana dia mirongatra ny alahelo ao amin'ny HG1 and 6 :

Ravola ô no hozatry ny fiainana

Omena ny toetran'ny olona manan-kasina ny vola : hajaina, ialohavana mpanoritra Ra- ny anarany, toy ny « Rakotondrahasy », anarana iantsoana ny mpimasy 196. Azo antsoina amin'ny fotoana rehetra koa izy, ka ny filaza am-bava / ô / no maneho izany. Koa ny anjara toerana lehibe ananan'ny vola eo amin'ny fiainana no lokoan'ny « personnification ». Miteraka ny alahelo izany ho an'ireo tsy manana azy.

Manamafy izany angolan-kevitra izany ny fanovana endri-javatra « hozatry ny fiainana ». Fantatra fa ny hozatra dia taova iray ao amin'ny vatan'ny olombelona, manampy amin'ny hetsika rehetra : mampijoro, mampandeha. Omena ireo toetra ireo ny oharina « Ravola ». Manampy ny olona hahazoany ny filàny mantsy eo amin'ny fahavelomana (sakafo, fitafiana, fanafody...) . Fanovana endri-javatra azo avy amin'ny fampitoviana ny oharina sy ny anoharana no hita eto. Fomba iray anehoana ny herin'ny vola ny fanovana endrin-javatra.

Ny fanovana endrin-javatra dia anisan'ny anomezana endrika ny hira gasy. Sady mifintina ny filazan-javatra no ahafahana mamintina sy mandoko angolan-kevitra sy fihetseham-po maro. Isan'izany koa ny « personnification » lalaovin'ny mpiventy eto. Tsy ireo ihany akory no fomba filazan-javatra miorina amin'ny « personnification »¹⁹⁷.

Fa izay maneho ny lafin-javatra mampalahelo ihany no asongadina. Fomba filazan-javatra manamora ny fandresen-dahatra ny mpihaino hiaiky ny herin'ireny fepetra maha-olona ireny, ka mahatonga ny fakana fepetra ny amin'izay hitondrana ny tena. Tohina ka malahelo ny mpihaino rehefa mamisavisa izany. Vetivety anefa dia misinda izany alahelo izany noho ny fikapoky ny filaza. Marihina mantsy fa hiala voly sy hifaly no anton-dian'ireo mpihaino ireo.

¹⁹⁶ J. SUBERVILLE, op cit, p 195 : « *La personnification des abstractions vient métaphore* ».

¹⁹⁷ Jereo HG 2 kabary manelanelana, HG1 and 18, HG1 and 26..

3.3.1.2. *Filalaovana amin'ny tamberin-drafi-pehezan-teny.*

Asehon'ny mpiventy fa tsy misy afa-maina amin'ny herin'ny natora ny olona. Ny tenabe (vatana) no iantefan'ny fepetra maha-olona. Ny asa fivelomana kosa no lasibatra ny loza voajanahary. Mibosesika ny fihetseham-po, toy ny hakiviana, ny fiononana, ny alahelo. Ny « parallélisme » no mandoko izany ao amin'ny HG1 and 12 :

<i>Vao mipaika indray ny novambra</i>	//	<i>Vao mipaika ny vola mey</i>
<i>Ny manetsa no tena ao an-kandrana</i>	//	<i>Ny fahavalo no tena ngeza be</i>

Ny fifanandrifian'ny fotoana sy ny toe-javatra misy mandritra ilay fotoana no ilafihan'ny « parallélisme ». Fehezan-teny mifamaly rafitra, mitovy vahana, mitovy hevitra no hita eto. Ny rafitra mifamaly sy ny vahana mitovy no maneho ny rafi-piainan'ny tantsaha toa tsy misy fiovana, fa ny eo ihany no miverina. Niniana nampitoviana ny hevitra enti-maneho ny fitovian-danjan'ny soa sy ny ratsy eo amin'izany fiainana izany. Koa ny « parallélisme » dia mandoko fiononana sy maneho toe-tsaina mandray ireny loza voajanahary ireny ho zavatra mahazatra. Manamafy izany fananana toe-tsaina mionona izany ny filalaovana amin'ny « anaphore » « *vao mipaika* » amin'ny laniny roa avy : anterin'ny mpiventy ny fahavononan'ny sain'ny mpamboly hiandry ny fiavin'ny fahombiazana sy fahavoazana. Toa mifanaraka amin'ny fingadon'ny fehezan-teny mitovy halava ny fihetseham-pon'ny tantsaha, izay tsy kivy. Vokatr'izany azo lazaina ho misy fifandraisany akaiky ny fandrafetana fehezan-teny amin'ny maha-hain-teny azy sy ny fandrafetana hevitra araka ny literatiora ¹⁹⁸.

Fa tena tsy zakan'ny mpiventy ka miteraka alahelo ny fisiana saranga tsy mitovy ao amin'ny fiaraha-monina. Mbola ny « parallélisme » no maneho izany ao amin'ny HG 2 and 16 :

<i>ô ry mpanana</i>	//	<i>ô ry mpanana</i>	//	<i>ô ry mpanana</i>
<i>mijihana</i>	//	<i>be hatoka</i>	//	<i>ohatra izany</i>
<i>Fa ny mafy ady</i>	//	<i>Fa ny mafy ady</i>	//	<i>Fa ny mafy ady</i>
<i>dia sahirana</i>	//	<i>mijoro miakapoka</i>	//	<i>mila hitomany</i>

¹⁹⁸ PGUIRAUD & P. KUENTZ, op cit, p 316 : « Il euste une relation étroite entre la structure linguistique et la structure littéraire ».

Fisarihana ny mpihaino hatrika akaiky ny sokajin'olona roa samy hafa (endrika ivelany sy toetra anatin'ny no ataon'ny mpiventy. Ny manaitra dia ny fandaharan'ny mpiventy ireo fanoritsoritana ireo amin'ny « parallélisme ». Ka fehezan-teny mifamaly rafitra, mitovy vahana, mandravon-kevitra no hita eto. Nitoviana ary niraisan'ny « *mpanana* » ny fiadanana, an'ny « *mafy ady* » kosa ny fahoriana.

Hita soritra ao amin'ny filazan-javatra ny fahasamihafana, sy ny fihetseham-pon'ny mpiventy, toy ny alahelo. Asisiky ny mpiventy amin'ny fehezan-teny tsara rafitra anefa fa lalam-piainana ny fahasamihafana ka tsy tokony hahakivy. Koa tsy ho fanomezana endrika ny hira gasy fotsiny ny « parallélisme » fa natao koa ho fanasongadinana ny lalan-tsain'ny mpiventy ¹⁹⁹. Mba hahazoan'ny mpihaino manakatra ny fihetseham-pon'ny mpiventy sy ny hitsirian'izany ao aminy no anton'izany.

Sarin-teny maromaro no nananganana ny « parallélisme »

a) filalaovana amin'ny « antithèse »

Fampifanatrehana ny endrika amam-bikan'ny mpanana sy ny tsy manana. Singorina ny saina sy ny fon'ny mpihaino hahatsapa ny fiampianan'ireo sokajin'olona roa mifanohitra ireo; vokatr'izany fihetseham-po mifamahofaho, tahaka ny fitserana sy ny fitsiriritana no mipongatra. . Ny fitserana dia lokoan'ny laza masaka « *mijoro miakapoka* » « *mila hitomany* » ; Ny fitsiriritana kosa asongadin'ny « gradation » : « *mijihana < be hatoka < ohatra izany* ». Ampitomboina fatra ny fandokafana mba hampibaribary ny elanelana lavitra misy ny mpanana sy ny tsy mpanana.

b) filalaovana amin'ny fanovana anarana « métonymie ».

Ny eto indray dia filazan-javatra an-kolaka, ampiasana ny teny manondro zavatra iray A hanondroana zavatra hafa iray B noho ny rohin-kevitra misy eo amin'ireo zavatra roa ireo 200. Ny teny hoe « mafy ady » no isehoan'ny fanovana anarana. Vokatry ny fanaovana asa mafy andaniana herin-tsaina sy herim-batana nefa tsy ampy ivelomana akory ny valin-kasasarana, dia mafy ady ilay olona. Izany hoe,

¹⁹⁹ RAKOTOARISON , *Les Kabary politique d' Andrianampoinimerina*, Thèse de doctorat, Université Paris, 1991, p 307 : « La valeur principale du parallélisme est (...) mais encore il met en relief les différents éléments et les différents étapes de la pensée »

²⁰⁰ S. RAJONA, op cit, tak 97.

fanovana anarana isehoan'ny voka-javatra misolo toerana ny antony no hita eto. Mandoko ny fahasahiranana (ara-batana, ara-tsaina, ara-panahy) mahazo ny sokajin'olona sasany ao amin'ny fiarahamonina.

Tafiditra ao amin'ny fitenin'ny fiarahamonina sy ny fitenin-jatovo ity « métonymie » « *mafy ady* » ity. Koa na dia lasa fampiasa andavanandro aza izy, ny hevitra sy ny fihetseham-po fonosiny kosa dia mitombo lanja hatrany. Indrindra moa ny fangorahana sy ny fitserana kobonin'ny filazan-javatra.

Ny fomba filazan-javatra nanehoana ireo vato misakana tsy miankina amin'ny olombelona no novahavahana teo. Nosokajin'ny mpiventy ho telo ireo : ny fepetra maha-olombelona, ny loza voajanahary ary ny fahasamihafana. Ka ny filalaovana amin'ny « personnification » sy ny « parallélisme » no nananganana azy ireo. Tsapa tokoa ny fiezahan'ny mpiventy haneho endrika kanto sy miavaka ny hira gasy. Eo amin'ny filalaovana amin'ny « personnification » no isehoan'izany. Ny vokatra hodokafana no omena toetran'olona any amin'ny doka varotra, ny zava-boary no tafiana toetran'olona ao amin'ny poezia, fa ny fepetra maha-olombelona kosa ato amin'ny hira gasy. Hita vokatr'izany fa mipongatra ny fihetseham-po manenika ny mpihaino : hakiviana, alahelo, fiononana .

Ankoatra izany nomena aina tamin'ny alalan'ny « parallélisme » ny hira gasy ka hita ho mavesa-danja toy ny firafitra mifamaly ny lafin-javatra mampalahelo. Ny alahelo vokatry ny fisian'ireo vato misakana tsy miankina amin'ny olombelona no novahavahana teo. Amin'ny manaraka eto indray dia avy amin'ny ataon'ny olona ihany.

3.3.2. Fomba filazan-javatra nanehoana ireo vato misakana avy amin'ny ataon'ny olona

Amin'ireo olona manembantsembana ny fiainana dia asehon'ny mpiventy fa misy amin'izy ireny dia avy amin'ny ataon'ny olona ihany. Sarin-teny roa no mateti-piasa nananganana izany : Ny « antithèse » (miisa 3) sy ny « amplification » (miisa 3)

3.3.2.1. Filalaovana amin'ny « antithèse »

Lafin-javatra mampalahelo ny fisian'ny fahadisoan-kevitra mahazo ny olona sasany. Tantarain'ny mpiventy fa misy ireo mivarotra tanindrazana mba hialana amin'ny fahantrana ao amin'ny HG1 and 15 :

Tanimbary be tsy taka-basy

Natakalo vola taratasy

Toe-javatra roa mifangarika no ampifanatrehin'ny mpiventy « *ny tanimbary be tsy taka-basy* » sy ny « *vola taratasy* ». Ka ny tsy fifandanan'ny sandan'ireo zavatra roa ireo no asongadin'ny « antithèse ». Ny tanimbary mantsy dia sarobidy eo amin'ny Malagasy, manana hasina ka tsy sahy amidy, fananana mipetraka ifandovan'ny taranaka. Ny vola kosa dia zavatra azo tadiavina, tsy maharitra, natao hatakalo hahazoana izay ilaina. Koa ny « antithèse » dia mampibaribary ny toe-tsain'ny mpiventy tsy mankasitraka ny fivarotana tanindrazana.

Mandoko ihany koa ny alahelo vokatr'io fihetsika io izany. Tsapa avy amin'izany lafin-javatra rehetra izany ny fitsofohan'ny fomba filazan-javatra ao amin'ny kolon-tsaina ²⁰¹.

Nohamafisin'ny mpamaritra « *be* » sy ny hyperbole « *tsy takàbasy* » izany alahelon'ny mpiventy izany. Ny mpamaritra « *be* » eto dia maneho hevitra roa. Arabakiteny, milaza refy izy : lehibe ny velaran'ny tanimbary. Ara-panovan-javatra, ny « *be* » dia maneho ny sanda ara-pinoana ananan'ny tanimbary : maneho ny fitohizan'ny taranaka, ny fifandraisan'ny velona amin'ireo razana nipoirana. Noho izany, ahitana « syllepse » ny filazan-javatra.

Asehon'ny mpiventy eto fa vato misakana eo amin'ny fiainan'ny Malagasy ny fivarotana tanindrazana. Ny ampahany « *tanimbary* » anefa no nentina nilazana azy (ny manontolo = tanindrazana). Singa iray, toy ny trano na fasana, mamaritra ny tanindrazana mantsy ny tanimbary. Izany hoe « synecdoque » no hita eto. Entina mampibaribary ny anatra tiana hampitaina hoe : tsy toe-tsaina malagasy ny mivarotra tanindrazana na dia ny ampahany ihany aza. Miseho ny talentan'ny mpiventy amin'ity ohatra ity satria hainy ny mampihira-dalana ny endrika (sarin-teny sy rima) amin'ny hevitra. Isan'ny maneho ny hakanton'ny hira gasy izany.

Ankoatra ny fivarotana tanindrazana, dia lafin-javatra miteraka ny alahelo ihany koa ny zava-misy eo amin'ny firenena vokatry ny ataon'ny mpitondra sy ny entina. Ohatra ao amin'ny HG1 and 18 :

²⁰¹ KROEBER in GUIRAUD et KUENTZ, op cit, p 13 : « *un style est une orientation dans une culture ou une civilisation : un moyen cohérent et logique d'exprimer un certain comportement ou d'effectuer certains types d'action* ».

Nosikely manana tantara

.....

Ankehitriny anefa mamarara

Mba mandroso ihany anefa mihemotra

Ny mifanohitra eto dia ny tanjon'ny mpitondra (fandrosoana) sy ny zava-misy, (fihemorana). Ny fahadisoam-panantenana mahazo ny mpiventy no lokoan'ny « antithèse » eto.

Nohalefahina tamin'ny litote « *Mba ... ihany* » ny filazan-javatra mba hampihariharian io fahavoazana mahazo ny firenena io. Ny hahatonga ny mpihaino hisaintsaina ny amin'izay tokony hanarenana ny firenena no kendren'ny filazan-javatra eto.

Manavanana ny mpiventy hira gasy ny famotsipotsirana ny zava-misy ka ny « antithèse » no sarin-teny hanehoany azy matetika. Ataony miharihary ho tsapan'ny mpihaino amin'ny alalan'ny fampifanoherana ny mety sy ny tsy mety. Koa na tsy voaova eo no ho eo aza ny toe-tsain'ny mpihaino, dia antenaina fa misy fiantraikany izany aoriana. Mandroso tsikelikely ihany koa mantsy ny fikapoky ny fitenenana.

3.3.2.2. Filalaovana amin'ny « amplification »

Indraindray toa tsy mahafantatra ny tokony hataony ny olona sasany. Koa asisiky ny mpiventy amin'ny antsipiriany ny fihetsika tsy mitondra ho amin'ny fahombiazana ao amin'ny HG2 and 6 :

Fa ny kamo kosa tsy manan-katao, mahonena :

Tsy mba mitady fa miandry mahazo eny an-tsena

Mipopopo ireryka marina raha mahavelon-tena

Marihina fa fomba enti-maneho ny lafin-javatra mampalahelo ihany koa ny « amplification ». Vahavahana ny hevitra mba hitombo lanja sy hanisihana fihetseham-po any amin'ny mpihaino.

Fomba roa no entin'ny mpiventy manangana ny « amplification ». Andaniny, ny filalaovana amin'ny « allitération » /m/ , izay mampisongadina ny lafin-javatra

mampalahelo ka itsongoana izay maningana amin'izany lafin-javatra izany. Ankilany, ny fampiaivosana antsipirian-javatra hanisihana sy hampitomboana lanja izany alahelo izany.

a) Filalaovana amin'ny « allitération ».

Ao amin'ny hoe :

Tsy manan-katao mahonena

Mipopopo irery ka marina raha mahavelon-tena

Ny renifeo [m] manana toetra kentsona, migoboka amolotra no miverina indimpy eto. Ny fisentoana izay tsy sahy avoaka fa mitambolina ao an-tratra no lokoan'ny « allitération ». Antony roa no mahatonga izany : ny tsy fahazaran'ny Malagasy miteny mivantana ny olona iray manao ny tsy mety. Eo koa ny fiheverana fa samy manana ny kilemany ny olona tsirairay. Vokatr'izany, ao amin'ny hira gasy no ahafahan'ny mpiventy mamoka ny vetsovetso-po.

Manamafy izany ny filazan'i Siméon RAJAONA hoe : « *Tsy hoe enti-manakona ny kilema ny fahaiza-manoratra amin'ny literatiora fa tena votoatin-javatra mihitsy* »²⁰²

b) Fampiasana « litote » na fanalefahana filazan-javatra.

Ao amin'ny hoe : « *Ka marina raha mahavelo-tena* »

An-kolaka ihany izany fa ny tian'ny mpiventy hambara dia hoe : Tena tsy mahavelon-tena mihitsy. Ny filazan-javatra no mifintina fa ny hevitra vao mainka mivelatra. Fisarihana ny mpihaino hiombona fihetseham-po (alahelo) amin'ny mpiventy manoloana ny fitondran-tena hafahafa (kamo) ny filazan-javatra eto.

Hita eto fa hain'ny mpiventy ny manararaotra ny maha-olon'ny fo ny mpihaino hira gasy. Nofantenany ireo lafin-javatra miteraka alahelo. Niangaliany ny fomba filaza ka miontana sy babo ny mpihaino. Ireny fiontanana ireny mantsy no manosika ny mpijery hira gasy hitehaka.

Lafin-javatra roa lehibe no miteraka ny alahelo : ny fisian'ny vato misakana tsy miankina amin'ny olombelona sy ny avy amin'ny ataony ihany koa. Nezahin'ny mpiventy ny hanome endrika kanto ny hira gasy sy handoko ny fihetseham-pony

²⁰² S. RAJAONA, op cit, tak 12.

(hakiviana, fiononana, alahelo) izay tiana hananan'ny mpihaino. Koa ny filalaovana amin'ny sarin-teny no loha laharana amin'ireo fomba filaza nampiasaina, toy ny « personnification ». Mbola sarin-teny samihafa ihany koa ny nananganana ny lafin-javatra mampieritreritra

3.4. NY FOMBA FILAZAN-JAVTRA NANDOKOANA NY LAFIN-JAVATRA MAMPIERITRERITRA

Azo lazaina ho maha-hira gasy ny hira gasy ny fiompanana amin'ny fampieritreretana ny mpihaino. Sady singa manorina azy ireny, satria hisintonan'ny mpihaino anatra, no manome endrika kanto ny azy ihany koa. Lafin-javatra telo no itondran'ny mpiventy ny sain'ny mpihaino amin'izany: eo amin'ny fihariana, eo amin'ny fiarahamonina ary ny fitiavana ray aman-dreny. Mialoha ny handiniana ny fomba filazan-javatra nanehoana ny fampieritreretana naterak'ireo lafin-javatra ireo, atao indray mitopy maso aloha ny filazan-javatra nananganana ny lohateny.

3.4.1. Ny fomba filazan-javatra nananganana ny lohateny

Marihina fa mifamaly toy ny votoatiny ihany koa ny lohatenin-kira gasin'ny roa tonta. Araka izany samy manana ny fomba filazan-javatra nananganany ny lohatenin-kirany ny roa tonta. Izany no mahatonga ny famahavahana ny fomba filazan-javatra nampiasain'ny tsirairay.

Ny fandiniana ny fomba filazan-javatra eo amin'ny lohateny mantsy dia manampy mba tsy hampivaona ny famakafakana. Araka izany, tsy iadian-kevitra ny maha-fomba enti-mamintina ny vontoatin'ny famelabelaran-kevitra rehetra ny lohateny²⁰³. Koa hovahavahana misesy eto ny fomba filazan-javatra nananganana ny lohatenin-kira gasin'ny roa tonta.

²⁰³ LAROUSSE, op cit, p 423 : « inscription en tête d'un livre ou d'un chapitre pour résumer en un mot ou quelques mots les contenus ».

3.4.1.1. Ny lohatenin-kira gasin'ny tarika RANARISON

Izay mitondra ny lohateny hoe « *Nandositra ny olombelona fa tratra ihany* ». Fehezan-teny mamintina ny famelabelarana rehetra io, ka voaray ao ny fiheverana sy ny fihetseham-pon'ny mpiventy manoloana ny hasarotry ny fiainana. Noho izany, « *épiphonème* » no hita. Narafitra amin'ny « *antithèse* » ny filazan-javatra mba hampihiratra ny mason-tsain'ny mpihaino. Ka nampifanatrehina ny fiezahana sy ny tsy fahombiazana. Koa ny « *antithèse* » dia entina mandoko ny fifangaroam-pihetseham-po, indraindray hakiviana, indraindray fiononana. Atao tsapan'ny mpihaino mandritra ny famelabelarana ireny fihetseham-po ireny, ka miverina etsy sy eroa ny lohateny. Noho izany, milalao amin'ny « *épanode* » ihany koa ny mpiventy. Ny « *épanode* » moa dia sarin-teny mampisongadina ny toetra, ny toe-tsaina, ny teo-panahy, ny hevitra na fihetsika mibahan-toerana ao amin'ilay miteny na itenenana ka miseho (...) amin'ny toerana maro samihafa tsy voafetra ²⁰⁴. Manampy ny mpihaino eo amin'ny fanarahana ny vatan'ny hira gasy izany. Fa mba hampifameno ny mpiventy sy ny mpihaino eo amin'ny fanatontosana ny hira gasy, dia teraka ny « *ellipse* » izay sarin-teny anafoanana teny sasany andrasana, raha ny hevitra tian-kambara sy ny rafitry ny fehezan-teny no jerena ²⁰⁵. Natao izany ho fampandraisana anjara ny mpihaino hameno sy hanakatra izay tian'ny mpiventy holazaina. Sarihina amin'ny alalan'ny « *ellipse* » ny fahalianana. Avela hanontany tena sy hikaoka ny valiny ao amin'ny vatan'ny hira gasy manontolo ny mpihaino.

Araka izany niangalian'ny mpiventy tokoa ny lohatenin-kira gasy, voafantina ny teny tsirairay ao, tsy naseho ny teny sasany, tsy mangarahara ny hevitra. Koa sady voasingotra ny sain'ny mpihaino no voababon'ny filazan-javatra ny fony.

3.4.1.2. Ny lohatenin-kira gasin'ny tarika RAMILISON

Raha eo amin'ny firafitra dia mitovy ny fomba nanehoan'ny roa tonta ny lohateny : samy fehezan-teny iray, ahitana fehezan-kevitra roa. Eo amin'ny fomba filazan-javatra dia samy nofintinina amin'ny « *épiphonème* » ny hevitra novelabelarina. Samy misy « *ellipse* » mba ho fampandraisana anjara ny mpihaino. Koa izay mampiavaka ny fomba filazan-javatra ao amin'ny lohatenin-kira gasin'ny tarika

²⁰⁴ S. RAJAONA, op cit, tak 47.

²⁰⁵ S. RAJAONA, op cit, tak 44.

RAMILISON no asongadina eto. Mba hahafantarana ny antony mahatonga ny mpihaino hankafy ity tarika ity sy ny mahakanto ny hira gasiny.

Isan'izany mampiavaka azy izany ny fampidirana ny rima mifanjohy ao amin'ny lohateny : « Ampiasao ny pôlitika, fa rehefa mitady tsy maintsy hahita ».

Mahakanto ny hira gasy tokoa ny fisian'ny rima sady fomba hahazoana malaky ny fo amam-panahin'ny mpihaino koa. Mora raisina sy mora tadidy mantsy ny fehezanteny misy rima. Vokatr'izany vetivety dia tonga eo am-bavan'ny mpihaino ny lohatenin-kira. Mampiasa teny frantsay nogasiana ihany koa ny mpiventy, amin'ny hoe « *pôlitika* ». Teny mahasahana lafin-javatra maro toy ny fitondrana, toe-karena, fanabeazana, fiarahamonina. Ny fomba hanatsarana ny fiainana andavanandro anefa no entina milaza ireo lafin-javatra rehetra ireo. Izany hoe « synecdoque » isehoan'ny ampahany misolo ny manontolo no hita eto.

Araka izany misy ny fomba filazan-javatra iombonan'ny mpiventy roa tonta eo amin'ny fananganana ny lohateny. Azo lazaina iraisany amin'ny literatiora hafa ihany koa izany. Toy ny « épiphonème » enti-mamintina amin'ny fomba miaingitra ny vontoatiny, ny « ellipse » dia enti-mampandray anjara ny mpihaino.

Fa ny tena mampiavaka ny lohatenin-kira gasy dia ny « épanode ». Miverimberina imbetsaka amin'ny toerana tsy voafetra ny lohateny²⁰⁶. Miseho isaky ny andininy, na isaky ny manoritsoritra zavatra, na isaky ny mitantara toe-javatra. Koa tamin'ny fanisana natao, miverina in-21 ny lohatenin-kira gasin'ny tarika RANARISON ary in-16 ny an'ny tarika RAMILISON ao amin'ny vatan'ny hira gasy. Sady fitazomana ny fahalianan'ny mpihaino no fanomezana endrika ny hira gasy izany. Tsy latsak'izany koa ny maha-fampieritreretana ny mpihaino ny hira gasy mikasika ny lafiny fahariana.

3.4.2. Ny fomba filazan-javatra nanehoana ny lafiny fihariana

Ankoatra ny fananarana dia manome toro-hevitra sy fampianarana ny mpihaino ihany koa ny mpiventy. Mampieritreritra ireo tantsaha izay zatra mitady ny fitaovana ary fomba izy. Mandona ny sain'izy ireny hitodika amin'ny zava-misy eo an-toerana ao amin'ny HG2 and 11 :

²⁰⁶ Jereo HG 1 and 3, and 4, and 5, and 6 ...and 31 HG 2 and 4, and 5, and 8...and 29

*1 Fa indreo isika mpamboly
7 Mba hitaomana itony zezika
Izay atao eny an-tanimbary
Fa ny zezika anie rangahy.
Ny vomanga anie ramose*

*10 Dia ilaintsika tantsaha
Raha tany be zezika anie
Mahavokatra be dia be
Misy ohatra ny vata-pe
15 Farany koa ny ovy
Aman-taonina ka tsarovy.*

Asisiky ny mpiventy amin'ny « épanode » « zezika » ny fandresen-dahatra ny mpihaino mba hampiasa ireny fitaovana fampitomboana vokatra ireny. Averimberina mba hanadontoana ny fiziriziriana izany sy mba hahatonga ny fiovan-kevitry ny mpihaino. Vao mainka manamafy ny fandresen-dahatra ny filalaovana amin'ny « fanoharana » laroana «laza masaka » hoe : « ohatra ny vata-pe ». Fomba hahazoana haingana ny zavatra hambara mantsy ny fanoharana amin-javatra hita maso.

Tsy avelan'ny mpiventy hieritreritra zavatra hafa mihitsy ny mpihaino, koa nolaroany fitanisana variraraka ny filazan-javatra ao amin'ny andl 13-16 :


*Ny vomanga anie ramose
Misy ohatra ny vata-pe
Farany koa ny ovy
Aman-taonina ka tsarovy.*

Isan'ny fomba filazan-javatra manavanana ny mpiventy ny fitanisana na « énumération » ²⁰⁷. Ka matetika dia natao hampieritreritra ny mpihaino mba hitodika amin'ny zava-misy marina eo amin'ny fiainana andavanandro.

²⁰⁷ Jereo HG 2 and 4, and 9, and 16

3.4.3. Ny fomba filazan-javatra nanehoana ny lafiny fiarahamonina

Amin'ny maha-zava-kanto novokarin'ny fiarahamonina ny hira gasy dia sehatra tena iompanany ny fifandraisan'ny mpiara-belona ao. Mampieritreritra ny mpihaino manoloana ny tsy fahaizan'ny rafozana sy ny vinanto miara-monina ny mpiventy ao amin'ny HG 1 and 8 :



Mampiasa « antimétabole » ny mpiventy eto. Ny « antimétabole » moa dia ny fifanoheran'ny laharam-pisehoan'ny teny mamorona ny fehezan-teny, ka ny andianteny ao amin'ny tapany voalohany ihany no ao amin'ny tapany faharoa, saingy mifamotitra ny laharam-pisehoany ²⁰⁸. Ny fifanoherana eo amin'ny rafozana sy ny vinanto, izay lasa toa mandeha ho azy, ara-dalàna no asongadin'ny fifanoheran'ny laharam-pisehoan'ny teny. Ka ny fiheveran'ny mpiventy fa mbola hifototra amin'izy ireo ny valin'izao fitondran-tenany izao no asehon'ny fifamotoran'ny laharam-pisehoana.

Araka izany ny tian'ny mpiventy hambara dia fampieritreretana ny mpihaino fa misy farany avokoa ny zavatra atao rehetra ka tokony hitandrina. Ny « épiphore » « *Andraso fa mbola ho tratra* » no maneho izany.

Tsy feno ny fehezan-teny hanamafisan-danja ny fampieritreretana. Raha atao amin'ny fiteny andavanandro dia mety ho toy izao « *Andraso ny volana sy ny taona ho avy fa mbola ho tratan'ny fahavoazana ireny vinanto sy rafozana tsy mahay mifankatia ireny. Amin'izay fotoana izay, dia hanenina izy ireo* ». Araka izany, « lilote » amin'ny heviny malalaka no hita eto. Izany hoe amboarina ny filazan-javatra, afintina ka ny hany tazonina ao anaty fehezan-teny dia izay tena ilaina ihany. Ny tsy fanaovana teny betsaka dia mampisaintsaina haingana ilay itenenana. Koa misosoka ny fihetseham-po hafahafa

²⁰⁸ S. RAJAONA, op cit, tak 38.

(faniriana hiova) ao amin'ny mpihaino vokatry ny fahaizan'ny mpiventy milalao amin'ny teny.

Fa misy koa ireo mpiventy, tsy mahalala loatra ny fihetsika amam-pitondran-tena ao an-tokantrano. Tsy novantanin'ny mpiventy anefa izany fa nomena endrika amin'ny alalan'ny « filalaovana amin'ny isa » laroana « polyptote ».

Ao amin'ny HG 1 and 23 :

Isa ô isaky ny miresaka Ranary ô
Dia mananatra hatrany ô
Roa ô rohizan'ny hadalana ny mpivady ô
Mandrava tokantrano ô
Telo ô Raha intelo misara-bady anie lehiretsy ô
Tsy manam-bariraiventy ô
Efatra ô Hafatrafatra ihany anie ny anay ô
Efa be ny voalaza ô
Dimy ô Tokony mba handinika isika, fa ny manja tsy lany
Enina ô Manenina am-paladia anie aho lehity ô
Fa lasa Rôzaly

Manery ny mpihaino hanongilan-tsofina ny fitanisana. Ataon'ny mpiventy mitombo lanja manaraka ny fisongan'ny isa ny angolan-kevitra sy ny angolam-pihetseham-po raketin'ny fehezan-teny. Ny hametraka lôjikam-piainana ao amin'ny mpihaino no anton'izany. Mety hanana ny fiheverany mikasika ny fiainana mantsy ny rehetra fa ny mpiventy koa mampibaribary ny mety sy ny tsy mety amin'ny teny kanto²⁰⁹. Vao mainka maneho izany fiezahan'ny mpiventy misafidy filaza kanto izany ny « polyptote ». Averina ao anaty fehezan-teny ny fototeny milaza isa. Sady mampieritreritra ny mpihaino no mahakanto ny hira gasy izany.

Marihina fa ny tarika Ranarison no tena havanana amin'ity fomba filazan-javatra ity²¹⁰. Ary mampiavaka ny hira gasy amin'ireo karazan-dahatsoratra hafa ny fampiasana azy ho enti-mananatra.

Araka izany ankoatra ny hevitra izay natao hampieritreritra dia nofidin'ny mpiventy koa ny filaza mba hiavaka sy tsy mahazatra. Sady tsy mahamonamonaina ny

²⁰⁹ P. GUIRAUD & P. KUENTZ, op cit, p 27 : « L'individu, lorsqu'il fait son choix dans le matériel fourni par la langue, est influencé par la sensibilité linguistique de son groupe, de son époque »

²¹⁰ P.A. RANAIVOARSON, op cit,

mpihaino izany no mampateza ny hira gasy, tsy haharesen'ny fandrosoana sy ny vanim-potoana azy.

3.4.4. Ny fomba filazan-javatra nanehoana ny fitiavana ny ray aman-dreny

Lafin-javatra iray tsy hadinon'ny mpihira gasy ny miventy ny mikasika ny ray aman-dreny. Koa amin'ity toko ity dia ny amin'ny valim-babena no tena iompanana. Tsy asian-teny intsony anefa ny filazan-javatra mahatsikaiky fa efa hita tany amin'ny zana-kira, toy izany koa ny lafin-javatra mampalahelo izay ao amin'ny 3.3. Ny fampieritreretana ny mpihaino manoloana ny toetran'ny zanaka, izay manao tsinontsinona ny ray aman-dreny no asongadina eto.

Koa « parallélisme » no ampiasain'ny tarika RANARISON amin'izany. Somary mivantambantana no anehoany azy, ao amin'ny hoe :

<i>Mbola velona izy</i>	//	<i>Mbola velona izy</i>	//	<i>Mbola velona izy</i>
<i>tsy nomena fitia</i>	//	<i>Tsy nomem-bary soa</i>	//	<i>Tsy nomenao akanjo</i>
<i>Efa maty sy maimbo</i>	//	<i>Efa maty sy maimbo</i>	//	<i>Efa maty sy maimbo</i>
<i>Vao hoe reniko ity</i>	//	<i>Vao hoe hamonoana kisoa</i>	//	<i>Vao hoe omeo voninkazo</i>

Fehezan-teny mifamaly rafitra, mitovy vahana, mitovy hevitra no hita eto, mandoko ny alahelon'ny mpiventy manoloana ny fihatsarambelatsihy ataon'ny zanaka. Manamafy izany ny « antithèse », izay miseho isaky ny lanin'ny fifamaliana. Ampifanoherina ny fihetsika ataon'ny zanaka amin'ny fotoam-pahaveloman'ny ray aman-dreny sy ny fihetsika atao amin'ny fotoam-pahafatesana : Entina mamotsipotsitra ireo fihetsika tsy mendrika ataon'ny zanaka ny « antithèse ». Ny hampieritreritra ny mpihaino hahatsapa ny tokony hatao amin'ny ray aman-dreny no tian'ny mpiventy hambara eto.

Nampitomboina lanja amin'ny « réondance poetique » « *maty sy maimbo* », izay miverina isaky ny andalana faharoa ny fihetseham-pon'ny mpiventy. Efa ampy ilàzana ny hevitra ny hoe « *maty* ». Ny faty mantsy dia tsy maintsy ho maimbo rehefa tonga ny fahalovana. Fa mba hanitrikitrihana ny tsy mahamety ilay fitondran-tena no anton'ny « famaritana mandeha ho azy » sy ny « épiphore » ity.

Fomba fiteny mivantambantana no nentin'ny tarika RANARISON nampieritreritra ny mpihaino eto. Amin'ny manaraka eto indray dia fiangaviana miaro

fanambatambazana no fomba filazan-javatra ampiasain'ny tarika RAMILISON ao amin'ny HG 2 and 26 :

<i>Raha tsy afa-mamindra</i>	//	<i>Raha noana tsy mihinana</i>	//	<i>Ny vato manambina</i>
<i>i mama</i>		<i>i dada</i>		<i>omena trafon-kena</i>
<i>Dia mba tantano</i>	//	<i>Dia mba fahano</i>	//	<i>Nahoana izy ireo</i>
				<i>raha omena valim-babena ?</i>

Fehezan-teny mifamaly rafitra, mitombo vahana, mandravon-kevitra izay mandoko ny fitseran'ny mpiventy ireny ray aman-dreny ireny ka tiany hananan'ny mpihaino. Fa ny laniny farany amin'ny fifamaliana no mampisongadina ny fampieritreretana. Koa sady nampitomboina vahana ny fehezan-teny no nomena endrika fanontaniana. Manaitra sy mandona ny ati-fanahin'ny mpihaino ny filaza eto.

Ny fampiasana « Raha tsy ...dia mba... » dia manampy ny mpihaino hahazo haingana izay hambara. Mahatonga ny mpihaino tsy ho sahiran-tsaina hitady vahaolana any an-kafa, fa handray ny tolo-kevitra ny mpiventy.

Ny fomba filazan-javatra tamin'ity lafin-javatra mampieritreritra ity dia natao hampisaintsaina ny mpihaino manoloana ny fiainana andavanandro (fihariana, fiaraha-monina, fitiavana ray aman-dreny).

Koa sarin-teny tsy dia mitaky fanakaran-kevitra no nampiasaina. Toy ny « épanode », « énumération », « antimétabole ». Fomba filaza manaitaitra ny sain'ny mpihaino io hahatsapany ny mety sy ny tsy mety sy hakany fanapahan-kevitra.

FEHIN'NY FIZARANA FAHATELO

Ny fomba filazan-javatra nenti-nanangana ny vatan'ny hira gasy no noresahina tato anatin'ity fizarana fahatelo ity. Lafin-javatra efatra miavaka tsara no hita amin'izany.

Nojerena voalohany, ny fomba filazan-javatra nananganana ny lahateny izay namelomana ny hira gasy. Fandokoana sy fitanisana no nampiasain'ny mpiventy tao amin'ny lahateny manoritsoritra (toerana, toetra, hetsika). Fitantarana mitanila, kosa enti-mampivoitra fihetseham-po sy fiheverana tao amin'ny lahateny mitantara. Ka sady voarain'ny mpihaino ny anatra no feno hafaliana ny fo noho ny hakantoan'ny filaza. Teo

amin'ny famelomana ny adin-kira gasy kosa dia natsangana tamin'ny fanovana endrin-javatra sy ny fanoharana ny fifampihantsiana. Mampientanentana ny

mpihaino ny fahaizan'ny mpiventy mifantina ny anoharana, izay miompana amina kilalao ahitana hery setra. Heverina ho mampiavaka ny hira gasy izany safidy eo amin'ny anoharana izany.

Tsapa ho mibahan-toerana ao amin'ny vatan'ny hira gasy ny lafin-javatra mampalahelo. Nezahin'ny mpiventy narafitra tamin'ny sarin-teny maro, toy ny « personnification, parallélisme, Amplification, Antithèse ». Enti-mandoko ny fihetseham-po isan-karazany (hakiviana, fiononana, fanantenana, alahelo) manembantsembana ny fiainana.

Novahavahana farany ny lafin-javatra mampieritreritra, ny fiteny andravanandro sy ireo sarin-teny tsotra no nilalaovin'ny mpiventy. Ka voaray ny torohevitra sy ny anatra nefa ao anatin'ny fifaliana tanteraka ny mpihaino.

Indro hofintinina amin'ny fafana izany fomba filazan-javatra nenti-nanangana ny vatan'ny hira gasy izany.

SOKAJY	KARAZANA	LAHATENY		ADIN-KIRA GASY		LAFIN- JAVATRA		TAMBINY
		A	B	D	E	F	G	
FANOVAN- JAVATRA	Métaphore Peronnification Métonymie		2	6		3		8 3
TAMBERIN- JAVATRA	Anaphore Epanode Parallélisme		3			2 3	2 2	5 5
RAFITRA ANDIAN-TENY SY NY SARIN- TENY HAFA SISA	Hyperbole Amplification Enumération Antithèse Topographie Gradation Epiphonème Interrogation Or Comparaison Argotisme Suspension	 3 5 3 2	 2	 3 2	 4 2	2 3 3	2	4 3 3 8 3 2 2 4 3 2 2

Fafana 6 : Ny fomba filazan-javatra ao amin'ny vatan'ny hira gasy

A : manoritsoritra

D : fihantsiana

F : mampalahelo

B : mitantara

E : fanantenana

G : mampieritreritra

Hita avokoa ao amin'ny vatan'ny hira gasy ny karazan-tsarin-teny. Midika izany fa miezaka manamboatra ny fomba filaza ny mpiventy mba hahakanto ny hira gasy. Tsapa koa fa ny fanovana endrin-javatra, izay sarin-teny manan-karen-kevitra sy mandoko fihetseham-po, ary ny « antithèse » mampiharihary ny zava-misy no mateti-piasa. Ny ahazoan'ny mpihaino fifaliana sy ny andetehana ny anatra mantsy no kendren'ny mpiventy. Araka izany, mitaky talenta sy fahaizana milalao amin'ny teny ny famoronana hira gasy.

TENY FAMARANANA

Namantatra ny lafiny mahakanto ny hira gasy eo amin'ny fomba filazan-javatra no niompanan'ity asa ity. Noho ireo olana isan-karazany izay notanisaina tany aloha, izay tsy namela anay hikirakira hira gasy maro, dia ny vondrona ambara nosafidiana ihany no kendrena hahasolo ny rehetra, satria mitafy ny toetra manavaka ananan'ny iray karazana aminy. Koa tamin'ny fandinihana rehetra natao, dia manana ny fomba filazan-javatra mahakanto azy ny hira gasy, misy ny iombonany amin'ireo karazana literatiora hafa, misy koa ireo mampiavaka azy manokana. Eto am-pamaranana izao asa izao dia lafin-javatra telo no tianay hanterina. Voalohany, famintinana ny famelabelarana tao amin'ireo fizarana telo nitondrana ny asa. Faharoa, fanombanana izao asa izao ary fahatelo farany ny fanasongadinana ny lanjany.

1. FAMINTINANA NY FAMELABELARANA

« *Ny fomba filazan-javatra ao amin'ny adin-kira gasy nifanaovan'ny tarika Ramilison Fenoarivo sy RANARISON Andohavary* » no lohateny nomena ity asa fikarohana ity.

Dingana telo no narahina tamin'ny famelabelarana. Tao amin'ny fizarana voalohany no nanoritsoritana amin'ny ankapobeny ny akora nodinihina HIRA GASY. Manampy eo amin'ny fahazoana ny fomba filazan-javatra izay fototry ny asa ny fahalalana izany. Famaritana ny hira gasy amin'ny maha-zava-kanto vita amin'ny teny azy no nanombohana ny fandinihana. Fanasikasihana ny maha-hira gasy ny hira gasy no natao ka nalahatra tamin'ireo karazana literatiora mitovitovy aminy izy. Taorian'izay no nanehoana ny fivoarany. Tsapa tamin'izany fa zava-kanto mivoatra na eo amin'ny endrika na eo amin'ny vontointy ny hira gasy. Ary mba tsy hampivaona ny fanakaran-kevitra dia nodinihina tao amin'ny toko fahatelo farany ny amin'ny adin-kira gasy izay iorenan'ny fanadihadiana. Nohazavaina tamin'izany ny fizotran'ny fifaninanana, ny momba ny tarika roa nifanandrana sy ny hira gasiny avy.

Fandinihana ny fomba filazan-javatra ao amin'ny fampidirana sy ny famaranana no natao tao amin'ny fizarana faharoa. Natokana ho an'ny fampidirana ny toko voalohany. Dingana roa lehibe no hita tao amin'ny fampidirana dia ny kabary vakisehatra (KV) sy ny lohahira (LH). Fomba filaza vary raraka nolaroana sarin-teny isan-karazany no nananganan'ny mpiventy ny fampidirana. Tao amin'ny toko faharoa

no nandinihana ny fomba filazan-javatra ao amin'ny famaranana. Ny vako-drazana (VD) sy ny Zana-kira (ZK) no nifotorana. Mirakitra ny sarin-teny momba izany ny fafana (4).

Ny fomba filazan-javatra ao amin'ny vatan'ny hira gasy no raketin'ny fizarana fahatelo farany. Lafin-javatra efatra no voaboasana. Ny lahateny namelomana ny hira gasy no tao amin'ny toko voalohany, izay nahitana ny lahateny manoritsoritra sy ny mitantara. Ny namelomana ny adin-kira gasy no tao amin'ny toko faharoa. Ka ny fifampihantsian'ny tarika roa tonta sy ny fanentanana ny mpijery no fakafakaina. Ny lafin-javatra mampalahelo no tao amin'ny toko fahatelo. Ny vato misakana tsy miankina amin'ny olombelona sy avy amin'ny ataony ihany koa no nasongadina tamin'izany. Ny fomba filazan-javatra mampieritreritra sy ny fiaraha-monina ary ny fitiavana ray aman-dreny no iompanan'ny filazan-javatra mampieritreritra. Hita ao amin'ny fafana (t) ny famintinana ny sarin-teny ao amin'ny vatan'ny hira gasy. Tsapa avy amin'izany ny fiezahan'ny mpiventy milalao amin'ny sarin-teny mba hahakanto ny hira gasy.

2. FANOMBANANA

Ny mampiavaka ny hira gasy no asian-teny amin'ity fanombanana ity. Raha eo amin'ny lafiny lohahevitra dia mampiavaka ny hira gasy ny firesahana ny lafin-javatra farany izay madinika fanao sy fahita eo amin'ny fiainana andavanandron'ny olon-tsotra. Ny olon-tsotra tiana hambara eto dia ireo tantsaha sy ireo manana fidirambola ambany. Raha toa miresaka ny fiainan'ny mpanana ny hira gasy dia natao fotsiny hampitahana ny fiainan'iretsy voalohany. Araka izany manodidina ny fiainana andavanandro : fihariana, adin'ny mpivady, fitondran-tena, hasarotry ny fiainana, fitiavana ray aman-dreny, no ventesin'ny mpihira gasy. Marina fa ahitana ireo tarakevitra ireo ihany koa ny tantara foronina sy ny sombin-tantara fa tsy miara-miseho fa ampahany ihany. Ao amin'ny hira gasy mantsy dia voafaoka ao avokoa ireo lafin-javatra ireo. Ankoatra izany, manana ny fomba filazan-javatra mampiavaka azy ny hira gasy. Isan'izany ny fampiasana fiteny andavanandro. Ny marimarina kokoa aza dia ny filazan-javatra am-bava. Mahakanto ny hira gasy izany satria ny mpamorona rehetra manaraka ny lalanan'ny fihatahana amin'ny fitsipika 211. Fa an'ny mpiventy hira gasy

²¹¹ M. RIFFATERRE, *Problème d'analyse du style littéraire*, « *Romance Philology* » XIV, 1961, p 217 : « la déviation à la norme ».

kosa dia ny mifanohitra amin'izany 212. Miezaka ny mampiasa filaza tsy fampiasan'ny besinimaro. Koa sady vetivety dia voaray ny hevitra (anatra) no feno fifaliana ny fon'ny mpihaino. Matetika dia miharo fitenin-jatovo ny fiteny andavanandro ka hita tokoa ny fiasan'ny filazan-javatra : Miombom-po ny mpiventy sy ny mpihaino ary lasa resaka ao amin'ny fiarahamonina ny hira gasy.

Mampiavaka ny hira gasy ihany koa eo amin'ny fomba filazan-javatra ny filalaovana amin'ny ohabolana. Miseho amin'ny endrika telo izany. Lalaovina amin'ny endriny tany am-piandohana, tsy misy fanamboarana ny ohabolana. Ary amin'ny kabary no isehoan'ity endrika voalohany ity. Entina mampisongadina fanajana sy fitazomana ny maha Malagasy no anton'izany. Ny endrika faharoa dia asiana fanamboarana amin'ny alalan'ny fanamaivanana filazan-javatra amin'ny « Litote » na fanatavezana filaza amin'ny « hyperbole ». Ny mba hisian'ny mahatsikaiky no anton'ny fanamboarana eto. Ary ny endrika fahatelo dia anisihana teny na andian-teny hafa amin'ny alalan'ny « épanorthose » mba hampitomboana lanja ny fihetseham-po tiana hananan'ny mpihaino.

Any amin'ny lahabolana hafa mantsy (Kabary am-panambadiana, haiteny) na karazana literatiora hafa (tantara foronina, sombin-tantara, poezia) dia ny endrika nananan'ireny ohabolana tanay am-piandohana ihany no nampiasaina. Eo amin'ny filalaovana amin'ny fanovana endrin-javatra ihany koa dia manana ny mampiavaka azy ny hira gasy.

Ny safidy eo amin'ny anoharana ampiasain'ny mpiventy no isehoan'izany fiavahana izany. Raha any amin'ny haiteny sy ny poezia mantsy, dia ny zava-boary toy ny zava-maniry, ny biby, ny eny amin'ny habakabaka no raisina ho anoharana. Fa ao amin'ny hira gasy kosa dia ny fitaovana no zavatra fahita eo amin'ny fiainana andavanandro. Azo sokajiana telo toy ny hita ato amin'ity fafana (7) ity ireo anoharana.

²¹² IVO FRANGES, op cit, p125 : « Comme une opposition norme-antinorme, on néglige tout ce qui est norme ».

SOKAJY 1	SOKAJY 2	SOKAJY 3
Vary	Radio	Akoho amam-borona
Hena	Fitaratra	Omby
Sakay	Tady	Saka
Tsaramaso	404	Alika
Ovy	2cv	
Vomanga	friperie	
Toaka		
Aralu		
Kafe		

Fafana 7 : Ny sokajin'ny anoharana ao amin'ny fanovana endri-javatra

Sokajy 1 : sakafo andavanandro

Sokajy 2 : fitaovana fampiasa andavanandro

Sokajy 3 : biby fiompy miara-miaina amin'ny olon-tsotra.

Hita araka ny fafana fa zavatra fahita andavanandro avokoa no anoharana ananganan'ny mpiventy ny fanovana endrin-javatra. Ahafahana mamantatra ny maha izy azy ny mpiventy hira gasy ihany koa ny fomba filazan-javatra ampiasainy ²¹³.

3. NY LANJAN'NY ASA

Fisantarana ny asa fikarohana mikasika ny fomba filazan-javatra ao amin'ny lahabolana moa ity asa ity. Koa sahinay ny milaza fa misy ihany ny fitavozavozana teo am-panatontosana ny asa. Nefa na izany aza nampitombo ny fahalalana nanananay, mikasika ny akora nodinihina sy ny « stylistique » izay efa hita tany an-tsekoly, ny fanatanterahana izao asa fikarohana izao.

Ankoatra ny fanehoana, ny maha-hira gasy ny hira gasy dia heverinay fa mitondra ny anjara birikiny eo amin'ny sehatry ny fampianarana sy eo amin'ny sehatry ny fampahalalana kolon-tsaina ity asa fisantarana ity. Eo amin'ny sehatry ny

²¹³ G. BUFFON, *Discours sur le style*, in P. GUIRAUD, op cit, tak 141 « *Le style est l'homme même* ».

fampianarana dia hanampy ireo mpianatra sy mpampianatra eo amin'ny fandalinana ny literatiora am-bava sy ny fomba filazan-javatra. Azo atao tsara ny mampiasa ny tononkira sy ny kabary ao amin'ny vondrona ambara ho fitaovana itrandrahana lohahevitra ny fandaharam-pianarana. Toy izany koa fanasokajiana ireo karazan-tsarin-teny hita any amin'ny literatiora am-bava.

Ilain'ny mpizaha-tany na mpikaroka hafa, eo amin'ny fahalalana ny teny sy ny fomba fiteny ary kolon-tsaina malagasy, ihany koa ny asa fikarohana miompana amin'ny zava-kanto vokatra ny fiarahamonina toy itony.

Ho famaranana, ny haitsikera nenti-nitrandraha sy natao arofanina tamin'ity asa fikarohana ity dia ny haitsikera niompana tamin'ny fanoritsoritana ireo singan-javatra heverina fa mahakanto ny hira gasy « stylistique descriptive ». Noho izany, tsy voafoaka tao amin'ny fanadihadiana avokoa ny tara-kevitra rehetra voalazan'ny vondron'ambara. Izay misongadina sy ahitana sarin-teny mateti-piseho no nodinihina.

Etsy andaniny koa, ny haneho ny maha-hira gasy ny hira gasy no nokendrena. Noho izany nofakafakaina avokoa ny rafitra sy ny zana-pizarana manorina ny akora. Toy izany koa ny fandraisana ireo sokajin-tsarin-teny telo : Tamberin-javatra, Fanovan-javatra, Rafitra andian-teny sy sarin-teny hafa sisa.

Vokatr'izany mbola betsaka ny seha-pikarohana misokatra eo amin'ny fomba filazan-javatra ao amin'ny hira gasy. Toy ny fitrandrahana fizaran-kira gasy iray, fiompanana amin'ny sokajin-tsarin-teny iray. Mbola vonona ny hanohy izany ny tenanay ary antenaina ihany koa fa ao ireo zandry hanatevina izany.

FANONDROANA BOKY

I-MOMBA NY HAITENY

- BACRY (P). *Les figures de style* .Ed Belin. Paris. 335 p
1992
- BENVENISTE (E). 1966 *.Problèmes de linguistique générale* 1.Editions Gallimard .
Paris. 351p
.1974.*Problèmes de linguistique générale* 2 .Editions
Gallimard .Paris. 286 p
- BIET-BRIGHELLI-RISPAIL. *Littérature 2 Techniques littéraires*. Collection
1989 Littérature. Ed Magnard. 539 p
- COHEN(J). *Structure du langage poétique*. Flammarion. Paris.
1966
- CRESSOT(M). *Le style et ses techniques*. PUF. Paris. 253 p
1959
- LE GUERN (M). *.Sémantique de la métaphore et de la métonymie*. Librairie Larousse.
1973 Paris
- GUIRAUD (P) et KUENTZ (P). *La stylistique lecture* . Paris 19. 323 p
1970
- MAROUZEAU (J). *Précis du stylistique française*.
1940
- MOUNIN (G) . *Clefs pour la linguistique*. Editions Seghers. Paris
1968,1971
- RAJAONA (S) 1972 *Structure du malgache* . Ambozontany. Antananarivo. 183 p
1993 *Zava-kanto vita amin 'ny teny* .Ed. Ambozontany
.Antananarivo.124 p
1994 *Takelaka voavaofy* . Ed Ambozontany . Antananarivo .149 p
- RAKOTOARISON (A) *.Les "Kabary" politique d' Andrianampoinimerina:
Interprétation d'une tradition orale malgache du point de vue de la
langue et du Style*. Thèse de doctorat. Université de Paris 7.500 p
- RIFFATERRE (M). *Essai de stylistique structurale*. Editions Flammarion. Paris. 364 p
1971
- SUBERVILLE (J). *Théorie de l'art et des genres littéraires*_. Les éditions de l'école.
1948 Paris

II- MOMBA NY LITERATIORA

- ANTONETTI (CH).*Notes sur la mise en scène*_. Ed Vaudrain. Paris
1950
- CLAUDEL (P). *Réflexions sur la poésie*. Ed Gallimard
1963
- FINNEGAN (R). *Oral poetry*_. Gambridge University Press . London. 218 p
1977

- HOULDER (J.A.) *Ohabolana ou proverbes Malgaches*. Imprimerie Loterana . 216 p
1960
- RAHOLDINA (R.H.). *Ny fikabariako*. S.M.E Ankorondrano. Antananarivo . 130 p.
- RAJAONA (S).1972.*Takelaka notsongaina I*. Ambozontany. Fianarantsoa. 197 p
1991. *Takelaka notsongainaII*. Ambozontany. Fianarantsoa. 478 p
- RAMAROLAHY. *Ny rakitry ny elan' ny Ntaolo Malagasy*. Imprimerie catholique.
1971 Antananarivo
- RANDJA ZANAMIHOATRA. *Vainafy Tononkira*. Ambozontany. Fianarantsoa
1969
- SARTRE (J.P). *Qu'est ce que la littérature ?* Ed Gallimard. Saint Armand
1969
- WELLEK et WARREN. *La théorie littéraire*. Ed du Seuil. Col. Poétique. Paris
1971

III- MOMBA NY HIRA GASY MANOKANA

- MAURO (D). *Le théâtre du peuple*. Thèse pour obtenir le grade de docteur de l'
université de 2000 Paris III
- RAFILIPO. *Ny hira gasy, ny tantarany, ny atao hoe tarika mpanao hira gasy, ireo
1988 karazana hairaha hita taratra ao aminy*. Mémoire de CAPEN. ENS.
Antananarivo
- RANAIVOARSON. *Ny hira gasy*. Edition Masindahy Paoly. Antananarivo. 143 p
2000
- RAVAOLALA Thérèse . *Ny hira gasy, ny atao hoe tarika mpandresy sy resy tarafina
1988 amin'ny tarika Sahondrafinina zanany Fenoarivo sy Razafindramanga
Berthine Ambohimanjaka*. Mémoire de CAPEN, ENS. Antananarivo

IV-RAKIBOLANA

- Boky firaketana ny fiteny sy ny zavatra Malagasy*. Antananarivo
1939
- DUBOIS (J).*Dictionnaire de linguistique* . Larousse. 516 p
1973
- MORIER (H). *Dictionnaire de poétique et de rhétorique*. Paris. PUF
1961
- RAJEMISA RAOLISON *Rakibolana Malagasy*.Ed Ambozontany. Fianarantsoa.1061 p

Anarana : RAZANOELINA

Fanampiny : Voahanginirina Marie Angeline

Isan'ny takila : 187

Isan'ny fafana : 7

Isan'ny sary : 4

Lohateny :

**NY FOMBA FILAZAN-JAVATRA
AO AMIN'NY ADIN-KIRA GASY NIFANAOVAN'NY
TARIKA RAMILISON-FENOARIVO
SY NY TARIKA RANARISON-ANDOHAVARY**

Famintinana :

Akora tsy mbola misy nandinika teo amin'ny sehatry ny haiteny ny hira gasy, ka azo lazaina ho santatra ihany ity asa ity ho fanehoana fa misy sy miaina ary kanto ny hira gasy.

Nofidina manokana ireo tarika mpifanandrana ireo satria, ankoatra ny lazany, dia taratra tamin'izao asa izao ny talenta sy ny fahaiza-maneho hevitra ananany.

Voaporofa tamin'ny fandalinana natao fa zava-kanto vita amin'ny teny tokoa ny hira gasy. Ny filalaovan'ny mpikabary sy ny mpiventy ny fanovan-javatra no mibahan-toerana ao ; manaraka azy ny rafitra andian-teny sy ny sarin-teny hafa ary farany ny tamberin-javatra.

Teny manan-danja :

Hira gasy, fanehoan-kevitra, filazan-javatra, fihetseham-po, fanoritsoritana, fandokoana, sarin-teny.

Fonenana : lot 136 Ambanilalana – Ambohidratrimo

Mpitarika ny fikarohana : Rakotoarison Angelot

Maître de conférences